Fihirana FFPM

Entrez dans ses portes avec des louanges, Dans ses parvis avec des cantiques !
Célébrez-le, bénissez son nom !
Psaumes 100:4

1 - Andriananahary masina indrindra!

1. Andriananahary masina indrindra!
Ny anjelinao izay mitoetra Aminao
Mifamaly hoe : Masina indrindra
Andriananahary, Telo Izay Iray.

2. Andriananahary masina indrindra!
Na tsy hita aza izao ny voninahitrao!
Masina indrindra Hianao irery.
Andriananahary, Telo Izay Iray.

3. Zava-manana aina samy mankalaza
Sady manambara Anao Izay Tompony izao;
Hianao irery no mitahy azy,
Andriananahary, Telo Izay Iray.

4. Andriananahary feno hatsarana!
He ny fitahianao izay mpanomponao.
Tsara dia tsara ny omenao azy
Andriananahary, Telo Izay Iray.

5. Andriananahary masina indrindra!
Izahay mpanomponao ta-hankalaza Anao;
Feno fahendrena, feno fiantrana,
Andriananahary, Telo Izay Iray.

2 - Misaora an'i Zanahary

1. Misaora an'i Zanahary
'Zao olona tontolo izao;
Dia mankalazà Azy,
Fa anton'izao rehetra izao

2. Izay zavatra nomeny
Mahafaly, mahasoa;
Toy ny andro fararano,
Toy ny andro mipoaka.

3. Dia ampitomboy ny sainay
Hahalala ny teninao,
Hahafantatra marina
Izay sitraky ny fonao.

3 - Isaorana anie Andriamanitsika

1. Isaorana anie Andriamanitsika
Fa fitahiam-be Omeny ho antsika
Hatreo ambohoka
Ka mandraka antitra,
Isika henika
Ny soan'ny lanitra

2. Tsy mety tapitra na lany ny hareny,
Tsy hita faritra ny sisa izay homeny;
Fanahy sambatra
Sy fo miadana
No efa santatra
Izay ananana.

3. Ny Ray sy Zanaka sy ny Fanahy koa,
Derain'ny masina ho Tompo iray tokoa;
Andriamanitray
Be fahasoavana
No anateranay
Izay fisaorana.

4 - Mamy ny fitianao

1. Mamy ny fitianao,
Ry Jehovah Tomponay!
Foinao ny Zanakao,
Ho Mpanavotra anay.
Tsy mba misy tokinay
Afatsy ny Zanakao.
Ka misaotra Anao izahay
Noho ny fitianao.

2. Mamy ny fitianao,
Mahafaly fo tokoa;
Izahay avelanao
Mba hibebaka avokoa.
Lasa lavitra izahay,
Nefa notadiavinao;

Efa ratsy izahay,
Nefa tsy nafoinao.

3. Mamy ny fitianao,
Izay andraisanao anay
HOnina ao an-dapanao
Raha ho faty izahay
Noho ny rastsy izay natao,
Loza no anjaranay,
Nefa namboaranao
Paradisa izahay.

4. Mamy re, ry Tomponay!
Izao fitianao izao,
Ka indreto izahay
Avy mba hisaotra Anao.
Raiso re izao saotra izao,
Fa fanati-tsitrapo;
Tsy mba mendrika ho Anao,
Nefa vokatry ny fo.

5 - Jehovah, Ray an-danitra

1. Jehovah, Ray an-danitra,
Mpamelona anay
Tsinjovy ny mpanomponao,
Tsarovy izahay.

2. Jehovah, Ray mamindra fo!
Henoy ny hatakay;
Ekeo sy raso ho Anao
Ny dera entinay.

3. Jehovah, Ray mahari-po!
Vonoy ny helokay;
Diovy ny fanahinay,
Velomy izahay.

4. Jehovah Ray! Ny antranao
No itokianay;
Ambara-pahafatinay
Hisaoranay Hianao.

6 - Avia, miondreha

1. Avia, miondreha,
Ry vazan-tany ô!
Fa lehibe Jehovah,
Sy masina tokoa;
Miankohofa tsara,
Manatona Azy 'zao
Haneho fanajana
ILay Mpanao anao.

2. Andriananahary,
Manaiky izahay
Fa Aminao ny hery
Tsy hay toherina.
Tsy misy maharara
Ny tianao hatao,
Fa Hianao Mpitondra
Izao rehetra izao.

3. Re any lavitra any
Izao ny herinao,
Ka isam-bazan-tany
Hiondrika Aminao;
Mpanjaka sy Mpitsara
Mahery Hianao;
Miadana ny tany
Miankina aminao.

7 - Misaora an'Andriamanitra

1. Misaora an'Andriamanitra
Izay nanao ny lanitra.
Namorona ny tany koa
Sy 'zay rehetra mahasoa

2. Derao ny voninahiny,
Ankalazao ny heriny,
Jereo ny fitiavany
Tsy tambonao tononina.

3. Dia avy izahay izao,
Ry Tompo be fitia ô!
Miondrika eo imasonao
Midera ny Anaranao.

4. Isaorana mandrakizay
Hianao, Andriamanitray!
Ny haja be indrindra izao
Atolotray mpanomponao.

8 - Dera, Laza, Hery, Haja

1. Dera, Laza, Hery, Haja,
Ho an'Andriamanitra
Tompon'aina, Zanahary,
Rain'ny voninahitra,
Izy no mpanao antsika,
Sady ivelomana;
Fototr'aina, foto-tsoa,
Izy ivavahana.
Hihira isika hoe : Haleloia!
Dera ho an'Andriamanitra
:,:Dia Haleloia! Haleloia! :,:

2. Ray Tsitoha, tsy miova,
Tia sy mamindra fo,
Mahasoa isan'andro,
Izy no isaorana;
Vatolampy tsy mifindra,
Tokin'olombelona;
Fiarova-mahavonjy,
Izy itokiana
Hihira isika hoe : Haleloia!
Dera ho an'Andriamanitra
:,:Dia Haleloia! Haleloia! :,:

9 - Ry Tompo Zanaharinay!

1. Ry Tompo Zanaharinay!
Manati-tsaotra izahay,
F'efa novelominao,
Ka tratr'izao maraina izao.

2. Ny aizina efa lasa izao,
mazava no naposakao;
Levony koa ny otanay,
Ka hazavao ny hevitray.

3. Ny asanay hatao anio
Atrehonao ka mba tahio,
Hatao ho voninahitrao,
Handrasanay ny antranao

4. Derainay Hianao, ry Ray!
Derainay Jeso Tomponay,
Derainay ny Fanahy koa,
Derainay fa mpanisy soa.

10 - Ry Tomponay Tsitoha ô!

1. Ry Tomponay Tsitoha ô!
Mpanao izao tontolo izao,
Ankalazainay Hianao
Fa lehibe ny herinao,

2. Ny hiran'ny anjelinao
Manerana ny lanitra,
Manehoeho fatratra
Ny hobin'ny voaavotra;

3. Fa masina, fa masina,
Fa masina i Jehovah!
Ka heniky ny lazanao
Ny tany sy ny lanitrao.

4. Ireo mpitory irakao
Mihoby eo anilanao,
Nahefa fanompoana,
Mihira ny fisaorana

5. Izao olonao rehetra izao
Dia mino sy manaiky Anao
Ho Ray Tsy miova sady to,
Mahery ny mpamindra fo.

6. Ny Zanakao nirahinao
Sy ny Fanahy Masinao
Isaoranay Anao, ry Ray,
Fa foto-pamonjena anay!

7. Ry Kristy ô, Mpanjakanay
Mitovy hery amin-dRay,

Ny fitiavanao anay
No nisoloanao anay.

8. Ny lozam-pahafatesana
Novanao ho fiainana,
Izany no hiainanay
Na eto na rahatrizay.

9. Ao an-kavanan-dRainao ao
No itoeranao izao,
Fa mbola hidina indray
Hitsena sy handray anay.

10. Ka faly naiditra
Ho mponina ao an-danitra
Izahay izay navotanao,
Hiombon-dova aminao.

11. Tario làlana izahay,
Vimbinonao ny dianay,
Ka isan-andro vaky izao
Hambaranay ny lazanao.

12. Vonjeonao, ry Tompo ô!
Vonoy ny ratsy ao am-po,
Ka hasoavy izahay
Ambara-pahafatinay.

13. Fa lehibe ny antranao,
Mahery koa Hianao,
Ka dia matoky izahay
Ry Tompo Zanaharinay.

11 - Endrey ny voninahitrao

1. Endrey ny voninahitrao,
Ry Ray Tsitoha ô!
Endrey ny fiandriananao,
Hajainay eram-po!

2. Ny herinao, ny andronao,
Dia mandrakizay!
Ny lanitra mitsaoka Anao
Ry Andriamanitray!

3. Ny tavanao mamiratra
Ny fahamasinanao
Sy hery tapitr'ohatra,
Ny fahendrenao soa.

4. Endrey, mahatahotra aho izao
Ry Tompo masina ô!
Mangovitra eo imasonao
Sao dia lavinao

5. Na dia ambony Hianao,
Dia nidina amiko
Nitondra fihavanana,
Ka dia mba tiako.

6. Koa aiza re no misy ray,
Mitovy aminao;
Mikarakara tsara anay
Izay natsanganao

7. O, mahagaga Hianao,
Ry Tompo tia anay,
Ny fonay dia hatoky Anao
Ambara-podinay.

12 - Jehovah ô, derainay Hianao!

1. Jehovah ô, derainay Hianao!
Ankalazainay ny Anaranao!
:,:Izao rehetra izao manaja Anao,
Fa Rainay ho mandrakizay :,:

2. Mpanjakanay sy Tompo masina
Omenay eram-po ny hasina
:,:Izao rehetra izao mihoby Anao,
Fa Rainay ho mandrakizay :,:

3. Ry Masina manerinerina,
Jehovah be fitia sy marina!
:,:Izao rehetra izao misaotra Anao,
Fa Rainay ho mandrakizay :,:

4. Manerana izao tontolo izao

Ny laza sy ny voninahitrao
:,:Izao rehetra izao hanoa Anao,
Fa Rainay ho mandrakizay :,:

5. Andriananahary masina ô
Tanteraka ny fiandriananao
:,:Izao rehetra izao mitsaoka Anao,
Fa Rainay ho mandrakizay :,:

13 - Misaora ny Mpahary

1. Misaora ny Mpahary,
Tsarovinao ny asany!
Misaora ny Mpahary,
Derao ny soa vitany!
Ny helokao rehetra
Dia voavelany,
Fa tsy mba misy fetra Ny fitiavany,
Ny Zanany nafoiny
Mba ho Mpamonjinao,
Ka hianao nantsoiny
Handray ny aim-baovao.

2. Ny toky izay nomeny
Sy ny fahasoavana,
Maharitra ireny,
Tsy manam-pahataperana;
Avelany tokoa
Ny hatezerany,
Ka tsy mba hahavoa
Antsika olony,
Fa Izy mahalala
Ny toetsika aty,
Ka tena Ray mandala
Antsika zanany.

3. He, toy ny voninkazo
Ny ain'ny olombelona,
Tsy ela dia malazo
Ka tena mora levona,
Fa Jeso manan-kery
Hamoha fasana,
Tsy hisy izay ho very
Ny olo-masina;
Isi ka vovotany
No namboariny
Hiombom-panjakana
Sy laza aminy.

4. Misaora ny Mpahary,
Ry tany sy ry lanitra !
Ry zava-boahary,
Derao, Andriamanitra !
Ry irany mahery
Manao ny sitrany,
Ry zanany izay very,
Kanefa hitany,
Misaora Azy ary,
Fa heniky ny soa,
Misaora ny Mpahary,
O, ry fanahiko !

14 - O, ry tany rehetra avia izao

1. O, ry tany rehetra, avia izao
Hidera ny Tompo Mpanavotra anao
Ny Tompo miantso antsika hankao
Anatrehany mba hohasoaviny ao:

Fiv : Dera, laza, anie, Voninahi-dehibe,
Ho Anao, ry Tomponay Tsitoha o!
Amen.

2. He, Jehovah miantra antsika izao
Ka dia manolotra antsika indray
Ny endriny mbamin'ny aina vaovao;
Eny, Izy manaiky tokoa ho Ray
Dera, laza, sns...

3. Asandrato ny feo hihoby hoe:
Isaorana mandrakizay Hianao
Ry Tompo mahery, Izay manome
Ho anay olom-bery ny aina vaovao:
Dera, laza, sns...

15 - Avia hankalaza

1. Avia hankalaza
Ny Tompo lehibe;
Fa feno hery, haja
Jehovah Marina e
Andeha mitambara,
Ry vazan-tany o!
Miankohofa tsara
Hanaja Azy izao!

2. Ry Tomponay Tsitoha,
Indreto izahay,
Manondrika ny loha,
Midera Anao, ry Ray,
Ny fonay sy ny hery,
Fanahy, saina koa,
Omena Anao irery,
Ka anjakao tokoa.

3. Mpanjaka tena hendry
Hianao, ry Tomponay
Ka tena mahakendry
Izay hahasoa anay;
Na misy toa mangidy
Ny fitondranao, soa,
Ny saina sy safidy
Manaiky anao tokoa.

4. Manerana ny tany
lzao, ny lazanao,
Ka be tsy hita lany
Ny voninahitrao;
Koa hira fiderana
Ventesinay izao:
Haleloia, Hosana!
Mba raiso ho Anao.

16 - Avia, ry vazantany ô!

1. Avia, ry vazantany ô!
Sy mponina ao an-danitra
Miraisa feo ka mihirà
Ny fanavotan-dehibe,
:,:Zay amonjena marobe
Dia vita re ka miderà.:,:

2. Avia, ry fiangonana ô!
Mba asandrato re ny feo
Hidera ny Mpanavotra;
Na aty an'efitra aza izao,
:,: Hirao am-pandehanana
Ny hira soan'i Ziona :,:

3. Avia, ry voavonjy ô!
Ka mifalia avokoa,
Fa afa-doza hianareo;
Miraisa feo ka mihirà
:,: Derao, derao fa mendrika
Ilay nanavotra anareo :,:

4. Avia, ry olom-bery ô!
Izay mandre ny teny soa
Hoe: "Manatona Ahy 'zao";
Anio ny Tompo mba fidio
:,: Ny fitiavany valio;
Ny fiderany koa hirao :,:

17 - Haja sy voninahitra

1. Haja sy voninahitra
Omena an'Andriamanitra,
Fa Izy ihany no mahefa
:,:Izay s it raky ny font':,:

2. Masina, tsy azo haratsiana;
Mahery, tsy azo resena;
Marina, tsy azo laingaina;
Hendry tsy azo fitahina

3. Ny am-po toy ny am-bava;
Ny maizina toy ny mazava;
Ny takona toy ny miseho;
:,: Tsy misy àry tsy hitany.:,:

4.Tsy miova ny fombany;
Lehibe ka tsy oharina;

Tia, tsy azo arovana;
:,: Miantra tsy azo ferana :,:

5.Saotra amam-bavaka atao
Dera sy laza ho azy;
Izy no ivavahana,
:,: Fa anton'izao tontolo izao :,:

18 - Ny feonay rehetra izao

1. Ny feonay rehetra izao
Dia entinay midera Anao,
Ry Andriananaharinay!
Na ambany aza izahay,.
:,: Dia tianao,:,:
Ry Andriananaharinay!

2. Ny andronay rehetra izao
Dia entinay manoà Anao,
Ry Tompo sy Mpanjakanay!
Satria izao dia fantatray
:,: Fa tianao :,:
Ry Tompo sy Mpanjakanay!

3.Ny hevitray rehetra izao
Dia enti-mankalaza Anao!
Ry Tompo Mpanasoa anay!
Mpitahy ny fanahinay,
:,: Fa tianao.:,:
Ry Tompo Mpanasoa anay!

4. Ny herinay rehetra izao
No iasanay ho Anao,
Ry Aronay sy Tanjakay!
Miezaka tokoa izahay
:,: Fa tianao :,:
Ry Aronay sy Tanjakay!

5. Rehefa alainao izahay,
Ka tapitra ny andronay,
Hamantana any aminao
Izahay ary an-danitrao,
:,: Fa tianao :,:
Hamantana any Aminao.

19 - Misaotra Anao zahay izao

1. Misaotra Anao zahay izao
Jehovah Ray!
Fa efa notohizanao
Ny andronay,
Ka tonga aty an-tranonao,
Indray zahay.

2. Misaotra Anao 'zahay izao,
Ry Mpanome!
Ny soa avy aminao
Tsy lany re,
Fa isan-andro misy vao,
Ka miro be.

3. Misaotra Anao'zahay izao,
Ry Rainay soa!
Ny helokay navelanao,
Nefa iza moa
No mahalaza izay natao?
Fa be tokoa.

4. Misaotra Anao'zahay izao,
Ry mora fo!
Ny mafy tsy sakananao
Tsy mba hanjo,
Fa be ny fanirianao
Anay hadio.

5. Misaotra Anao'zahay izao,
Ry Tomponay!
Ao aminao an-danitra ao
Honenanay,
Fa misy fitsaharana ao
Mandrakizay.

20 - Tsaroanay tokoa izao

1. Tsaroanay tokoa izao
Ny soa be noraisinay,
Tsy tapaka avy taminao
Ry Andriananaharinay.

2. Ny lasa itodihana
Dia mampiseho avokoa
Ny tanam-pitiavana
Miahy sady manasoa.

3. He! Koa 'ty andronay ity,
Izay diavinay izao,
Dia voahodidina ery
Ny fitahiana aminao.

4. Dia tokinay tokoa izay
Fa mbola ho arovanao
Anio, ampitso, rahatrizay,
Izay miankina Aminao.

5. Ka dia mba velomy re
Aty anatinay ny fo
Hahay misaotra Anao anie,
Ry Rainay be famindram-po!

21 - Derao Andriamanitra

1. Derao Andriamanitra,
Ry vazan-tany efatra,
Fa Izy no mamindra fo
Ka mety manome ny zo,
Naniraka ny Zanany,
Hanavotra ny olony
Ny sandriny tsy toha re,
Fa manan-kery lehibe.
Malaza ny Anarany,
Fa lehibe ny asany.

2. Ny zavatra rehetra e,
Ny ranomasin-dehibe,
Ireo tendrombohitra,
Ny saha feno ahitra,
Ny hazo sy ny vorona
Ny vato sy ny zavona,
Ny voninkazo manitra,
Ny endriky ny lanitra
Dia samy tsy mijanona
Midera ny Mpamorona.

3. Ry olona navotana,
Mba mitsangàna faingana,
Ka miderà ny Tomponao,
Izay nanavotra anao,
Fa he, ny voninahiny
Manerana ny taniny.
Tendreo ny valihanao
Ka miventesa hira vao:
Ry voavonjy ô, derao
Ny Ray Mpamorona anao!

22 - Ry Rainay Izay namorona

1. Ry Rainay Izay namorona
Izao rehetra Izao,
Ny hita sy ny takona
Dia asan-tananao.

2. Ny volana aman-kintana,
Ny biby marobe.
Ny ala maitso mavana,
Hitsaoka Anao anie.

3. Ny tany sy ny lanitra,
Ny ranomasina,
Ireo tendrombohitra
Manolo-kasina.

4. Ny ory sy ny mpanana
Dia fototra iray,
Fa samy asan-tanana
Nataonao Tomponay

5. Dia saotra no atolotray
Anao, ka raisonao,
Fa fanomezan-ko anay
Ny asan-tànanao.

23 - Tsy misy zava-mahasoa

1. Tsy misy zava-mahasoa,
Andriamanitra ô!
'Zay tsy nataonao ho anay
Mba hifalianay.

2. Tsy misy singan'ahitra,
Na ravin-kazo koa
Izay tsy amantaranay
Fa hendry Hianao.

3. Ny kintana mazava ery
Maneho avokoa
Fa sitrakao hanafaka
Ny aizina aminay.

4. Izay rehetra tazanay
Dia voninahitrao;
Izay rehetra takona
Milaza izany koa.

5. Ny tany sy ny lanitra
Nataon'ny herinao
Dia azo ianarana
Ny famindramponao.

24 - Ny lanitra ao ambony ao

1. Ny lanitra ao ambony ao,
:,: Andriamanitra ô! :,:
Izay rehetra vitanao
Dia mahagaga anay. (in-3)

2. Ny volana aman-kintana,
:,: Ny masoandro koa :,:
Ny tany aman-danitra.
Mitory avokoa. (in-3)

3. Ny andro aman'alina
:,: Milaza aminay :,:
Fa hendry Andriamanitra,
Jehovah Tomponay.

4. Ny tenanay, fanahy koa,
:,: Dia avy taminao, :,:
Ka mampiseho tsara koa
Ny voninahitrao. (in-3)

5. Izay rehetra vitanao
:,: Aty sy any koa :,:
Miara-mankalaza Anao,
Fa Tompony tokoa. (in-3)

25 - Andriamanitra hendry

1. Andriamanitra hendry
:,: Loharanon-tsaina :,:
:,: manolo-pahendrena
'Zay manaiky Azy:,:

2. Andriamanitra mahay
:,: Izao rehetra izao :,:
Ka Izy no akana saina
Hahahendry antsika :,:

3. Ary isika mila saina
:,: Hanitsy antsika, :,:
:,: Amin'ny fianarana
Hanarahana Azy :,:

4. lzy no ihavian'
:,: Ny soa rehetra :,:
:,: Hiainana mandrakizay,
Ka Izy no omen-tsaotra :,:

26 - Jehovah tsy mba manadino

1. Jehovah tsy mba manadino
Ny mpanompony manoa,
Fa hotsarovany ireo mino
Nofidiny ho Azy koa.
Manerinerina ambony
Ny fiandrianany;
Kanefa kosa re ny fony
Mitsinjo izay ambany.

2. lzaho dia ravoravo

Ka midera Azy izao;
Fahasoavanao, ry Avo,
No namonjy hatrizao,
Fahavokisan'ny fanahy
Ary fisandratana
No hotantaninao ho ahy:
Ny foko mankalaza.

3. O, mifalia, ry Israely,
Fa vonjen'ny sandriny;
Mba matokia dia hahery,
Antsoy ny Anarany:
Mpanomponao ity mitalaho,
Ka henoy ny hatako,
O, ry Mahery, inty aho!
Ny sitrakao ekeko.

27 - Fitiavana tokoa

1. Fitiavana tokoa
Re, ny Ray an-danitra,
Fa manolo-java-tsoa
Tena mahasambatra,
Ho antsika izay mpanota,
Ory, osa, rera-po.
Izy masina sy tò,
Ta-hanaisotra ny ota
Noho ny fanavotam-be
Vitan'i Jesosy, e!

2. Tsy ho very, ry mahantra
Sy miferin'aina izao,
Fa ny Ray Izay feno antra,
Aoka mba hinoanao.
Sambatra ny voavela
Heloka tokoa re,
Fa jesosy manome
Fanavaozam-po sy lela,
Hira fideram-baovao
No ho re an-dalanao.

3. O, ry Rainay be fitia
Mba ampio izahay
Tsy ho kivy tsy hania
Ao am-pandehananay,
Fa handroso mba hankany
Aminao an-danitra.
Ry Andriamanitra,
Be loza aty an-tany
Fa ny ranomasonay
Faohinao, rahatrizay.

28 - Zanahary tsy mba tia

1. Zanahary tsy mba tia,
Ny fahaverezanao,
Izy Rainao be fitia,
Tsy mba mahafoy anao.
Ny famoizam-po ario,
Fa jesosy itokio
Mba hatoninao anio
Ilay be Fahasoavana.!

2. lzy dia nitady ela,
Vao nahita anao izao,
Mifalia, tsy hoela
Dia hody ianao.
He, ry ondry saiky very,
Ory, osa, feno fery,
Ny mpamonjy manan-kery,
Hahasitrana anao!

3. Ny ao, an-danitra mifaly,
Raha misy miova fo
Ary any ny anjely
Miramirana avokoa.
Fo marary dia tsaboiny,
Ahiahim-po vonoiny,
Fiadanana lazainy;
Sambatra isika re!

29 - Ry foko, mitsangàna izao

1. Ry foko, mitsangàna izao
Ka miderà ny Tomponao,
Andriamanintsika.
Nasehony ny heriny,
Ny fasana levoniny

Tsy hahatàna antsika.
Derao! Hobio!
Haleloia sy hosana, Fanjakana,
Azy Tompom-pahefana.

2. He! Vitanao Mpanavotra
Ny lova mahasambatra:
Ny fasana resenao.
Mahazo toky fatratra,
Ny mitomany sasatra:
Ny lanitra vohanao.
Jeso Kristy
'Zay nitsangana maraina
Tompon'aina:
Andro Paka Arahabaina.

3. Derao ny voninahiny!
Ankalazao ny heriny,
Fa resy re Satana.
Ry tany sy ry lanitra,
Derao Andriamanitra
Akaro ny Hosana.
Raiso, Tompo,
Raisonao ny voninahitra
Aman-dera:
Ho anao, ry Zanak'ondry.

30 - Paradisako, ry Jeso

1. Paradisako, ry Jeso,
Fifaliako Hianao;
Lanitry ny foko eto
Sy Edenako vaovao!

Fiv : Paradisa soan'ny foko
Eto an-tany Hianao;
Fanaperan-tsoako,
Ao an-danitra vaovao!

2. Volafotsy, volamena,
Vatosoako Hianao.
Zava-tsoako sy harena
Miafina ao an-danitra ao
Paradisa sns...

3. Zo sy hajako tokoa
Hianao, Mpanavotro,
Haingo sarobidy koa,
Satro-boninahitro.
Paradisa sns...

4. Zavatra rehetra ho ahy
Hianao, ry Jeso tia;
Fiainan'ny fanahy,
Fiadanako doria.
Paradisa sns...

31 - Misaotra Anao, izahay ry Ray

1. Misaotra Anao, izahay ry Ray,
Fa sitrakao homena ho anay
Ny Zanakao Malalanao,
'Lay Tokanao, no he natolotrao.
Atolotray ny saotranay,
O! raisonao anie Jehovah Ray.

2. Misaotra Anao, Jesosinay,
Ny fitiavanao tsarovanay:
Nalatsakao ny ràna soa
Hanavotra aina ny mpanota voa;
Atolotray ny saotranay,
Ka raisonao e, ry Jesosinay.

3. Misaotra Anao, Fanahy koa,
Mamelona sy monina ao am-po,
Havaozy ao anaty ao
Ho tonga lapanao madio sy vao.
Atolotray ny saotranay
Ka raiso, ry Fanahy tokinay.

32 - Misaotra Anao Izahay

1. Misaotra Anao Izahay,
Jehovah Tompo ô!
Fa efa naharay
Ny soa taminao.
Ka lalandava no
Hisaoranay Anao

Ho eo am-bavanay
Tokoa ny Teninao.

2. Fa reharehanay
Sy famonjena koa
Ny Tompo tia anay,
Tsy manam-paharoa.
Ny fandresena soa,
Ny fiononam-po
Dia avy taminao
Ka hery manavao.

3. Ny olo-mino Anao
Sy ireo mpanomponao
Na velona na maty,
Dia misaotra Anao.
Ka sambatra tokoa
Fa manana Anao
'Zahay, ry reharehan'
Ny fanahy ô!

33 - Tompo ô, tsy takatray

1. Tompo ô, tsy takatray
Ny hasoan'ny antranao;
Zava-mahagaga anay
Ny fitiavanao.
He, mpanota izahay
Nefa hasoavinao;
Avotr'aina azonay;
Misaotra no atao.

2. Tompo ô, Mpanjakanay
Fatratra ny herinao
Ts'isy zavatra izay
Mahasakana Anao!
Nefa mora fo Hianao
Fa mandefitra aminay,
Koa dia misaotra Anao
Fa afaka izahay.

3. Tompo Andriamanitray,
Avy izahay izao
Raiso ny fiainanay;
Anao, ka anjakao.
Tompo ô, tsy takatray
Ny hasoan'ny antranao;
Zava-mahagaga anay
Ny fitiavanao.

34 - Tompo ô, Tsitoha

1. Tompo ô, Tsitoha,
Zanaharinay
Asan-tananao re
'Zao rehetra izao
Mahagaga indrindra
Ny fahaizanao
Entinao mitondra
sy miasa ao.

2. Hianao, Jehovah
Ao mandrakizay,
Na miovaova
'zao rehetra izao,
Mahagaga indrindra
Ny fitiavanao
Tsy mba mety miova,
Na mandao anay.

3. Ray niandohana
Fony fahizay;
Mbola hiafarana
Koa rahotrizay.
Raiso moramora
Re ny zanakao,
Raha tonga ny ora
Hiantsoanao.

35 - Isaoranay, ry Ray

1. Isaoranay, ry Ray,
Ny fitiavanao;
Fa indro, azonay
:,: Ny taom-baovao :,:
Ry Tompo ô! Ambeno
'Zao fifalionaizao
Ka aoka re ho feno

Ny hasoavanao.

2. Ny taona vao lasa
Nipaoka olon-tsoa
Ireny mba nikasa
:,: Mba ho tafita koa :,:
Ny fitondrana anefa
Afeninao, ry Ray!
Ka nony miantefa
Vao sina izahay.

3. Fanahy ô, avia
Hitari-dalana e!
Mandroso izao ny dia,
Hamaky rano be
Ny herinao tsy lefy
No tanjaky ny fo;
Ka ampy mba ho fefy,
Raha avy ny manjo.

4. ltoero, Jeso tia,
Ny sambonay re!
Na tony na maria,
:,: 'Ty ranomasim-be :,:
Raha Hianao no hita
Tsy fefika izahay
Ambara-piampita
Ary an-tratran-dRay.

36 - Moa ho haiko tantaraina ny hasoavanao

1. Moa ho haiko tantaraina ny hasoavanao?
Mifamatra tamin'aina ny fitiavanao
Ny vahoaka sesehena
'Zay nahazo famonjena
no hider'llay Mpamonjy soa.

Fiv : :,: Jeso no derao :,:
'Zay nataony ambarao
Jeso no derao.

2. Fiadanana nafoin'i jeso Tomponay,
F'efa tonga ny fotoana,
Sitraky ny Ray
Olom-bery nozahany
Ny fatorany vahany
Hajambana koa nalany Tsy ho ao.
Jeso no derao, sns...

3. Hoderaina lalandava Ny Anaranao,
Fa ny aizina nisava
Eo imasonao;
Na tsy tian'ny sasany aza
Ny Anaranao malaza,
'Zaho koa hankalaza Azy re
Jeso no derao, sns...

37 - Mihainoa ry Ziona, ô!

1. Mihainoa ry Ziona, ô!
Avy ny Mpanjakanao!
Re hatrany lavitra,
Fa hobin'ny olona,
Mifalia hianao,
Indro Izy, ka tsenao!

2. Indro Ilay miakatra
Mila tsy ho fantatra
Ho Mpanjaka marina,
Fa mietry lalina;
Izy no Mpanjakanao,
Ry Ziona ka derao!

3. Mandrosoa, Tompo ô!
Mba hanjaka amiko;
Faly re ny olonao
Raha tonga Hianao
O, hosana, Tomponay!
Ry Ilay nandrasanay!

38 - He, hosana!

He, hosana!
Isaoran'anie ny Mesia,
Izay nalefan'ny Tompo,

Ka hosana no asandratray.
Ilay nirahinao ry Tompo
No derainay,
Ka hosana no asandratray!

39 - Faingàna, ry Mpanjaka!

1. Faingàna, ry Mpanjaka!
Handray ny lovanao;
Faingàna re mba haka
Ny tany ho Anao;
Avia hampifaly
Ny malahelo fo;
Afaho ny mijaly
Sy azon'ny manjo.

2. Avia, fa misento
Aty ny olonao;
Ny fanjakana ento,
Fa Tompo Hianao.
Tsy hisy hitomany
Eo anatrehanao.
Hiadana ny tany
Izay alehanao.

3. Ny tendrombohitra avo
Ny lohasaha koa
Ho tonga ravoravo
Sy tretrika avokoa;
Ny be tsy haka an-kery
Ny kely afa-po
Tsy hisy izay ho very,
Tsy hisy izay hanjo.

4. Mpanjaka sy Mpiaro
Mahery Hianao
Ny firenena maro
Hitoky Aminao
Ho avy lalandava
Izao rehetra izao
Hitondra harem-bevava
Ho eo an-tongotrao.

5. Faingàna, ry Mpamonjy,
Ry Tompo be fitia,
Ny olonao tra-bonjy
Miantso hoe : Avia
Anao ny fiderana
Anao ny laza be,
Anao ny fanjakana
Sy arahaba e !

40 - Tonga ny fahazavan'i Ziona

1. Tonga ny fahazavan'i Ziona
Ravo ny tany
'Zay maizina teo
Tapitra koa ny fidradradradrana
Ary ny tany miadana izao.

2. Tonga ny fahazavan'i Ziona
Efa nandrasana izay ela izay,
Izao dia tapitra ny fanompoana,
Ka ampodina ny babo indray.

3. He, misy rano izay miboiboika
Any an-efitra maina sy lao,
Feno ny hobiny ny lohasaha,
Manakoako ny hira vaovao.

4. Indro ny tany sy nosy rehetra
Dia mankalaza ny Tompo izao,
Ny fanjakany dia tsy manam-petra
Miravoravo ny tany vaovao.

41 - Indro Jeso mandondòna eo ambaravaram-po

1. Indro Jeso mandondòna
Eo ambaravaram-po,
Injao ny feony mifona
Mba haneho indrafo,
Aoka Izy hovohàna,
Fa mitondra famelana
Hampahery sy hitana
Ny fanahinao sy fo.

2. Efa novidiny lafo

Mba ho afaka hianao;
Izy hiara-misakafo
Sy hifaly aminao;
Fahasoavana zaraina,
Lova ampanantenaina,
Iray ny vatsy, iray ny aina,
Ndrey, ny hasambaranao

42 - Vohay ny varavaram-po

1. Vohay ny varavaram-po
Ilay Mpanjaka manan-jo.
Mpamonjy izao tontolo izao
No tonga hanasoa anao!

2. Ny teny fanasana atao
Mitondra tena aim-baovao,
Ny fahoriana manjo
Afahan'ny famindrampo.

3. Mba mihainoa, maneke,
Fa sambatra izay mandre,
Ka anjakan'ny Tompo to,
Izay feno antra, mora fo.

4. Ny andron'aina mitatao
No mahafaly fo izao,
Mamiratra sy manome
Fanantenana lehibe.

5. Ny vavahady mba vohay
Finaritra izay mandray,
Fa tonga Ilay Mpanjaka soa
Hanao ny asany tokoa.

6. Sokafanay ny fo izao,
Ry Jeso, mba hidiranao,
Ny fahasoavanao anie
Hanananay harena be.

7. Atolotray, ry Tompo ô,
Mba hahatamana Anao ny fo
Ny famonjena vitanao
No iankinanay izao.

43 - Manenoa, ry farara

1. Manenoa, ry farara!
Horohoroy, ry tany
Ka miantsoa ny maty,
Fa akaiky ny Mpitsara;
:,: Indro Kristy:,:
Avy amin-drahona!

2. Ny feony no hampifoha
Ny any am-pasana;
Ny teniny no hamory
Ny velona rehetra;
:,:Samy handray:,:
Ny valin'ny nataony.

3. Ny tsy mino hilazany:
"Mialà voaozona,
Mandehana, mitoera
Ao amin'ny maizina"
:,: Ry mpanota:,:
Any ny anjaranao.

4. Fa ny mino hilazany:
"Avia, notahina,
Mandrosoa, mankanesa
Ho amin'ny mazava"
:,:Io, ry mpino:,:
Indro ! ny anjaranao.

44 - Indro Jeso, mba vohay

1. Indro Jeso, mba vohay;
Mba vohay !
Avy ho sakaizanay
Ka vohay !
Lay Malala fahizay
Sady sitraky ny Ray,
Tonga ho anao indray,
Ka vohay !

2. Indro Jeso, mba vohay;
Mba vohay !

Tompo tia ka mba hajao;
Mba vohay !
Honina aminao ety,
Ho sakaiza hatrery,
Ho anao mandrakizay;
Ka vohay !

3. Indro Jeso, mba vohay;
Mba vohay !
Mbola tia ka mba vohay
Ka vohay !
Tena tia ka tsy mandao,
Raha ela sao dia lao;
Moa holavinao izao ?
Mba vohay !

4. Eo am-baravaranao;
Mba vohay !
Tsy manao an-ditra izao;
Ka vohay !
He ! Mandàna mora re,
Na dia Tompo lehibe,
Efa niandry ela be;
Ka vohay !

45 - He, tonga ho antsika ny Tompo mora fo

1. He, tonga ho antsika
Ny Tompo mora fo
Mpamonjy, havantsika,
Ilay mamindra fo
Andeha mba hifaly
Isika ry zareo
Nahazo Mpampifaly,
Ka manandrata feo!

2. Hajao ny Tompontsika
Mpanjaka lehibe,
Andriamanintsika,
Mpanala rofy be;
Avia mba hidera,
Ry mino tsara fo!
Avia manatera
Ny saotra ao am-po,

3. Ry Tompo, Zanahary!
Mihira izahay,
Fa teny mahafaly
No tonga ho anay;
Ny andro famonjena
No andro sitrakay;
Fanahy manatena
No ifalianay.

4. Ry Tomponay! Mandraisa
Ny haja entinay;
Tsy volamena anefa,
fa saotra aterinay;
Ry Jeso Tompo soa!
Isaoranay Hianao,
Fa lehibe tokoa
Ny fitiavanao.

46 - O! ry Mpanefa ny toky rehetra

1. O! ry Mpanefa ny toky rehetra,
Moa ho ela vao tonga ny fetra?
Tena andrasanay ny fihavianao:
:,: Aza ela, re! :,:

2. He! lzahay, fa vahiny mandalo
Indro manenjika ny fahavalo;
Koa henoy re ny senton'ny olonao:
:,: Aza ela, re! :,:

3. He! Ny voavotrao dia miandry,
Na izahay na ireo nodimandry;
Tompo, tsinjovy ny fasan'ny olonao:
:,: Aza ela, re! :,:

4. Ary ny zavatra eto an-tany
Samy miara-misento ihany,
Ka manantena ny mba hihavianao:
:,: Aza ela, re! :,:

5. Mbola ho ela va Ilay antenaina?
Tsia, fa akaiky izao ny maraina;

Koa andrandrao sy antsoy ny Tompo hoe:
:,: Aza ela, re !:,:

6. "Tsy mba ho ela, fa faingana Aho,
Ary hanafaka ny mitalaho".
"Eny, avia, faingàna, ry Tompo ô!"
'.: Aza ela, re! :,:

47 - Ry Ziona, mihainoa

1. Ry Ziona, mihainoa!
Injay feo mafy mampifoha
Ny ampakarina izao.
Mbola alim-be ihany,
Fa ny fotoana no lany,
Ka avy ny malalanao.
Antsoiny hianao,
Alao ny jironao
Ka velomy;
Dia miaingà hivoaka,
Hitsena ny Mpampakatra!

2. He, Ziona ravoravo,
Fa reny izao ny antso avo,
Ka velona ny hobiny:
Indro, avy Kristy Tompo.
Hanafaka anay mpanompo,
Halainy hampakariny.
He, faly re ny fo!
Avia, Tompo ô!
O, hosana!
Mihaingo izao hitsena Anao,
Ry Kristy, ny malalanao!

3. Hira, hoby, fiderana
Asandratray mba hitsenana
Anao, Jesosy Tompo ô!
Tsy mba misy mitomany,
Fa mirana izay mankany
Am-pampakaram-badinao
Mahafinaritra
Ny hiran-danitra!
Haleloia!
Ilaozanay ny trano lay,
Miakatra ny dianay.

48 - Hevero ry mpanota ô ny andro fitsarana

1. Hevero ry mpanota ô,
Ny andro fitsarana!
Hiverina ny Tomponao
Hamaly fahotana;
Ny lanitra hahorana,
Ny tany dia hodorana,
Fa avy Ilay Mahery.

2. Trompetra no ho velona
Hotsofin'ny anjely;
Hisokatra ny fasana,
Hivory izay niely;
Ny maty dia hatsangana,
Isika koa hakarina
Hanatrika ny Tompo.

3. Ny boky hovelarina,
Fa io no manambara
Ny asa izay miafina,
Handraisana anjara
Ka aza mba mihevitra
Hahazo mihodivitra,
Fa fantatry ny Tompo.

4. Ry Tompo ô! Hazoninay
Ny tenim-panekena,
Ka mba arovy izahay
Hitana famonjena:
Ny ranao sy ny Fanahinao
No tokinay raha avy izao
Ny andro fitsarana.

49 - Mba jereo ny Tompontsika avy ao an-danitra

1. Mba jereo ny Tompontsika
Avy ao an-danitra
Indre avy amin-kery

Ao amin'ny rahona .
:,: Haleloia ! :,:
Ambarao ny heriny.

2. ' Zay rehetra fahavalo
Efa resiny tokoa;
Mifalia, ry anjely!
Mihobia, ry olona!
:,: Haleloia ! :,:
Ambarao ny lazany.

3. Fony mbola teto Izy,
Satro-tsilo nentiny;
'Zao ny satro-bolamena
Mendrika ny lohany;
:,: Haleloia ! :,:
Ambarao ny derany.

4. Voaeso mafy Izy.
Be ny fahoriany
Fa izao, asandratra Izy
Ambarao ny hajany!
Ao amin'ny rahona.
:,: Haleloia ! :,:
He, ny voninahiny !

50 - Mifohaza ry matory fa re ny feon'ny Mpamory

1. Mifohaza, ry matory,
Fa re ny feon'ny Mpamory
Miantso izao tontolo izao,
Miaingà, ry vovontany,
Fa he! Jesosy avy any,
An-danitra hitsara anao.
Ry mbola velona!
Ry ao am-pasana!
Mitsangàna!
Miandrandrà ny lanitra,
Fa ny aty dia tapitra!

2. Kristy Tompo avy any,
Ka dia mangovitra ny tany
Fa be ny voninahiny
Na ny ratsy na ny tsara
Hanatrika Ilay Mpitsara,
Miandry ny anjarany,
Zarainy roa izao
Ny tafavory ao;
Ka ny tsara
Horaisiny ao aminy,
Ny ratsy dia ariany.

3. Jeso ô! izahay mifaly,
Na dia be ny mampijaly
Sy mahaketraka aty:
Hianao mahay manova
Ny fahorianay ho lova
Mahafinaritra ery.
Ry fasa-maizina ô!
Ry fahavaloko!
Aiza moa
Ny herinao, ny sabatrao?
Jesosy no Mpandresy izao

51 - Raha tonga anio ny Tompo

1. Raha tonga anio ny Tompo,
Amin-kery lehibe,
Ka arahin'ny mpanompo
Sy anjely maro be ;

Fiv : Moa ho faly hianao
Ka hidera ny Mpamonjy
Izay nanavotra aina anao?

2. He! ho simba sy ho rava
Izao rehetra àry izao.
Ka hifankahita tava
Ny atao sy ny Mpanao.
Moa ho faly hianao, sns...

3. Maso maro no hijery
Ilay nijaly fahizay,
Fa ny mino Azy ihany
No ho faly rahatrizay :
Moa ho faly hianao, sns...

4. Rehefa tonga re ny Tompo
Mba hitsara izay natao.
Hitomany ny tsy mino,
Fa hanatrika Azy ao :
Moa ho faly hianao, sns...

5. O! avia re, ry Tompo!
Mba hanjaka aminay,
Hahatonga anay mpanompo
Hiara-paly aminao :
O! Avia, ô! avia,
Fa ny olonao rehetra
Dia maniry indrindra Anao

52 - Efa akaiky Jeso Tompo

1. Efa akaiky Jeso TOmpo
Ilay Mpamonjinao,
Indro, tamy Kristy Tompo,
Avy ho anao;

Fiv : Dia tano mafy tsara
Izay anananao;
Lova soa, tsara fara,
Indro, ho anao.

2. Efa akaiky ny Mpamonjy
Ta-handray anao;
Jeso Kristy mahavonjy
No sakaizanao
Dia tano mafy tsara, sns...

3. Efa akaiky ny Mpitsara,
Izay hitsara anao;
Jeso Kristy raiso tsara
Mba ho havanao :
Dia tano mafy tsara, sns...

4. Aza mba mangataka andro
Hibebahanao;
He, mazava anio ny andro
Mba hidiranao :
Dia tano mafy tsara, sns...

53 - Miposaka ny vonjy

1. Miposaka ny vonjy,
Endrey ny hafaliana!
Jesosy ny mpamonjy,
Andriam-piadanana,
Ilay Zanaky ny Avo
Dia nidina taty
Hahatonga antsika lavo
Ho zanaka ary,
Manangana olom-bery
Handova lanitra,
Ka dera, laza hery
Ho an'Andriamanitra!

54 - Jeso Mpamonjy, Ilay Tompon'ny aina

1. Jeso Mpamonjy, Ilay Tompon'ny aina, no hita
Nidina teto an-tany hamonjy antsika :
O, mba derao!
Izy Mpanavotra anao,
Ka mifalia, ry mino!

2. Indro ny tenin'anjely milaza ny soa!
Teraka Jeso Mpamonjy antsika tokoa:
O, mba derao!
Tonga ny andro vaovao
Andron'ny Filazantsara

3. Dia iventesonao hira vaovao re, izany!
Tonga Jesosy hamonjy izay mitomany:
I, mba derao!
Afaka isika izao!
Izy Mpisolo antsika!

4. Tonga ny Tompon'ny tompo hisolo ny ory,
Kamifohaza, ry olona mbola matory:
O mba derao :
Amin'ny feo vaovao,

Jeso, Ilay Tompo mahery!

55 - Ny andron'ny fahasoavana

1. Ny andron'ny fahasoavana
Miposaka ho antsika,
Manerana izao tontolo izao,
Ny tarany efa hita,
Ka ravo ny olombelona,
Fa lasa ny alintsika.

2. Niova tery ny alina,
Fa teraka ny Mpamonjy,
Mamiratra re ny lanitra,
Miseho izao ny vonjy,
Ka lasa tokoa ny aizina,
Mihoby ny voavonjy.

3. Na dia ho nahay nihira re
Ny hazo an-ala rehetra,
Ka afa-mikalo ny ravina
Hidera ny Avo Indrindra
Tsy ampy ho fanandratana
Ny Tompon'ny ain-drehetra.

4. Ny feon'ny olonao izao
Misandratra, ry Jehovah,
Hidera ny fitiavanao
Sy ny indrafonao soa
Niaro ny fiangonanao
Hatramin'ny fahagola.

5. Ho any an-tenindrazanay
Izahay re, ry Ray Tsitoha,
Ka hiditra ao an-tranon-dRay
Nomanin' Ilay Mpialoha;
Ny olonao dia ho tafaray
Hidera Anao tokoa!

56 - Manatona Anao izao

1. Manatona Anao izao,
Ry Jeso, ny madinikao,
Ampandrosy ny dianay,
Fa ta-hahita Anao izahay.

2. Hidera ny Anaranao
No zava-tianay hatao;
Miravoravo izahay,
Fa teraka ny Tomponay.

3. Ny lanitra nilaozanao,
Hanavotra ny olonao,
Ho zanak'Andriamanitra
Hifaly ao an-danitra

4. Tsy takatray heverina
Ny fitiavan-dalina,
Izay nitiavanao anay,
Ka dia misaotra Anao izahay.

5. Tariho, Tompo, izahay,
Ambinonao ny dianay,
FA samy ta-handray Anao
Izahay mivory eto izao.

6. O, ry Sakaiza mainay,
Mba te-ho olonao izahay
Hipetraka eo anilanao,
Fa mamy ny fitianao.

7. Raha manana Anao izahay,
Tsy hisy hatahoranay,
Fa zaza voamarikao
Ho isan'ny arovanao.

8. Raha ao an-danitra vaovao,
Izahay sy ny anjelinao
Hisaotra sy hidera Anao
Manatrika ny tavanao

57 - Izao Noely mamy izao

1. Izao Noely mamy izao
No ihobiantsika
Fa noresen'ny aim-baovao
Ny fahafatesantsika:
Ny Zanak'Andriamanitra,

Izay Tompom-boninahitra,
Nandao ny lapan-dRainy
Nateraka ho olona
Antsika sombin'ny ainy.

2. Velomy ny fisaorana,
Na kely monja aza,
Ka aoka izay navotana
Hiara-hankalaza
Ny Zanak'Andriamanitra
Niala tao an-danitra
Hanafaka alahelo;
Ry voavonjy ô! derao
Jesosy Ilay Mpanjakanao
He, gaina izao ny helo!

3. Izao Andriamanitra
Dia faly, amintsika:
Jesosy, Tompon-danitra.
No tonga namantsika;
Ho re hatrany lavitra
Fa foin'Andriamanitra
Ilay sitraky ny finy
Hitondra fahoriana,
Hiara-pijaliana
Ho solon'ny mpikomy

4. Na dia tratry ny manjo,
Izay mampiferin'aina,
Izaho tsy hamoy fo,
Fa manan-kantenaina;
Jesosy dia Zokiko,
Ka tsy hohadinoiko,
Fa Izy tia ahy;
Ny tenim-piadanany
No hery anohanany
Ny foko, izay manahy.

5. Haleloia, fa tapitra
Ny fahoriantsika!
Derao Andriamanitra,
Izay efa tia antsika
O, ry fanahiko, derao
Jesosy, Izay Mpamonjinao,
Harena tsy ho lany.
Haleloia, haleloia!
Fa azo ny Mpanavotra,
Anao ny fanjakany!

58 - Alina masina

1. Alina masina,
Tonga ny Mpanavotra;
Indro teraka ao Bethlehema
Ny Mpanjakan'i Jerosalema,
:,: Izay mpamonjy anao :,:

2. Alina masina,
Ny anjely midina
Ka miara-mihoby hoe :
Indro ny fiadanam-be,
:,: Jeso teraka izao :,:

3. Alina masina,
Nisehon'ny Zanaka;
Ny mazava niposaka,
Ka ny tahotra afaka;
:,: Mifalia izao :,:

59 - O! Mihobia, fa teraka

1. O! mihobia, fa teraka
Jesosy Tompo, Zanaka,
Mesia nantenaina,
Mpamonjy sitraky ny Ray
Ho avotra mandrakizay,
Ka mendri-koderaina!
Renao izao
Ny anjely mampiely
Teny soa :
Kristy teraka tokoa!

2. He ! Tonga ny Mpanavotra
Hanafaka ny tahotra
Mamatotra ny tany,
Mitondra fiadanana,
Ka tena mampihavana
Ny lanitra aman-tany

Indro tonga
Ny Mpamonjy mahavonjy
Ny mpanota,
Ka manaisotra ny ota.

3. Omeo voninahitra
Ny Ray, Andriamanitra,
Izay Tompom-pamonjena!
Ny Zanaka no raisonao,
Fa fananganana anao,
Ny lova dia homena.
Amen, Amen!
Teny soa mamy koa,
Isika lavo
Tonga zanaky ny Avo!

60 - He, faly ny fanahiko

1. He, faly ny fanahiko,
Fa avy Ilay Malalako,
Dia Jeso tonga zaza,
Ka mety ho Mpamonjiko,
Na dia tsy mendrika aza
Izaho, ry Jesosy ô!
:,: Raiso ho Anao! :,:

2. Ry Jeso Zazakely ô,
Iriko mafy Hianao,
Avia re, ry Zaza,
Ny foko itoeranao
Na dia ratsy aza
Ka tsy mba mendrika Anao,
:,: Ry Jesosy ô! :,:

3. Endrey ny fitiavanao,
Ry Ray, namoy ny Zanakao;
Izahay, izay fahavalo
Ka ivesaran-keloka,
Avelanao hivalo
Ka hiditra ao an-danitra.
:,: Enga ka ho ao! :,:

4. Endrey ny fifaliana
Tsy tratry ny fisainana
Ataon'ireo anjely
Manerana ny lanitra!
Fa any ny Noely
Hitohy tsy ho tapitra,
:,; Enga ka ho ao! :,:

61 - Tany Betlehema fahiny

1. Tany Betlehema fahiny
Nisy Zaza teraka;
Tonga toy ny mpivahiny,
Nefa tena Zanaka.
Izy no Jesosinao,
Ka mba raiso ho anao!

2. Ao ny lapa feno haja.
Nisy Azy fahizay;
Saotra, dera, aman-daza
Teo anatrehan-dRay,
Izany no nilaozany
Hamonjeny ny aty.

3. Zaza tsy nanota Izy,
Nefa Zaza toa anao,
Koa raisonao, rankizy,
Mba ho tena havanao;
Ary mba arahonao
Izay fanaony hitanao

4. Raha hianao tomany,
Izy hampangina anao,
Izy koa hampahamamy
Izay fifaliano:
Matokia hianao.
Izy no Sakaizanao!

5. Nefa mba henoy, ry Zaza:
Ao an-danitra Izy izao.
Fa ho avy indray hitsara
An'izao tontolo izao:
Koa mba fidionao
Izy ho Mpamonjinao!

62 - He, teraka any Betlehema

1. He, teraka any Betlehema,
Ao Betlehema,
Ny Tompon'i Jerosalema,
:,: Haleloia! :,:

2. Ny vilona :,: nandriany :,:
Nihoby ny anjeliny,
:,: Haleloia! :,:

3. Ny magy dia :,: nanatitra :,:
Ny miora sy ny hanitra,
:,: Haleloia! :,:

4. Voaisotra :,: ny helokao :,:
Fa tonga ny Mpanavotrao,
:,: Haleloia! :,:

5. Isika dia :,: noraisiny :,:
Hiombon-dova aminy,
:,: Haleloia! :,:

6. Isika koa :,: hianatra :,:
Ny fideran'ny lanitra,
:,: Haleloia! :,:

7. Isika ao :,: an-danitra :,:
Ho velona finaritra,
:,: Haleloia! :,:

8. Ho naman'ny :,: anjelinao :,:
Izahay, ry Jeso Tompo ô!
:,: Haleloia! :,:

9. Hidera ny :,: Anaranao :,:
Manatrika ny tavanao,
:,: Haleloia! :,:

63 - Tany finaritra

1. Tany finaritra,
Tarafin-danitra,
Mirana ny mpivahiny ao
Injao fihobiana
Am-pandehanana
Mankany ny Paradisa izao.

2. Andro mihelina
Tao-mitsingerina
ifandimbiasan'ny olona
Tsy lefy hanitra
Ny soan'ny lanitra
Mamelon-kira velona.

3. Teny naely
Hiran'anjely:
"O! mifalia, ry reraka!
Fa fiadanana
No andehanana:
Fa ny Mpamonjy teraka!"

64 - Injany, hiran-danitra

1. Injany hiran-danitra
Misasak'alina;
Lokanga volamena e,
Tendren'ny masina!
Ny tany dia nangina re,
Nandre ny hira vao;
Ho an'ny olona anie
Ny fiadanana.

2. Ny hiran'ny anjely re
Tsy mba mitsahatra,
Ary ambony rahona,
Ireo masina
Mitendry ny lokangany
Am-pihobiana!
Ho an'ny olona anie
Ny fiadanana!

3. O! ry mivesatra entana,
Ry malahelo ô!
Mba andrandrao ny lanitra,
Henoy ny hira vao!
Ny hiran'ny anjely re
Dia mampiadam-po.
O! mitsahara hianao

Hihaino azy izao!

4. Ny andron' olombelona,
He fandalovana!
Kanefa hisy tany vao
Izay haharitra.
Endrey ny fiadanana
Ary rahatrizay!
Ny hiran'ny anjely re
Hiredona indray!

65 - Ry Betlehema kely ô!

1. Ry Betlehema kely ô!
Sondrian-tory ve?
Kanefa injay miseho ao
Ny hazavana be.
Ny toky sy ny tahotra
Mihaona ankehitrio,
Fa Kristy Mpanavotra
No teraka anio

2. Ry kintana maraina ô!
Fitarik'andro soa,
Toria fa tonga aty izao
Ilay Mpanjaka soa!
Ka he! ny voninahitra
Ho an'Andriamanitra!
Fiadanana tsy tapitra
Ho an'ny olona!

3. Endrey, mangina fatratra
Ny fampidinana
Ny fitahian-danitra
Am-pon'ny olona!
Tsy misy tabataba re,
Na horakoraka.
Kanefa Kristy tonga anie
Am-po mangoraka!

4. Rankizy hendry sy madio
Tsarovy Kristy izao
Fa Izy tonga aty anio
Mba ho monjinao.
Na misy aza ny manjo,
Izao Noely izao
No saino fatratra ao am-po
Hampionona anao!

5. Ry Zaza Masina sy soa,
Ry Zanak'i Maria,
Ry Tomponay, Mpamonjy koa,
Midina re aty.
Ny feon'ny lanitra no re,
Indray Noely izay,
Nitondra teny soa hoe:
Hianao no Avotray!

66 - Ry olona ô, avia!

1. Ry olona ô, avia!
Ry tany, mifalia!
Mbahenoy ny teninay:
Teraka ny Tomponay,
Ao an-tranon'omby ao.
Andeha, mitsaoka Azy izao;
Teraka ny Tompo!
Teraka Jeso!

2. Ry olona ô, avia!
Ry tany mifalia!
Mba henoy, ry havanay!
Misy Zaza hitanay
Zanak' Andriamanitra
Hamoha indray ny lanitra
Teraka ny Tompo!
Teraka Jeso!

3. Ry Kristiana ô, hobio,
Fa afaka hianao anio;
Resy izao ny rafinao,
Afaka ota hianao,
Fahasoavan-dehibe
No ho anjaranao anie:
Teraka ny Tompo!
Teraka Jeso!

67 - Avia, ry mino!

1. Avia, ry mino!
Hifaly sy hihoby,
Avia, avia hankany Betlehema;
Teraka Jeso,
Tompon'ny anjely;

Fiv : Avia hitsaoka Azy (in-3)
Izay Tomponao!

2. Tompon'ny tompo,
Andriananahary,
Nefa mba zana-behivavy koa;
Zanak'i Maria,
Nefa Zanahary;
Avia hitsaoka Azy sns...

3. Derao, ry anjely,
Mihobia mafy,
Ry mponina an-danitra
ao ambony ao!
Dera sy laza
Atolory Azy;
Avia hitsaoka Azy sns...

4. He, arahaba,
Tonga aty an-tany
Ny Tompo, Mpamonjy sy
Mpanjaka koa,
Tenin'ny Rainy
Voatafy nofo,
Avia hitsaoka Azy sns...

68 - Re tokoa ny feon'anjely

1. Re tokoa ny feon'anjely
Irak' Andriamanitra;
He! Ny teny mahafaly
Avy ao an-danitra.
Entiny ny teny tsara
Ho ety an-tany izao
Voninahitra aman-dera,
Tompo no omena Anao (in-3)
Voninahitra aman-dera,
Tompo no omena Anao.

2. Terak' any Betlehema
'Lay Mpanjaka manan-jo,
Ka misatro-diadema,
Voninahi-tsy ho lo.
Misy 'zao ety an-tany
Fihavanana tokoa,
Hafalian-tsy ho lany,
Fitahia-mahasoa. (in-3)
Hafalian-tsy ho lany,
Fitahia-mahasoa

3. Be ny lazanao, ry Tompo!
Tsara ny Anaranao,
Zovy re no tsy hanompo?
Iza no handà Anao?
Hasina sy arahaba,
No aterina aminao;
Fanjakana tsy ho rava,
Ry mpanjaka no Anao! (in-3)
Fanjakana tsy ho rava,
Ry Mpanjaka Anao!

69 - Zaza Masina sy soa

1. Zaza Masina sy soa,
Nefa ory Hianao,
Ka nanetry tena koa,
Sy nandao ny lapanao.

2. Teraka ory sy nahantra,
Trano tsy nandrianao,
Fa tsy nisy 'zay niantra,
Be ny fahorianao.

3. Fihinanam-bilon'omby
No natao fandrianao,
Fa ny trano be tsy omby,
Nisy olo-maro tao.

4. Nofonosin-damban-jaza,
Tonga zazabodo re,
Nefa Tompo manan-daza

Sy Mpanjaka lehibe.

5. Efa halan'olo-maro,
Nefa kosa tiako;
Dia avia, ry Mpamonjy!
Honina ato amiko.

70 - Iza moa io Zazakely

1. Iza moa io Zazakely
:,: Ao Betlehema :,:
Ankalazain'ny anjely
Misasaka alim-be?
Injao! Mihira avokoa
Ny mponina ao an-danitra,
Ka iza re io Zaza soa?
Moa Zanak' Andriamanitra?

Fiv : Io no Mpanjaka voatendry,
Sady mahery no hendry,
:,: Zanak'Andriamanitsika,
Koa hobio sy ifalio. :,:

2. Izy no Jeso Mpanjaka,
:,: Ka mihobia! :,:
Izy mamory sy maka,
Avia, mihobia.
Omeo voninahitra,
Ka mitehafa tanana;
Hobio ry tendrombohitra
Sy lohasaha mavana!
Io no Mpanjaka voatendry sns...

3. Izy no Tompo nahary,
:,: Ka maneke :,:
Zanaky ny Zanahary,
Ka dia maneke.
Ry hazo ao an'ala ô!
Samia re manandra-peo;
Ry voninkazo tsara ô!
Atero fofo-manitra :
Io no Mpanjaka voatendry sns...

4. Efitra sy tany foana!
:,: O! mihirà; :,:
Lemaka ary havoana!
Falia, mihirà;
Ry ranomasin-dehibe,
Ry voron-kely tsara feo!
Izao rehetra marobe!
Avia mankalaza re;
Io no Mpanjaka voatendry sns...

71 - Mihainoa! Mihainoa!

1. Mihainoa! Mihainoa!
Ny feon'anjely sambatra,
Milaza fa vao teraka
Ny Zanak'Andriamanitra,
Mihainoa izao!

2. Mifalia! Mifalia!
Ry zanak'olombelona,
Fa tonga Ilay Mpanavotra
Antsika izay nifatotra,
Mifaly izao!

3. Mba omeo! Mba omeo!
Ny fonao fa angatahiny;
Ny tenany natolony
Anao izay malalany;
Mba omeo izao!

4. Matokia! Matokia!
Ka manaraha Azy izao;
Ilay Mpamonjy be fitia
Nanetry tena ho anao;
Matokia izao!

72 - Teraka Jesosy Tomponay

1. Teraka Jesosy Tomponay.
Taitra ny olona fahizay.
Nisy anjely nihira teo,
Mahafinaritra, tsara feo.
Sady milaza soa aminay.
Dia hihira anio izahay

Fiv : Taona fahasambaranay,
Volana fifalianay.
Andro firavoravoana Anao
Jesosy, Zanaka Masina ô!

2. Teraka Jesosy be fitia,
Indro kintana tonga teo,
Avy hanoro ny Zaza soa:
Faly ny Magy, fa Io tokoa,
Io no Mpanjaka mandrakizay
Dia nanaja androtr'izay.
Taona fahasambaranay, sns...

3. Teraka Jesosy Zaza soa,
Zaza Malalan'ny Ray tokoa.
Tonga hamonjy io Zaza io,
Teraka ao Betlehema anio;
Ento 'zahay, Fanahy, hankao.
Andronay mahafaly izao
Taona fahasambaranay, sns...

4. Sambatra manana Anao ho. Ray,
Faly sy ravo tokoa izahay;
Jesosy Tompo nirahinao,
Tonga ho nofo ny Zanakao,
Teraka ho Mpanavotra anay
Avy hifaly eto 'zahay:
Taona fahasambaranay, sns...

73 - Indro Zazakely zanak'i Maria

1. Indro Zazakely
Zanak'i Maria,
Tompon'ny anjely,
Nefa nankaty,
Io no Zazalahy,
Zanaky ny Ray.
Tonga mba hitahy:
Izy no anay.

Fiv : Mihirà, ry tany,
Sy ny mponina eo.
Hafalian-tsy lany,
Manandrata feo!
Jeso no deraina,
Fa Mpanjaka soa;
He! Ny fanjakany
Lehibe tokoa.

2. Zaza nantenaina
Fony ela be,
Sady Tompon'aina
Manan-kery be,
Mihirà, ry tany!
Eny, mifalia:
Hoy ny mpaminany,
Izy no Mesia:
Mihirà, ry tany, sns...

3. Jeso Zaza hendry,
Masina sy to,
Tompo voatendry,
Mpanadio ny fo,
Aoka mba hijery
Zao tontolo izao,
Zaza manan-kery,
Indro, mba hajao:
Mihirà, ry tany, sns...

74 - Tany Betlehema fahiny

1. Tany Betlehema fahiny,
Tao an-tranon'omby re;
Nisy Zazakely soa,
Tampofoan-dreniny,
Jeso Kristy Zaza io,
Zanak'i Maria madio.

2. Nahafoy ny Rainy Izy
Sy nandao ny lanitra,
Tsy nandà ny trano ratsy,
Nefa Andriamanitra:
Toe-pahantrana re
An'ny Tompo lehibe.

3. Fony Izy mbola Zaza
Dia nanaiky sy nanoa,

Ary tia reny Izy,
Sy nanetry tena koa,
Zaza Kristiana e!
Manaraha Azy re!

4. Ka ho hitantsika Izy
Noho ny fitiavany:
Fa 'Lay Zazakely tsara
No mba Tompon-danitra,
Ka isika zanany
Dia hankany aminy.

5. Nefa tsy mba tranon'omby.
Itoerany izao,
Fa nankao an-danitra Izy.
Sy mitafy laza ao;
Ka ho sambatra any koa
Tahaka Azy ny zaza soa.

75 - Andro malaza sady soa tokoa

1. Andro malaza sady soa tokoa
'Lay andro 'zay nisehoan'i Jeso:
'Zay nantenain'ny mpaminany koa
Mba hampiseho fihavanana,

Fiv : Mifalia sy mihobia mafy,
Efa tonga ny Mpanavotrao;
Avia, ka miderà,
Derao io Zaza io,
;,: Hobio, hobio,
Fa Tompontsika io.:,;

2.Anjely maro no nihoby tao;
Mpiandry ondry nitsaoko Azy koa.
Ny olon-kendry koa nanasina Azy,
Andeha mba hankalaza Azy izao:
Mifalia, sns...

3. Dera sy haja no atolotray
Anao, ry Jeso 'zay teraka anie:
Ka mba mandraisa ny fanatitray
Ho zava-mani-pofona tokoa:
Mifalia, sns...

76 - Miderà anio, ry mino

1. Miderà anio, ry mino,
Ny Mpanavotra anareo!
Manandrata feo hidera
An'i Kristy, Tompo soa;
Zanaky ny vehivavy,
Nefa Andriananahary,
Teraka ho olona
Mba hanavotra anareo:
Teraka any Betlehema
'Lay Mpanavotra anareo.

2. Taitra ny mpiandry ondry,
Ary koa nivadi-po,
Tamin'ny anjely maro
Tonga tany aminy.
Fa isika tsy ho taitra,
Fa ho faly sy ho ravo,
Sitraky ny Tompo soa
Nidina ka nankaty:
Teraka any Betlehema
Jeso Kristy, Tompo soa.

3. Aza taitra, matokia,
Manatòna, mihainoa.
Mazotoa, ka avia,
Maneke ny Tompo soa.
Arahaba, Tomponay ô!
Tompom-pihavananay,
Teraka ho Tomponay;
Tompon'ny fiainanay;
Arahaba, Tomponay!
Ry Mpanavo-dehibe!

77 - Tonga indray re ny Noely

1. Tonga indray re ny Noely,
Andro tsara sady soa,
Jeso Tompon'ny Anjely,
Nefa nietry tena koa.
Indro tonga Zazakely
Ho sakaizanay tokoa,

Sy hamory 'zay miely
Hody amin-dRainy koa.

2. He! Ny fonay ravoravo,
Ry Noely maminay,
Fa ny Zanaky ny Avo
No nomeny ho anay.
Mba hanarina ny lavo
Sady ho fiainanay;
Feno sy mitafotafo
'Zany hasambaranay.

3. O! ry androm-pamonjena,
Arahaba, hianao!
Olo-maro sesehena
No mifaly aminao.
Avy koa mba hitsena
'Lay Mpamonjy soa 'zahay
Ka ny fonay no homena
An'i Kristy Havanay.

78 - Be ny voninahitrao Jeso Kristy Tompo

1. Be ny voninahitrao
Jeso Kristy Tompo!
Lanitra nonenanao,
Maro no hanompo.
Be ny mahasambatra,
Faly re ny fonao;
Nanam-boninahitra
Tao an-dapan-dRainao

2. Fa ny voninahitra
Efa nialanao;
Ny haren' ny lanitra
Tsy mba nojerenao.
Teraka ho olona
Hianao nahery,
Ka avy mba hanavotra
Ny mpanota very.

3. Eny, tonga Hianao
Honina amin-tany,
'Hahazoan'ny olonao
Soa tsy ho iany.
Sarotra ny lalanao,
Be ny zava-mafy,
Loza no nanjo Anao.
Maro no nandrafy

4. Saotra no aterinay,
Vavaka aman-dera;
Ravo ny fanahinay,
Ka avy mba hihira,
Vitanao ny asanao
Namonjenao aina,
Ka indro ny Anaranao
Velona ao an-tsaina.

79 - Sambasamba Zanahary

Sambasamba Zanahary
::,:Tamin'ny nampidinanao
Ny Zanakao malalanao
Mba hisolo ny helokay :,::

80 - He ny hoby ao an-danitra

1. He, ny hoby ao an-danitra
Fa Mpamonjy re no teraka
Io no Zanak'Andriamanitra
'Lay tanteraka

Fiv : Mifalia (O! mifalia)
Mihobia (Sy mihobia)
Fa tonga ho anao ny Tompo tia
Ka mba hirao (Ka mba hirao)
sy lazao (sy koa lazao)
Ny famonjena azonao.

2. Zava-mahagaga fatratra
Ny fitiavan' Andriamanitra:
Ny mpanota tafasaraka
Tonga sambatra:
Mifalia, sns...

3. O! ry tany izay asandratra
Ka vangian'ny Tompon-danitra
Inona ary no atolotra
Ny Mpanavotra
Mifalia, sns...

81 - Tao an-tsahan'i Betlehema

1. Tao an-tsahan'i Betlehema
Reo mpiandry ondry re,
Novangian'ny serafima
Sy anjely marobe.

Fiv ::,: Voninahitra ho an'
Andriamanitra:,:
Amin'ny avo.

2. Njay ny hiran'ny anjely,
'Zay niredona tokoa;
Indro tonga Imanoely,
Zaza masina sy soa.
Voninahitra, sns...

3. Nofo notafin'ny Teny,
Lanitra nilaozany;
'Ndao isika izao hankany,
Be tokoa ny lazany.
Voninahitra, sns...

4. Voninahitra ao ambony
Ho an'Andriamanitra;
Ka ny hira no redony
Solon-java-manitra.
Voninahitra, sns...

82 - He, Zaza mahasambatra

He, Zaza mahasambatra
No omena ho antsika;
Virjina no niteraka
Ilay Andriantsika,
Izay Zanak'Andriamanitra
Nandao ny voninahitra
Hanavotra ny very;
ka saotra no aterinay,
Ry Jeso Kristy Tomponay,
Mpamonjy manan-kery'

83 - Ry Jeso ô! Hianao no mahavonjy

1. Ry Jeso ô! Hianao no mahavonjy
Izay rehetra hiankina aminao;
Tonga taty hitady sy hamonjy
Izay mpanota very Hianao.

Fiv : He! Ry mpanota very aty!
:,: O! mankanesa ho any aminy.:,:

2. Na dia Zana-janahary aza,
Na dia Tompo aza Hianao,
Tsy mba nitandro hery aman-data
Fa tonga olono ory Hianao.
He! Ry mpanota, sns...

3. Tamin'ny dianao nanaovan-tsoa,
Tsy nahalala sasatra Hianao;
Fa Hianao tsy nanana tokoa
'Zay nametrahanao ny lohanao.
He! Ry mpanota, sns...

4. Dia nolatsaina sy nalam-baraka
Sy novonoin'olon-dozabe,
Ka dia maty Hianao Mpanjaka
Ho fanavotana olo-marobe.
He! Ry mpanota, sns...

5. Ny fasanao nambenan'ny mahery,
Nefa tsy ela tao ny Tomponay
Velona indray hamonjy olom-bery,
Velon-kanao fifonan-ko anay.
He! Ry mpanota, sns...

84 - He ! Be ny hasoavana

1. He ! Be ny hasoavana.
Fa tonga ny fotoana,

Ka Kristy Tompo teraka
Hamonjy sy hanavotra.

2. Ny fahotan'ny olona
Dia lova tamin-drazana;
Isika trany avokoa,
Ka very re ny aina soa.

3. Inty ny Zaza Masina e,
Izay neken'ny Rainy hoe:
"Ny Zanako Malalako,
'Zay mamiko sy sitrako.

4. Ny dera eran-danitra
Omeo an'Andriamanitra,
'Zay nahafoy ny Zanany
Hanavotra ny olony.

85 - Avelao isika izay te ho tia

1. Avelao isika
Izay te ho tia
Ny Mpanavotra antsika,
Hanaraka Azy.

2. Aoka ho fantantsika
Ny fitiavany
Sy ny anton'ny asany
Hiderantsika Azy.

3. Be ny fiantrany,
Nijery ny ory,
Tratran-dRainy nialany
Ho teraka olona.

4. Be ny fiantrany,
Nijaly ka maty
Hamonjeny ny mpanota,
Ka Izy hisaorana.

86 - Jereo ny Mpamonjy, izay miakatra

1. Jereo ny Mpamonjy,
Izay miakatra
Ho ao jerosalema
Hanao ny avotra;
Na dia be ny ratsy
Mikendry Azy ao,
Ny mba hamonjy azy
No tiany hatao.

2. Tsy biby manan-daza
No nitaingenany,
Tsy ny hitady laza
No nihaviany;
Kanefa manan-kery
Handresy ho anao;
Ny ratrany irery
No aina ho anao.

3. Ilay voasatro-tsilo
Noho ny helokao
Dia mety sy maniry
Mba ho Mpanjakanao.
Ny rany sarobidy
Omeny ho anao,
Ny lanitra nihidy
Misokatra aminao.

4. Ampio mba ho haiko
Hatolotra Anao,
Jesosy ô, ny aiko
Ho voninahitrao;
Velariko ny foko
Eo anoloanao,
Tsy misy tsy ho foiko
Mba hodiovinao.

5. Hosana ! Ry Mpamonjy,
Hiraiko ho Anao,
Fa mamin'ny tra-bonjy
Ny fiderana Anao.
Hosana! Tompo tsara!
Soava dia izao!
Handresy ny devoly
No anton-dianao.

87 - Nitomany ny Mpamonjy

1. Nitomany ny Mpamonjy,
Fa tsy nety ho trabonjy
Israely olony.

2. Izy dia nanambara
Taminy ny teny tsara
Feno fitiavana.

3. Ka ny jamba, kilemaina,
Moana sy very saina
Dia nositraniny.

4. He, ny soa efa vira,
Nefa nody tsy nahita
Ny ankamaroany.

5. Ary, lotika ny fony,
Koa halany ny Ony
Feno rano velona.

6. Ry Mpamonjiko malala !
Aoka aho hahalala
Ny fitomanianao.

7. Ary hahalala koa
Fa ny soa mahavoa
Raha tsy horaisina.

88 - 'Lay ora tao Getsemane

1. 'Lay ora tao Getsemane
Tsy mba hadino re,
Raha Hianao no tsembo-drà,
Ry Tompon'avotra.

Fiv : ;.;Tsahiviko;.;
Ny fahorianao.
Raha tsinjoko ny ady be,
Ilay tao Getsemane.

2. Nafoin-dRay irery tao.
Nilaozan-kavanao.
Handraisana anay indray
Ho zanaky ny Ray.
:,: Tsahiviko, sns...

3. Nandroso mba hijaly tao,
Ry Tompo, Hianao;
Fadiranovana sy maty
Hanavotra anay.
:,: Tsahiviko, sns...

4. Fa vinitra Jehovah Ray
Noho ny ditranay;
Ninianay nolavina
Ny didy masina.
:,: Tsahiviko, sns...

5. Ka Hianao nasiana
Ho solo-voina;
Ny dinitrao, ry Tomponay,
Dia valin'otanay.
:,: Tsahiviko, sns...

6.Fa sitrakao, ho afaka
Ny olo-meloka;
Endrey ny fitiavanao
Anay navotanao!
:,: Tsahiviko, sns...

7. Raha mila hangatsia-po
lzaho, Tompo ô,
Mba ampisaino ahy re
Ny tao Getsemane
:,: Tsahiviko, sns...

89 - He mijaly ny Mpamonjy

1. He mijaly ny Mpamonjy
Ao Getsemane izao,
Ô ry te ho voavonjy,
Manaraha Azy ao!
Indro, ny Mpanavotrao,
Fa miady ho anao.

2. Ory ao ny Tompon'aina,

Mafy re ny adiny,
Ka misento mitaraina,
Tot' ny ra ny diniy.
Ry mpanota, mijere,
Mihevera ka hendre!

3. Indro tonga ny anjely
Mba hampahatanjaka
An'i jeso, Izay mijaly
Amim-panaintainana.
Ry Mpamonjy tia ô,
Mamindrà fo amiko!

90 - Tsy haiko ny milaza re

1. Tsy haiko ny milaza re,
'Lay fahorianao!
Irery tao Getsemane,
Ry Tompo masina ô!
Tarihonao ny saiko e!
Ho ao Getsemane,
Hahita ny fitiavanao
Izao tontolo 'zao.

Fiv : Fitiavana ahy re,
Ry Tompo masina ô!
No niaretanao,
Izao, mangidy izao!

2. Nangorohoro mafy re
Ny fonao, Jeso tia!
Ny tsembokao 'zay nitete,
Nanjary toy ny ra!
Endrey ny fahorianao
Nangotraka tokoa!
Tsy maintsy nosotroinao
Ilay kapoaka tao!
Fitiavana, sns...

3. Ho ahy re, ho ahy re,
No niaretanao
Irery tao Getsemane,
Jeso malala ô!
Sintoninao ny foko e
Ho ao Getsemane,
Hahita izay niaretanao,
Ho tena tia Anao;
Fitiavana, sns...

91 - O! Fitiavan-dalina

1. O! fitiavan-dalina
Nasehonao ilay alina
lzay namadihana Anao,
Ry Jeso, fototr'aim-baovao.

2. Mangoraka ery ny fo,
Sy ory ny fanahiko,
Raha mba tsaroako izao
Ny loza izay nanjo Anao.

3. Fadiranovana Hianao,
Nangotraka ny adinao;
Ny dinitrao nanjary ra
Noho ny fahoriana.

4. lzany no niaretanao
Noho ny fitiavanao,
Ka nentinao ny heloko
lzay tokony ho nentiko.

5. Namita fanekem-baovao
Ho famonjena Hianao,
Nasianao kase izay
Maharitra mandrakizay.

6. Misaotra Anao, ry Tompo ô!
Fa ravo ny fanahiko
Handray ny fanomezanao
Eo amin'ny latabatrao.

7. Ny teninao inoako,
Ka raisiko ho ao am-po:
Ny zava-tsoa atolotrao
Dia ranao sy ny tenanao.

8. Ry Jeso, amboarinao

Ny fonay ho fonenanao,
Ka Hianao ho tianay
Izao sy ho mandrakizay.

92 - Ry voasatro-tsilo, ry voakapoka

1. Ry voasatro-tsilo,
Ry voakapoka!
Indrisy be ny loza
Manafotra Anao!
Nitsaohan'ny anjely
Fahiny Hianao,
Fa henatra sy latsa
Anjaranao izao.

2. Atolotro, ry Jeso
Ny foko ho Anao,
Hiaraka hitondra
Ny fahorianao.
Raha henatra sy loza
No ho anjarako,
Dia Hianao, Mpamonjy,
No ifaliako.

3. Tsarovy aho, Tompo,
Raha tratry ny manjo!
Tsy mendrika aho nefa
Mba amindraonao fo!
Ny ratranao no misy
Fanasitranana,
Ny ranao ahitana
Ny fiadanana.

93 - Nampalahelo mafy re

1. Nampalahelo mafy re
Ny fahorian-dehibe,
'Zay niaretanao.
Nalaim-baraka Hianao,
Niaritra ka tsy nandao
Lay asa masinao.

2. Ny henatra aman-tahotra
Mangeja anay voavotra,
Fa diso izahay.
Avia, Tompo, mamonje,
Meteza izao maneke
Hanavotra indray.

3. Ampio ny olonao, Jeso,
Hahay handray Anao am-po
Fa mila vonjy izao.
Monena hanatanjaka
Ny ory sy ny reraka,
Izay manantena Anao.

94 - Golgota no jereo

1. Golgota no jereo:
Ao ny hazo fijaliana,
Indro re, mihantona eo
Jeso, sady harabina,
Moa mba fantatrao, ry fo,
Ny fitiavan'i Jesosy ?
'Zay nandefitra tokoa,
Ary koa ninia ho resy

2. Famonjena ho anao
No netezany hihafy,
Ka hijaly toy izao
Sy hiaritra ny mafy.
He, ny rany nitete
Vokatry ny fanomboana;
Vetivety foana re
Dia ho faty ao ny Tompo.

3. Mitsangàna, miaingà,
Ndeha mankany Gologota:
Ao no latsaka ny ra
Hamonjena ny mpanota
Io no hany mahadio,
Antoka tsy hay ravàna;
Eny, samy afak'io
'Zay rehetra fahotàna.

95 - Ny hazo nijalianao ry Jeso Tomponay

1. Ny hazo nijalianao,
Ry Jeso Tomponay;
Maneho ny fitianao,
Dia iankinanay. (in-3)
Maneho ny fitianao,

2. Mitazana ny masonay,
Mangoraka ny fo;
Na meloka aza izahay,
Ny teninao ho to. (in-3)
Na meloka aza izahay.

3. Ny avotr'aina vitanao
No itokianay;
Ny entanay voaesotrao,
Ka afaka izahay. (in-3)
Ny entanay voaesotrao.

4. Ny hazo nihomboanao
Dia voninahitray;
Ny nanalam-baraka Anao
No isandratanay! (in-3)
Ny nanalam-baraka Anao

96 - Ilay havoana natao hoe: Kalvary

1. Ilay havoana
Natao hoe: Kalvary
No tany namonoana
Ny Tompo jesosy;

Fiv : O! tsarovy re!
Maty ory tao
Jeso Tompo lehibe
Hanavotra anao.

2. Jereo ny Tomponao,
Tazanonao iry,
Ka andrandrao ny masonao,
Fa io no Kalvary:
O! tsarovy re! sns...

3. Hevero Kalvary,
Fa tao ny Tomponao;
Tsarovinao ny nentiny
Mba hamonjena anao:
O! tsarovy re! sns...

4. Tsinjovy Kalvary.
Fa Jeso Tomponao
Nijaly tany raha tety.
Ka maty Izy tao.
O! tsarovy re! sns...

97 - 'Lay fonao tia tao Gologota

1. 'Lay fonao tia tao Gologota
No velona ao an-tsaiko izao,
Ny fonao 'zay mitady mpanota
No voaratra indrindra tao.
Ry fo malala, nihafy loatra,
Lavitra ny mpangoraka Anao

2. lndro! Ny lefona koa mamely,
Ka notrobarana Hianao!
He! Malahelo ireo anjely,
Fa naharary re ny fonao!
Io no fitia tsy misy toa azy.
Zaran'izao rehetra izao :,:

3. Efa hisoka ny antoandro,
Menatra izao tontolo izao;
Tsy ela intsony dia maizina andro
Kalvary 'zay nihantonanao!
Fa izaho tsy mba hangatakaandro
Hampiantrano ny tenanao

4. Tsy sasatra na valaka koa,
Ny fonao tia, ry Tompo ô,
Menatra izao ity foko tsy soa
Tsy hahavaly tokoa Anao;
Nefa ampio aho hanaiky,
Hanatontosa 'zay sitrakao

98 - Indro ny Tompo Jesosy, jereo

1. Indro ny Tompo Jesosy, jereo,
Tena nihafy tokoa!

He! Fa nivesatra eso, jereo,
Mba hamonjena anao;

Fiv : Indro Jeso, jereo:,:
Izy izao dia mihevitra anao.
Indro Jeso, jereo.

2. Indro ny Tompo Jesosy, jereo,
Efa voahombo tokoa!
He! Fa nijaly tsy meloka teo,
Mba hamonjena anao;
Indro jeso, sns...

3. Indro ny lefo-mandoza, jereo,
Nenti-namely ny Tompo!
He! Fa ny rany nirotsaka teo,
Mba hamonjena anao;
Indro jeso, sns...

99 - Ry fitiavan'i Jesosy

1. Ry fitiavan'i Jesosy
'Zay voahombo ho anay,
Ony be sy mahavonjy,
Aoka ho lasanao 'zahay.

Fiv : Tompo, Zanakondry tsara
Ampy re ilay ranao,
Tsy helohin'ny Mpitsara,
Zay mpanota afakao.:,:

2. Fa misento ny fanahy
'Zay ety an-tany 'zao;
Malahelo sy manahy,
Sao voan'izay natao:
Tompo, Zanakondry, sns...

3. Ny mpanota dia ho very,
Raha tsy mba miova izao;
Fa hahazo tena hery,
Raha mino tsara Anao:
Tompo, Zanakondry, sns...

4. Enga anie ka mba hiely
Ho an'izao tontolo izao
Ilehy ony mahafaly
Manadio sy manavao
Tompo, Zanakondry, sns...

100 - Moa mba efa nisy va fahoriana toy izao?

1. Moa mba efa nisy va,
Fahoriana toy izao?
Jeso 'Lay Mpanisy soa,
Tompo sy Mpanjaka koa,
Entina tsy meloka,
Entina any Kalvary.

2. He, ny lanivoany
Voatsindi-on-defona!
Tongotra aman-tanany
Voafantsika avokoa.
Eny, fa ny ainy koa,
Foiny tany Kalvary.

3. Mafy 'zay ,ry Jeso ô!
Mafy nefa zakanao;
Ny fitiavanao anay!
No niaretanao izay!
Menatra aho, Jeso ô,
Raha hadino Kalvary.

4. Taomy aho, Jeso ô!
Mba ho any Kalvary;
Ka ny foko tsy madio
Mba diovinao anio,
Ento aho Jeso ô!
Ento any Kalvary.

101 - Ny hazo fijaliana

1. Ny hazo fijaliana,
Ry Jeso Tomponay
Dia tena fahoriana
Fa tianao 'zahay.

2. Ny hazo fijaliana

Dia manambara izao
Fa be ny fahoriana
Nihatra taminao.

3. Ny hazo fijaliana
No mampiseo koa
Fa tokony hariana
Ny ota mahavoa.

4. Isaoranay dia isaoranay
Hianao ry Tomponay,
Fa be ny fitiavana
Nataonao taminay.

102 - Reharehako ny hazo

1. Reharehako ny hazo
Nijalian'i Kristy;
Manda fiarovana avo
lalofako aty.

2. Azon-doza maro aho,
Tery koa ny lalana;
Tsy ilaozan'i Jesosy
Mpanome fiadanana.

3. Raha lany re ny andro
Mampiadana indray.
Tsy hadinoko ny hazo
Nentin'ny Mpamonjinay.

4. Ny anjara aty an-tany
Tsy mba mahavesatra
Noho ny hazo fijalianao,
Hazo mahasambatra. Amen.

103 - Ny hazo fijaliana

1. Ny hazo fijaliana
Tsy maintsy hotsarovana !
Henoy re fanahiko,
Ny tenin'ny Mpamonjiko.

2. Ny teny voalohany
Mihevitra ny rafiny :
"Mba mamelà ny helony,
Fa jamba ny fanahiny !"

3. Izao koa Jesosy ô !
Dia jamba sady ratsy fo;
Ka mba jereo sy iantrao,
fa te-ho tonga olonao.

4. Ilay meloka tanilany
Naniry mba horaisiny,
Nomeny toky tsara io :
"Ho any any Paradisa anio"

5. Raha avy ny anjarako
Ka tapitra ny androko,
Mba raiso aho, Tompo ô,
Ho any paradisanao.

6. Dia hitany ny reniny
Tomany teo akaikiny,
Toy ny tsindron-defona
Ka feno fisentoana.

7. Dia Jaona no natolony
Ho zanany ho solony.
"Mba raisonao, ry Jaona ô
Ho reninao ny reniko !"

8. Tsarovy aho Tompo ô !
Raha ao am-pahoriako
Iraho ny mpianatrao
Hanampy ny mpanomponao !

9. Ny teniny fahaefatra
No tena mampangovitra;
Niantso izy hoe : "Ry Ray,
Nahoana Aho no afoy ?"

10. Izao no dia nandaozana
Anao tam-pahoriana;
Hahafaka ny tahotro,
Raha tonga ny fotoako.

11. Ny otako izay nentiny
Nahory ny fanahiny,
Ka nitarainany hoe :
"Mangetaheta Aho re !"

12. Mangidy, ry Jesosy ô,
Ny loza niaretanao,
Ka aoka mba ho mamiko
Ny avotra, izay vitanao !

13. Hoy izy indra : "Tanteraka :"
He ! Teny mahasambatra,
Tanteraka ny asany,
Voavotra ny olony.

14. Ny teny farany indray
Nilaza ny rahatrizay :
"Atolotro ny aiko izao,
Ry Ray, ho eo an-tananan ao !"

15. Izany dia mamiko
Hiorina ao anatiko,
Ka teny hotononiko
Eo amim-pahafatesako !

104 - Raha mijery ny hazo

1. Raha mijery ny hazo
Nijalian'i Jesosy
Tsy misy izay malaza
Na izay mirehareha.

2. Aza miavonavona,
Fa indro ny Mpananvotra;
Ny dian'ny Jesosy Kristy
No arahina isan'andro.

3. Indro ny rany mandeha,
Voahombo ny tanany
Nijaly, ka dia maty
Nisolo olo-meloka.

4. Raha ahy 'zao tany 'zao
Sy ny aminy rehetra,
Tsy ho azoko havaly
Ny fitiavan'ny Jeso.

5. ny foko homeko Azy,
Fanahiko atolotro;
Tsy mba mendrika Azy 'zany,
Fa Jeso no mety mandray.

105 - Tsinjovy ilay havoana

1. Tsinjovy ilay havoana,
Ary Jerosalema,
Fa io no Golgota
Mba tadidio, ange !
Fa tao nivesatra ota
Ny Tompo masina;
Nijaly sy nolavina,
Ka novonoina.

2. Tsy takatra heverina
Ny entan-dehibe,
Izay nentin'ny Mpisolo
Ka diniho, re !
Fa nentiny daholo
Ny heloka natao :
Fa tonga Izy hanavao
Izao tontolo izao.

3. Ny helotsika koa izao
Dia nivesarany,
Ka manaraha Azy,
Mba ho mpianany,
Raha tao Golgota izy,
Ny rany nitete,
Ka vita ho antsika re,
Ny vonjy lehibe.

106 - Indro ny fitiavana nijaly

1. Indro, ny fitiavana nijaly
Teo amin'ny hazo fijaliana;
Ary ny ratsy nivonona hifaly
Handresy ny Zanakalahy Tokana.

2. Indro, Ny Fitiavana mahery
Nitondra ny heloky ny olony;
Izy niady hanafaka ny very,
Ny ainy no avotra ka natolony.

3. Izay nijaly mafy tao Golgota,
Voahombo ny tongotra aman-tanany;
Izy nisolo antsika izay mpanota,
Ka fadiranovana ny fanahiny.

4. Ô, ry Mpamonjy, mba hazony aho
Hijery ny Hazo fijalianao !
Olona meloka aho ka hafao
Hialoka amin'ny fitiavanao.

107 - Maniry mafy aho

1. Maniry mafy aho, ry Jeso Tompo ô,
Hialoka eo ambany hazo fijalianao.
Tsy misy toeran-kafa re 'zay tena mamiko;
Ny hazo fijalianao no fiarovako.

2. Ny Hazo-fijalianao no itazanako
Ny tenanao izay nijaly mba ho avotro;
Ka dia kotsan-dranomasom-pitiavana
Ny tavako, ry Tompo ô! Fa afa-keloka.

3. Am-pototry ny hazo izay nijalianao
No itoerako ho hazavain'ny tavanao,
Ataoko fatiatoka ny zava-mora lo,
Ny hazo-fijalianao no tombon-dahiko.

108 - Ny hazo fijalianao

1. Ny hazo fijalianao,
Ry Jeso Tompo maminay,
Dia an'izao tontolo izao,
Ka famonjena ho anay.

2. Mivelatra eo ka hitanay
Izany fitiavana;
Ka ampianaro izahay
Ho be fitia toa Anao.

3. He! Latsaka eo ho avotray
Ny ranao masina sy soa
Ka mba sasao re izahay
Ho olona madio tokoa.

4. Voatolotra eo mba ho anay
Ny famonjena vitanao;
Ka mba tariho izahay
Handray ny fasoavanao.

5. Mamiratra eo ka tazanay
Ny lanitra fonenanao;
Ka mba tantano izahay
Ho mendrika mponina ao.

6. 'Ndrey, tena mahafinaritra
Ny miara-monina aminao;
Ka ampio izahay hiaritra
Ny hazo fijalianao.

109 - Nahafoy ny aiko Aho

1. Nahafoy ny aiko Aho
Hanavotako anao.
Ka nalatsako ny rako,
Nisoloako anao.
He! ny aiko no nomeko
Ry mpanota very e!
Aiza izay afoinao re
Mba ho Ahy Tomponao?

2. Lapan-dRaiko ao ambony,
Voninahi-dehibe,
No nilaozako hamonjy
Sy hanafa-doza anao,
'Zay voafitaky satana
Sy nozoin-doza be;
Aiza izay afoinao re
Mba ho Ahy Tomponao?

3. Soa be sy mahagaga
No natolotro anao,
Famonjena tsy vidina,

Famelana ny otanao.
Fitiavan-tsy voafetra,
Lova ao an-danitra ao!
Aiza izay afoinao re,
Mba ho Ahy Tomponao?

4. Indro Tompo! Fa omeko
Ho Anao ny tenako,
Ka tsy misy izay tsy foiko
'zay rehetra tianao;
Eso, latsa, tsy ahoako,
Fa ny ho mpanomponao
No ho zavatra kendreko,
Raiso re ny zanakao.

110 - Nomeko ho anao

1. Nomeko ho anao,
Ny rako masina,
Hanavotra anao,
Izay tsy marina!
:,: Ka dia mba inona izao
No ahy taminao! :,:

2. Nafoiko ho anao
Ny zava-tsoa be,
Mba hanatonanao
Ny Raiko lehibe.
:,: Ka dia mba inona, sns :,:

3. Izaho Tomponao
Nijaly mafy re,
Hanafaka anao
Mpanota lehibe:
:,: Ka dia mba inona, sns :,:

4. Ny vonjy lehibe
Nataoko ho anao,
Ny rako nitete
Hanadio anao;
:,: Ka dia mba inona, sns :,:

5. Jesosy Tompo ô!
Izao no teniko;
Atolotro ho Anao
Ny aiko sy ny fo;
:,: Izany no isaorako
Anao Mpamoniko :,:

6. Ny foko raisonao,
Oneno hatrety,
Ataovy lapanao
Na eto na ary;
:,: Dia tano aho, Tompo ô!
Mba ho fanananao :,:

111 - Indro ny Mpamonjy

1. Indro ny Mpamonjy,
Mpanavotra antsika,
Izy no manontany hoe:
"Tianao va Aho?"

2. Izaho no Mpamonjy
Sy Mpisolo anao;
Ny rako manontany hoe:
"Tianao va Aho?"

3. Ny fitiavako
Tsy mety miova,
Ka mbola manontany hoe:
"Tianao va Aho?"

4. Ry Jesio Tompoko!
Malahelo 'zahay,
Ny fitiavanay Anao
Mbola tsy toy inona.

5. Aelezo ao am-po
Ny fitiavanao,
Hahazaoanay mamaly:
"Tianay Hianao."

112 - Tsy ny hahazo zavatra

1. Tsy ny hahazo zavatra
Ary an-danitra
No itiavako Anao

Ry Andriamanitra.

2. Tsy noho ny atahorako
Ny fijaliana,
Fa noho ny fitiavanao,
No itiavako.

3. Voahombo, voalefona,
Voalatsa Hianao:
Nahinjitra ny tànanao
Tambony hazo teo.

4. Izaho no niaretanao
Ny fijaliana;
Ny ranao nanavotana ahy
Izay fahavalonao.

5. Ka moa tsy fitiavana
Havaliko Anao?
Ny foko no atolotro
Anao, ry Tompo ô!

6. Ry Jeso Kristy masina ô!
Deraiko Hianao,
Fa Hianao Mpanjakako
Sy Andrimanitro!

113 - Jeso, Zanahary!

1. Jeso, Zanahary!
Masina sy tò,
Nanome ny ainao
Noho ny olonao.

2. Tsy niaro loza
Tamin-tenanao,
Fa mba tonga ory
Noho ny olonao.

3. Nentinao ny rtsy,
Soa nolavinao,
Lapa nialanao,
Noho ny olonao.

4. Jeso Tomponay ô!
Tompo Masinao,
Manomeza soa
Ny mpanomponao!

5. Mamelà ny ota;
Manova ny fo;
Diovy ny maloto;
Aoka ho olonao.

6. Tompo ô, Tsitoha,
Vatolampinay!
Saotra aman-dera
Raiso ho Anao!

114 - Jeso no niala aina

1. Jeso no niala aina
Hanavotany anao;
:,: Iza re no tsy hanaiky
Azy izao? :,:

2. Fa ny lapany ambony
Nialany fahizay,
:,: Hamonjeny olom-bery
Very tokoa. :,:

3. Fa izay manatona Azy
Ka mibebaka ao am-po
:,: Tsy ariany akory
Ka matokia. :,:

4. Mba avia, ry havanay ô!
Maneke ny Tomponao,
:,: Maneke ny Tompon'aina
Ho Tomponao. :,:

5. Iantrao, ry Tomponay ô!
Ny mialoka aminao;
:,: Raisonao 'zahay mpanota
Ho olonao. :,:

115 - Jeso Tompo lehibe

1. Jeso Tompo lehibe
Iraky ny Rainy,
Nolatsain'ny marobe,
Tsy mba nohajainy:

Fiv : Jeso tia, Jeso tia,
Maty voahombo;
Maty tao Kalvary,
Maty re ny Tompo.

2. Ory loatra fahizay,
Zanak'ondry mora;
Maty mba ho solonay,
Sady voakora:
Jeso tia, sns...

3. Nalahelo, be nanjo,
Nefa tsy nanota,
Fa nijaly sitrapo
Tany Golgota:
Jeso tia, sns...

4. Jeso no Mpanojy tia,
Nahafoy ny ainy
Mba hamory 'zay mania
Hody amin-dRainy:
Jeso tia, sns...

116 - Miaingà, ry fo ny saina

1. Miaingà, ry fo ny saina,
Mba ho any Golgota,
Maty tao ny Tompon'aina,
Vita tao ny avotra,
Ry mahantra, ry mania,
Sady raiki-tahotra,
Ny Mpamonjy be fitia
Hahitanao avotra.

2. Fa ny ainao, ry Mpamonjy
Nisoloanao anay,
Hahazoanay ny vonjy
Sy hahafa-trosa anay,
Vatofantsika ny aiko
Hianao, Mpamonjy ô!
Ravoravo izao ny saiko,
Afakao ny heloko.

3. Ny manjo aty an-tany
Tsy mba hatahorako;
Fa izaho diaho any
Amin'ny Mpanavotro,
Tombon-dahiko tokoa
Ny fahafatesana,
Hahatrarako ny soa,
Dia ny fiainana.

117 - O, ry Zanak'ondry!

1. O, ry Zanak'ondry!
He Hianao nijaly,
Ory voahombo,
Anefa tsy namaly;
Ny helokay nalainao,
Ka maty re ny ainao.
Mba iantrao izahay, ry Jeso!

3. O, ry Zanak'ondry!
He Hianao nijaly,
Ory voahombo,
Anefa tsy namaly;
Ny helokay nalainao,
Ka maty re ny ainao.
Mba iantrao izahay, ry Jeso!
Ampiadanonao izahay, re!

118 - Mba jereo ny zanakondry

1. Mba jereo ny zanakondry
Voahombo sady ory,
Nefa Tompo masina.
He! Ny Rainy tsy namaly,
Raha ny zanany nijaly
Tamim-panaitainana.

2. He, ny Marina nijaly!
Mba hahaizako mifaly,
Izay no niaretany,

O! ry foko mangovita,
Manatona mba hahita
Ny fahafatesany.

3. Eny, ry Mpamonjy tsara,
Mba meteza hanambara
Ny harem-pitiavananao;
Dia hafanao ny foko,
Mba hahaizako hanompo
Sy hanaraka Anao!

4. Aoko aho hitomany
Raha mievitra izany
Fahoriana nentinao,
Azoko ny famonjena;
O! ry foko manenena
Noho ny ratsy vitanao.

5. Tompo, manampia ahy
Mba harisika am-panahy,
Hanompoako Anao,
Raha mbola aty an-tany
Aza afoy mba tohany
Tsy hisaraka aminao.

119 - Hianao ry Tompon'aiko

1. Hianao ry Tompon'aiko,
Maty noho ny otako;
Tsy mba takatry ny saiko,
Izany fijalianao,
Nefa sitrakao nijaly,
Hahazoako mifaly,
Ry Jesosy, Hianao
No isaorako izao.

2. Safotry ny fandatsana
Hianao, Mpanavotra,
Handovako fanjakana
Feno voninahitra.
Voaratra, voaeso,
Ary voasatro-tsilo
Noho ny hadisoako,
Koa dia isaorako.

3. Tianao izahay mpanota
Helokay no nentinao;
Resinao ny tambin'ota,
Izahay nafahanao;
Voaloanao ny trosa,
Izahay mpanota kosa
Tonga olom-potsinao,
Ka derainay Hianao.

120 - Ry mino ô, avia re!

1. Ry mino ô, avia re!
Hiara mankalaza
Ilay mpanjaka lehibe,
Fa tena mahagaga
Sy sarobidy anie
Ny fahasoavan-dehibe
Nomeny antsika.

2. Tsy asa soa vitako
No tokiko anefa,
Fa ny Andrimanitro
No tsy nisalasala
Hanafaka ny otako,
Nomeny mba ho avotro
Ny Zanany malala.

3. Jesosy faly eram-po
Hamonjy ahy very,
Ka azoko ny indrafo,
Izay vitan'Izy irery,
Izaho tena afa-po,
Tsy misy atahorako,
Izaho tsy ho very.

4. Jesosy Kristy Tompo ô!
Izaho ta-hamaly
Ny teny fiantsonao:
"Mba manatòna Ahy!
Izaho dia ho anao,
Ho Ahy kosa hianao."
Ka manampia ahy.

5. Ny ranao soa nitete
No nanadio ahy
Ny ainao sarobidy re
No nanavotana ahy.
Mba hitokiako anie
Ny famonjena lehibe
Natolotrao ahy.

6. Isaorana eram-po anie
Ny Tompo Zanahary,
Fa Izy efa nanome
Ny Zanany nijaly,
Ka ny devoly loza be,
Ny ota sy ny heloka
Ho resy sy ho faty.

121 - Ry Jesosy, ampombay

1. Ry Jesosy, ampombay
Fiadanana maharo
Fo sy saina izahay
Ka mba ampahafantaro,
Ra ny holatrao jerena,
Fa Anao ny fandresena.

2. Ry Mpandresy, ambarao
Aminay ny vokatr'ady;
Famonjena aim-baovao
No andramanay sahady;
Raha ny tafika miseho,
Fiadananm-po omeo!

122 - Hitako izao, sakaiza

1. Hitako izao, sakaiza,
Ny fahasambarana,
Ka ny foko, faly, ravo,
Manam-piadanana
Teo am-pototry ny hazo
Nijalian'ny Tompoko,
Teo aho no nahazo
Famelana heloka.

2. He! Ny indrafo niriko
Efa azoko tokoa,
Ka jesosy no fidiko,
Fa Izy fototry ny soa,
He! Ny rany sarobidy
Nanadio ny otako:
Izaho efa voavidy,
Lanitra no lovako.

3. Tena soa mahagaga
Izao nomenao ahy izao,
Fa izaho izay mpanota
Dia nohavaninao;
Ka izaho dia hidera
Izato fitiavanao,
Ary koa hanambara,
Jeso ô! Ny herinao.

4. Ry Mpamonjy ô! Mba raiso
Izao fisaorako izao;
Ka izay rehetra ahy
Dia atolotro Anao,
Raha tonga re ny fetra
Hialoka sasatra,
Ento aho hitoetra
Eo anilanao ary.

123 - Velona Jesosy

1. Velona Jesosy,
Nitsangana tokoa;
Ny kristiana marobe
mihoby sy mihira hoe:
Dera ho Anao, ry Mpandresy!

2. Velona Jesosy,
Ny helo dia resy,
Tanteraka ny avotra,
Ka afaka ny heloka:
Dera ho Anao, ry Mpandresy!

3. Velona Jesosy,
Ka velona isika,
Hiara-monina aminy,
Hohazavain'ny tavany:

Dera ho Anao, ry Mpnadresy!

124 - Nitsangana ny Tompo

Nitsangana ny Tompo,
Neken'ny Ray ny avotra,
Ka ravo ny mpanompo,
Misokatra ny lanitra!
Tompom-pandresena,
Nandrava fasana,
Andriam-pamonjena,
Tolory hasina!
Jesosy no Mpanjaka
Amboninahitra,
Hiarahako mizaka
Ny zon'ny lanitra.

125 - Indro, Jeso velona

1. Indro, Jeso velona,
Afaka ny olom-bery,
Rava re ny fasana,
Dia nivoaka ilay Mahery;
Ka ny horohoron-tany
Dia nahatò izany.

2. Resinao ny rafinay,
Ry Jesosy manan-kery,
Ka mpandresy izahay,
Voavonjinao ny very,
Matinao ny helok'ota,
Velona izahay mpanota.

126 - Endrey izato fahasambarana

1. Endrey izato fahasambarana:
Jesosy dia velona indray
Ny foko mandre fitsaharana,
Noho izay natsangan'ny Ray
Tsy any am-pasana intsony,
Fa hitako velona koa;
:,: Ilay Tompon'ny hery ambony,
Mamiratra sy mananjo. :,:

2. He, velona Izy! Hafarany
Izaho izao hampandre
Ireo izay tia ny Anarany
Ny fampiononana be.
Anjely no mendri-kilaza;
Izaho, mpanompo tsy soa,
:,: Nirahin'ny Tompo malaza,
Ka ravo sy tretrika koa! :,:

3. Endrey izato fahasambarana!
Fa velona mandrakizay
Ny Tompo izay nifankazarana,
Ka faly ny foko indray!
Ny fasana izay nampisaona
No fampiononana koa,
:,: Fa tao izahay tafahaona
Ka ravo dia ravo ny fo! :,:

127 - Tahaka ny masoandro miseho

1. Tahaka ny masoandro miseho,
Sady mamiratra tsara izao;
Toy ny heriny izay mahaleo,
Na dia takon'ny rahona tao.
Tahaka izany Jesosy Mpamonjy
Izy nitsangana velona indray
Ry olombelona izay voavonjy,
Mba miderà Azy mandrakizay.

2. Saotra aman-dera sy laza sy hery
Aoka ho Azy hatramin'izao,
Izy nanafaka ny olom-bery,
Indro ny fasana vaky sy lao,
Izy nanafaka ny vavahady,
Aiza, ry fahafatesana ô!
Aiza ny herinao sahy miady
Amin'ny mino sy amin'ny to ?

3. Jesosy Mpamonjy ô! Mba hasoavy
Ka mba arovy ny mino Anao,
Ka ny fanahinao aoka ho avy
Mba hanazava ny fonay izao;
Ary tantano izahay tsy hania,

Fa Hianao no mpiaro anay!
0! ry Mpamonjy anay, mba avia,
Ka mba vonjeo, fa miandry izahay.

4.Jeso, izahay te-hisaotra tokoa
Noho ny soa nomenao anay:
Teraka teto nitondra soa,
Dia ny fiainana mandrakizay.
Saotra omenay anao Izay nijaly,
Nefa natsangan'ny Rainao indray,
Rahatrizay izahay dia hifaly
Any an-danitra mandrakizay!

128 - Efa velona ny Tompo

1. Efa velona ny Tompo
Fa nitsangana tokoa;
Resiny ny fahavalo,
'Lay mpihaza aina soa;
:,: Velona ny Tomponao,
Resiny ny rafinao. :,:

2. Matokia, ry mpanota,
An'i jeso Avotrao,
Fa ny ota nahadiso
Afaka tokoa izao;
:,: Velona ny Tomponao,
Afany ny helokao. :,:

3. Eny, fa nitsangana ela
Jeso Kristy Tomponao,
Ka namoha vavahady
Any mba hidiranao;
:,: Velona ny Tomponao,
Ka efa nialoha anao. :,:

129 - Any naraina

1. Any naraina
:,: Ilay Avotr'aina. :,:
Natsangan-dRay.
Resy ny ota,
:,: ka ny mpanota, :,:
Mihoby indray.
Any naraina...

2. Hira hiraina
:,: Ny Tompon'aina :,:
Isaoranay;
Ory ny fony
:,: mba hampitony:,:
Ny sentonay.
Hira hiraina...

3. Faly ny very,
:,: tsy manan-kery :,:
Ny helokay;
Jesosy Tompo
:,: dia mampanompo :,:
Ny rafinay.
Faly ny very...

4. Hisy maraina
:,: ny Tompon'aina :,:
Ho avy indray;
Izy hizara
:,: ny lova tsara :,:
Homena anay.
Hisy maraina...

130 - Hobio, ry olombelona!

1. Hobio, ry olombelona!
Jesosy dia velona,
Ny fasana dia rava;
Misokatra ny lanitra,
Ny aizina sy tahotra,
Dia resin'ny mazava,
Jeso Kristy
No deraina sy hajaina.
Fa Mpamonjy,
Tompon'aina mahavonjy.

2. He! Misy làlana indray
Ho ao an-danitra, izay
Miandry ao, ambony;
Fa vitan'ny Mpanavotra
Ny vonjy mahasambatra,

Ka sitraky ny fony
Handray izay
Mitomany, mba ho any
Amin-dRainy;
Fa izany dia hainy.

131 - Tonga ny andro malaza

1. Tonga ny andro malaza, izay mahafaly.
Indro, nandresy jesosy ilay vao nijaly;
Velona indray Izy, natsangan'ny Ray,
Aoka isika hifaly!

2. Efa nahery Jesosy, Ka resy Satana;
Menatra mafy ireo fahavalo nitana
Ka mba zahao: rava ny fasana izao,
Raya, fa tsy nahatàna!

3. Helo sy fahafatesana, resy tokoa,
Ary ny tambin'ota dia efa naloa;
Jeso, Izay maty ka velona indray,
Tompon'aina tokoa!

4. Mba mihobia, ry olona mino rehetra;
An'i jesosy ny hery izay tsy voafetra;
Izy nanao lalana tsara vaovao;
Resy ny ratsy rehetra.

5. Faly isika fa manana fanatenana,
Mbola hiantso Jesosy hoe: "Mitsangànal"
Amin'izay, velona mandrakizay,
Ny nodimandry tra-bonjy.

132 - Indro fa velona

1. Indro fa velona
Jesosy Tompon'aina;
Foana ny fasana,
Resy izao Satana.
Iza indray no hitomany,
Raha mahare izany?
Ry foko sasatra,
Manahy fatratra,
Heveronao izao
Ho afaka ny sentonao.

2. Indro fa velona
Jesosy Tompon'aina;
Izy nitsangana;
Ravo ny fo sy saina.
Jeso Tompo nolatsaina
Tonga loharanon'aina.
Ry havana andrandrao
Ny lanitra izao:
Jesosy velona,
Ka azo ny fiainana.

133 - Efa namangy ny olony

1. Efa namangy ny olony
Jeso Izay Tompon'ny aina.
Lasa ny alina maizina,
:,: Tonga indray ny maraina.:,:

2. Maty ny Tompo, nalevina,
Nidina nita ny ony,
Nefa nitsangana velona,
:,: Koa tsy maty intsony :,:

3. Ory ny fon'ny sakaizany,
Aiza Ilay nantenaina?
Hitany nefa tsy fantany,
:,: Jeso, Izay Tompon'ny aina :,:

4. Teniny tsy mba mivadika
Amin'ny olony ory,
Tonga ny Tompo nitsidika
:, Ireo mpianany vory :,:

5. Tonga ny taom-pamangiana,
Tondraka ny famonjena,
Velona ny fihobiana,
:,: Aina vaovao no nomena :,:

6. Teraka ny fifaliana,
Tonga ny Filazantsara,
Andron'ny fitomaniana

:,: Mody ho Pasaka tsara :,:

134 - Mifaly tokoa ny foko izao

1. Mifaly tokoa ny foko izao,
Fa misy manambara
Ny Filazantsara.
:,: 0, mba raisonao!:,:

2. Nitsangana Jeso, Haleloia re!
Henoy teny soa,
Ka dia minoa
:.: Fa marina e! :,:

3. He! Rava ny fasana, ka mijere,
Fa efa niala
Ny Tompo malala,
:,: Fa velona e! :,:

4. Ny fahafatesana resy tokoa,
Ka tsy mba mijaly
Ny mino fa faly
:,: Sy tretrika am-po :,:

5. Misaotra, midera Anao izahay,
Ry Jeso Mpamonjy,
Fa vita ny vonjy
:,: Ho mandrakizay :,:

6. Haleloia! Tsara ny Pasaka e!
Ny Tompon'ny aina
Izao hoderaina,
:,: Haleloia re! :,:

135 - Foana ny fasanao

1. Foana ny fasanao,
Jeso Tompon'aina!
Tò tokoa ny teninao
Ka notontosaina.

2. Foana ny fasanao,
Tompo manan-kery,
Gaga teo ny rafinao,
Resy'lay mahery.

3. Foana ny fasanao,
Fa efa novohana!.
Maito ny fatoranao,
Tsy mba nahatana.

4. Foana ny fasanao,
Zanaky ny Avo!
Aina no nasehonao.
Zava-maharavo.

136 - Ry Jeso Tompon'aina!

1. Ry Jeso Tompon'aina!
Nalevina Hianao,
Kanefa, he, deraina,
Fa velona ao izao.

2. Ny fasana nivoha
Noho ny herinao,
Fa tsy mba nahatoha
Ny voninahitrao.

3. Ireo miaramila
Nahery sy nahay
Dia tsy mba nahatana
Anao Mpanjakanay.

4. Nitsangana tokoa
Ho tena santatray
Hianao, ry Tompo soa
Sy Kapiteninay!

137 - Vita izao ny fandresena

1. Vita izao ny fandresena
Haleloia, haleloia
Azo koc ny famonjena,
Haleloia;
Resy re ny fasana
Sy ny fahafatesana
Fahavalo farany,
Fa Jeso nitsangana,

Tonga fanafahana;
Haleloia (in-3)

2. To izao izay nambara:
Haleloia, haleloia
Fa ny fatotra nivaha:
Haleloia.
Foana ny fasana.
Jeso re nitsangana
Tamin-kery lehibe
Ka torio ry mino e!
Eran-tany mba ho re:
Haleloia (in-3)

3. Dia venteso ny hosana:
Haleloia, haleloia
Aoka tsy hihambahamba:
Haleloia.
Fa efa velona tokoa
Lay Mpamonjy tsy mba roa
Zay nisolo voina anao;
Izy no nisantatra
Ny fiainan-tsambatra:
Haleloia (in-3)

138 - Ty no andro maharavo

1. Ty no andro maharavo,
Ora fifalianay;
Lay Mpanarina ny lavo,
No niady ho anay.
:,: Haleloia, haleloia!
Ho Anao Mpanjakanay.:,:

2. Azonao ny fandresena,
Ry Mpamonjy velona!
Vitanao ny famonjena.
Tafatsangana Hianao.
:,: Haleloia, haleloia!
Ho Anao Mpanjakanay.:,:

3. Resinao ny fahotana:
Voavoha ny fasanao;
Torotoro re Satana;
Afaka ny olonao,
:,: Haleloia, haleloia!
Ho Anao Mpanjakanay.:,:

4. Ry Mpandresy fandozana!
Raisonao ny hajanay;
Ry Mpamonjy! Mitantàna,
Tano ho Anao 'Zahay.
:,: Haleloia, haleloia!
Ho Anao Mpanjakanay.:,:

139 - He! Vita re ny ady izao!

1. He! Vita re ny ady izao!
Ny ota efa resy re,
Ny feo mifaly no atao.
Haleloia!

2. Fahafatesana no tao,
Fa Kristy naharesy izao
Ny fandreseny no derao,
Haleloia!

3. Ny andro nijaliana e!
Nisolo fifaliam-be,
Ka mihirà izay mandre:
Haleloia!

4. Ny gadra voatapany,
Ny efitra efa ravany;
Ka miderà ny heriny:
Haleloia!

5. Ry Tompo ô! Ny fiainanao,
Mamelona ny olonao,
Ka hoderaina Hianao,
Haleloia!

140 - Haleloia, Haleloia!

1. Haleloia, Haleloia!
Miderà ny Tomponao.
Manandrata feo hidera
an'i Jeso Kristy 'zao.

Fa nijaly mafy lzy,
Sady voavono koa.
Nefa indro, velona Izy
Ao an-danitra tokoa.

2. Eny, velona ny Tompo
Mba ho santatsika koa,
Ka ho velona ny mino
Sy hitsangana tokoa:
Dia handray ny lova soa,
Satro-bolamena koa.
Ka hidera ny Mparnonjy
Sy ho sambatra avokoa.

3. Haleloia, haleloia,
Haja, hery, saotra anie
No hatolotra ny Tompo,
'Zay Mpandresy lehibe;
Hoderaina lalandava
Fa mpanjaka manan-jo:
Haleloia, haleloia,
Hoderaina eram-po.

141 - Efa resy izao na dia ny fasana aza

1. Efa resy izao
na dia ny fasana aza,
Ka asandrato re
ny hira sy ny feo,
Jesosy nampikoy
Lay rafy 'zay nandoza,
Ry fahafatesana ô!
Aiza moa ny herinao?

2. Lasa ilay tahotrao,
ry foko 'zay malemy,
Fa torotoro 'zao
ny fahavalonao,
Tsy nahatohitra
ny sandrin'i Jesosy;
Ry fahafatesana ô!
Aiza moa ny herinao?

3. Efa lasa tokoa
ny ozona rehetra,
Nasehon'i Jeso,
miharihary izao,
Ny fitiavany
izay tsy misy fetra.
Ry fahafatesana ô!
Aiza moa ny herinao?

4. Kristy no santatra:
ny lalana mankany
Ho ao an-tranon-dRay,
mivoha tsara izao.
Ny fifaliana
manerana ny tany.
Ry fahafatesana ô!
Aiza moa ny herinao?

5. Kristy no fiainana:
izay matahotra Azy
Omeny tanjaka,
fanahy, fo vaovao.
Ka ataony velona,
mpandresy tahaka Azy,
Ry fahafatesana ô!
Aiza moa ny herinao?

142 - Tafatsangana tokoa

1. Tafatsangana tokoa,
Haleloia!
Jeso Kristy Tompo soa,
Haleloia!
Maty nefa velona,
Haleloia!
Mihirà ry olona,
Haleloia!

2. Foana ny fasana,
Haleloia!
Indro, Jeso velona,
Haleloia!
Toky tsy mamitaka,
Haleloia!

Mihirà ry olona,
Haleloia!

3. Andro lehibe tokoa,
Haleloia!
Andro fihobiana,
Haleloia!
Afaka ny tahotra,
Haleloia!
Mihirà ry olona,
Haleloia!

4.Haja, laza, aterinay,
Haleloia!
Jeso ô! Mpanjakanay,
Haleloia!
Raiso re ny saotranay,
Haleloia!
Raiso koa ny tenanay,
Haleloia!

143 - Vita izao ny fandresena

1. Vita izao ny fandresena,
Haleloia!
Jeso Kristy no hobina,
Haleloia!
Azo re ny famonjena,
Haleloia!
Verinay tary Edena,
Haleloia!

2. Ka izao dia arahabaina,
Haleloia!
'Lay Mpanjakanay hajaina,
Haleloia!
Ka na zovy mitaraina,
Haleloia!
Misy vonjy azo maina,
Haleloia!

3. Betlehema niandohana,
Haleloia!
Kalvary niafarana,
Haleloia!
Fasana tsy nahatana,
Haleloia!
Toro teo 'lay menarana,
Haleloia!

4. Saro-bidy re ny rany!
Haleloia!
Ny fitiavany tsy lany,
Haleloia!
Ny fatoranay vahany,
Haleloia!
Ka hobionareo, ry tany,
Haleloia!

144 - O! Avia mba hidera

1. O! avia, mba hidera,
Andro Jobily anio;
Ka faingàna, manatera,
Saotra, laza, ka hobio.
Indro tonga ny anjely,
Ka ny vato mikodia,
Tantaraina mba hiely
Velona (in-3) ny Tomponao.

2. Ifalio ny famonjena,
Andro Jobily anic;
Afaka ny firenena,
Voavonjy androtr'io.
Gaga teo ny mpanakora
Sy ny rafy marobe,
Ka miaiky moramora:
Velona (in-3) ny Tomponao.

3. Mba venteso re ny hira,
Andro Jobily anio;
Resy ny mpaniratsira,
Ka ny tahotrao ario.
He! Ny fasana efa foana,
Tsy nahazona Azy tao,
Tsy naharitra hateloana:
Velona (in-3) ny Tomponao.

4. Efa resy 'zao Satana,
Andro Jobily anio;
Ny fatoranao vahana,
Ka hobio sy ifalio!
Lay Mparnonjy nolatsaina,
Velona ho avotrao,
Io no mendrika hoderaina:
Velona (in-3) ny Tomponao.

145 - Efa velona tokoa

1. Efa velona tokoa
Hianao, ry Tomponay!
Ka ny herinao tsy toha,
No manjaka hatrizay;
Fa ny fasana, ny ota,
Noresenao avokoa,
:,: Zay no tokinay mpanota,
Tanjakay sy hery koo.:,:

2. Efa velona tokoa,
Hianao, ry Tomponayl
Lasa nanamboatra koa,
Fitoerana ho anay;
Tany tsy mba misy ota.
Tsy hidiran'ny manjo.
:,: Tany soa sy madio,
Maharavoravo fo.:,:

3. Efa velona tokoa,
Hianao, ry Tomponay!
Ka misolo vava koa
Sy mifona ho anay;
Ny Fanahinao Omena,
Mba hitari-dalana;
:,: He! Ny sentonay dia renao,
jeso tena Havana.:,:

4. Efa velona tokoa,
Hianao, ry Tomponay!
Ary mbola ho avy koa;
Avy mba handray anay,
Maminay, ry Tompo tsara!
Hiara-monina aminao;
:,: Eny, tena manan-jara
Zay mby eo akaikinao.:,:

146 - Anao ny dera, ry Zanaky ny Ray

1. Anao ny dera,
ry Zanaky ny Ray,
Anao ny fandresena,
ry Mpanjakanay.
Ny fasana nivoha
noho ny herinao,
Ny Anaranao Tsitoha
tsy voatana tao.

Fiv : Anao ny dera,
ry Zanaky ny Ray,
Anao ny fandresena,
ry Mpanjakanay.

2. Hianao nandresy,
lao re ny fasana;
Ny fanjakan'ny ota
koa ho lasana.
Ny herin'ny Satana, vato nikodia,
Ny Anaranao nandresy
haharitra doria,
Anao ny dera, sns...

3. He, ravo aho:
Izy no santatra
Izaho koa hifoha,
mba ho sambatra.
Ny fandresen'i Jeso,
lovako tokoa,
Ny Anarany Tsitoha
hanangana ahy koa.
Anao ny dera, sns...

147 - Lasa ny Mpanavotsika

1. Lasa ny Mpanavotsika,
Ao an-danitra ary,
Mba hanoman-trano tsara,

Hitoerantsika ao.
:,: Mifalia,:,:
Ho tafiditra ao tokoa.

2. Lasa ny Mpisorontsika
Ao an-danitra ary
Ho Mpisolo vava koa
Ho an'olo-marobe.
:,: Matokia,:,:
Tsy ho very Hianao.

3. Lasa ny Mpanjakantsika
Ao an-danitra ary,
Mba handray ny fanjakana
Mety ho anjarany.
:,: Mihobia,:,:
Asandrato re ny feo.

148 - Ry varavaran-danitra ô!

1. Ry varavaran-danitra ô!
Ampandrosoy ny Tomponao,
Fa fandresena lehibe,
No efa vitany taty.

2. Moa iza izao Mpanjaka izao?
Mpandresy iza re izao?
Ny lazany manerana
Ny tany sy ny lanitra.

3. Io no Kristy Mparnonjy soa
Nisolo olo-meloka,
Ka satro-boninahitra
No mendrika ny lohany.

4. Anjaranao, ry foko ô!
Hanompo sy hanaraka
'Lay Kapiteny lehibe
Nialoha ao an-danitra ao.

5. Ry Kristy ô! Mpanavotray!
Irinay mba ho hita koo
Izany voninahitrao
Sy ny fiandriananao.

6. Raha tapitra ny andronay,
Vohay ny varavaranao,
Ny trano namboarinao
Honenanay mandrakizay.

149 - Efa lasa Jeso Tompo

1. Efa lasa Jeso Tompo,
Hanamboatra izao
Fitoera-mahafaly
Iza re no tsy hankao?

Fiv : Fa ao ankoatr'i Jordana,
Ao an-danitra ao ambony
Misy fitsarahan-tsara
Ho an'ny madio.

2. Tany tsy idiran'ota,
Tany masina sy soa,
Ka izay rehetra hankany
Dia ho masina avokoa:
Fa ao, sns...

3. Fa izay matoky tena,
Ny tsy mety mino koa,
Tsy avelany hankany,
Fa ho laviny tokoa:
Fa ao, sns...

4. Ny mandao, ny fomba ratsy
Ny mahazo fo vaovao,
Ny navotan'i Jesosy,
Dia izy no hankao:
Fa ao, sns...

5. Ry mpanota saiky very!
Mibebaha re anio;
Maniria hovonjena,
Ka ny fahotana ario:
Fa ao, sns...

150 - He! Tsara ny fonenanao

1. He! Tsara ny fonenanao,
Andriamanitra ô!
Ziona tendrombohitrao,
Tanàna masina;
Ka iza no hiakatra ao?
Izay Izay mahitsy fo,
Izay madio tanana,
Izay manao ny to.
Ka mino ny Mpanavotra, (in-3)
Ireo hiakatra ao.

2. Mba misandrata faingana,
Ry varavarana!
Hidiran'ny Mpanjakanay
Be voninahitra.
Moa iza izao Mpanjaka izao?
Andriamanitra
Mahery sy mandresy koa,
Mpanjaka masina;
He, Izy 'Lay Mpanjakanay (in-3)
Be voninahitra.

3. Miantranoa, Tompo ô!
Mba hifalianay;
Voavoatra ny tranonao,
Midira aminay;
Jehovah no Mpanjakanay
Mpanjaka tianay;
Ny hery; voninahitra,
Sy ny fisaorana,
Anao tokoa, ry Tomponay! (in-3)
Mandrakizay doria.

151 - Miakara, miakara

1. Miakara, miakara
Ry Mpanjaka lehibe !
Vitanao ny famonjena
'Zay nalehanao taty
Mihobia, ry anjely !
Ka derao ny Tomponao
Voninahitra sy haja
Atolory Azy izao !

2. Miakara, miakara
Ry Mpandresy lehibe !
Eso, latsa, fahoriana
No anjaranao taty
'Zao ny lanitra miandry
Miandry hiverenanao
Renao ao ny feo manako
Feno fanajana Anao

3. Miakara, ry Mpamonjy !
Ravo ny navotanao ;
Izahay aty an-tany,
Faly te-hidera Anao
Raisonao ny fiderana
'Zay atolotray izao
Haleloia ! Haleloia !
Ho Anao Mpanavotray !

152 - Niakatra ao an-danitra

1. Niakatra ao :,: an-danitra :,:
Ny Zanak'Andriamanitra
:,: Haleloia ! :,:

2. Ka monina ao :,: an-danitra:,:
Jesosy Tompon-danitra
:,: Haleloia ! :,:

3. Izao zavatra :,: rehetra izao:,:
Ry Jeso ô, hazoninao
:,: Haleloia ! :,:

4. Isaoranay, :,: ry Tompo ô, :,:
Ny herinao sy indrafo
:,: Haleloia ! :,:

5. Fa ny devoly resinao :,: he resinao:,:
Ny ratsy nofogoranao
:,: Haleloia ! :,:

6. Ry tany sy :,: ry lanitra :,:
Derao Andriamanitra !
:,: Haleloia ! :,:

153 - Ao an-dapany, Jesosy

1. Ao an-dapany, Jesosy
Dia derain'ny tapitrisa
Fa ny lanitra sy tany
Dia samy mankamamy
:,: Ilay Mpandresy mora fo ! :,:

2. Jeso Tompo dia ho avy
Ho Mpitsara aty an-tany
Na ny ratsy na ny tsara
Samy hanana anjara
:,: Valin'ny natao taty ! :,:

3. Ry Mpiantra be fitia
Iantrao izahay mania
Raiso ho Anao, tahio,
Hafanao, ampifalio,
:,: Ento any aminao ! :,:

154 - Izao Jesosy Tompontsika

1. Izao Jesosy Tompontsika
Dia nasandratry ny Ray
Ao an-tsezam-panjakany :
Izay rehetra nialany
:,: Voarainy indray :,:

2. Tsy hadinony anefa
Izay nilaozany taty
Fa omeny ny Fanahy
Mba hitondra sy hitahy
:,: Ny mpianany :,:

3. Ao anilan-dRainy Izy
Manam-boninahitra,
Ka midera Azy any
Izay rehetra anjakany
:,: Eran-danitra :,:

4. Tompom-pitsarana Izy
Samy mba hatsangany
Na ny ratsy na ny tsara
Ka homeny izay anjara
:,: Valin'asany :,:

5. He ! hohitantsika Izy
Dia ny tena endriny
Ka ny lova soa homena
Izay nandray ny famonjena
:,: Voatendriny :,:

155 - An-tsezam-panjakany

1. An-tsezam-panjakany
Ambony kintana
No lapan'i Jesosy
Ilay nasandratra

2. Aty an-tany iva
Anilam-pasana
No ipetrahantsika
Zoim-pahoriana

3. Kanefa mety ihany
Ny monina aty
Hiomana ho any
An-danitra ary

4. Isika tsy kamboty
Na dia nilaozany ;
Nomeny ny Fanahy
Ho solon-tenany

5. Ny fahoriantsika
Dia efa maivana
Ny fahafantesantsiky
Dia afa-tsindrona

6. Ny ain'ny Jeso Tompo
Iainantsika aty
Tsy ela dia hiseho
Indray ny tenany

7. Ka hira no venteso
Ry havany izao
Ny senton'alahelo
Mba atsaharonao !

156 - Jeso Mpanjaka tokana

1. Jeso Mpanjaka tokana
Na aiza misy olona
Ny fanjakany hanerana
Ny tany sy ny lanitra

2. Vavaka sy fisaorana
Hakarin'ny navotana
Haharitra tsy tapitra
Hanolo-boninahitra

3. Ny firenen-drehetra anie
Hidera ny fitiavam-be
Ny zaza aza hanatitra
Ny hajam-boninahitra

4. Ny tany izay alehany
Dia feno fitahiany
Ny voagadra afaka
Miadana ny reraka

5. Izao rehetra izao anie
Hanatitra fisaoram-be
Ho an'ny Tompo tokana
Izay Mpanjakan-danitra

157 - Hobio, ry tra-bonjy

1. Hobio, ry tra-bonjy
Fa indro ny Mpamonjy
Miakatra indray
Tsinjovy Izy any
Mandray ny fanjakany
Ao an-kavanan-dRay

2. Ny hiran'ny anjely
Manako sy miely
Ary an-danitra ;
Injay, ny Ray Tsitoha
Miarahaba koa
Mandray ny Zanaka

3. O, miangà, ry foko
Fa aza mitoloko
Aty an-tany izao ;
Miandrandrà, jereo
Ilay voahombo teo !
Tsitoha Izy ao

4. Naharitra ny mafy
Niady sy nihafy
Ny Tomponao taty
Tahafonao izany,
Fa he ! ny fanjakany
Miandry anao ery

158 - Raha afaka entana aho aty

1. Raha afaka entana aho aty
Ka tody any an-danitra ary
Ny hanakaiky Ilay Tompo tia
No hifaliako mandrakizay

Fiv : Satriko re ny hanome
Saotra tokoa eran'ny fo
An'Ilay maty fa velona indray
Hatrehiko ao anilan'ny Ray

2. 'Ndrey ny haren'izao antrany izao
Izay handovako ilay tany vaovao !
Fa ny hahita ny tavany ao
No hiadanako mandrakizay
Satriko re, sns...

3. Hava-malala hihaonako ao,
Hobin-tra-bonjy hiaraha-manao
Mamy indrindra anefa izao ;
Kristy hatrehiko mandrakizay
Satriko re, sns...

159 - Satrohy voninahitra

1. Satrohy voninahitra
Anjely masina ô !
Ilay voasatro-tsilo teo
Dia Jeso, Jeso, Jeso

Tompo tokana !

2. Ry afa-pahoriana,
Izay ao an-dapany !
Nombany tao an-dalana,
Ka saotra, laza, hery,
Aoka ho Azy re !

3. Taranaky ny lavo ô,
Izay natsangany
Ekeo Izy eram-po
Ka saotra, laza, hery,
Aoka ho Azy re !

4. Ry firenena marobe
Ambany lanitra
Miankohofa maneke
Fa Jeso, Jeso, Jeso
No Mpanjaka re !

160 - Kristy Mpanjaka

1. Kristy Mpanjaka
Mendrika hoderaina
Izy no mitàna
Antsika ho velona aina
Derao, derao
Ilay Mpanjakanao !

2. Kristy Mpanjaka
Mendrika ho hajaina
Izy no mifona
Ho antsika novonjena
Hajao, hajao
Ilay Mpanjakanao !

3. Kristy Mpanjaka
Mendrika ny hibiana
Izy no hitsena
Ny olo-notahiana
Hobio, hobio
Ilay Mpanjakanao !

161 - Mivelatra eo imasiko

1. Mivelatra eo imasiko,
Ny fiandrianan-dehibe
Itoeran?ny Mpamonjiko,
Dia Jeso 'Lay nandresy re!
Fa niakatr'Izy ka nandao
'Ty tany fandalovana,
Mpanjaka ao an-dapany
Ka feno voninahitra.

2. Anjely no manotrona
Arahin?olo-masina:
Ireo dia mandohalika
Am-panajana fatratra.
Ny Tompo eo afovoany,
Mamiratra ny tavany,
Ka feno hasambarana
Izay mahazo taratra.

3. Kanefa tsy mipetraka
Ho endriky ny lanitra
'Lay Zanak?Andriamanitra
Fa miasa tsy mijanona.
Renao va ny fifonany
Ho an'ny Fiangonany
'Zay novidiny tamin-dRà,
Ka tiany hampakarina?

4. Ekeo, ry Fiangonana ô !
'Lay hany Mpanalàlana,
'Zay mandohaliko amin-dRay,
Ka mitomany ho anao!
Ry Tompo, aza sasatra,
Ifony lalandava e!
'Zahay izay navotanao,
Fa te-hankao an-danitra.

162 - Amen, Jeso no Mpifehy

1. Amen, Jeso no Mpifehy,
Amen, ny Fanahiny.
Amen, Amen, re, ny teny
Mbamin?ny fandraisany,
Amen, ny batisany.

Amen, ny fiainany.

2. Amen, Jeso no Mpanjaka,
Amen, ny Anarany,
Amen, Jeso tonga maka
Ahy ho anjarany,
Amen, Amen ary to
Izy, Izay inoako.

3. Amen, ny fanantenana,
Zavatra maharitra;
Amen re, ny fifindrana
Raha mankao an-danitra!
Amen, ny fiadanana,
Amen, ny fiainana.

4. Aoka isika hihira Amen,
Amen ho mandrakizay!
Jeso, mba valio Amen,
Dia ho faly izahay;
Amen no ho hiranay
Raha mby Aminao izahay.

163 - He Jesosy Tokintsika

1. He, Jesosy Tokintsika
Tompon?ny fiainana,
Tonga eto amintsika
Olon-kovangiana,
Izy no hitory teny
Soa, mahavelona,
Fa ny ainy no nomeny,
Mba ho solo-voina.

2. Andrandraonao ka andraso
Ny Mazava lehibe!
Dia Ilay tsy hita maso,
Mpanazava, Mpanome;
Fa ny ainao dia ho very,
Raha tsy arahinao
Ilay Mpanjaka manan-kery
Izay nanavotra anao.

3 Eto afovoantsika
Ilay Mazava tokana;
Sambatra izay mahita
Azy, fa ho velona.
Ry Jesosy, iresaho
Izahay mpianatrao,
Hafanao sy hatanjaho
Ny finoanay Anao.

164 - Jesosy irery ihany

1. Jesosy irery ihany;
Filazantsara soa
Nentin?ireo mpanompo,
Torina aminao.
Maizina avokoa
Izao rehetr?izao
Nefa he ny mazava
Naposaka aminao.

2. Jesosy irery ihany
No ivavahana.
Ny Anarany irery
no fanavotana.
Ny olona rehetra
no handohalika
Ety an-tany ka ha-
trany an-danitra.

3. Jesosy tsy miova
omaly sy anio.
Ary mandrakizay fa
tsy mba mamitaka;
Mifona ho antsika
Eo an-kavanan-dRay.
JESOSY IRERY IHANY
Re no isaorana!

165 - Haleloia, Midera, Asandrato

1. Haleloia! Midera!
:,: Asandrato, re ny feo :,:
Miderà ny Ray Tsitoha
:,: 'zay Mpamorona anareo :,:

Fa Mpanjaka manan-jo
Haleloia! Haleoia!

2. Haleloia! Mihirà
:,: Lehibe sy masina :,:
'Lay Mpahary anareo.
:,: Ao ny ranomasina :,:
Sy ny biby marobe
'Ndray mihoby: Haleloia!

3. Haleloia! Mifalia!
:,: 'Lay Mpamonjy be fitia :,:
Sy Mpanavotra anareo.
:,: O, ry olom-bery ô :,:
Manatòna, mihobia!
Haleloia! Haleloia!

4. Raiso re, ry Tompo ô!
:,: Ny mpanota toa anay :,:
'Zay miantoraka aminao.
:,: Mba henoy ny vavakay :,:
Ho fanatitra madio
'Zay atolotray anio.

166 - Derao ny Tompo Lehibe

1. Derao ny Tompo lehibe
Nahary 'zao rehetra izao;
Haleloia, Haleloia!
Ny lanitra sy tany koa
Samia midera avokoa
Asandrato izao ny dera!
Haleloia, Haleloia, Haleloia!

2. Ry fo voadion'ny ràny soa.
Ankalazao ny Tompo tia
Haleloia, Haleloia!
Ry voavela heloka ô!
Tsarovy re ny indrafo,
Asandrato izao ny dera
Haleloia, Haleloia, Haleloia!

3. Miraisa fo ka midera
Fa izy niahy hatrizay,
Haleloia, Haleloia!
Derao ny Ray sy Zanaka
Sy ny Fanahy Masina
Asandrato izao ny dera:
Haleloia, Haleloia, Haleloia!
Amena!

167 - Midera ny Anaranao

1. Midera ny Anaranao
'Zahay, ry Tompo ô!
Ka hira no ventesinay
Hoe: haja, saotra, hery,
Mba raiso ho Anao.

2. He! Voahombo Hianao
Nisolo heloka,
Ka mendrika hanaovanay
Hoe: haja, saotra, hery,
Mba raiso ho Anao.

3. Endrey! Ny fitiavanao
Endrey! Ny herinao,
Tra-pamonjena izahay,
Ka haja, saotra, hery
Mba raiso ho Anao.

4. Raha tonga ao an-danitra
'Zahay mpanomponao,
Hitohy re ny hiranay
Hoe: haja, saotra, hery.
Mba raiso ho Anao

168 - Ry Jeso! Ny Anaranao

1. Ry Jeso! Ny Anaranao
Dia maminay tokoa;
Mihira sy midera Anao
'Zahay navotanao.

2. Tsy takatry ny hevitra
Ny fitiavanao;
Tsy tambonay tononina
Ny hasoavanao.

3. Ny tsara eran-danitra
Sy eran-tany koa,
Tsy azo anoharana
Ny fitahianao.

4. Ho toy ny loharanao e,
Ny fonay olonao;
Tsy hanam-pitsaharana e,
Ny hiderana Anao!

169 - Ry Tompo Andriamanitra mpanao izao rehetra izao

1. Ry Tompo Andriamanitra,
Mpanao izao rehetra izao!
Midera Anao ny lanitra,
Ny tany koa mitsaoka Anao.

2. Hianao no Ray mandrakizay,
Mpanao izao tontolo izao.
Tongava re, ka mba tahio
Ny vavakay atao anio.

3. Ry Kristy ô, Mpanavotra,
Mpamonjy be fìtia tokoa;
Hianao no Zanaky ny Ray
Ka mendrika haja, saotra koa,

4. Fanahy Masino ô, avia,
Sasao ho voadio izahay
Hanoa sy hanara-dia
Ilay Mpamonjy Tomponay.

5. Anao ny voninahitra
Sy dera tsy mitsahatra
Ry Telo izay Iray, Tsitoha.
Ray, Zanaka, Fanahy koa.

170 - Ry Jeso ny fitiavanao no ifalianay

1. Ry Jeso, ny fitiavanao
No ifalianay,
Fa voavono Hianao
Hisolo voina anay.

Fiv : Mba raisonao re
Ny saotra aterinay izao.
Ho fanajana
Anao Mpamonjy tia.

2. Mahery ny fitiavanao,
Ka itokianay;
Izay mikambana aminao
Dia tsy hangaihay.
Mba raisonao, sns...

3. Ambony ny fitiavanao,
Ka tsy mba takatray;
Kanefa noho ny herinao,
Hiezaka izahay.
Mba raisonao, sns...

4. Hiezaka izahay, Jeso!
Ka mba ho tia Anao,
Ka tsy hatahotra eso-koa
Noho ny aminao.
Mba raisonao, sns...

171 - Jeso, Mpanjaka malaza

1. Jeso, Mpanjaka malaza,
No Tompo Mpanjakanay;
Mahery sy tsara indrindra,
Ka Izy no aronay.
Mendrika hankalazaina
Noho ny heriny;
Eran-tany sy lanitra koa
Ny zo aman-dazany.

Fiv : Ry Tompo Mpanjaka mahery ô !
Mihainoa ! Mihainoa !
Avy manaiky tokoa 'zahay
Fa Tompon'ny hery rehetra Hianao,
Tsy misy mihitsy ny toa Anao,

Tsy tratry ny saina ny herinao;
Ny fiderana 'zay entinay, Raiso re !
Ny haja atolotra Anao ety, Raiso izao !

2. Tompo, Mpandahatra hendry,
Mpanao izao rehetra izao
Ny zara sy tendry ataony
Dia tsara sy mahasoa;
Mendrika ny hoderaina
Ny fandaharany;
Atolory ho Azy ny saotra,
Fa izy tadrinfin'io :
Ry Tompo Mpanjaka mahery ô ! sns...

3. Tompo, Mpanjaka Tsitoha,
Kanefa be indrafo;
Deraina eram-po erantsaina,
Deraina mandrakizay ;
He ! Ny mpanompo voavonjy
Samy mihoby hoe :
"Haleloia ho amin?ny Avo,
Fa Jeso no Tomponay "
Ry Tompo Mpanjaka mahery ô ! sns...

172 - Hoderaiko lalandava Jeso 'lay mpanavotro

1. Hoderaiko lalandava
Jeso 'Lay Mpanavotro
Noho ny fitiavana ahy,
Maty mba ho soloko.

Fiv : Hoderaiko, hoderaiko
Fa ny rany masina
Nentiny hanavotra ahy:
Afaka ny heloko.

2. Holazaiko lalandava
Ny tantara mamiko,
Zay nitadiavana ahy
Very noho ny heloko:
Hoderaiko, sns...

3. Hohiraiko lalandava:
'Zao ny voninahiny,
Fa ny fahafatesana aza
Resy noho ny heriny:
Hoderaiko, sns...

173 - Hosana no asandratray ho an'i Jesosy

1. Hosana! (in-3)
Hosana no asandratray
Ho an'i Jesosy,
Fa Izy no Mpanjakanay
Sy Tompo tia koa;

Fiv : Hosana no atolotray
Anao, ry Tomponay!
:,: Ity no andro Jobily
Ka hifalianay.:,:

2. Hosana! (in-3)
Hosana ho Anao anie,
Ry Kristy Tomponay!
Fa avy Hianao tokoa
Hanjaka aminay!
Hosana, sns...

3. Hosana! (in-3)
Hosana! Fa ho sambatra.
Izay mpanomponao;
Tsy hisy fahoriana
Ety an-taninao!
Hosana, sns...

4. Hosana! (in-3)
Hosana! Fa miomana
'Zahay vahoakanao
Hitsena Anao Mpanjakanay
Raha avy Hianao!
Hosana, sns...

5. Hosana! (in-3)
Hosana! Raisonao tokoa,
Ry Tompo tianay,
Ny dera, laza, saotra koa,

Izay aterinay!
Hosana, sns...

174 - Fanahy Masina ô ny hevitray izao

1. Fanahy Masina ô!
Ny hevitray izao
Ovay ho vao;
Vonoy ny otanay,
Diovinao 'zahay
Ka ny fanahinay
Onenonao.

2. Fanahy Masino ô!
Tsinjovinao izao
Ny olonao;
Mpananatro ô! Ovay
Ny eritreritray;
Ny hadisoanay
Esorinao.

3. Fanahy hendry ô!
Jereo 'zahay izao!
Ka hazavao;
Adala izahay,
Manio ny hevitray;
Dia atoroy anay
Ny lalanao.

4. Fanahy Masino ô!
Mba asehoy izao
Ny antranao;
Be tahotra izahay,
Henoy ny hatakay,
Ka ny fanahinay
Ononinao.

175 - Avia, Fanahy ô, fanahy Masino ô

1. Avia, Fanahy ô,
Fanahy Masino ô!
Midina eto aminay
Hitari-dalana.

2.Fa diso làlana
Ka ory izahay;
Ny sainay dia maizina,
Ny fonay ratsy koa.

3. Midina Hianao,
Ry Mpanazava anay,
Hanaisotra ny aizina
Aty anatinay!

4. Avia Mpananatro ô!
Mombà anay tokoa;
Ampahatsiarovinao!
Ny teny mahasoa,

5. Ry Mpampianatra ô!
Ampionao izahay
Ka aoka re ho marina
Izay ianaranay!

6. Mitomoera aty
Anatin'ny fonay;
Izany indrindra Tompo ô,
No angatahinay!

176 - Avia, Fanahy Masino ô, midina eto aminay

1. Avia, Fanahy Masino ô!
Midina eto aminay;
Fenoy ny hasoavanao
Ny fonay noforoninao.

2. Tongava, ry Mpananatro ô
Nomen'Andriamanitra
Ho loharano velona
Hiboiboika ao am-po.

3. Sokafy ny fanahinay
Hidiram-pitiavana;
Ny tenanay malemy koa
Ampaherezonao anie.

4. Reseo ny fahavalonay
Onòny koa ny tahotray.
Tantano ao an-dalana
Hahatraranay ny lanitra

5. Tahio mba hitiavanay
Ny Ray sy Jeso Zanany,
Sy hitokianay Anao
Izay Fanahy Masina

177 - Ry Fanahy Mpanazava mitariha anay izao

1. Ry Fanahy Mpanazava,
Mitariha anay izao.
Hianaranay ny teny
Zay nampanoratinao;
:.: Dia hifaly.
Izahay tarihinao:.:

2. Ry Fanahy Mpanazava!
Maminay ny anatrao.
Fa matanjaka sy hendry
'Zay ampianarinao;
:,: Hatanjaho
Izahay mpianatrao :,:

3. Ry Fanahy Mpanazava!
Aoka tsy hangia anay
Ny angano sy tantara
'Zay hamily dia anay!
:,: Mba sakano
Tsy handavanay Anao :.:

4. Ry Fanahy Mpanazava!
Ny Baiboly taminao
Dia fanilo sady toky
Hanantonanay Anao
:,: Mba tsilovy
'Zay miankina aminao :,:

178 - Avia Fanahy ô, midina Hianao

1. Avia Fanahy ô!
Midina Hianao
Hanova ny fo vatonay
Ho tonga fo vaovao.

2. Izay afafinay.
Tondrahan-drano koa,
Tsy mety misy vokatra
Raha tsy ambininao.

3. Fenoy ny herinao
Ny fon'ny olona
Hamelona finoana
Sy fitiavana

4. Fanahy Masina ô!
Tahio ny asa atao.
Ampandrosoy ao am-po
Ny hasoavanao.

179 - Ny Fanahy Masina efa tonga tokoa

1. Ny Fanahy Masina efa
tonga tokoa.
Mba homba ny mpitory
ny Teny mahasoa.
Koa mitsangana izao
andeha ry mahery fo
Hatramin'ny faran'ny tany
torio ny Teny soa.

2. Voasaron'ny aizim-pito
Ny Nosinao;
Ny ody sy ny sampy no
Notompoiny tao;
Ny fahazarana koa,
Nangeja mafy tokoa,
Kanefa tonga ny mazava:
Resy ny aizina ao.

3. Ry fanahy voatafy hery
Ny Tompo anie

Ka efa miandry anao,
Injay miteny hoe:
"Angony, eny antsoy,
Hanatona avokoa
Ny firenena eran-tany
Ho mpianatro tokoa".

4. Tompo tia ô,
Ekeko ny antsonao;
Hafoiko ny hareko,
Ny tenako izao,
Ho vavolombelona,
Hijoro, hanafika,
Hitory sy hamafy koa:
Tafio ny herinao.

180 - Ny Tompo, raha vao nanao veloma ny taty

1. Ny Tompo, raha vao nanao
Veloma ny taty,
Namela ny Mpananatra
Ho arony.

2. Dia tonga Izy hanome
Ny hery mahasoa,
Dia hery fanadiovana
Ny fo tokoa.

3. Malemy ny fibitsiny,
Kanefa mora re,
Mahazo fiononana
Izay mandre.

4. Tsinjovy, ry Fanahy ô!
Ka iantrao izahay;
Amboary ho tempolinao
Ny tenanay.

181 - Fanahy Mpanazava

1. Fanahy panazava,
Ny foko hazavao,
Maniry lalandava
Ny Pentekositrao.
Ny aizina ao am-poko,
Fongàny re ho lao;
Ny foko mitoloko,
Maniry indrindra Anao.

2. Fanahy Mpanadio,
Ny foko mba sasao,
Diovy re anio
Ho ena lapanao;
Ny hevitra misoko
'Zay te-handroaka Anao,
Dia ota te-hijoko,
Esory sy fafao.

3. Fanahy, Mampahery
'Zay reraka sy voa,
Ny foko re dia tery
Hianotoraka Aminao,
Izay mandrebireby,
Roahy re izao,
Ny fo mitebiteby,
Hiondana Aminao. Amena.

182 - Ny Pentekosta tonga izao

1. Ny Pentekosta tonga izao;
Fanahy o, ny jironao
Velomy ao anatiko,
Hahafantarako ny to.

2. Ampisehoy, Fanahy o!
Fa Jeso no fiainako,
Ka Izy dia lalana
Ho amin'ny fiainana.

3. Dia mba tarihonao ny fo,
Tohano ny fanahiko,
Ampio ny finoako
Hahita ny mpanavotro.

4. Fa Hianao, Fanahy o!
Hanova ny fanahiko,
Ka raiso sy diovinao

Ny foko ho fonenanao.

5. Ny hazo-fijaliana
Anjara hivesarana,
Fa Hianao, dy Heriko,
Mba miaraha amiko.

6. Mba asehoy ho fantatra
Ny soa tsy ho tapitra,
Ny satro-boninahitra
Homen'Andriamanitra.

7. O, ry Fanahy Masina o!
Ampaherezonao ny fo,
Ka hazavao ny lalako,
Raha avy ny hodiako.

183 - Midina, ry Fanahy ô!

1. Midina, ry Fanahy o!
Midira ao anaty fo,
Ampio ny mihafy,
Fa Hianao no Mpanome
No to sy fahazavana be;
Na vavanay sokafy,
Izao hanao
Saotra tsara hanambara
Ny Mpamonjy,
Fa satria voavonjy.

2. Ka raha re ny teninao,
Dia mba avia, hazavao
Ny hevitry ny teny;
Mba ambaraonao aminay
Ny fomban'ny Mpanavotray,
Lazao ny famonjeny,
Izahay, izay
Vory eto, andreheto
Jiron'aina
Hialan'ny aizin-tsaina.

3. Ny maizina onenanay
Tsy mety afaka aminay,
Ka tena mahavery,
Raha Hianao tsy tonga izao
Mitondra filazam-baovao
Sy toky mampahery,
Ovay izahay,
Hamasino ny te-hino,
Ampidiro
Eto aminay ny Jiro.

4. Mba hafanao re izahay,
Amio hitiavanay
Indrindra ny Mpamonjy,
Ny rany mba ho avotray,
Ny didiny harahinay,
Hanananay ny vonjy,
Jeso, Jeso
No torio sy bitsiho
Ao an-tsainay,
Mba hamelona ny ainay.

184 - Fanahy Mpanazava anay!

Fanahy Mpanazava anay!
Midina eto aminay,
Tarihonay ny sainay;
Ny alahelonay savao,
Ny toetray havaozinao,
Velomy re ny ainay.
Sento renao
Mba valio ka tahio
Ny mahantra
Ry Fanahin'ny Mpiantra!

185 - O! Ry Fanahin'ny Ray ao ambony

1. Ô! Ry Fanahin'ny Ray ao ambony,
Andriamanitra mandrakizay,
Aza avela hisaraka intsony,
Ny olo-mino, fa aoka hiray;
Taomy ho an'i Jesosy Mpamonjy,
Ny mbola maizina, ka hazavao,
Hahafantarany tsara ny vonjy,
Dia ho faly ny mpino Anao.

2. Ô! Ry Mpiantoka ny famonjena,
Azo ny antoka tsara izao;
Tonga ny Iraka be fahendrena
Mba hanambara ny sitraponao;
Ka ny lelafo noraisin'ny mino
Sy ny fiteniny tonga vaovao
Dia nahagaga, ka tena nampino
Olona maro hanaraka Anao.

3. Ry Mpampionona ô! Mba sitrano
Fa voaratran'ny ota izahay;
Ka izay ory mba ampiadano,
Ny malahelo falio indray!
O, mba ovaonao tokoa ny sainay,
Taomy ka ampahareto ny fo;
Ka raha ory arovy ny ainay
Mba tsy hafoinay intsony ny to.

186 - Fanahy, Mpanavao anay

1. Fanahy, Mpanavao anay,
Simban'ny ota izahay,
Ka amboarinao indray,
Havaozy ny fanahinay.

2. Avia, ry Afo masina,
Ny ratsy aoka ho levona;
Ry loharano velona,
Tondrahonao ny efitra.

3. Ny lohataonanao anie
Mba hampaniry soa be
Sy hampamony ho Anao
Izao tany karankaina izao.

4. Ny efitra sy tany lao,
Hi ho by sy hidera Anao,
Fa olom-potsy no ho ao;
Mpanompo teo fa afakao.

5. Ry lohataona maminay!
Midina faingana aminay,
Fanahy, Mpanavao anay,
Niandry ela izahay!

187 - Ny lanitra sokafinao

1. Ny lanitra sokafinao,
Midina ry Mahery
Ampisehoy ny sandrinao,
Ry Tompo manan-kery,
He manakora izao
Ny fahavalonao,
Ka maro no mandà
Ny afo masina
Narehitrao, ry Jeso.

2. O, ry Mpitia olona,
Mpanjaka voaho m bo!
Ny teninao dia velona,
Mahery sy mitombo;
Ampahafantaronao
Izao tontolo izao,
Fa tsy mba foana
Ny ranao masina
Nalatsakao fahiny.

3. Mba ampiraiso hina re
Ny olom-boafidy,
Ka akambano mafy e,
Fa lova sarobidy,
Ny fitiavana
Madio sy marina
No aoka hanavao
Ny fiangonanao

4. Ny Nosinay, nytranonay,
Ny vava aman-tsainay,
Dia mba samy havaozinao,
Ry fototry ny ainay!
Ampiononinao
Ny manina Anao!
Avia, ka mamonje,
Avia, mampandrese
Ny olonao mahantra!

188 - Ry Fanahin'aina

1. Ry Fanahin'aina,
mpanazava saina,
Mpampionompo,
O, mba akekezo
Ireto miambezo
Hamindranao fo!
Hazavao
Ny olonao,
Mba handraisanao tokoa
Fanomezantsoa.

2. Mba ampivavaho,
Hafanao re aho
Hankalaza Anao!
Hataka sy sento
Asandratro, ento,
Ka valionao!
Anehoy
Sy ampinoy
Ny famindrampo mamonjy
Izay te-ho tra-bonjy!

3. Ô mba amosahy
Fahazavam-panahy
Ny fisainanay,
Ka ny fo tarafo,
Andreheto afo
Ny fanahinay,
Ka ombay
Re izahay,
Raha antsoinao hanambara
Ny Filazantsara!

4. Ô ry Andon'aina!
Tany karankaina
Mba vontosinao!
Dia ho vanom-boa,
Hahavoka-tsoa
Re ny volinao!
Indrafo
Sy teny to
No harena antenaina
Hanavao ny aina.

5. Ô mba areheto
Sy ampahareto
Ny finoanay!
Izahay afaho,
Ampahatanjaho
Ny fanahinay!
Tompo ô!
Miraiki-po
Aminao ny olom-bery,
Tonga manan-kery.

6. Raha mitoloko,
Tano re ny foko
Tsy handao Anao,
ka tsilovy dia,
Tsy haniasia,
Hahatody ao
Aminao
Ny zanakao,
Ao ny lova andrandraina
Fahasambaran'aina.

189 - Ô, ry Fanahy Masina ô

1. Ô, ry Fanahy Masina ô
Mba midira ao anaty fo!
Taomy ny mania
Hody avokoa;
Eny, mitahia,
Manomeza soa
Miantrà ry Tompo ô!

2. Ô, ry Mazava lehibe,
Hazavao ny teny izay ho re!
Asehoy Jesosy,
Ambarao ny vonjy;
lasao ny Nosy
Mba ho voavonjy,
Miantrà ry Tompo ô!

3. Ry Afom-pitiavana ô,

Mba levoninao ny lolom-po!
Ampiraiso dia
Ireto ondry vitsy
Mba hifankatia
Ho iray mihitsy Miantrà, ry Tompo ô!

4. Ry Mpampifaly tsara ô,
Mba omeo toky re ny fo!
Mba hanantenanay
Fa ho voavonjy,
Ary handrenesanay
Noho ny Mpamonjy,
Miantrà, ry Tompo ô!

190 - Ry Fanahy Mpanazava

1. Ry Fanahy Mpanazava
Miandrandra Anao zahay;
Aza ela, fa tongava,
Taomy ny fanahinay,
Mba ho fantatray mazava
Izay lazain'ny teninao:
Areheto lalandava
Ao am-po ny afonao.

2. Ry Jesosy! Mitenena
Araka ny fombanao,
Aminay izay manantena
Mba handre ny feonao;
Fo marary sy manahy
Mba tsaboy sy iantrao,
Ny te-hino, fa tsy sahy,
Anehoy ny holatrao.

3. Rainay, Mpanome ny soa,
Mba henoy ny hatakay,
Ka ny tananao tsitoha
larovinao anay;
Ny tanora mba tahio,
Ny vaventy hafanao,
Mba ho hitanay anio
Fa aty ny tenanao.

191 - Ny Teny sy Fanahinao

1. Ny Teny sy Fanahinao,
Ry Ray, mba avelao
Handroso tsara, hanavao
Izao tontolo izao,
Mitombo, mihabe
Ny ratsy izao, odre!
Fa vitsy ny mpanomponao
Izay ifalianao.

2. Vonjeo, ry Jesosy ô!
Ny fiangonanao,
Fa misy marobe izao
Izay mody olonao.
Anefa tsy manao
Izay tena sitrakao.
O, ry Mpanjaka lehibe!
Mba mamonje anie.

3. Fanahy ô! Mba raisonao
Izao vavakay izao;
Ny fonay mba havaozinao,
Ny maso hazavao,
Hahafantaranay
Izay alehanay,
Mba hamoazanay
Izao voa tianao.

192 - Andriananahary, aba Ray

1. Andriananahary, aba Ray
Izay, ianteheranay,
Mba raiso re ny vavakay.
Esory sy vonoy ny helokay,
Vonjeo, re, izahay!

2. Ry Jeso Zanak'Andriamanitra,
Mpitarika ho an-danitra
Mpanolo-tsaina marina,
Mpamonjy tia ka nolavina,
Vonjeo, re, izahay!

3. Ry Mpampionona mandrakizay,
Ampiomano izahay

Handray ny famindramponao,
'Ndrao very amin'ny otanay izahay.
Vonjeo, re, izahay!

193 - Tahio, re, ny teninao

1. Tahio, re, ny teninao,
Ankalazao ny Zanakao,
Izay nasandratrao, ry Ray,
Ho kiady sy ho aronay.

2. Ry Jeso ô! Mpanjakanay,
Ampandreseo izahay;
Ho menatra ny rafinao,
Raha hitany ny herinao.

3. Ry Mpampionona anay,
Ampikambano ho iray
Ny sampam-piangonana,
Hiray am-pitiavana.

194 - Andriananahary ô

1. Andriananahary ô,
Endrey ny voninahitrao!
Ny tany sy ny lanitra
Mamelatra ny lazanao.
Ny asanao rehetra e!
Ny famonjena lehibe,
Mitari-dalana anay,
Hidera ny Anaranao.

2. Ry Zanak'ondry Masina,
Jesosy izay isaoranay!
He, Hianao niantra anay,
Ka nentinao ny otanay.
Ny menarana resinao,
Ny fasana vinakinao,
Ka Hianao nanokatra
Ny lanitra hidiranay.

3. Ô, ry Fanahy Masina,
Izay mitarika anay
Hanetry tena sy hanaiky
Fa mpanota izahay,
Mitaona sy mananatra anay
Handray ny avotra,
Ka manamasina anay,
Mba raiso ny fisaoranay.

4. Ny voavonjy mbamin'ny
Anjely mankasitraka,
Ny tany sy ny lanitra
Mikambana hanandratra
Anao, ry Ray sy Zanaka,
Anao, Fanahy Masina,
Izay maneho famonjena
Feno fitiavana.

195 - Andriamanitra Ray

1. Andriamanitra Ray
loharanon'ny aina,
Masina, masina, re,
Hianao ka deraina,
Fa manome fahasoavana be,
Soa tsy tratry ny saina.

2. Ô, ry Jesosy Mpamonjy,
Mpanjaka mahery,
Tonga taty mba hampody
ny zanaka very,
Raiso izao ny fiderana Anao,
Saotra aman-daza sy hery.

3. Ry Mpampionona ô,
Mpanazava ny sainay,
Mba ampinoy izahay,
ka havaozy ny ainay.
Mba hazavao ny manantena
Anao;
Raiso ny hira hirainay!

196 - Ry Rainay ao an-danitra ô

1. Ry Rainay ao an-danitra ô
Izay mendrika ho deraina,
Mahery sy be indrafo,

Tsy takatry ny saina,
Izahay dia tonga zanakao,
Ka faly manana Anao:
Mihoby sy miravo!

2. Izahay miondrika aminao,
Midera Anao tokoa,
Fa be ny fitiavanao,
Ry Ray mpanisy soa;
Anao izao rehetra izao,
Ho vitanao izay tianao,
Andriananahary.

3. Ry Jeso Kristy Tomponay
Mpanjaka manan-kery,
Izay any an-kavanan-dRay,
Mpanavotra ny very,
He, any no ifonanao
Ho an'izay navotanao,
Fa resinao ny ota.

4. Ny ranao no nalatsakao,
Fanati-tsaro-bidy!
Ny ainao no atohanao
Ny olonao mpiady.
Na aty na ao an-danitra
Jesosy Kristy tokana
Ho avotra sy vonjy.

5. Ry Mpampianatra mahay,
Fanahy Mpanazava,
Ampianaro izahay
Handroso lalandava,
Tariho ny fanahinay,
Honenanay rahatrizay
Ary an-danitra Amen!

197 - Haleloia, deraina

1. Haleloia, deraina
Andriamanitray,
Mpanjaka fototr'aina
Mpikarakara anay
Ny zavaboahary
Dia eo an-tananao,
Ka tena lavorary
Ny fandaharanao.

2. Haleloia, deraina
Hianao, Mpamonjinay!
Nijaly, noratraina,
Ka maty solonay,
Anefa naharesy
Ny fahavalonay,
Natsangana handresy
Mba ho fiainanay.

3. Haleloia, deraina
Hianao, Fanahy ô!
Ny herinao, no aina
Hamelona tokoa;
Hianao mikarakara
Ny fiangonanao,
Manova manatsara
Izao tontolo izao.

4. Haleloia, deraina
Ny Telo Izay Iray!
Hobina sy hiraina,
Fa Andriamanitray,
He, Tompo foto-tsoa
lainanay aty,
Ka ho izany koa
Mandrakizay doria.

198 - Isaoranay Jehovah

1. Isaoranay jehovah,
Fa Tompo lehibe
Izay tsy mba manova
Ny famindramponao,
Miorina aminay izao
Ny fiangona-masinao;
Torina aminay
Ny teny mampiray
Ka ravoravo izao
Izahay midera Anao.

2. Derao Jesosy Tompo,
Izay Mpamonjinao,
Hiraonao re, ry foko,
Ny fitiavany.
Haleloia, haleloia!
Haleloia, haleloia!
Jesosy avotray
Dia Zanaky ny Ray,
Ny ainy no voaray,
Hisolo helokay!

3. Derainay, ry Fanahy
Izao ny asanao,
Tsy misy mampanahy,
Izay tarihinao,
Ka anjakao, re, ny fonay,
Arovy ny fiangonanay,
Velomy izahay,
Ataovinao mahay
Manoka-po izao
Handray ny aim-baovao!

199 - Misaora! Misaora an'i jehovah

1. Misaora! Misaora an'i Jehovah,
Ry olona aty an-tany ô!
Fa lehibe ny indrafony
Ka maharitra mandrakizay.

2. Misaora! Misaora an'i Jesosy,
Ry olona aty an-tany ô!
Fa vitany ny famonjena,
Ka misokatra ny lanitra.

3. Misaora! Misaora re ny Fanahy,
Ry olona aty an-tany ô!
Fa fahazavana no omeny
Ary fanavaozana am-po.

200 - Rainay ô Masina!

1. Rainay ô Masina!
Tompon'ny lanitra,
'Zay tia anay;
kiady sy mandanay
Ho fiarovana,
'Zay hitokianay
Mandrakizay.

2. Jeso ô, Tomponay!
Lalana marina
Amin'ny Ray!
Fahamarinana
Ary fiainana
Azonay aminao
Ry Tomponay!

3. Fanahy Masina ô
lrak'i Jesosy
Tonga ety;
Manazavà anay
Amin'ny maizina.
Ny hevi-dratsinay
Esorinao!

4. Andriamanitra ô!
Telo fa tokana,
Tompo iray;
Aza mandao anay,
Ory sy reraka
Noho ny heloka
'Zay mambo anay.

5. Aza tsaroanao
Ny hadisoanay,
Ry Tompo ô!
Fa mamelà anay
Noho ny zanakao
Ka manomeza anay
Ny fo madio.

201 - Midina, Tomponay !

1. Midina, Tomponay !
Ampionao izahay
Hidera Anao
Ray soa tia anay,
Hery sy tanjakay

Zany hotompoinay
:,: Mandrakizay :,:

2. Avia, Jeso ô!
Reseo ny rafinay
Ho lavonao
Arovy izahay
Amin'ny herinao
Ny fitarainanay
:,: Henoinao :,:

3. Fanahy Masina ô!
Tariho izahay
Hanaiky 'zao
Mahery Ianao
Ny fonay anjakao
Aza ilaozanao
:,: Mpananatra ô :,:

4. Ry Telo 'zay Iray!
Dera mandrakizay
Omena Anao
Ny voninahitrao
Aoka ho hitanay
Ka raisonao 'zahay
:,: Ho aminao :,:

202 - Ry Ray malala ô!

1. Ry Ray malala ô!
Mba raisonao
Ny haja entiko
Hidera Anao
Ny fitiavanao
No mamiko izao
Izaho dia Anao
Ry Raiko ô!

2. Ry Jeso tia ô
Mpanavotra,
Ta-hankalaza Anao
Ny vavako;
Ny avo-dehibe
Manafaka ahy e
Izaho dia Anao
Ry Jeso ô!

3. Fanahy Masina ô!
Mpananatra
Mahiratra tokoa
Ny masoko,
Mazava re izao
Ny lalako hankao;
He! Fifaliam-be
No ahy 'zao

203 - Ry Rainay be fitia

1. Ry Rainay be fitia,
Mpamelona anay!
Tariho tsy hania
Hazoninao 'zahay;
Fa be ny fahavalo
Mitady ny ainay
Mamely tsy mimalo
'Lay ratsy hatrizay.

2. Ry Zokinay malala!
Ry Jeso havanay!
Toroy mba hahalala
Ny mety izahay
Ny miaraka aminao re,
Ry Jeso Tompo soa,
No mahasoa ny saina
Ny fo, fanahy koa.

3. Fanahy Mpanazava
Sy Mpanadio ny fo!
Tomoera lalandava,
Monena ao am-po
Koa dia ampidino
Ny hasoavanao
Ovay sy hamasino
Ny toetray izao

4. Ry Tompo be fiantra!
Ry Telo Zay Iray!
Ny tananao miantra

Atsory aminay
Rehefa tapita andro
Ka hody izahay
Mba raiso re, ry Tompo!
Mba raiso izahay

204 - Mamy ny fitianao

1. Mamy ny fitianao
Ry Jehovah Tompo ô!
Nahafoy ny Zanakao
Hanavotanao anay.

2. Maminay ny antranao,
Ry Jeso Mpamonjy ô!
Ta-hamonjy Hianao
Sy hanafa-keloka

3. Mamy ny fitaomanao
Ry Fanahy Masina ô!
Ny fanahinay ovay
Hankato ny anatrao

205 - Ny Teninao rehetra

1. Ny teninao rehetra
Ry Tompo tia anay;
No tsy mba manam-petra
Fa to mandrakizay;
Ho levona avokoa,
Izao rehetra izao,
Haharitra tokoa
Zao teninao izao.

2. Ny tenin'ny Baiboly
No sabatra entinay
Handresy ny devoly,
'Lay fahavalonay;
Raha misy mampahory,
Ka osa izahay
Ny teninao mahery
Manjary tanjakay

3. Fa teny mamy koa
Ho an'ny mpankato
Ka loharano soa
Miboika ao am-po
Ho fanomezan-toky
Ny azon'ny manjo.
Sy hani-mahavoky
Mamelona ny fo

4. Fa teny mampisava
Ny aizim-be aty.
Fanilo manazava
Ny dia ho ary
Manolo-pahendrena,
Mananatra ny fo,
Milaza famonjena
Sy lova tsy ho lo.

206 - Ny teny masinao Jehovah Tompo ô

1. Ny teny masinao
Jehovah Tompo ô !
Nampanoratinao
Ireo mpanomponao.
Dia tiako ka tanako,
Ho lova sy fananako

2. Ny teny masinao
'Zay noteneninao
Milaza amiko
Ny hasoavanao
Izay harena atolotrao
Ho entiko hidera Anao.

3. Ny teny masinao
Andriamanitraô !
Maneho ny fitia
Nataon'ny Zanakao,
'Zay maty tany Kalvary
Hamonjy ny mpanota ety.

4. Ny teny masinao
No mampianatra
Ny saiko tsy mahay

Mba hahafantatra
Ny zavatra miafina
'Zay momba ny hasoavanao

5. Ny teny masinao
Dia tsy mba mety lo;
Izay ambarany
Tsy misy tsy ho to,
Na levona aza ka tsy ao
Izao rehetra ary 'zao

207 - Mamy ny teninao

1. Mamy ny teninao,
Jehovah Masina !
Sy to ny teninao,
Tsy azo ovana;
Ny lanitra ho levona;
Fa tsy simba ny teninao.

2. Madio ny teninao
Ka tsara indrindra,
Dia fahendrena
Ho an'ny adala;
Mahafaka ny maizina
Ka mitondra ny mazava

3. Soa ny teninao
Mahatsara ny fo
Fa ao no hitanay
Misy Mpanavotra;
Jeso, Loharanon'aina,
Mahasasa ny meloka.

4. Irin'ny foko koa
Ny teny masina
Noho ny harena
Na fananana be;
Ny teninao no tanako,
Ho lovako mandrakizay

208 - Ny teny masinao torina hatrizao

1. Ny teny masinao
Torina hatrizao;
Maharitra tsy lo
Mamabo izany fo,
Fa marina ka tianay
Hiainanay mandrakizay.

2. Ny teny masinao
Mitondra hery vao,
Mandrava ny manjo
Ireo 'zay ory fo;
Ka mendrika ho tanana
Anaty, ho fanana

3. Ny teny masinao
Dia tsy mba mankaleo;
FA hery velona
Mamelombelona;
Ka satrinay ho re indray
Ry Andriananaharinay.

4. Ny teny masinao
No feo manorina;
Ny teny masinao
No feo manarina,
Ka tianay hanenika
Ny tany sy ny lanitra.

209 - Jesosy tena kiady

1. Jesosy tena kiady
Sy reharehanay
Namoha vavahady
Ny tanindrazanay;
Nampiditra ny teny
Hampahalala anay
Ny Ray ny fahendreny
Mba hianaranay

2. Na betsaka mifofo
Ny Baibolinay
Mihaza sy milofo
Moa ketraka izahay?
Jesosy no Mpiaro
Ka moa ve ho kivy ve?

Vao maika mihamaro
Ny mpankasitraka e !

3. Mbola Izy no Filoha
Mpitarika anay,
Hitory ka hamoha
Ireo namanay;
Vahoaka an-tapitrisa
no mbola hasondrotray,
Hahita Paradisa
Ho zanaky ny Ray

4. Ry Jeso, hatanjaho
Ny fiangonana,
Hijoro ho tena taho
Mamoa mandrakizay.
Hianao anie no sandry
'Zay tena tanjakay,
No sady hany andry
'Zay hijoroanay

5. Jesosy soa malala !
Tsy foinao Hianao
Ny fonay dia handala
'Ty lova taminao
Fanahy ravoravo
Noho ny teninao
Ry Zanaky ny Avo,
Izao misaotra Anao

210 - Zava-tsoa tokoa ny fitsipikao

1. Zava-tsoa tokoa ny fitsipikao;
Tompo Andriamanitra ô!
Teny mahasoa, aina, hery koa
Mba ho an'izay manoa.

Fiv :
(Feo voalohany)
Iravoanay
Fa harena be
(Feo faharoa)
Soa tsy manam-paharoa
Ny fitsipikao
Iravoanay fa harena be
Sarobidy tsy hafoy
Izany didinao
(Feo rehetra)
Famonjena ho an'izay mandre

2. Maizana izahay, kely fantatray,
Nefa ao ny teninao:
Jiro sy fanilon'ny tongotray
Hankanesa Aminao
Iravoanay sns...

3. Raha alaim-panahy itony zanakao
Indro, ao ny teninao
Sabatry ny fo, hanoheranay
Ilay ratsy hatrizay
Iravoanay sns...

4. Fifalianay, odi-tahotray
Ny Baiboly taminao:
Avy ny manjo, nefa kosa, Ray
Ao tokoa ny tavanao
Iravoanay sns...

5. Ry Jesosy ô, Mpampianatray!
Maminay ny teninao;
Taomy izahay, mba hahaizanay
Hankato ny didinao
Iravoanay sns...

211 - Ilay Boky 'zay nodorana

1. Ilay Boky 'zay nodorana,
Dia may nefa tsy levona;
Izay natao ho lavenona,
Lasa vato fanorenana;
Noheverina ho foana
Kanjo mainka koa velona;
'Lay nafenina, nalevina,
No nisandratra nivelatra!
Iza moa no hahasakana,
Eny, Iza no hanohitra,
Ilay teny voasoratra,
Dia ny Tenin'Andriamanitra

Zao rehetr'izao ho levona
Fa ny Teny no haharitra.

2. Rasalama nolefonina,
Nisy hafa koa nodorana.
Hantsana no namarinana,
Tora-bato: fahafatesana
Dia tao ireo nampinomina,
Noterena mba hiozona:
Moa izany nampivadika
Kristiana be finoana?
Valin-teny voasoratra
Nentiny nandresy lahatra:
Feo tony, tava mirana,
Feno hery, hasambarana:
"Tsy mba misy hatahorako
Afa-tsy Hianao ry Tompoko"

3. Ilay teny masina sy to
Manambara ry Mpamonjiko
Tena saro-bidy ao am-po,
Ka vakiko sy iainako
Fifaliako, fiarovako,
Fahazavana ao an-dalako;
Koa tanako ho lovako
Sy isaorako ny Tompoko,
Maty aho nefa velona,
Fa Kristy no ahavelomako.
Maty Izy nohomboana
Noho ny fahotana vitako
Nefa Izy dia nitsangana
Santatry ny hitsanganako.

212 - Velona sy mahery

1. Velona sy mahery,
Ny Tenin'Andriamanitra
Ka na dorana aza
Dia tsy ho levona
Ny Sekoly Alahady
Dia mivelona aminy.

2. Sabatra roa lela
maranitra, manindrona,
Mampisaraka aina
Sy fanahy, tonona;
Fantany avokoa
Ny am-po miafina.

3. Hotsaraina isika,
Ka ilay Teny Velona
No hanavaka antsika
Ary koa hanavotra,
Koa minoa ny teny,
Teny fahasoavana.

213 - Ry fanahy mangetaheta

1. Ry fanahy mangetaheta
Mila fitsaharana:
Aza kivy, mahareta,
Sentonao hifarana!
Fa ny tenin'i Jehovah,
Soa mangarangarana;
Loharano tsy miova,
Ao no hasambarana.

2. Ry tontolo mila vonjy,
Te ho afa-patotra,
Ao ny tenin'ny Mpamonjy
Dia Kristy Mpanavotra!
Teny velona sy mamy,
Feno fananarana;
Ho torina eran-tany,
Fa fampihavanana.

3. Ry Mpanjakan'ny mpanjaka!
Ao, tendreo ny lelako
Mba hitory sy hizaka,
Hampandre ny havako,
Dia tahio ny teny ireny
Tsy ho very hasina,
Ka hamoa zato heny
Ny Baiboly Masina.

214 - Finaritra, ry Tompo ô!

1. Finaritra, ry Tompo ô!

Ny mankafy ny teninao
Sy mankato ny didy.
Ny helony esorinao,
Ny sainy hohavaozinao.
Ka afaka hifidy
Ny lova sarobidy.

2. Ny teninao no rakitra
Sy tokin'ny mpandefitra,
Fa teny manan-kery.
He ! Ao dia voasoratra
Ny aminao Mpanavotra,
Fa Hianao irery
No avotry ny very

3. Ny teninao no vatsinay
Manohana ny dianay
Sakafo mahasoa
Sy ampy hivelomanay,
Ka ao am-parany indray
Ho azonay tokoa
Ny lovan'ny mpanoa.

215 - Ny teny masina sy to

1. Ny teny masina sy to
Nampilazainao, Tompo ô!
No manankery mahavoa
Ny fahavalonao tokoa
Ka dia itokianay
Na aiza no alehanay.

2. Mitaona ny fanahinay
Ny teninao Mpanavotray,
Mananatra sy manambara
Ny ratsy ary koa ny tsara;
Mpilaza mahafatra-po
Ny teninao, ry Tompo ô!

3. Ny teninao no sabatray
Sy mpampionona anay;
Ny teninao no mofon'aina
Sy mpanazava fo sy saina:
Mpiaro sady tanjakay
Ny teninao, ry Tomponao!

4. Ampinganay ny teninao
Ao amin'izao tontolo izao,
Ka raha levona ny tany,
Ny teny mbola ao ihany,
Dia izy iankinanay
Ho antoky ny avotray.

216 - Ny teninao ry Tompo ô

1. Ny teninao ry Tompo ô,
Dia ranon'aina soa
Izay mahalonakany fo
Mangetana tokoa,
Jereo ny tanimbolinao,
Fa tena mila io.
Ho feno voa ho Anao
Hatramin'ny anio.

2. Ny teninao dia sabatra
Maranitra tokoa.
Mitsara sy mamantatra
Ny fonay sy ny voa,
Hetseho izao tontolo izao
Handray ny teninao,
O, asehoy ny herinao,
Hamorona aim-baovao.

3. Ny teninao izay tokinay,
Fanilon-dianay,
Noraisinay ho lovanay
Sy fifalianay,
Ampianaro izahay
Hanoa ny didinao,
Ataovy izay hitiavanay
Ny teny masinao.

217 - Ry Jesosy Tomponay!

1. Ry Jesosy Tomponay!
Indreto izahay mivory,
Nefa tsy mahay mandray
Izay ambaranao akory;

Ka iraho ny Fanahy
Mba hanampy sy hitahy.

2. Maizin-tsaina izahay,
Fa taranaka mpanota;
Simba ny fanahinay,
Tena voasaron'ota,
Tompo tsara ô, tongava,
Aposahy ny mazava.

3. Ry Mazava lehibe,
Taominao ny fo malaina,
Tairo mba hifoha re,
Ka handray ny tenin'aina;
Ny fivavakay valio,
Ny ataonay mba tahio

218 - Mba miangavy, Tompo ô!

1. Mba miangavy, Tompo ô!
Iraho ny Fanahinao,
Vangio ny mpanomponao
Ampianaro izy izao!

2. Ampaladio ny sofinay
Handraisanay ny teninao,
Tendreo koa ny lelanay,
Hahaizanay hidera Anao.

3. Hiely be ny lazanao
Ambara-pahatonganao
Hitsara izao tontolo izao,
Hampody ny navotanao.

4. Fanahy, Zanaka sy Ray,
Mba raiso ny fisaoranay;
Ka raha hiala aty izahay,
Hidera Anao rahatrizay.

219 - Ry Mpampianatra mahay

1. Ry Mpampianatra mahay
Fanahy Mpanazava,
Ampianaro izahay
Handroso lalandava.
Ny indrafon'ny Tomponay
Velaro eo imasonay
Ho fantatray mazava.

2. Mivory eto izahay
Handre ny tenin'aina,
Ka hazavao ho fantatray
Ny hevitra lazaina;
Ovay ny sainay sy ny fo
Hamantatra sy hankato
Ny tenin'ny Mpamonjy.

3. Raha hodimandry izahay,
Ka tonga ny anjara,
Bitsiho ao an-tsofinay
No tokin'aina tsara:
Ataovy mora hitanay
Ny tavan'ny Mpanavotray,
Izay hery mahavonjy.

220 - Ry Jeso Tompo, Avotray

1. Ry Jeso Tompo, Avotray,
Mitomoera aminay;
Aidino ny Fanahinao,
Tahio izahay izao.

2. Ny sitrakao mba ambarao
Ho fantatray ny hevitrao;
Ny fonay amboaronao
Hahay handray ny teninao.

3. Ny vavanay hasinonao
Hahaizanay hisaotra Anao.
Fa be ny soa azonay
Nomenao, ry Mpanavotray.

4. Rahatrizay ny olonao
Hihoby sy hidera Anao,
Fa masina, fa masina,
Fa masina i Jehovah.

221 - Mivory eto izahay

1. Mivory eto izahay.
Jesosy Tompo ô!
Avaia hanazava anay,
:,: Hinoanay Anao :,:

2. Maniry mafy izahay
Hihaona aminao:
Omeo hosotroinay
:,: Ny rano velona :,:

3. Ny mofon'aina mba zarao
No anay, ry Tompo ô!
Tahio re ny irakao,
:,: Ho voninahitrao :,:

4. Ny fonay dia atolotray
Anao Jesosy ô!
Omeo hery izahay
:,: Hanao ny sitrakao :,:

5. Raha tapitra ny andronay,
Izay voafetranao,
Dia ento mody izahay
:,: Ho any aminao :,:

222 - Ry Lela afo Masina

Ry Lela afo Masina
Nilatsaka fahiny
Tandohan'ny mpianatra
Sy tao anaty fony,
Miandry fatratra Anao
Izahay mivory eto izao;
Avia, ry Fanahy!
Avia, ry Jesosy ô!
Atreho ny mpianatrao
Ho velona am-panahy.

223 - Mba avia, malakia

1. Mba avia, malakia,
Ry mangetaheta ô!
Teny tsara no ambara,
Ka henoy erampo;
Fa Jesosy ranon'aina
No torina sy lazaina.

2. Ny Mpamonjy mahavonjy,
Mahatonga soa be,
Ka tsy maintsy ho tra-bonjy
Izay manantona Azy re
Ka henoinao ny teny
Manambara ny omeny.

3. Mba tariho sy tahio
Aho, ry Jesosy ô!
Mba ho ahy ny Fanahy
Hanazava ap am-po,
Hampahery fo sy saina,
Ka hamelona ny aina.

224 - Tafavory izahay ka manatona Anao

1. Tafavory izahay ka manatona Anao,
Zanahary nahary anay;
Ka mba raiso izao
Izahay zanakao;
Aza lavina re, izahay!

2. Tafavory izahay ka miantso Anao,
Ry Jesosy Mpamonjy anay;
Mihainoa, Tompo ô!
Mitenena izao,
Fa mitady Anao izahay!

3. Tafavory izahay ka miandry Anao,
Ry Fanahy Mpananatra anay;
Aidino ilay
Afonao fahizay,
Areheto aty aminay.

225 - Aty an-tranonao izao

1. Aty an-tranonao izao
No iangonanay

Hitady soa aminao,
Hahafaka ota anay,
Handinika ny teninao,
Izay mahavelona anay,
Ka mba ambinonao.

2. Na vitsy aza eto izao,
Na be no tonga aty,
Dia aza mba lalovanao,
Atreho izahay!
Raha tonga eto Hianao
Dia ampy izany ho anay:
Ny fofonain'ny Tomponay
No mahavelom-po.

3. Raha misy mangatsia-po,
Mba hafanao, ry Ray;
Iraho ny Fanahinao
Hamelona anay,
Hanetsika ny mafy fo
Ho tonga mpino mankato
Izay lazain'ny teninao
Hataon'ny zanakao.

4. Izay rehetra tonga aty
Ampirisihonao,
Ka aoka samy hankafy
Ny fanavotanao,
Ny fonay mba sokafinao
Handray ny fananaranao;
Ao aminao ny hery be,
Efao ny sitrakao.

5. Ambininao ny irakao
Hitory teny izao;
Tolorinao ny hevitrao,
Ny fony hafanao;
Sokafy re ny vavany,
Tendreo koa ny lelany
Hilaza tsara aminay
Ny sitrakao, ry Ray.

226 - Tompo ô! Mba te hihaona

Tompo ô! Mba te- hihaona,
Aminao ny olonao,
Ka Ny oran-dohataona,
Ampombay ny teninao;
Ny Fanahinao iraho,
Aminay izay mitalaho
:,: Mba vokiso zava-tsoa
Ny mangetaheta Anao :,:

227 - Eto afovoanay

1. Eto afovoanay
Hianao, ry Tomposoa
Ka tahio ny vavakay
Mba ho maminao tokoa,
Raisonao ny fideranay,
Ka savao ny fahantranay.

2. Mitoera aminay
Na hariva na maraina;
Aza mahafoy anay
Mandra-pialanay aina;
Ka dera tsy ho lany
Dia ho anao ihany.

228 - Tafangona aty indray

Tafangona aty indray
Ny fiangonanao, ry Ray,
Ka dia mba tahio!
Iraho ny Fanahinao
Hitarika ny zanakao,
Hivavaka anio,
Anao izao:
Saotra, laza, dera, haja,
fa nomena
Ho anay ny famonjena.

229 - Jesosy ô! Mba hasoavinao

1. Jesosy ô!
Mba hasoavinao
Ny asanay, izay atombokay
Amin'ny anaranao;

Ka mba ombay
Fa satria sitrakao,
Fa ny anaranao
No anton'ny atao.
Dia hotanterahinay
Mba ho fifalianay
Sy ho voninahitrao.

2. Jesosy ô!
Derainay Hianao,
Fa feno famonjena olona
Ny Anara-masinao!
Ny herinao
Tompo ô! Manavao
Izao tontolo izao
Ny teny masinao
Dia iankinanay;
Hianao isaoranay
Eto sy rahatrizay.

3. Jesosy ô!
Ny fanorenana
Iainanay sy hahafatesanay
Dia ny Anaranao,
Fa Izy no
Manome toky be,
Ka hitsangananay
Ho velona indray;
Dia mba horaisinao
Izahay navotanao
Amin'ny Anaranao.

230 - Mba trotroy ny olona ory

1. Mba trotroy ny olona ory,
Ry Jesosy Tompo ô!
Tsy hirenireny saina,
Fa handray ny teninao;
:,: Olona osa, olona osa
Ento mora, Tompo ô! :,:

2. Jeso, Tomponay Tsitoha!
Taomy ny sakaizanay,
Mba ho tonga mpino koa
Sy hiankina aminao,
:,: Mba tariho, mba tariho
Izy ho mpanomponao :,:

3. Faly izahay, Jesosy,
Tratr'izao anio izao,
Tafavory ka hihaino
Ny Filanzantsaranao,
:,: Raisonao re, raisonao re
Izao fisaoranay izao! :,:

231 - Ry Tomponay Tsitoha

1. Ry Tomponay Tsitoha,
Ilay iray hatrizay,
Avia, hampifoha,
Ny fiangonanay,
Atreho ny mpivory,
Fa manantena Anao;
Fohazy ny matory
Handray ny teninao.

2. Iraho ny Fanahy
Mba hanavao anay
Ka homba sy hitahy
Ny teny inoanay.
Na lehibe na kely,
Ampio sy hafanao
Hazoto hampiely
Aty ny lazanao

3. Ny asam-pamonjena
Izay natombokao,
Ambino tsy hihena,
Tahio sy tontosao!
Ny herin'i Satana
Folahy hatrizao,
Ho afa-pahotana
lzahay navotanao.

4. Arovy ny finoana
Izay naorinao;
Vonoy ny hevi-poana
Mandà ny teninao,

lzahay na be na vitsy,
Hazôny tsy hania,
Mba ho Anao mihitsy
Mandrakizay doria.

232 - Ny alahady andronao

1. Ny alahady andronao,
Jesosy Tompo Masina ô!
Fotoana nitsangananao
Ka maminay mpianatrao.

2. Anio, mivory izahay,
Tahaka ireo mpianatrao;
Ka enga anie ho hitanay
Ny hazavan'ny tavanao.

3. Omeo anay, omeo indray
Ny herin'ny Fanahinao;
Havaozy ao anatinay
'Lay Pentekosta fahizay.

233 - O! Ray Malala, asehoy

1. O! Ray Malala, asehoy
Ny hasoavanao;
Sasao ho afa-keloka
Izahay ho zanakao:

Fiv : Ho mafy ny fiezakay
Handia ny lalanao,
Tsy hisy hijanonanay,
Raha tsy an-tranonao.

2. O! Ray Malala, mba henoy
Ny feonay zanakao;
Tantano ao an-dalana
Hankany aminao:
Ho mafy, sns...

3. O! Ray Malala, hitanao
Ny hasambaranay;
Ny avotr'ain'ny Zanakao
No itokianay:
Ho mafy, sns...

234 - Mahery Ianao

1. Mahery Hianao,
jehovah Tompo ô!
Mombà anay mpanomponao,
Ka miarova anay.

2. Mpanjaka Hianao
Ry Zanahary ô!
Avia, anjakao izao
Ny ao anatinay.

3. Miaro Hianao,
Andriamanitra ô!
Hidera sy hisaotra Anao
No iangonanay.

4. Miantra Hianao,
Ry Tompo tia ô!
Tongava aminay izao
Mba hifalianay.

5. Ny fanomezan-tsoa
'Zay maminay tokoa
Dia jeso 'lay malalanao
Nafoy ho Avotray.

6. Mba raisonao, ry Ray!
Ny saotra entinay,
Ny dera, laza, hery koa,
Anao Mpanjaka soa.

235 - Tafavory izahay

1. Tafavory izahay
Eto anatrehanao,
Ry jehovah Tomponay
Mba hivavaka aminao.

2. Te-hianatra izahay
Mba hanao ny sitrakao;
Mihainoa ny vavakay,

Manampia anay izao.

3. Fa mangataka aminao
Fanampiana izahay;
Raha tsy ampianao,
Dia ho diso izahay.

4. 'Zay rehetra anananay
Entinay midera Anao,
Aoka hazoto izahay
Mba hanao ny sitrakao.

5. Aoka handroso izahay
Mba hanompo tsara Anao
Dia hifaly izahay
Amin'ny fitianao.

236 - Avia, Tomponay! Atrehonao 'zahay

1. Avia, Tomponay!
Atrehonao 'zahay;
Fiderana no atolotray
Ho Anao, ry Tomponay;
Tongava aty an-tranonay
Handray ny dera atolotray:
Avia, Tomponay!

2. Avia, Tomponay!
Atrehonao 'zahay;
Enga ka ho tonga olonao
Zao 'zahay rehetra izao,
Ny vavanay hidera Anao,
Ny fonay mba diovinao;
Avia, Tomponay!

3. Avia, Tomponay!
Atrehonao 'zahay;
Ampidino ny Fanahinao
Ho àty an-tranonay;
Ampionao koa ny olonao,
Hilaza anio ny teninao:
Avia, Tomponay!

4. Avia, Tomponay!
Atrehonao 'zahay;
Fiderana no atolotray
Ho Anao, ry Avotray! ray!
Mba raisonao, ny deranay,
Efao, tokoa ny hatakay:
Avia, Tomponay!

237 - Ry Jehovah Tomponay! Tafavory izahay

1. Ry Jehovah Tomponay!
Tafavory izahay;
Avy hankalaza Anao,
lzahay vahoakao.

2. Faly, ravo izahay
Noho ny soa azonay;
Tonga mba hisaotra Anao
Izahay voavotrao.

3. Saotra tsara entinay,
Hira no asandratray
Mba ho Fiderana Anao,
Rain'izao rehetra izao.
Amena.

238 - Mivory eto izahay

1. Mivory eto izahay
Hiantso ny Anaranao;
Jehovah Masina ô!
Dia manomeza anay anio
Ny soa avy aminao,
Ho fitahiana.

2. Ny vavaka tononinay
Miakatra any aminao,
Mpamonjy tia anay!
Mba raiso ao an-danitra
Ho zava-mani-pofona
Izay ho tianao.

3. Ny saotra izay aterinay

Mba raisonao, Jehovah ô,
Andriamanitray!
Ny vokatry ny molotray
Dia aoka ho fanatitra
Ankasitrahanao.

4. Ankehitriny, Tompo ô!
Omeo ny Fanahinao
Hitoetra aminay,
Ho fanalana aizina,
Sy fanoloran-kevitra
Ho an'ny olonao.

239 - Ry Jeso! Vory izahay

1. Ry Jeso! Vory izahay,
Fa andronao anio.
Dia avy mba hivavaka
Aty an-tranonao.

2. Ka na aiza no aiza ny olonao
No vory toy izao,
Ny herinao mba asehoy,
Efao ny teninao.

3. Ny hira ikambananay
Aty an-tranonao,
Ekeo ho fanandratana
Ny voninahitrao.

4. Ny vavaka tononinay
Eo anatrehanao,
Mba raiso ho fanatitra
Ankasitrahanao.

5. Ny teny fitarainana
Ataon'ny ory koa
Soloy fifaliana;
Hisaoranay Anao.

6.Ny teninao halahatra
Hambininao anie,
Hamelom-pitiavana
Am-pon'izay mandre.

240 - Alahady, andro tsara,

1. Alahady, andro tsara,
Andro fitsaharanay,
Nitsangananao, ry Tompo!
Andronao, Mpanavotray.
Eny, maminay ny andro,
Andro fiangonanay,
Hiderana Anao Mpamonjy,
Sy ny voninahitrao.

2. Tovy aminay ny teny
Izay nataonao fahizay,
Tamin'ny Apositoly
Fony vory toy izao:
"Raha misy roa na telo
Amin'ny Anarako
Vory mba hiantso Ahy,
Ao no hiangonako."

3. Mba soraty ao am-ponay,
Tompo ô! Ny didinao,
Hiasanay saina tsara
Eto anatrehanao,
Mba avia, ry Jeso Tompo!
Tomoera aminay,
Hitandremanay ny andro
Izay natokana ho Anao.

241 - Ry Jeso ô! Midina

1. Ry Jeso ô! Midina,
Jereo 'zahay izao;
Atreho sao variana,
Ka tsy mahita Anao.
Hazoninao ny saina,
Hijery tsara Anao.
Mba tsy ho very maina,
'Zao fivoriana izao.

2. Ry Jeso! hamasino

Ny toe-piainanay,
Ka dia ampidino
Ny hery ho anay;
Ny bitsika mangina
Ataovinao izao,
Hamelom-paniriana
Hanao ny sitrakao.

3. Ry Jeso ô! Monena,
Midira Hianao,
Ny fonay manantena
Handray Anao izao;
Ka izay misalasala
Ampaherezonao,
Dia taomy hahalala
Ny fitiavanao.

4. Ny hatakay mangina
Henoy ka mba valio,
Koa dia mitenena
Hianao ankehitrio,
Ry Jeso! Mpanazava
Ny dianay aty,
Omany lalandava
Ny fonay ho ary.

242 - Misaotra Anao 'zahay, ry Ray!

1. Misaotra Anao izahay, ry Ray!
Fa tsy nafenina anay,
Izay tena sitrakao tokoa
Mba hahazoanay ny soa.

2. Ka mitariha anay izao
Handray ny toro-hevitrao
Izay lazain'ny teninao
Hanaovanay ny sitrakao.

3. Ampahirato izahay
Hahaizanay mahita anio
Ny zava-mahagaga anay
Ao amin'ny lalànao soa.

4. Ampianaro izahay
Ho tia tokoa ny teninao,
Ka hankatò ny didinao,
Hanaiky hotapahinao.

S. Ny asan'ny Fanahinao
Mba tanteraho aminay
Hampiorina ao anatinay
Izay lazain'ny teninao.

243 - Mivory eto izahay, handre

1. Mivory eto izahay,
Handre ny teninao,
izay hambara aminay
Andriamanitra ô!

2. Tolory fahendrena, ka
Ampio ny irakao,
Izay hitory aminay
Ny teninao izao.

3. Ny fon'izay mihaino koa
Sokafy rahateo,
Ho tia sy hirakitra
Ny teny mahasoa.

244 - Ry Jeso! Mba henoinao

1. Ry Jeso! Mba henoinao
Ny feonay mpanomponao,
Izay mivavaka aminao
Mitady fitahiana.

2. Vokiso ny fanahinay,
Ny teninao no haninay,
Hahaizanay mamahana
Ny reraka ao an-dalana.

3. Ampaherezonao izao
Ny tànanay mpanomponao
Hanohana ny olonao
Miraviravy tanana.

4. Omeo fo mazoto re!

Tolory fahendrena be;
Tarihonao ny hevitray;
Tendreo koa ny molotray.

5. He! Tsinontsinona izahay,
Malemy sady tsy mahay;
Ka dia ampaherezonao
Hanaovanay ny sitrakao.

245 - Ray ô! Asehoinao

1. Ray ô! Asehoinao
Aminay ny antranao,
Raisonao ny zanakay,
Atsangano ho Anao.

2. Zanak'Andriamanitra ô!
Mba henoy ny hatakay,
Trotroinao ny zanakay,
Taomy ho mpanomponao.

3. Ry Fanahy Masina ô!
Mitoera aminay,
Indro re ny zanakay,
Ampianaro, hazavao.

4. Ry Jehovah 'Zay Iray!
Nefa Telo, dia ny Ray,
Zanaka, Fanahy koa!
Mba tahio ny zanakay.

246 - Zazakely entinay mba hatao batisa

1. Zazakely entinay
mba hatao batisa izao,
Izy no atokanay
Sy atolotray Anao.

2. Rano tsy mba mahasoa,
Rano tsy mba mahadio;
Ka tahionao izy 'zao,
Jeso ô, be indrafo!

3. Ary ny Fanahinao
Dia ataovy ao am-po
Mba hitarika azy, sao
Hisy loza izay hanjo.

4. Ry Jehovah be fitia!
Ry Jesosy Tomponay!
Ry Fanahy koa, avia
Mba handray ny zanakay!

247 - Ry Tompo ô! Tsinjovinao

1. Ry Tompo ô! Tsinjovinao
Ny mila famonjena,
Ka hatao batisa izao,
Satria manantena
Ny tany namboarinao,
Ho an'izay mpianatrao
Ho lovany tokoa.

2. Fa Hianao dia tsy mandà
Ny ory sy mpanota,
Izay nandatsahanao ny ra
Hanaisotra ny ota;
Ka tonga izahay izao,
Mitady hodiovinao:
Mba raisonao ny fonay.

3. Mifona, Tompo, izahay
Izay efa voaisa
Ho olonao, izay nandray
Ny soan'ny batisa;
Ampaherezonao ny fo,
Mba tsy hafoinao ny to,
Ambara-pahafaty!

248 - Nitondra ny zaza ny reny

1. Nitondra ny zaza ny reny tao
Salema,
Mba hotahin'i Jeso Kristy be indrafo;
Nolavin'ny mpianatra izy,
Nefa hoy Jesosy hoe:
"Avelao ny zaza hanatona izao"

2. Fa Ahy ny zaza ka tiako indrindra,
Mpiandry zanak'ondry Aho, ka aza mandà;
Fa raha manatona Ahy izy,
Hotahiko tsara e:
"Avelao ny zaza hanatona izao"

3. Endrey, mahagaga ny fiantran'i Kristy,
Fa indro, zazakely aza asiany soa;
Avia, manatòna Ilay Mpiandry Zanak'ondry, ka
"Avelao ny zaza hanatona izao"

4. Ry Jesosy Tompo!
Mampanatòna Anao re
Ny zazakely tafavory eto izao;
Izay mandrara mba rarao,
Ho to anie ny teninao:
"Avelao ny zaza hanatona izao"

249 - Tompon'ny lanitra ô! Mba tahio

1. Tompon'ny lanitra ô! Mba tahio
Izy izay ta-hanatona Anao,
Ka ta-handray ny batisa anio,
Sady maniry mba ho zanakao.

2. Ampifalio ny fony, izay ory
Sady miaiky ny ota natao,
Ary ny ratsy maniry fongory,
Ka mba omeo ny aina vaovao.

3. lzy manaiky hitana ny soa
Sady mandà ny devoly izao;
Aoka hiseho ho mpino tokoa
Amin'ny fomba sy asa vaovao.

4. Afon'ny lanitra ôl Mba avia,
Ka ateraho ny fony izao,
Ary tarihonao mba tsy hania,
Fa te-ho sambatra ao aminao.

5. Andriamanitra Ray be fitia,
Taomy ny maro hanatona Anao,
Ny Fiangonanao, ho be mpitia,
Ho marobe ny ankohonanao'

250 - Atolotray hatao batisa

1. Atolotray hatao batisa
Ny zanakay, Jesosy ô!
Irinay izy mba ho isan'ny
Zaza tezainao.

2. Izahay izao efa nifidy
Anao handray ny zanakay:
Ka raiso izy fa voavidy
Tamin'ny ranao koa.

3. Soraty izy mba handova
Ny lanitra fonenanao,
Ka ny fanahinao hanova
Ny fony ho Anao.

4. Tahio ny fahazazany
Ho fanorena-marina;
Ampianaro azy izany,
Mivavaka aminao.

5. Tantano izy mandra-pita,
Ho tonga ao an-danitra,
Ka aoka izy mba hahita
Anao an-dàlany.

6. Ka amin'ny fotoana feno,
Handaozany ity tany ity,
Omeo toky, iteneno:
"Ndeha hody, anaka."

251 - Ry Jeso Zana-Janahary

1. Ry Jeso Zana-Janahary
Sy fototry ny aim-baovao!
Mba aniraho ny Fanahy
Izao madinikao izao

2. Ny fahafatesanao nandresy
No aoka hiombonany
Ny herinao tsy mety resy
No mba ho fiarovany

3. Ka ny Anaranao hajaina
Dia mba omeo ny zanakay
Ka io no hialany aina
Sy hitsanganany indray

4. Tantano izy tsy ho osa
Raha lavitra ny diany
Fa raha fohy ihany kosa
Mba raiso ny fanahiny

252 - Mba avelao ny zaza

1. Mba avelao ny zaza
Hanatona Ahy re,
Fa an'ny toa azy
Ny fanjakan'ny Ray!
Izany teny tsara
No ifalianay,
Ka dia tsy rarana
Ny zazakelinay

2. Ao amin'ny batisa
Trotrony izahay
Ka tena voaisa
Ho zanany indray
Atsangany handova
Ny fahasambarana
Fiainan-tsy miova
Sy fiadanana

3. Sakaizanay malaza
Ry Jeso, Hianao.
Finaritra ny zaza
Miankina aminao
Ampio, ry Mpamonjy
Ny ondrikelinao
Ho tonga voavonjy
Ao anatrehanao

253 - Avia, ry Mpanavotra

1. Avia, ry mpanavotra
Tahio ny fandraisana
Sakafo namboarinao
Izao hatoninay izao

2. Ireo zava-masina
Aroso mba hohanina
Ho famelana heloka
Ho aina sy ho tanjaka

3. Tsaroanay ny dianao
Ny ra sy fijalianao
Ny nisoloanao anay
Ny nitsangananao indray

4. Ny tenanao natolotra,
Ny ranao dia nalatsaka,
Sakafo iombonanay
Ho tena sy fanahy iray

254 - Avia, ry mangetaheta ô

1. Avia, ry mangetaheta ô!
Ka aza dia mba mamoy fo
Fa indro misy rano velona
Izay omena mba hamelona
Anao mahantra sy variana
Ry zanakondry very làlana

2. Ny mofon'aina no atolony
Anao manaiky mba ho olony
Ny tenany no ho fihinana
Mba hahazoana fiainana
Kanefa tsy mba hovidina anie
Fa tena fanomezan-dehibe

3. Jesosy Tompo no nanolotra
Ny rany masina ho avotra
Izany raiso mba ho tanjaka
Sy toky ho anao, ry reraka
Ry mpivahiny sasatra ao am-po
Avia re, ka manaràna fo!

255 - Ny ran'ny Zanakondry latsaka

1. Ny ran'ny Zanakondry latsaka
Namelona ahy tany Golgota
Ka io no tena vatofantsika
Maharitra ny tafio-drivotra

2. Raha vaoratra noho ny otako
Ka lany foana ny heriko
Ny rany masina nalatsaka
No nahitako fahasitranana

3. Izao hira vao izao no mamiko
Ka tonga tsy misaraka amiko
Ny ran'ny Zanakondry no mahay
Manavotra ahy mba ho an'ny Ray

4. Raha ketraka sy kivy re ny fo,
Velomiko indray ny hirako
Ny amin'i Jesosy sy ny ra
Ka afaka ery ny tahotra

256 - Mivoaka ao Golgota

1. Mivoaka ao Golgota
Ilay renirano soa
Iantsoana ny mpanota
Ho any avokoa;
Ny ratran'ny Mpamonjy
No loharanon'io,
Ka ony mahavonjy
Sy tena mahadio.

2. Mamelona ny tany
Ity ony soa ity,
Izay rehetra ombany
Miadana ery.
Vahoaka an-tapitrisa
Izay misotro ao
Mahita Paradisa
Sy fiainana vaovao.

3. Ny fo izay maratra
Ka entina mankeo,
Ny ory sy mahantra
Izay manatona eo
Mahita fanafody,
Ka sitrana avokoa,
Ny ota sy ny rofy
Dia afaka tokoa.

4. Fanahy be ahina,
Avia misotro ao,
Fa io no mampangina
Ny alahelonao;
Fanahy ô, hatòny
Ity ony soa ity
Fa io no mahatòny
Ny faniriana aty.

5. Hianao, ry Tompon'aina!
Isaoranay tokoa,
Nanaiky horatraina
Handefa ony soa.
Ny ranao tao Golgota
No iankinanay
Fa mahadio ny ota,
Mamelona aina anay.

257 - Ry Jesosy ô! indreto

1. Ry Jesosy ô! indreto
Izahay nasainao eto
Amin'ny latabatrao
Mba talory mofon'aina
O! omeo ranon'aina
Dia ny ra aman-tenanao

2. O! ry Loharanon' aiko
Tonga aho, fa ilaiko
Hianao Mpamonjiko
Raiso ka diovy aho
Atafo izay mitalaho
Ny sahamarinanao!

3. Ry mpiandry Tsara indrindra
Taomy aho mba hifindra

Ao am-balan'ondrinao
Mamonje ka matahia
Ireto ondrinao mania
Ento any aminao!

4. O! ry Fahazavan'ny saiko
Sady tanjaky ny aiko
Tonga aho, ka vonjeo
Noana ka mitaraina
Mba vokiso mofon'aina
Rano velona omeo!

5. Indro, miankohoka aho
Tompo ô! ka mitalaho
Eto anatrehanao
Aza mba manary ahy
Izay misento sy manahy
Mamelà ny heloko!

6. Ry mpisolo ny mpanota
Izay nandoa ny tambin'ota
Latsa-dra ny tenanao
Raisiko am-panajana
Fa nataonao fanasana
Ireto zava-masinao

258 - Manaraka ny hafatrao

1. Manaraka ny hafatrao
Tafangona izahay
Mba hahatsiarovanay
Anao, ry Tomponay!

2. Tsy azo hadinoina
Ny fahorianao
Ny dinitrao izay toy ny ra
Tsaroanay izao

3. Ny hazofijalianao
Dia tazanay izao
Ry Zanakondry masina ô!
Tsaroanay Hianao

4. Nijaly mafy Hianao
Nisolo voina anay
Raha mbola velona izahay
Tsaroanay Hianao

5. Raha tapitra ny andronay
Ka tonga Hianao
Mba haka ny fanahinay
Tsarovinao izahay

259 - Ny latabatrao ry Jeso!

1. Ny latabatrao, ry Jeso!
Dia atrehinay izao;
Ny fanahinay vokiso
Amin'ny fitianao.

2. Tsy nitady zo sy laza
Hianao, ry Tomponay!
Foinao ny aina aza
Nanavotanao anay.

3. Jeso ô! ny ranao soa
No nataonao avotray,
Mba hanafaka avokoa
Izay tsy mahadio anay.

4. Manomeza mofon'aina,
Tompo ô! ho tanjakay;
Mihainoa ny mitaraina
Mamalia ny hatakay

5. Ny fanahinay ry Tompo!
Raiso, fa atolotray;
Faly izahay hanompo
Sy hanao ny sitrakao.

260 - Ry Kristy ô! malalako

1. Ry Kristy ô! malalako
Sakafon'ny fanahiko
Manaraka ny hafatrao
Tsarovako ny tenanao

2. Mangorakoraka ny fo

Fa voavono Hianao
Ka saotra no atolotray
Anao, ry Ilay nalatsa-dra

3. Ny tenanao izay raisiko
Fiainako vaovao tokoa
Ny ranao izay sotroiko
No manadio ny foko koa

4. Ry Kristy ô! ampitomboy
Ny fitiavako Anao
Ny toe-piainako fenoy
Ny tena hamasinanao

5. Atolotro anio indray
Mba ho Anao mandrakizay
Ny tenako, ny ananako
Ny heriko, ny asako

261 - Ankehitrio no isehoanao

1. Ankehitrio no isehoanao
Ry Jeso Tompo, izay malalanay!
Ankehitrio no anandramanay
Ny hafaliamben'ny lanitrao

2. Ampiomany ao am-po izahay
Hampahadio ny eritreritray
Hahatakaranay ny avotrao
Izay nambaranao tao Kalvary

3. Eto no anoloranao anay
Ny mofon'aina rano velona
Eto no ialanay sasatra
Amin'ny adinay sy rafinay

4. Ry Jeso ô! Miandry izahay
Ny fihavian'ny voninahitrao
Ho toy ny andro vao miposaka
Ho toy ny rano mahavelona

5. "Raiso ny Tenako" no teninao
"Ary ny Rako ho fiainana"
Am-pitiavana no andraisanay
Na dia tsy mendrika aza izahay

6. Mombà anay, ry Tompo tia ô!
Aza miala amin'ny fonay
Aoka ny tavanao hazava re
Amin'ny lalana alehanay

262 - Indreto izahay

1. Indreto izahay
Ry Jeso ô!
Manaraka izao
Ny hafatrao
Ny fahorianao
Tsaroanay izao
Fa fatratra tokoa
Ny nentinao

2. Ny mofo haninay
Ry Jeso ô!
Milaza aminay
Ny tenanao
Ny fanavotanao
Mahafaka anay
Ka saotra re izao
Atolotray

3. Misotro ny divay
Izahay izao
Hahatsiarovanay
Ny antranao
Ny ra nilatsaka
No manadio anay
Manafaka tokoa
Ny olonao

4. Tarihonao ny fo
Ry Jeso ô!
Ho tia sy hankatò
Ny didinao
Ka tsy ny sitrakay
Fa ny Anao, Jeso
No aoka ho maminay
Ry Tompo ô!

Ny tenanao

263 - Mandrenesa ry sofina

1. Mandrenesa ry sofina
Mifalia, ry fo
Ny feon'ny Filazantsara
Manatona anao

2. Ry olon'ota rehetra
Ry ory sy noana
Izay mameno ny kibony
Amin-java-poana

3. Jehovah no mamboatra
Izay mofon'aina
Ho an'izay rehetra
Mety hihinana

4. Kristy sy ny fitahiany
Izany mofo izany
Fa izy no mamelona
Ny maty mosary

5. Avia, ry mosarena
Ka manaràna fo
Ny mofon'aina tsy lany
Fa ampy ho anao!

264 - He! mahagaga anay

1. He! mahagaga anay
Ny fitiavana
Nasehonao, ry Jeso ô!
Mba ho anay

2. Ny fijalianao
Ilay tao Golgota
Indrisy! lalina takoa
Ny ngidiny

3. Na mafy aza izay
Tsy nandosiranao
Nataonao tsinontsinona

4. Ny fitiavanao
Fa tsy ny fantsika
No anton'ny nihantonanao
Tao Golgota

5. Ny ra nalatsakao
No vidin'ny ainay
Ny fijaliana nentinao
No avotray

6. Tsaroanay izao
Derainay avokoa
Ilay fitiavanao anay
Ry Tompo soa!

265 - Ny fitiavanao

1. Ny fitiavanao
No mahagaga anay
Ry Zanak'Andriamanitra ô!
Ry Jeso Tomponay!

2. Hanavotra aina anay
No nijalianao
Ka famonjena lehibe
No azonay izao

3. Ny mofo sy divay
Izay haninay izao
Dia mampiseho aminay
Ny fitiavanao

4. Avia, Jeso ô!
Avia ankehitrio
Ka ny fanahinay sasao
Ho tsara sy madio

5. Mampaneke anay
Hanao ny sitrakao
Koa aoka tsy ho tianay

Izay tsy tianao

6. Monena aminay
Ry Tompo be fitia!
Ka aza ilaozanao izahay
Mandrakizay doria

266 - Ry Jeso Tompo, Hianao

1. Ry Jeso Tompo, Hianao
Isaorako tokoa izao,
Ny ranao sy ny tenanao
No nihinanako izao.

2. Ry foko faly, ambarao
Ny soa azonao izao;
Jesosy monina ao am-po,
Endrey ny hafaliako!

267 - He, ny andon'ny maraina

1. He, ny andon'ny maraina
Latsaka ao an-tsaha re
Ka mamelona ny maina
Izay maniry rano be!
Ravoravo e, ny tany,
Fa he, ny andro maina efa lany
Ka mitsahatra ny fahantrany
Manaroka ny hazo be!

2. Ny fanahy karankaina
Misy rano velona
Fa Jesosy andon'aina
Manome fiainana
Velona ny jentilisa
Ny tany hay dia tonga Paradisa
Marobe no efa voaisa
Handray ny lova masina!

3.Misy lalana mizotra
Izay mankao Ziona re
Any no mitanjozotra
Ny vahiny marobe
Ka Ziona dia mivoha
Hidiran'ny navotan'ny Tsitoha
Ao no ivorian'ny mifoha
Fa an'ny Tompo lehibe

4. He, mikambana ny mino
Amim-pifaliam-be
Ka ny hobiny maneno
Tahaka ny rano be!
Ao mitovy avokoa
Tsy misy tompo sy mpanompo koa
Eny razana iray tokoa
Ny mponina ao Ziona re!

268 - Jesosy no Mpiandry ny Fiangonanay

1. Jesosy no Mpiandry
Ny Fiangonanay
Ny feon'Izy irery
No feo fantatray
Ka tsy mba vala maro
Ny Fiangonanay
Iray tsy hay zaraina
Tapahin-Tompo iray

2. Iray no Vatolampy
Izay iorenanay
Iray no Fehizoro
izay ikambananay
Iray no Mofon'aina
Fihinanay ety
Iray no antenaina
Ho azonay ary

3. Tabain'ny hevi-diso
Kanefa mbola iray
Ny saina tsy mitovy
Tsy mahazara anay
Fisoko maromaro
Kanefa vala iray
Ny Tompo no mpiaro
Ny Fiangonanay

4. Ny teny samy hafa
Ny fomba tsy miray
Tsy misy maharava
Ny fikambananay
Ny fanenjehana aza
Vao mainka mampiray
Sy mahatsara laza
Ny fiangonanay

5.Ry Jeso! hatanjaho
Ny Fiangonanao
Ny fony halalaho
Mba hitoeranao
Izay firaisan-tsaina
Miseho hatrety
Velomy hanana aina
Hitohy hatrary

269 - He! tianay ny monina eto

1. He! tianay ny monina eto
Fa maminay ny valanao
Tsy tianay fa mampisento
Ny lavitra ny tranonao

Fiv : He! tianay ny monina eto
Fa maminay ny valanao
Tsy tianay, fa mampisento
Ny lavitra ny tranonao

2. He! tianay, fa misy aina
Ry Tomponay, ny valanao!
Tsy tianay, fa tany maina
Ny lavitra ny tranonao
He! tianay, sns...

3. Fehezinao, Mpiandry tia!
Milamina ny valanao
Tsy misy tsy mifankatia
Ny ondry izay tarihinao.
He tianay, sns...

4. Ny fanimban'ny fahavalo
Dia lavitra ny valanao
Mitazan-davitra mandalo
Ny rafinao tsy tia Anao
He! tianay, sns...

5. Ny fototra izay mahatsara
Ny valanao ry Tomponay!
Dia Hianao Mpiandry tsara
No miara-monina aminay
He! tianay, sns...

270 - Ry Tompo Izay nanangona

1. Ry Tompo izay nanangona
Anay ho vato velona!
Hazony tsy handao Anao
Ny vato voarafitrao
Fa maro no mandronjina
Handevona

2. Jesosy Fehizoro ô
Mpifehy mora sady to!
Tohano mafy izahay
Mba tsy hirodana indray
Fa indro ny mpisompatra
Mandrirotra

3. Ry Vato fampiraisana!
Tariho mba hikambana
Ny vato voapaika re
Ho tonga trano lehibe
Tsy zakan'ny mpandevona
Harodana

4. Ny Kristiana marobe
Mba ampiraiso tsara re
Hiray am-pitiavana
Ho velona finoana
Ka mba hiaraka hanao
Ny asanao

271 - Mba mivavaha raha vao maraina

1. Mba mivavaha raha vao maraina

Tsarovinao Ilay Mpanao anao
Izay niaro ny fanahy sy aina
Mba ho salama toy izao

Fiv : Tsarovy re ny Tomponao
Izay Mpiaro anao

2. Rehefa tonga koa ny antoandro
O! miambena tsara hianao
Fa manangoly saina isan'andro
Ilay devoly rafinao
Tsarovy re, sns...

3. Raha alina mangina, ka hatory
Tsarovy eo ny ota izay natao
Ka dia afony mafy sy itsory
Fandrao maningotra anao
Tsarovy re, sns...

4. Na aiza na aiza hianao mitoetra
Satana fahavali, ao tokoa
Ka aza kivy na mba manjoretra
Fa mivavaha tsy ho voa:
Tsarovy re, sns...

272 - Faly izahay nandre

1. Faly izahay nadre
Havan-tia nanao hoe:
"Miaraha aminay
Trano soa halehanay"

2. Efa tonga izahay
Mba hivavaka aminao
Ry Jehovah Tomponay
Mitahia ny olonao!

3. Miandrandra Anao izahay
Ka ùangataka aminao
Hanomezanao anay
Soa avy aminao

4. Dia sambatra izahay
Fa mitoky aminao
Ka ho tanterahinay
Izay rehetra sitrakao

5. Hoderainay Hianao
Andro amana alina
Mbamin'ny Anaranao
Foto-piadanana

273 - He! vokatra ny tany

1. He! vokatra ny tany
Jehovah Tompo ô!
Fa be tsy mety lany
Ny hasoavanao
Ny andro fararano
No ifalianay
Voataona ao an-trano
Ny vokatra azonay

Fiv : Soatra tsara entinay
Ho Anao tokoa
Ny olonao rehetra izao
Mifaly avokoa

2. Ny tany tsy misaona
Fa sambatra tokoa
Tsy tapaka isan-tokoa
Ny fanomezan-tsoa
Endrey, nahazo maina
Izao rehetra izao
Ny zava-manana aina
Mifaly aminao
Saotra tsara, sns...

3. Tontosa izay nirina
Nahazo izahay
Fa misy taona zina
Nataonao ho anay
Tsy diso isan-taona
Ny fitahianao
Ny olonao mihaona
Mba hankalaza Anao
Saotra tsara, sns...

274 - Tao an-tany karankaina

1. Tao an-tany karankaina
Nisy olo-maro be
Tsy mba nampodina maina
Tao Jesosy nanome

2. Na dia mofo kely aza
Tonga nahavoky ireo
Fa nitombo mahagaga
Samy faly izy ireo

3. Fa ny herinao, ry Jeso
Izay namonjy fahizay
No miasa lalandava
Hahavoky soa anay

4. Dia tahio ny fambolena
Hahavokatra tokoa
Miantrà ny firenena
Tsy ho diso zava-tsoa

5. Na dia voky fatratra aza
Mora reraka izahay
Ao ambony ny mateza
Iankinan'ny ainay

275 - Raisonao, ry Tompo soa

1. Raisonao, ry Tompo soa
Ny fanatitray izao
Hamasino avokoa
Izay atolotray Anao

Fiv : :,: Raiso re, ho Anao
Ho fanati-tsitrakao! :,:

2. He, Anao, ry Tompo soa
Izay rehetra anananay
Ny harena, vola koa,
Taminao, Jehovah Ray
Raiso re, sns...

3. Na dia kely aza, Tompo,
Ka tsy mendrika Anao
Raiso ho entina hanompo
Sy hanao ny sitrakao
Raiso re, sns...

4. Indro, Tompo, raiso koa
Tena, fo, fanahinay
Mba ho fiasana koa
Eo an-tananao izahay
Raiso re, sns...

276 - Ry Jehovah, Ray Mpahary

1. Ry Jehovah, RAy Mpahary
Sy Mpamelona anay
Tsapanay fa tsy manary
Hianao Mpitondra anay
He, mandratsa-pitahiana
Sesehena Hianao
Ka dia feno fifaliana
Izahay mpamonponao

2. Noteneninao ny tany
Notarihinao izahay
Ka nitobaka aoka izany
Izao ny vokatra azonay
Feno hika isan-taona
Ny fitiavanao anay
Ka aoreno tsy ho foana
Tompo ô! ny asanay

3. O! mba raiso re, ry Tompo
Izao fanatitray izao
Enga anie ka mba hitombo
Handrosoan'ny hanitrao
Raiso koa sy hmasino
Ny fonay hiasanao
Ny fanahy ampidino
Hampahery, hanavao

277 - Indro, Tompo, vory eto

1. Indro, Tompo, vory eto
Anatrehanao izahay

Mba hanatitra ireto
Vokatry ny asanay

Fiv : :,: Raiso re, raiso re!
Ho fanati-tsitrakao :,:

2. Hianao no mampaniry
Sy mampisy vokatra
Izahay dia mpitahiry
Fa Anao ny zavatra
Raiso re, raiso re, sns...

3. Ary na tsy mendrika aza
Aoka tsy holavinao
Fa ho enti-mankalaza
Ny Anaran-tsoanao
Raiso re, raiso re, sns...

4. Raiso koa re, ry Tompo
Ho anao ny tenanay
Amboary ho mpanompo
Mahafatra-po izahay
Raiso re, raiso re, sns...

278 - Mba ampio, ry Tompo soa

1. Mba ampio, ry Tompo soa
Izahay navotanao
Fa mikasa mba hanoa
Sy hanaraka Anao

Fiv : Hitanao, fa kely hery
Izahay mpanomponao
Tsy mahefa raha irery
Koa mba tarihonao

2. Izahay manolo-tena
Mba hiasa ho Anao
Ka maniry, manantena
Fa hanampy Hianao
Hitanao fa kely hery, sns...

3. Tianay hiara-dia
Aminao, ry Tomponay
Ka tantano tsy hania
Amin'ny alehanay
Hitanao fa kely hery, sns...

279 - Raisonao, ry Tompo soa

1. Raisonao, ry Tompo soa
Izato asan-tananay
Fa nomenao avokoa
Izay rehetra anananay
Simba izahay rehetra
Sady very hatrizay
Nefa soa tsy misy fetra
No navalinao anay

2. Hianao nanetry tena
Tsy nitandro henatra
Be fiantra ka onena
Ny tra-pahoriana
Mba tsarovanay izany
Koa dia tahafinay
Nefa fiasana ihany
Ao an-tananao izahay

3. Arosoy sy ampitaro
Aminay ny teninao
Hazavao ny olo-maro
Izay tsy mahalala Anao!
Ny misaona mba vangio
Ny kamboty inatrao
Izahay izay taonga anio
Mba ataovy irakao

4. Eny, ry Mpamonjy tsara
Amboary izahay
Mba ho tonga mpanambara
Ny fitianao anay
Ary dia mba tahio
Izato fikambananay
Hafanao, ampirisiho
Hamasino izahay

280 - Ry Tompom-boninahitra

1. Ry Tompom-boninahitra
Jereonao izao
Ireto izay milahatra
Ho tena irakao
Ny fanasana fatratra
Omaninao izao
Ilà-mpitondra hafatra
Hamory izay hankao

2. Hitety sampan-dalana
Sy vohitra izahay
Hanetra fisakanana
Sy ady mahamay
Ka aoka hotafiana
Ny fiadianao
Fa tena fanafihana
Izay hatao izao

3. O, re Fanahy Masina
Monena aminay!
Ka aoka ho tanasina
Tokoa izahay
Fihino tsy hihemotra
Ataovy irakao
Manefa zava-tsarotra
Ho voninahitrao

4. Ry Tompom-boninahitra
Ny voninahitrao
No aoka mba hitaratra
An-tavanay izao
Ka raha ao an-danitra
Fomena-masinao
Dia mainka vao hamiratra
Ho voninahitrao

281 - Vory eto izahay hihevitra ny asanao

1. Vory eto izahay
Hihevitra ny asanao
Tompo, manatreha anay
Ka asehoy ny sitrakao
Aoka Hianao no mba hitarik?anay
Ary ny Fanahinao hamelona aina anay

Fiv : Tompo, tahio izahay
Mba ho voninahitrao ny asa vitanay

2. Hahavita inona
Ny saina aman-kevitray?
Tena tsinontsinona
Ry Tompo ô Ny herinay
Koa mba midina eto afovoanay
Hanana aina masina ny fivorianay
Tompo, tahio izahay, sns...

3. Hianao no nanome
Ny asa hoheverinay
Tena adidy lehibe
No voatolotra anay
Enga anie ny sitrakao irery no hatao!
Aoka tsy ho vanona izay tsy sitrakao!
Tompo, tahio izahay, sns...

4. Areheto aminay
Ny afom-pitiavanao
Mba hahaizanay miray
Mitory ny anaranao
Hahavory marobe hanatona Anao
Hampamirapiratra ny voninahitrao!
Tompo, tahio izahay, sns...

282 - Ry Jeso Tompo velona mpiandry sy mpamelona

1. Ry Jeso, Tompo velona
Mpiandry sy Mpamelona
Ny Fiangona-masinao
Atreho izahay izao

2. Indreto (inty) mpanomponao vaovao
Atokanay , ka raisonao
Hanao ny raharahanao
Hamahana ny ondrinao.

3. Ny tany no nakana anay
Mihelina ny andronay

Ka vetivety izahay
Dia hody vovoka indray

4. Ry Jeso ô, Mpitia anay
Izay Mpanjaka hatrizay,
Endrey ny voninahitrao,
Manerana ny lapanao.

5. Ny deranao asandratra
Hitohy tsy hitsahatra
Hazava toy ny kintana
Ny tsara fanompoana

6. Mba raiso ny mpanomponao
Ka aoka hamboarinao
Ho mpanambara Mankato
Ny hafatrao, ry Tompo ô!

7. Omeo afo masina
Ny vava mampionona;
Ny sainao sy ny feonao
Omeo ny mpanomponao

8. Raha misy tafio-drivotra,
Tohano tsy hatahotra,
Hahery sy hisakana
Ny rafi-piangonana.

9. Ka mba ampirisihonao
Hanaraka ny dianao;
Tantano raha mbola aty,
Handresy ka ho tonga ary

10. Mba mamindra fo aminy,
Fa kely ny finoany ;
Ny Ranao masina anie
Hahafaka ny helony!

11. Ampio mba haharitra,
Raha mbola aty an-efitra
Raha avy ny hodiany,
Mba hazavao ny làlany!

12. Raha tonga ny harivany,
Ka ao ny ady farany,
Dia raiso ny mpanomponao
Hiala sasatra aminao;

283 - Manan-jara ry Jesosy ny mpanomponao

1. Manan-jara ry Jesosy !
Ny mpanomponao,
?Zay natokanao hitondra
Ny Anaranao;
Nofidianao ho mpitory
Ny fitiavanao,
Nitokianao ho mpamory
Ny vahoakanao.

2. Izao no zara-fanompoako
Voatendrinao,
Ka ny mafy tsy ahoako
Hahefako izao;
Tsy hadosi-pahoriana
Ny mpiasanao,
Fa ny hazo fijaliana
Lova taminao.

3. Na ho voky na ho noana
Ny mpanomponao,
Tsy handao ny fanompoana
Nametrahanao;
Sitrakao ny fiahafiana,
Ka mba tiako koa;
Zakanao ny tsi-fisiana,
Ka zakaiko koa.

4. Tsy ahiko ny handany,
Holanina koa,
Fa famoizan-tsoa no hany
Ahefana soa;
Na ny saiko na ny aiko,
Andro, vola koa,
Tsy mba misy holalaiko,
Foiko avokoa.

5. Nefa raha izaho irery

Tsy mahefa izao,
Ka mangataka ny hery
Eo an-tananao,
Aoka ho feno ny Fanahy
Ny mpanomponao
Mba ho tena lehilahy (vehivavy)
Voahosotrao.

284 - Mangataka aminao ny olonao, ry Tompo

1. Mangataka aminao ny olonao, ry Tompo
Mba hitahianao ny havan-tianay.
Izay atokanay hitondra sy hanompo
Ny fiangonanao; henoy ny vavakay.

2. Tafio ny herinao, fa tsy mehefa irery,
Fenoy hy hevitrao ho toy ny zanakao;
Mpitady ny mania, mpikaroka ny very,
Hitondra ireo ho tia ny valan?ondrinao.

3. Ny sainay hazavao hahazo fahendrena
Hahayhitondra izao vahoaka be izao;
Ampianaro koa mba tsy hatoky tena
Tolory saina soa hiankina Aminao

4. Raha ory, aza afoy, tohano sy onony;
Marary mba tsaboy, mahantra mba jereo;
Apetraka aminao ny ainy sy ny fony,
Ka mba tsinjovinao, arovy sy vonjeo.

285 - Mivory maro eto ?zahay navotanao

1. Mivory maro eto
?Zahay navotanao
Ny saotranay no ento
Ho voninahitrao.
Mifaly sy mihoby
Mandray ny irakao.
Ka eto ny mitoby
Mangataka aminao.

2. Ry Kristy tena Andry
Sy Vatolampinay!
Ry Lohan?ny mpiandry
Sy Tompo tokinay!
Tohano mba hijoro
Ity mpanomponao,
Tinendry ho mpanoro,
Mpilaza hafatrao.

3. Handray ny asa mafy,
Koa aza ilaozanao;
Hitory, ho mpamafy,
Ka dia mba hazavao.
Vokiso lalandava
Ny saina tianao;
Omeo ny andro lava
Hanao ny asanao.

4. Tahio mba ho salama
Hahefa ny Anao,
Ho iraka mafana
Ampian?ny herinao;
Mandrava manda mafy
Mba hampanjaka Anao,
Koa aoka mba hihafy,
Fa izay no sitrakao.

5. Ny fitaizam-panahy,
Adidy lehibe,
Ampio mba tsy hanahy
Ny asa marobe;
Ka dia tahio ny asa
Hataony ho Anao;
Ny fony no mikasa
Hanoa ny didinao.

286 - Ry Jeso Mpitarika Hendry

1. Ry Jeso Mpitarika Hendry!
Tsinjovy ny olom-boatendry;
Tolory ?zay hevitra Hendry

Handinika sy hahakendry
Ry Tompo mpanjaka mahery;
Vangio raha ory sy tery,
Tohano raha mahatsiaro fery
Vimbino ndrao saraka irery.

2. Raha miasa dia miasa ny saina,
Kanefa ny tany no maina,
Ka mila ho kivy ny aina,
Tondray fandrao karankaina,
Ny mpiasa izay voafidy
Hamoa ny fo ?zay mihidy,
Hitari-panahy saro-bidy,
Tantano hanaraka didy.

287 - O! Miaingà izao, ry miaramila soa

1. O! Miaingà izao, ry miaramila soa,
Antsoin?ny Tomponao hiady hianao
Ny fahavalo ao kanefa mandrosoa,
:,: Mahery re no momba anao :,:

2. Izao tontolo izao izay feno fahotana
No iantsoana anao mba hotafihinao;
Indreo mihoraka ao ny fehin?i Satana,
:,: Jeso anefa momba anao :,:

3. Ny aizim-be izay mandrakotra ny tany
No iantsoana anao, ka ndeha mba savao;
Ny Tompo no tafio, alao ny hazavany,
:,: Diovy izao tontolo izao :,:

4. Ny fahoriam-be izay manarona eto
No iantsoana anao, ka moa ve handà ?
Ampiononinao ny ory sy misento,
:,: O! mazotoa, ka miaingà! :,:

5. Na inona hanjo, mbola ao ny famonjena;
Hahery hianao! Izay no antenao;
Ampiozinao tokoa izao ny fandresena,
:,: Mahery ilay arahinao :,:

6. O! Mahereza izao, ry miaramila soa!
Ny hatrotrahanao iareto sy zakao,
Jesosy no jereo, ka matokia tokoa,
:,: Fa Izy re no herinao :,:

288 - Sambatra izay voafidy ho mpiasanao

1. Sambatra izay voafidy
Ho mpiasanao
Ka hanohy ireo adidy
?Zay natombokao,
Ho mpitaiza ny fanahy
Toy ny vitanao
Ho mpiady tena sahy
Tarikao Jeso.

2. Dia mpiasa tsy an-tery
Ka mafana fo,
Te-hanangona ondry very
Marobe tokoa,
Te-hitaona ny tanora
Sy ny zaza koa,
Tsy hifidy asa mora,
Fa ho mpankato.

3. Hianao ry Jeso Tompo,
No nampianatra
Ny olonao mba hanompo
Tsy mitsahatra
Tsy handala ny talenta
?zay natolotra;
Fa aina re no fetra
Entina manao.

4. Nefa tsy matoky tena
Fa malemy moa,
Ka dia mila fahendrena
Mila hery koa;
Ho mpiasa mahavita
?Zay anjara ety,
Mandra-pody ao am-pita

Aminao ary.

289 - Hitsangana izao ?zahay ry Tompo ô

1. Hitsangana izao
?Zahay, ry Tompo ô!
Mba hanompoanayAnao
Ampionao izahay.

2. Ny fahotana be,
Izay vitanay taty,
Dia ibebahanay izao
Ka mamelà anay.

3. Ny tsy finoanay
No nijanonanay
Tsy nanatonanay Anao
Izay ela be izay.

4. Sasao madio izahay
Asio fo vaovao
Ho ao anatinay izao
Ry Jeso avotray!

5. Inoanay tokoa
Fa maty Hianao,
Hisolo olo-meloka
No nijalianao.

6. Mba manampia anay
Hiankina aminao
Fa tokinay ny avotrao
Natao tao Kalvary.

290 - Indreo fa mivory izao

1. Indreo fa mivory izao
Zatovo vonon-kanavao
Ilay fanekena tsara;
Mba raisonao, ry Rainay ô!
Ny fitarainanay izao,
Omeo toky tsara;
Henoy, fenoy
Aim-panahy mba ho sahy lalandava
Ho mpanaiky ny mazava.

2. Mandà ny ratsy izao,
Manaiky fa ho zanakao
Handia ny lalan?aina;
Ry Ray ô mba tsarovinao
Ireo voasoratrao
Ao amim-bokin?aina;
Tezao izao
Tsy ho resy fa handresy,
Ka omeo
Azy hery mahaleo.

3. Natsanganao ho zanakao
Sy ondry mba handrasanao,
Ka tena sarobidy;
Arovy re ny ondrinao
Tantano ny malalanao,
Ry Tompo izay nifidy
Anay handray
Lova soa tsy miova,
Ka hazony
Tsy handao Anao intsony!

290 - Indreo fa mivory izao

1. Indreo fa mivory izao
Zatovo vonon-kanavao
Ilay fanekena tsara;
Mba raisonao, ry Rainay ô!
Ny fitarainanay izao,
Omeo toky tsara;
Henoy, fenoy
Aim-panahy mba ho sahy lalandava
Ho mpanaiky ny mazava.

2. Mandà ny ratsy izao,
Manaiky fa ho zanakao
Handia ny lalan?aina;
Ry Ray ô mba tsarovinao
Ireo voasoratrao
Ao amim-bokin?aina;
Tezao izao

Tsy ho resy fa handresy,
Ka omeo
Azy hery mahaleo.

3. Natsanganao ho zanakao
Sy ondry mba handrasanao,
Ka tena sarobidy;
Arovy re ny ondrinao
Tantano ny malalanao,
Ry Tompo izay nifidy
Anay handray
Lova soa tsy miova,
Ka hazony
Tsy handao Anao intsony!

291 - Efa tonga zana-dRay Tsitoha hianao

1. Efa tonga zana-dRay Tsitoha hianao,
Ry tanora, tamin'ny batisa masina;
Izany no tenin'ny Tompo

2. Koa aza manadino ny batisanao,
Zava-tsoa sarobidy efa azona;
Tamin'ny ranon'aina.

3. Famelana heloka sy fahasoavana
Fanavaozana ny fo sy fiadanana;
Samy nomen'ny Mpamonjy.

4. Dia arahonao Jesosy, fa
Mpamonjinao;
Aoka hahafaly Azy ny fiainanao;
Tovy izay Sitrapony!

5. Mivavaha, miambena ao an-dalana!
Misy fahavalo fetsy ta-hamitaka
Ny ondrikelin'ny Tompo

6. Mahatoky ny Mpamonjy, aza kivy fo,
Izy hampionona, raha avy ny manjo;
Azy ny hery rehetra.

7. Ary raha tapitra ny andronao aty
Endrey ny fifalianao rehefa mby ary;
Amin'ny Tompo Jesosy!

292 - Izahay natao batisa

1. Izahay natao batisa,
Voarain'ny Tomponay,
Ary efa voaisa
Mba ho zanaky ny Ray;
Voavelany tokoa
ny fahadisoanay
Nefa mbola mora resy
Mora simba izahay.

2. Na ny asa, na ny teny,
Na ny hevitra ao am-po,
Mbola tsy madio ireny,
Ka diovy, Tompo ô!
Mora aminay ny ratsy,
Sarotra aminay ny to;
Mba ampio tsy ho resy
Izahay, ry Tompo ô!

3. Raha mbola aty an-tany
Izahay izay zanakao,
Mba ampio tsy ho lany
Ny finoanay Anao.
Ry Jesosy Tompo soa,
Tano mafy izahay,
Mba ho azonay tokoa
Izay anjara lovanay.

293 - Izaho nentina nanatrika

1. Izaho nentina nanatrika
Ny Tompo sy ny fiangonana;
Ny ray sy reny niantoka
Hitaiza sy hitari-dalana.

2. Ka faly aho fa noraisina
Natao batisa mbola zaza re,
Nanaovam-panekena masina
Ho zanaky ny Tompo lehibe.

294 - Ampio aho, Zanahary ô

1. Ampio aho, Zanahary ô,
Hanaraka ny "eny" masina,
Izay nataoko taminao, ry To,
Ka tsy mba hisy fivadihana.

2. Ry Tompoko, Izay nanomboka
Ny asa tsara ao anatiko,
Arovy aho ho tanteraka,
Mba tsy ho faty ny finoako.

295 - Miorena mafy tsara

1. Miorena mafy tsara
Amin'Ilay vatosoa
Mandrosoa, mifahara,
Mifikira mafy koa.
He! Ny Tompo manambara
Fa ho sambatra tokoa,
Ka ho tsara miafara
Ny mpanompo mahasoa.

2. Raha misy fahoriana
'Zay midona aminao,
Raiso re ho fitahiana
'Zay omen'ny Tomponao;
Fa ny lalam-pijaliana
'Zay alehanao izao
Dia mamelom-paniriana
Hitomboan'ny herinao.

3. Miadia ny ady tsara,
Ho mpandresy hianao;
Tontosay izay anjara
Eo am-pelantananao;
Jeso Tompo no mijery
Sy mahita ny atao,
Koa tsy mba hisy very
'Zay rehetra vitanao.

4. Ry Jesosy! hantajaho
'Ty mpanolo-tenanao,
Miangavy, mitalaho,
Ka iteneno, Tompo ô!
Aoka re ho tena taho
'Zay mikambana aminao,
Ka ny foko halalaho,
Diovy ho Tempolinao.

296 - Ankehitriny, Jereo, ry Ray!

1. Ankehitriny,
Jereo, ry Ray!
Ny mpivahiny,
Miampy indray;
Ka manomeza hery
Ny fiangonanao,
Mba tsy hiasa irery
Ny olonao.

2. Avia hitahy
Ny olonao;
Ka ny Fanahy
Omeonao;
Ho hery izay handrava
Ny toetra ratsinay,
Ho jiro hanazava
Ny làlana.

3. Ry Tompo tia!
Tarihonao
Hifankatia
Ny olonao,
Mba tsy ho rava intsony
Ny fikambananay,
Hamantana ao ambony
Ny dianay.

297 - Ry havanay malala!

1. Ry havanay malala!
Manolo-tena izao.
Fotoana mahafaly
Iraisan-tsika anio;
:,: Faly 'zahay mandray anao :,:
Hiara-manompo ny Ray,
:,: Jeso anie mandray nao! :,:

Mba ho sakaizany tokoa.

2. Hajao ny fanekena,
Adidinao efao.
Ataovy tsy terena
Izay andraikitrao.
:,: Jereo Jeso ka matokia, :,:
Fa Izy no hiahy anao.
:,: Ka mandrosoa sy mifalia, :,:
Hanefa izay anjaranao.

298 - Aina no fetra ry Tompo Mpanjaka

1. Aina no fetra ry Tompo Mpanjaka,
Aina no fetra anarahana anao,
Ka ny faneva tsy maintsy ho zaka,
Ny fanompoana tsy maintsy atao.

Fiv : Indreto izahay, hilanja faneva,
Ilay hazo izay nanavotana anay;
An-tsitrapo no anoloranay tena,
Ka tano mba ho Anao izahay.

2. Aina no fetra ho enti-manoa
Ilay Zanak'ondry nisolo anay;
Fandavan-tena sy fanaovan-tsoa
No fianarana atolotra anay.
Indreto izahay, hilanja faneva, sns...

3. Aina no fetra, ry Tompo malala!
Aina no fetran'ny fitiavanay;
Ka sanatria izay handao na hiala;
Mandrakizay, ho Anao izahay.
Indreto izahay, hilanja faneva, sns...

4. Aina no fetra, ny nofo anefa
Mora mirona ho lavo indray,
Ka manampia, ry Mpandresy mahefa!
O! mba tantano, hazony izahay.
Indreto izahay, hilanja faneva, sns...

5. Aina no fetra, ka ampio, ry Fanahy!
Aina no fetra, vonjeo e, ry Ray!
Aina no fetra, izahay re no sahy;
Aina no fetra, handresy izahay.
Indreto izahay, hilanja faneva, sns...

299 - Tompo mahery Tsitoha

1. Tompo mahery Tsitoha,
Faly 'Zahay mahatsiaro,
Fa Hianao Izay Loha,
Efa niantso olo-maro,
:,: Mba hitohizan'ny asa,
Asa natomboka teto :,:

2. Raiso ny saotra aman-dera
Noho ny zavatra vita,
Fa Hianao nampahery
Ny mpiasanao izay tafita.
:,: Raiso fa Anao samy irery
Ny fahefana sy hery. :,:

3. Dia hamasino ny asa
Sy ny fiezahana mafy.
Efa naaon'ylay mpiasa
Tamin'ny fo sy ny hafy.
:,: Ho voninahitrrao, ry Tompo
Zay niantso azy hanomo. :,:

4. Ary izahay izay mandova
Sy ta-hanohy ny asa,
Aoka ny toetra ho lova
Horaisinay, enti-miasa.
:,: Ho voninahitrao, ry Tompo
'Zay efa niantso mpanompo. :,:

300 - Ny tany izay vangianao

1. Ny tany izay vangianao,
Ry Jeso Masoandronay,
Tsy maintsy lasanao, Jeso,
Mba hanjakoanao avokoa.

2. Ny vavaka sy dera koa
Tsy manam-pitsaharana,
Hiakatra aminao tokoa,

Hitady fiadanana.

3. Ireo olona voaforona,
Dia ary ho Anao tokoa;
Hohasoavinao ireo
Hanjary masina avokoa.

4. Ny fo sy tany lasanao
Ho feno fahasambarana,
Ny loza hosakananao,
Ny soa hampidinina.

5. Ny maty hovelominao
Ny ratsy hohavaozina,
Ny very hotadiavinao
Ny diso, re, horaisina.

6. Ry vazan-tany efatra!
Ry Nosy tanindrazanay!
Mba raiso Ilay Mpanavotra
Ho Tomponao madrakizay.

301 - He, sahanao, Mpamonjy ô!

1. He, sahanao, Mpamonjy ô!
Izao rehetra izao.
Ka be izao ny vokatra ao,
Fa vitsy ny mpanao.

2. lndreto, tonga izahay
Hivavaka aminao,
Hanolotra ny tenanay
Hiasa ho Anao.

3. Ny firenena marobe
Sy nosy mba tahio,
Indrindra fa ny Nosinay,
Ry Tompo ô, ahio.

4. Vimbinonao ny irakao,
Ny feony hamamio,
Indrindra fa omeonao
Ny zotom-po madio.

5. Tahio re ny olonao
Hihaino sy hanoa,
Mba hahitany aminao
Ny antra mahasoa.

302 - Miandry ao ny Tomponao

1. Miandry ao ny Tomponao,
Samia manendry tena,
Fa be ny asa izay atao;
Atreho ny firenena!

Fiv : Topazo, maso kely
Ny ondry izay mania
Ilay zandry lasa niala,
Ataovy hoe: modia!

2. Miandry ao ny namanao
Moa ve tsy ho vonjena?
Hatony re, dia ilazao;
Kristy no famonjena.
Topazo, sns...

3. Hevero e! ny Nosinao
lty Madagasikara!
Mba efa aiza izy izao
Ara-pilazantsara?
Topazo, sns...

303 - O mandrosoa, ry mpanaraton?i Jeso

1. O mandrosoa, ry mpanaraton?i Jeso,
?Zay no baiko azontsika, ka
mandrosoa :
Jesosy Tompo no mibaiko mandrosoa :
Raiso ka arotsahy ny haratonao.

Fiv : Miaingà, namako ô ! Jeso no mibaiko
Mandrosoa, mandrosoa, mandrosoa
tokoa
Aza kivy koa, na dia tsy mahazo :
Mandrosoa amin?ny lalina kokoa.

2. O mandrosoa, ry mpanaraton?i Jeso,
Saina mora kivy aoka ho lavinao ;
Fa ny mora kivy dia hanenina tokoa :
Raiso ka arotsahy ny haratonao.
Miaingà, namako ô, sns...

3. O mandrosoa, ry mpanaraton?i Jeso,
Mbola ao ny hazandrano ho azonao
Tsy azonao anio, ampitso mandrosoa,
Raiso ka arotsahy ny haratonao.
Miaingà, namako ô, sns...

4. Mba mitoera, Jeso ao antsambonay
Mba ho renay lalandava ny teninao ;
Ny baikonao, ry Tompo, no andrasanay
Handrotsahanay izao ny haratonay.
Miaingà, namako ô, sns...

304 - He, ali-maizim-pito e!

1. He, ali-maizim-pito e!
Sao very ao ny marobe,
Satana no manjaka ao.
Mivadi-po ny olona ao.

Fiv : Avia, ry Masoandronay,
Mba hazavao ny taninay!

2. Fa ny mazava ho anay
Ao aminao, Jehovah Ray!
Mamirapiratra tokoa
Ilay Fitarikandro soa.
Avia, sns...

3. Ry Jeso Masoandronay!
Miandry eto izahay;
Mba misehoa Hianao,
Fanilon'ny fanahy ô!
Avia, sns...

4. Dia hazavao ny taninay,
'Ndrao very eto izahay;
Savao ny aizim-be izao
Hizoranay hankaminao.
Avia, sns...

305 - O! miasà, sakaiza

1. O! miasà, sakaiza,
Jeso no herinao;
Na misy mafy aza,
Izy tsy handao.
Dia matokia tokoa,
Fa Jeso momba anao.
Ka hisy voka-tsoa
Hifalianao.

2. Maro ny andro lasa
lzay tsy nanaovanao,
Ka mbola be ny asa
lzay tsy vitanao,
Koa dia mitsangàna
Hanao tokoa izao,
Hahavitanao tsara
Ny anjaranao.

3. lndro, fa mihariva,
Fohy ny andronao;
Moa tsy mba fantatrao va
Ka tsy hitanao?
Eny, fa manakaiky
Jeso Mpitsara re,
Ary efa 'mby akaiky
Ny hodianao.

4. Rehefa tonga Jeso,
Tompon'ny asanao,
Ary hamaly soa
Ny mpiasany.
Mandrakizay doria
No hifalianao,
Raha mpanompo tsara
Mahatoky e!

306 - Mamafaza voa, ka aza mba malaina

1. Mamafaza voa, ka aza mba malaina,

Fa tsy fantatrao re izay ho vanona;
Na amin'ny hariva, na amin'ny maraina,
Mamafaza voa tsy mijanona.

Fiv : :,: Matokia re, matokia re,
Hisy amboara ho anao anie!:,:

2. Mamafaza voa amin'ny mahantra,
Ka aza mba mifidy izay hasian-tsoa;
Fa ny fo mazoto sady feno antra
Dia homen'ny Tompo valisoa tokoa.
Matokia re, sns...

3. Mamafaza voa amin'ny malemy,
Ary mba ampio izay reraka ao am-po;
Asehoy Jesosy loharanon-kery,
Ao no anovozy izay ilain'ny fo:
Matokia re, sns...

4. Miasà, sakaiza! milofosa tsara
Dieny misy asa azonao atao;
Matahora sao tsy vita ilay anjara
lzay napetraky ny Tompo aminao.
Matokia re, sns...

307 - lza no hanompo an'i Jeso soa?

1. lza no hanompo an'i Jeso soa?
lza no hanaiky, mba ho Azy moa?
He ny hatsarany! He ny antra be!
Izy ta hamonjy ka meteza re.

Fiv : Jeso Tomponay ô! Indreto izahay,
Avy mba hanaiky, ka mandraisa anay.

2. Iza re no mety, iza re lazao,
Hanome ny fony mba ho Azy izao?
He, miantso mafy Jeso Tompo tia:
"Zay rehetra mety, ô! avia, avia!"
Jeso Tomponay ô! sns...

3. lza no mba sahy, sahy ao am-po
Ho miaramila fehin'i Jeso?
lza no hiady ady tsara re,
Fa ny fahavalo dia marobe?
Jeso Tamponay ô! sns...

4. lza re no homba Azy ankehitrio
Mba hamonjy ireny azon'ny manjo?
lza no hihafy sady hanome
Andro, hery, saina? Mamalia e!
Jeso Tomponay ô! sns...

5. lza no hazoto mba hiasa moa?
lza no handroso mba ho hendry koa?
lza no hanaiky, iza re? lazao!
Mba ho an'i Jeso izao anio izao:
Jeso Tompanay ô! sns...

308 - O! miaingà, miasà izao

1. O! miaingà, miasà izao,
lrak'i Jesosy hianao;
Ny masoandro miposaka ao
Mba hanazava ny dianao.
:,: Ka dia mazotoa ô.:.:

Fiv : O! miaingà, miasà, mitoria,
Aza ho kivy, fa mba mihafia
Dia mba lazao ny nataony taty,
Mba hanazava ny maizina aty.

2. O! miaingà, miasà izao,
Ka afafazo ny voanao
Ho ao an-tany mahantra ao,
Jeso Mpamonjy no aronao
:,: Hitahy nyasanao:,:
O! miaingà, sns...

3. O! miaingà, miasà izao,
Aoka hiezaka fatratra;
Jeso hanambina anao aty
Mandra-pahazo ny vokatra
:,: Zay valin'ny asanao :,:
O! miaingà, sns...

4. O! miaingà, miasà izao,
Fa 'mby akaiky ny Tomponao

Mba hanome valisoa anao,
Araka izay voa nafafinao.
:,: Ka dia miasà izao:,:
O! miaingà, sns...

309 - Iza no hitantara ny Tompo Jesosy

1. Iza no hitantara
Ny Tompo Jesosy,
Ilay nandao ny lapa
Ka nidina taty ?
Nitafy nofo Izy,
Nanetry tena koa.
Ka maty ho Mpisolo
lzao rehetra izao:
lza no hitantara (in-3)
Ny Tompo Jesosy?

2. lza no hitantara
Ny fitiavany ?
Fa tia ny mpanato
Mahantra, very koa;
Ka izay manatona Azy
Dia tsy hariany,
Fa raisiny tokoa
Mba ho sakaizany:
lza no hitantara (in-3)
Ny fitiavany ?

3. lza no hitantara
Ny zava-marobe
lzay raisin'ny voavonjy
Amin'ny alalany?
"Tsy mbola hita maso,
Na ren'ny sofina,
Na takatry ny saina"
Ny hasoavany:
lza no hitantara (in-3)
Ny hasoavany ?

4. lza no hitantara
Ny soa be ary
He! Lova tsara fara
Hasolo ny aty;
Any an-danitra any
Be haravoana,
Fa ao ny Tompo Jeso
lzay hifaliana:
lza no hitantara (in-3)
Ny soa be ary ?

310 - Misy maro ao an-tsaha mitaraina

1. Misy maro ao an-tsaha mitaraina,
Ka ento ny Jiro mba hankao,
Tsy mba misy antoandro na maraina,
Fa maizina re ny ao;
Indro olo-maro be
No maniry mafy hoe:
Mba midina mankaty,
Itondray Baiboly re
Izy ireo fa ta-handre
An'i Kristy Tompo soa.

Fiv : "Mandehana", hoy ny Tompo,
"mandehana
Ho amin'izao tontolo izao".
Mitsangàna ary, eny, mitsangàna
Fa izy no homba anao.

2. Mandehana mba hitarika ny jamba,
Mba ampifalio ny ory fo;
Ny mahantra ilazao fa misy lamba
Tsy miova, tsy mety lo;
Jeso Mofon'aina soa,
Sady Ranon'aina koa,
Asehoy ho hitany,
Tena Andriamanitra,
Tompo tao an-danitra,
Ambarao ho fantany:
"Mandehana", sns...

3. Mandehana hanatanjaka ny osa,
Omeo toky re ny ketraka;
Ny anjaranao, ataovy ho tontosa,
Ka aza dia reraka,

Mandehana hianao,
Ka vitao ny asanao,
Fa ny tambinao ary,
Mbola any ihany re
ny handraisan-tamby be,
Dia rehefa tsy ety;
"Mandehana", sns...

311 - Miely lavitra any ny olo-marobe

1. Miely lavitra any
Ny olo-marobe;
Koa lza no hankany;
Hamonjy azy re,
Hanorina sekoly,
Hitory teny koa.
Hamaky ny Baiboly,
Milaza zava-tsoa?

2. lndreny olona ory
Tsinjovy, ry zareo!
Tsy misy ny mpitory,
Ka moa hafoinareo ?
Tsarovy Jeso Tampo
Nandao ny lapa soa,
Ka tonga mba hanompo,
Nanolotra aina koa.

3. Ry Lohan'ny mpiandry!
Tendreo ny irakao,
Fa reraka ka mandry
Ny ondrikelinao;
lraho ny mpitory
Handeha ankehitrio,
Ka tsy handà akory
Hanao veloma anio.

4. Ny tia famonjena
Miaramila soa;
lzay manolo-tena
No iraka tokoa;
Na lavitra ny tany,
Hanendry tena hoe:
"lzaho no hankany,
lraho aho e!"

312 - Mitoera, ry Jesosy!

1. Mitoera, ry Jesosy!
Ao an-tanimbolinao,
Ka amboary 'zao ny voly
Mba hitombo sy hamoa.
Tomoera,
Iasao ny Nosinay.

2. Mba onenonao ny lasy
Itoeranay izao,
Ka ovay ny Malagasy
Mba ho tena zanakao.
O! monena;
Hazavao ny Nosinay.

3. Akekezo ireo mpania
Tafaverina aminao,
Ka tantano mba ho tia
Ny miresaka aminao.
O! tariho
Ho Anao ny Nosinay.

4. Dia fohazy ny mpitory
Mba hanao ny asanao,
Ka hamoha ireo matory
Mba handre ny sitrakao.
Hamasino
Ho anao ny Nosinay.

5. O! Jesosy feno antra!
Dera, laza, ho Anao,
Ny lohalika rehetra
Handohalika aminao.
Mitoera,
Fa anao ny Nosinay.

313 - Miantrà ny firenena, ry Jesosy Tomponay !

1. Miantrà ny firenena,
Ry Jesosy Tomponay!

Ambarao ny famonjena
lzay nataonao fahizay;
Asehoinao ny hery
Namonjenao marobe;
:,: Ry Mpamonjy olorn-bery!
Mamonje indray anie.:,:

2. Mba heveronao ny Nosy
Itoeranay izao;
Iantraonao, ry Jesosy,
Ny tsy mahalala Anao;
Iantrao 'reo faritany
Anjakan'ny aizim-be,
:,: Mba ho tonga faingana any
Ny mazava lehibe.:,:

3. Be ny tany tsy voasa,
Vitsy ny mpanomponao;
Koa izahay mpiasa
Ao an-tanimbolinao
Mba omeo fo minia
Hankatò ny teninao,
:,: Ka aoka mba hikely aina
lzahay hiasa ao.:,:

4. Mankanesa, ry mpitory!
Ao an-tany lavitra ao,
Be tsy mahalala akory
An'i Jeso Tomponao,
He, ny fahantrany, indrisy!
He, ny hadalan'ny ao!
:,: Fa ny olona tsy misy
Hampianatra azy izao.:,:

5. Ny harena anomezo
Sy ny fahendrena koa.
Eny, Kristiana! Aelezo
lzay rehetra mahasoa;
Mankanesa re 'zay tia
Ny Mpamonjy lehibe;
:,: Miantrà ka manampia
Ny mahantra marobe.:,:

314 - Injany, misy feo!

1. Injany, misy feo!
Ka iza no tsy mandre?
Ry Kristiana, raiso
Adidy lehibe.
Manerana ny tany
Ny antso avo izao,
Ho an'i Jeso Tompo
Izao tontolo izao.
Mihobia
Sy mitoria.
Ny teny mahafaly
Izay voarainareo
Izao no tena fetra;
Ho an'i Jeso soa.
Ny olona rehetra ho Azy
Avokoa.

2. Tsy ho antsika irery
Ny fahasoavam-be,
Fa ho an'ny olom-bery
Tsy an-kanavaka e!
Ny fiantran'ny Tompo
Tsy misy fetra, koa
Lazaonareo mpanompo
Lay fitiavan-tsoa.
Miasà.
Ka milazà
Ny teny mampionona
Mahafa-po;
Voarainareo ny baiko:
Ho an'i Jeso soa
Ny olona rehetra ho Azy
Avokoa.

3. Ny Tompo no milaza:
"Andeha mitoria,"
Ka na dia sarotra aza
Ny asa, matokia;
Fa tsy mandeha irery
Izay mitondra soa,
Fa omban'Ilay Mahery
Ny irany tokoa,
Ka sahia.

Dia mitoria
Ny famonjena lehibe
Voarainareo;
Voatsangana ny saina:
Ho an'I Jeso soa
Ny olona rehetra ho Azy
Avokoa.

4. Ry Tompo sy Mpanjaka!
Ampio ny olonao
Hanoa sy hanahaka
Ka hankalazo Anao,
Dia aoka hokendreny
lzay katsahinao.
Ka hahita famonjena
lzao rehetra izao,
Ry Tsitoha!
Mba manehoa
Ny hery mahagaga izay
Anananao:
Tongava mba hanjaka,
Ka angony avokoa
Ny olona navotanao,
Ry Tompo soa!

315 - Ry Ziona, mitsangàna, ka mihazavà izao

1. Ry Ziona, mitsangàna,
Ka mihazavà izao;
Andrandrao ny fahazavana,
lzay miposaka aminao.

2. Maizina ny firenena,
Amin-tany fantatrao,
Fa tsy manam-pamonjena,
Nefa ankohonanao.

3. Asandrato ny fanilo
Hanazava lavitra,
Mba ho marobe no hino
An'Andriamanitra.

4. Atopazy re ny maso!
Marobe ny zanakao,
Toy ny tany feno hazo
Eo anatrehanao.

5. Ry Jesosy, hotahinao
Anie ny lovanao;
Olo-maro izay irinao,
Taomy mora ho Anao.

316 - Maizina ny firenena

1. Maizina ny firenena,
Koa diso lalana,
Tsy mahita famonjena,
Tia zava-poana;
Endrey, ny haverezan-tsainy,
Lany foana ny ainy.

2. Lehibe ny aizin'ota,
Takona ny lalana
Handosiran'ny mpanota
Ny fahaverezana;
Indrisy, very re ny aina!
Injany ny feo mitaraina!

3. Mitsangàna izao, ry mino,
Mandehàna faingana,
Ento aminy ny jiro,
Atoroy ny lalana;
Hianao va tsy onena
Ny tsy manam-pamonjana ?

4. Dia ento ny mazava
Izay naseho taminao;
Mazotoa hampisava
Izany aizim-pito ao,
Ka ny namanao mahantra
Itorio ny Mpiantra.

5. Eny, tsara sy mahery
Ny filazantsara re!
Afaka ny olom-bery,
Sambatra ny mahare
Ka mitandrina tokoa

Izany teny mahasoa.

317 - O, ry Rain'ny fahazavana tsy milentika!

1. O, ry Rain'ny fahazavana tsy milentika!
Avy izahay mitondra ny fisaorana;
Aloky ny fasanay no ipetrahanay,
Nefa andro no nasolonao ny alinay.

2. Enga ka handroso tsara ny mazava e,
Mba ho fantatray tokoa Ilay manao hoe:
"Izaho no fahazavan'izao tontolo izao",
Hanazava sy hanitsy izay alehanao.

3. Ny Fitarikandron'aina efa hita re,
Manazava na ny kely na ny lehibe,
Mahasoa, mahahendry, mahasambatra,
Ka akory re ny andro izay hiposaka!

4. Mitsangàna, ry Ziona, ka mihazavà!
Voninahitry ny Tompo no miposaka;
Atopazy manodidina ny masonao,
Ny haren'ny firenena tonga aminao.

318 - Mandrosoa, ry mpanarato

1. Mandrosoa, ry mpanarato,
Aza ketraka izao!
Mandrosoa tsy miato,
Jeso re no herinao.
Ka ny jentilisa maro,
Havana sy tapaka,
Mba toroy ampahafantaro
An'Ilay Mpanafaka!

2. Mandrosoa, ry mpanarato,
Miezaha fatratra,
Ka na iza hisahato,
Aza mba matahotra.
Notolorana adidy
Hianao, ka miasà!
Na ho mamy na mangidy,
Aza fay na mba mandà!

3. Mandrosoa, ry mpanarato,
Ao an-drano lalina!
Misy ve hitora-bato ?
Anehoy fitiavana!
Raha kivy ny mpanota
Noho ny haratsiny,
Ento any Gologota
Amin'ny Mpamonjiny.

4. Mandrosoa re no baiko
lzay mifehy ahy izao,
Ka ny tena sy ny aiko
Raiso, Tompo, ho Anao!
He, afoiko manontolo
lzay ananako izao,
Ary raisonao daholo
Mba ho voninahitrao!

319 - Mba iraho ny Fanahy ry Jesosy Tompo ô!

1. Mba iraho ny Fanahy
Ry Jesosy Tompo ô!
Mba hanampy sy hitahy
Ny mpiasa irakao.
Tany mafy no asaina,
Nefa kely izahay,
Marobe no tsy misaina,
Raha itorianay!
Tanteraho re ny toky,
lzay nomenao fahizay,
Ka mombà anay mpitory
Mandra-podimandrinay!

2. O, ry Masoandron'aina,
Hazavao ny namanay,
Mba fafazo andon'aina,
Fa efa toy ny tany hay;
Tapa-kazo no hajainy,
Ka tsy fantany ny To:
Feno aizina ny sainy,
Efa momoka sy lo;

Ny sikidy mahavery
No ataony solonao,
Sampy vato, hazo kely
No hajainy toa Anao.

3.vAverenonao ireny
Mba ho tonga olonao;
Tadiavo tsy ho very,
Raiso re, fa lovanao!
Entonao ny famonjena
Ka ovay ny fony izao;
Aoka hisy sesehena
Ny hanaiky ho Anao!
Dia hiova re ny tany
Ka hanjary lonaka,
Ary hisy voa mamy
lzay ho tena vokatra.

4 . Aoka re mba tsy ho rava
Ny mazava hitanay!
Mba handraso lalandava
Ny anjara-asanay.
Mba ho dera aman-daza
Ho Anao, ry Tomponay!
Hatanjaho ny mpiasa,
Dia tsy mba hety fay;
Aoka re ny olo-mino
Mba hamory ho Anao,
Ka hitombo be ny mpino
Hiandany Aminao.

320 - Manana fiorenana ny fiangonan'i Kristy

1. Manana fiorenana
Ny fiangonan'i Kristy;
Ela, fa he, tsy levona
Izy na maro na vitsy.
Vavan'ny olo-masina
Mety ho voatampina,
Nefa tsy maty ny feo.

2. Ny fiangona-masina
Trano tsy mety mikoa,
Izy no vato velona
Rafitry ny Ray Tsitoha;
Jeso no fehizorony,
Isika mirafitra aminy,
Monina ao ny Fanahy.

3. Nefa mba misy koa aty
Trano nataon-tànantsika
Ho voninahitr'i Kristy,
Mendrika ho tiantsika;
Fa ao no andrenesana
Ny tenin'Andriamanitra,
Mamin'ny olona mino.

4. Ao ny batisa masina,
Izay tena ranon'ny aina;
Ao ny Mpihaino vavaka,
Tokin'izay mitaraina;
Ao koa ny fandraisana,
Dia ny sakafo masina,
Tena aman-dran'i Jesosy.

5. Enga ka mba ho fantatra
Amin'ny tany rehetra
Ny loharano velona
Sady tsy mety ho ritra!
Raha ny lakolosy velona,
Faly izay mpivavaka,
Fa manantena hihaona.

6. Raiso, ry Kristy, ho Anao
Ny fideranay anio!
Ampandrosoy ny teninao,
Ny ondry very vorio
Mandra-pikambany hiray,
Amin'ny valanao indray,
Fa Hianao no Mpiandry.

321 - Ry Jesosy Tomponay

1. Ry Jesosy Tomponay
Ravoravo izahay;
Tonga izahay izao
Mba hihaona aminao:

Indro misy tranonao
Hitokananay izay.

2. Ka mangataka aminao
Izahay, ry Tompo ô!
Aoka mba horaisinao
Izay nataonay ho Anao,
Trano-fiangonana,
Trano fivavahana.

3. Aoka mba ho fantatray
Eto ny alehanay,
Fa vahiny izahay,
Ka ny tanindrazanay
Dia any aminao,
Koa mba tarihonao.

4. Aoka ny Anaranao
Mba hohamasininao
Aoka ny Fanahinao.
Mba ho tonga hanavao
Ny mpanota marobe,
Dia ho voavonjy re!

5. Ka ny fiadananao
Ampombay ny olonao,
Hampikambana ny fo,
Ka ho toy ny iray tamp-po,
Mba hifankatiavanay
Izao sy ho rahatrizay.

322 - Indro, Tompo, misy trano

1. Indro, Tompo, misy trano
Zay namboarinay ho Anao,
Angatahanay tsodrano,
Itokananay ho Anao.
Tompo ô, mba hamasino
Ho fihaonana aminao,
Ho tempoly tian'ny mino,
Fivavahana aminao.

2. Diovy Tompo, mba ho trano
Zay hajaina ho Anao,
Ka omeo sy itokano
Mba ho fiderana Anao
Tompo Masina ô, idiro
Mba ho mendrika Anao
Ka aoka Hianao ho jiro
Zay hamirapiratra ao.

3. Mba tahio ry Ray Mpitahy,
Ho tempoly masinao,
Ho Betelan'ny fanahy
Vavahady ho amiano
Itoero mba ho kianja
Mahamanina ny fo,
Mba ho trano mendri-kaja,
Mampivavaka ny fo.

4. Mandrosoa ka midira
Ho Mpanjaka tokana ao
Ka ny vavaka sy hira
Mba tahio ho sitrakao.
Nefa tsy ny trano ihany
No atolotray, ry Ray,
Indro koa mba itokany
Ho Anao ny tenanay.

323 - Vory ny mpanomponay

1. Vory ny mpanomponay
Eto anatrehanao.
Ry Jeso Tomponay!
He faly ny fonay,
Faly, faly, faly,
He! faly ny fonay,
Vory maro toy izao.

2. Mba atrehonao izahay,
Fa mitokana eto 'zao
Ny trano ho Anao:
He faly ny fonay,
Faly, faly, faly,
He! faly ny fonay,
Vory maro toy izao.

3. Eto hitorianay

An'i Jeso Tomponay,
Mpamonjy lehibe:
He faly ny fonay,
Faly, faly, faly,
He! faly ny fonay,
Vory maro toy izao.

4. Eto hanomezanao
Tsara ny Fanahinao
Mba hanadio ny fo:
He faly ny fonay,
Faly, faly, faly,
He! faly ny fonay,
Vory maro toy izao.

5. Eto no hanananao
Laza saotra ho Anao;
Ny maro mba vonjeo:
He faly ny fonay,
Faly, faly, faly,
He! faly ny fonay,
Vory maro toy izao.

6. Aoka re ny tranonay,
Trano langonanay,
Mba ho templinao:
He faly ny fonay,
Faly, faly, faly,
He! faly ny fonay,
Vory maro toy izao.

324 - Ry Andriananaharinay

1. Ry Andriananaharinay,
Isaoranay ny Anaranao
Nambininao ny tranonay
Ka vita tsara ho Anao:
:,: Fenoy ny hamasinanao
Ny tranonay ho tranonao :,:

2. Ry Jeso! avy izahay
Hitokana ny tranonao,
Ny trano 'zay naorinay
Ho voninahitrao anie:
:,: Fenoy ny hamasinanao
Ny tranonay ho tranonao :,:

3. Avia, Fanahy Masina ô!
Hitoetra eto aminay;
Ny aizinay mba hazavao,
Hanananay fo be fitia:
:,: Fenoy ny hamasinanao
Ny tranonay ho tranonao :,:

4. Mba raisonao ny deranay
'Zay enti-mankalaza Anao;
Ny trano itokananay
Ekeo tokoa ho tranonao;
:,: Fenoy ny hamasinanao
Ny tranonay ho tranonao :,:

325 - Ry Jehovah Tomposoa

1. Ry Jehovah Tomposoa
Vory eto izahay,
Ka mifaly avokoa,
Raisonao ny vavakay!
Andro fitokanan-trano,
Fifaliam-be izao,
Ampidino ny tsodrano
Avy ao an-danitrao.

2. Ry Jesosy! Mandrosoa,
Fa Anao ny tranonay,
Hiderana Anao tokoa,
Ka henoy ny hatakay!
Nefa tsy vatan-trano
No honenanao izao,
Fa ny fo no itokano,
Itoero, hafanao.

3. Ry Fanahy Mpanazava!
Anjakao tokoa 'zahay,
Dia hazava lalandava
Ny fanahin-janakao;
Ka fenoy fanahy mino
Ho tempolinao tokoa,

Hatrizao dia hamasino
Ka hitombo sy hanoa.

326 - Atreho ny mpanomponao

1. Atreho ny mpanomponao
Izay mivory etoizao,
Ka efa nametrahanao
Adidy Masina hatao.

2. Hianao 'zay Tompon'ezaka
Nifidy anay tsy mendrika,
Ka efa nampirisika
Handroso tsy hiherika.

3. 'Ndrisy mpanompo tsy manao
'Zahay izay nofinidinao,
Mpiasa tsy mba mahasoa,
Tompo ô! Mifona aminao.

4. Na dia kely aza izao
No azonay atolotra,
Aoka re mba ho sitrakao
Haroso ho fanatitra.

5. Dia saotra no omena Anao
Ka raiso re, ry Tomponay,
Ny fonay koa onenonao
Sy anjakao mandrakizay.

327 - Isaoranay Anao

1. Isaoranay Anao
Ry Tomponay Tsitoha,
Ny nanomezanao
Mpiasa mahasoa.
Ka nony vao nandre
Lay antso taminao
Dia roso ka nandeha
Nanao ny asanao.

2. Natokany ho Anao
Ny taona maro be;
Ilay fitiavanao,
Nataony rehareha.
Na nisy ny manjo,
Tsy kivy re satria
Hianao ilay ao am-po
Nanao hoe: "Matokia"

3. Izay nataony anie
Hambininao tokoa,
Hitombo be dia be
Hitera-boka-tsoa.
Hianao 'Lay Tompo tia
No angatahanay;
Tongava, manampia
'Zay vitany ho anay.

4. Ka mba tsinjovinao,
Sikino hery indray
Ity mpanomponao,
Anio sy rahatrizay.
'Lay teny taminao
Ho aminy anie:
Mpanompo sitrakao
Satria nahefa be.

328 - Mba tahio Jeso ô!

1. Mba tahio Jeso ô!
Hira, hataka sy teny;
Mba tarihonao ny fo
Hanarahanay ireny;
Hianao no Tompon'aina,
Sady mendrika hoderaina.

2. Izahay mpanomponao
Hody ao an-tokantrano,
Faly mAnao,
Ka vimbino sy tantano;
Aza avela ho irery
Izahay, fandrao ho very.

3. Saotra no atolotray,
Raha mbola aty an-tany;
Ao an-danitra indray
Dia dera tsy ho lany

Nohatao sy hohiraina
Ho Anao, ry Tompon'aina.

329 - Saotra, dera, no homena

1. Saotra, dera, no homena
Ho Anao Mpanavotray,
Hianay nanetry tena
Mba hanandratra anay
Mba tariho, Tompo ô!
Ny fanahy sy ny fo;
Tianay ny hiaradia
Aminao ka tsy hania.

2. Raha ory sy mijaly
Eto aza izahay,
Tsy ho kivy, fa hifaly
Amin'ny anjaranay,
No mba iankinanay,
Ka inoanay homena
Ho anay ny famonjena.

330 - Sambatra ny mankato

1. Sambatra ny mankato
Izay lazain'ny Tompon'aina,
Sy manaiky eram-po
Fa hanolotra sy saina,
Ka mitandrina ny didy
Toy ny zava-tsarobidy.

2. Sambatra izay mandà
Raha taomina hanota,
Ka dia halatsa-dra
Tsy mba mety resin'ota,
Tsy ekeny ny mpanimba,
Na ireo mpanazimba.

3. Sambatra ny olona
Izay misaina ao am-pony
Andro aman'alina
Ny lazainao, ry Mpamonjy;
Fa ataonao toy ny hazo
Maitso tsara, tsy malazo.

331 - Mba soraty ao am-poko

Mba soraty ao am-poko,
Jeso, ny Anaranao;
Mba arovy tsy haloto
Ny kasen'ny tananao.
Hianao, Jesosy ô!
No ho voninahitro;
Hianao, ry voahombo,
No Mpanjakako sy Tompo.

332 - Finaritra ny olonao,

1. Finaritra ny olonao,
Jesosy Tompo ô,
Fa manana ny aim-baovao,
Ka ravo eram-po.
Ny famonjena vitanao
Dia efa voaray izao,
Ny fifaliany aty
Hitohy hatrary.

2. Izaho va, Jesosy ô,
Mba isan'ny Anao?
Ny solika fitaizako
Moa misy va izao?
Hevero, ry fanahiko,
Ka aza mety afa-po
Ambara-pahafantatrao
Fa Jeso no anao.

333 - Hody, Tompo, izahay

1. Hody, Tompo, izahay,
Miaraha aminay,
Ka tahio ny teninao,
Mba hamorona aim-baovao,
Sao mivory foana
Izahay mpiangona.

2. Marobe ny rafinay
Ta-hamandrika anay;

Tompo, miarova anay,
Sao dia very izahay;
Mitoera aminay
Ao an-tokantranonay.

3. Efa renay taminao
Fa anay ny lanitrao,
Efa namboarinao
Mba ho an'ny olonao;
Ka tariho, Tompo ô,
Hody ao ny zanakao!

334 - Sambatra ny sofiko

1. Sambatra ny sofiko
Fa mandre ny teny
Tenin'i Jesosiko,
Tenim-pamonjeny.
He! Izaho tiany
Mba hiara-dia
Sy hianatra aminy
Ary tsy hania.

2. Sarotra ny làlako
Sady mampanahy,
Nefa ny Mpamonjiko
Mahatoky ahy;
Vetivety foana
Dia ho avy Izy
Amim-boninahitra,
Ka handray ny Azy.

335 - Hody izahay Zanahary!

1. Hody izahay Zanahary!
Tahio tsara izahay;
Ampifalionao ny fonay
Amin'ny fitianao;
Ampifalio:,:
'Zahay ety an-tany.

2. Mankasitraka Anao izahay
Noho ny teny soa
Izay nampianaranao
Saina hahasoa anay.
Tomoera:,:
Aminay isan-andro.

3. Raha ho faty izahay
Ka handao ity tany
Dia ampifalio izahay,
Ento ho an-danitra,
Dia faly:,:
Izahay mandrakizay.

336 - Ampodio izahay, Jehovah

1. Ampodio izahay, Jehovah
Amin'ny fitianao;
Na aiza na aiza no haleha,
Aoka ho vimbininao:
Ô! ambino,:,:
Izahay, mpanomponao.

2. Fa ny teny renay any
Aoka ho tadidy koa,
Ka mba hiasanay saina
Hahazoanay ny soa
Isan'andro :,:
Izay hiainanay aty.

337 - Ry Jehovah, Tompo ô!

1. Ry Jehovah, Tompo ô!
Tompo masina sy to,
Azonay ny teninao
Mampandre ny antranao
Aoka harahinay
Ka ho masina aminay,
Mba hanao ny sitrakao
Izahay mpanomponao.:,:

2. Hody izahay izao
Amin'ny Anaranao;
Mitoera aminay
Ao an-tokantranonay,
Mba ho velona aminao

Izahay navotanao;
Be ny fahavalonay,
Ka arovy izahay:,:

338 - Arovy aho, Tompo

Arovy aho, Tompo,
Atolotro izao
Ny tenako hanompo,
Sy hankalaza Anao.
Omeo ahy hery
Sy faharetam-po,
Arovy tsy ho very
Izay anjarako.

339 - Ry Jesosy mba ampio aho ho madio fo

Ry Jesosy mba ampio aho ho madio fo,
Raha mivily ahitsio hanarahako ny tà.
Mba ampaherezo aho hanompoako
Anao.
Raha ory iresaho mba hifikitra aminao.

340 - Tompo ô, mba hasoavy

Tompo ô, mba hasoavy
Sy harovy izahay;
Tompo ô, mba aposahy
Aminay ny tavanao;
Tompo, mitodiha anay,
Dia hiadana izahay.
Ray sy Zanaka, Fanahy,
Mitahia anay, Amen!

341 - Tompo ô! ampitandremo

1. Tompo ô! ampitandremo
Izay lazainao izahay;
Hazavao ka mba omeo
Hery ny fanahinay;
Ka ny fo ampionony
Tsy hitebiteby intsony;
:,:Mba diovy ,hamasino
Izahay , ry Tompo ô ! :,:

2. Ka rehefa hodimandry
Izahay,ry Tomponay,
Tsy ho taitra,fa hiandry
Ny handraisanao anay
Ry Jesosy Tompon'aina,
Hianao no antenaina,
:,:Hianao no hanazava
Ny hodianay ary:,:

342 - Ny fahasoavan'i Jesosy Kristy

Ny fahasoavan'i Jesosy Kristy
Sy ny fitiavan'Andriamanitra
Ary ny firaisana amin'ny
Fanahy Masina
Ho amintsika rehetra anie
Amen!

343 - Ry Jeso Tompo soa

Ry Jeso Tompo soa
Ry Vatolampiko!
Esory avokoa
Ny hevi-dratsiko.
Omeo ahy hery
Arovy tsy ho very
Ny ondry kelinao
Mba hifalianao;
Jesosy ô! henoy re, henoy!

344 - Fiadanana be

Fiadanana be,
Hasambarana re,
No miandry antsika ao
an-danitra e !
Ka andeha handao
Izao tontonlo izao
Ka hitady tokoa ilay

Tany vaovao.
Miangà hody ao
Miangà hatrizao!
Mba modia hianao(izao) -beso-
Ao amin' i Jesosy -tenor-

345 - Mba tarihonao, ry Raiko

Mba tarihonao, ry Raiko,
Ny fanahy sy ny foko,
:,:Mba ho any aminao! :,:
Ô, ry Loharanon'aiko,
Izao hiany no ilaiko,
:,:Dia ny hahita Anao!:,:

346 - Ny teninao, Jehovah ô!

1. Ny teninao, Jehovah ô!
Voatory aminay
Tahio tsy ho levona,
Velominao anie!

2. Izay voatory tsy anay,
Fa avy aminao,
Ka dia ny fanambinanao
No mba ilainay koa.

3. Fa tsy mba ampy ho anay
Ny toriteninay
Ka tsy ho tokinay ireo
Raha tsy ambininao

4. Dia ampitoeronao izao
Ho eto aminay
Ny herin'ny Fanahinao
Mba hahasoa anay

347 - Derao Andriamanitra

Derao Andriamanitra,
Fa Izy Loharanon-tsoa,
Derao ny Tompo tokana,
Ray, Zanaka, Fanahy koa

348 - Andriamanitra tahio ny mihaino

1. Andriamanitra
Tahio ny mihaino
Ny tsy manao vava-poana
Hahazo ny iriny.
Andriamanitra
Ho masoandrony;
Ka ny Fanahy Masina
Mpitari-dalana.

2. Ny Anaran'i Jeso
No voninahiny;
Ny hamarinan'i Kristy
No fihaingoany.
Tiavo Jesosy,
Ry mino ny teny!
Katsaho fihavanana,
Ry tsy mino rehetra!

349 - Dera re, laza anie

1. Dera re, laza anie!
Ho an'Andriamanitra!

2. Aoka ny tany re,
Mba hiadana anie!

3. Ary ny olony
Aoka hankasitrahany!

350 - Hianao ry Ray no mibaiko

1. Hianao ry Ray no mibaiko
Hanaovanay ny asanao
Ka ny handà dia zava-tsy haiko
Na sarotra aza ny atao
Ny fitoriana lalaina
Natomboky ny mpianatrao
Dia tsy azo atao very maina
Fa he, tohizanay izao.

2. Fa mbola adidin'ny mazava
Mitondra ny fanala izao,
Hiainga, handeha hampisava
Ny aizina ao an'ala ao.
'Reo rahalahy sy rahavavy
Dia be tsy mahalala Anao
Koa indro, Tompo, aho, avy
Hitory ny Anaranao.

3. Kanefa tsy ny eto ihany
No anirahanao anay,
Fa na ny any lavitra any
Dia samy mbola adidinay.
Hiezaka, hikely aina,
Ho mafy koa ny teninao
'Zay hany tena mofon'aina,
Ho an'izao tontolo izao.

351 - Tsy hangina re ny hoby noho hianao ry Ziana

1. Tsy hangina re ny hoby noho hianao ry Ziona;
Fa miposaka aminao ny fahazavana soa;
Ny fanilom-pamonjena, indro fa torina
Hanazava ny olona tokoa,

Fiv : Mivoaha, asandrato, ny fanevasoanareo
Tsenao re ny mpanjaka fa avy aminao
Ny famonjeny sy ny lova izay atolony anao
Satria hianao dia tsy foiny.

2. Voninahi'panjakana isaloranao,
Sy anaram-baovao no iantsoana anao;
Fampakaram-bady, fety, anaingàna anao,
Mba ho an'i Kristy, Ilay Tomponao.
Mivoaha, asandrato, sns...

3. O! Ry mpiambina tinendry eo ambony manda,
Aza avelanao hangina re ny feonao;
Ka hijoro izao ny mino fa tsy hisy banga
Eo an-tobin'i Jeso Tomponao.
Mivoaha, asandrato, sns...

352 - Fantatrao va ny Mpamonjy

1. Fantatrao va ny Mpamonjy,
llay Tompon-danitra?
Jeso, Kristy sy Mpanjaka,
Zanak'Andriamanitra,
Lay nandao ny lapan-dRainy
Feno voninahitra
Tompo tonga mba hanompo
Noho ny fitiavana.

2. Eny, zava-mahagaga
Fietrena lalina:
Saro-bidy ka tsy foiny
'Sika olombelona.
'Lay Mpisorona Ambony
'Zao no Jeso sorona,
Ka manolotra ny ainy
Mba ho fanavotana.

3. Ao ny lanitra mivoha
Miantso anao hiakatra:
Aoka tsy hiroa saina,
Manapaha hevitra,
He mitsotra moramora
Mba handray ny tànany;
Mitodiha: izao no ora,
Maneke ho zanany

353 - Mba sainonao ange sao tsy mba fantatrao

1. Mba sainonao ange,
Sao tsy mba fantatrao,
Ny zava-dehibe
Nataoko ho anao:
:,:Hevero ka lazao, lazao
Izay mba vitanao.:,:

2. Ny lapako tary,
Ny fahefako tao,
Nilaozako taty
Hanavotra aina anao:
:,:Hevero, ka lazao, lazao
lzay mba foinao.:,:

3. Heveronao ange,
Ny nisoloana anao;
Nangidy indrindra anie
Ny nahazoana anao:
:,:Hevero, ka lazao, lazao
lzay mba nentinao:,:

4. Endrey! Ny aiko koa
Nomeko ho anao:
Tsy misy zava-tsoa
Tsy foiko ho anao:
:,:Hevero, ka lazao, lazao
lzay mba taminao.:,:

5. Ry Tompo be fitia!
Endrey, 'ty vitanao;
lzaho 'zay mpania
Tsy mahavaly 'zao:
:,:Ny aiko no mba raisonao
Hanao ny sitrakao.:,:

354 - Ny Mpamonjy no mitady fihavanana aminao

1. Ny Mpamonjy no mitady
Fihavanana aminao
Izy no manambitamby
Hanatonanao izao;
Sao manjary fandatsana
Ny fifonana aminao,
Ka ny mety mihavana
Amin'ny Mpamonjy izao.

2. Dieny misy hafanana
Ka mangoraka ny fo,
Manatòna ny Mpamonjy
Sao dia mangatsiaka indray.
lzao no andro famonjena,
Ka vonjeo sao neninao;
Ry mpanota, miverena
Izao ankehitriny izao.

3. Sao ity no toriteny
Fara-fanasana anao;
Sao anio no fotoana
Fara-ahavelomanao;
Ka aza mba misalasala,
Sao manjary neninao,
Raho tsy mety mahalala
Izao fotoana mety izao.

4. Indrisy! be ny fahotako,
Be ny ratsy vitako;
Sao tsy raisin'ny Mpamonjy
Ny mpanota tahaka izao?
Miverena, fa ny rany
Ampy hahadio anao;
Manatòna hosasany
lzao ankehitriny izao.

355 - Ry namako mahantra, manaram-po izao

1. Ry namako mahantra
Manaram-po izao!
Ny ota no mandratra,
Sao simba hianao;
lzay anao rehetra
Ho lasa avokoa,
Fa tsy mba misy fetra,
Ho levona avokoa.

2. Ny Tompo be fiantra
Mangora-po tokoa
Mahita anao mahantra
Fa tsy mahita soa;
Natolony ny ainy
Ho vidin'ny ainao,
Nalatsany ny rany
Mba hanadio anao.

3. Ny Tompo malahelo,
Tsy foiny hianao,
Ny feo mamelovelo
Mibitsika aminao;
Onena anao ny fony
Ka mitaraina hoe:
Ny ota ajanony.
Mba ajanony re!

356 - Ry mpanota! Mihevera

1. Ry mpanota! Mihevera;
Fa miantso Kristy izao;
Izy ta-handray mpanota,
Manatona hianao;
:,: Mihainoa, mihainoa,
Ka ario ny ditranao.:,:

2. Ry mpanota! Miverana
Ao am-balan'i Jeso;
Aza dia mirenireny,
Sao iharan-doza izao:
:,: O! modia, O! modia,
Ialao ny ditranao.:,:

3. Ry mpanota! Manatona
Dieny misy antso 'zao,
Fa ho avy ny fotoana
Mbola hanenenanao:
:,: O! avia, O! avia,
'Zao ankehitriny 'zao.:,:

4. Ry mpanota! Matokia,
Tompo mora fo Jeso;
Izy dia tena tia
Izay mibebaka tokoa;
:,: Matokia, matokia,
Mibebaha re izao.:,:

5. Ry Sakaizan'ny mpanota,
Ento aho ho Anao;
He! Ny tenako rehetra
No atolotro izao;
:,: Raisonao re, raisonao re
Ho fanati-tsitrakao.:,:

357 - Efa tonga aty izao

1. Efa tonga aty izao
Teny fiainana :
Raiso mba ho fiainanao,
Teny ny fiainana.
He ! ny teny tsara,
Teny manan-kery :

Fiv : Tenin?ny Ray,
Tsara tokoa,
Teny fiainana.

2. Io no Filazantsara soa,
Teny fiainana :
Teny mamy indrindra koa,
Teny fiainana.
Raisonao ny teny,
Teny soa nomeny :
Tenin?ny Ray, sns...

3. Ry mpanota! Henoy izao,
Teny fiainana;
Fa fiainana ho anao,
Teny fiainana.
Kristy no nomena
Mba ho famonjena:
Tenin?ny Ray, sns...

358 - He! Ry namako mahantra

1. He! Ry namako mahantra,
Indro Jeso Tompo tia,
Ilay Mpamonjy feno antra,
No mitady ny mania,
Olom-bery tsy mba foiny,
Ka na diso aza re,
:,: Mbola tiany sy antsoiny
Hanam-pifaliam-be.:,:

2. He! Fa tsy mba misy fetra

Ny homena lova soa
Fa ny olona rehetra
Samy tiany avokoa;
Nefa izay be hataka andro
Dia hanenina tokoa;
:,: Misy fetra ny fotoana
Azo amindrana fo.:,:

3. Manatòna ankehitriny,
Ry mpanota ory fo!
Mba hesoriny ny tsiny
Ka hadio indray ny fo;
Fa ny ota hosasany
Dia ho afaka avokoa,
:,: Izany re no fikasany
ka tsy maintsy to tokoa.:,:

4. Fa izay mandà ny teny
Sy maditra, mafy fo,
Hampangain'ny teny reny
Fa tsy nety nankatò;
Jeso Tompo no hitsara
Sy hamaly ny natao,
:,: Nefa kosa ny anjara
Dia miankina aminao.:,:

359 - Tsy renao va ny feon'ny Ray?

1. Tsy renao ve ny feon'ny Ray?
Ry malahelo fo!
Miantso hoe: "Avia, Avia,
Modia hianao?"

2. Ny Rainao be fitiavana
Hifaly aminao,
Ka hanome malalaka,
Raha hody hianao.

3. Na diso aza hianao,
Mitebiteby koa,
Ny Rainao ta-handray anao
Ho sambatra tokoa.

4. Modia an-tranonao ary,
Mahantra hianao;
Tsy misy zava-tsoa aty
Hahafa-po anao.

5. Ny voro-damba izay anao
Hesorina aminao,
Ka lamba tsara sy madio
No hitafianao.

6. Mba maneke ny teniny
Ankehitriny izao,
Fandrao dia hisy loza re
Hihatra aminao.

360 - Mba hevero, ry mpanota!

1. Mba hevero, ry mpanota!
Ny nataon'ny Tomponao:
Izy tsy mba manana ota
Nefa tonga solonao;
He! Ny lanitra nafoiny
Mba hidinany taty;
Olom-bery no antsoiny,
Mba handavo ny ary.

2. Mba hevero, ry mpanota!
Fa nijaly Jeso tia,
Maty tany Golgota
Mba hamory ny mania.
Indro latsa-dra ny Tompo,
Nefa tsy mba tsy mba diso re!
Fa nisolo ny mpanompo
'Zay nanohitra ela be.

3. Mba hevero, ry mpanota!
Alatsaho ao am-po:
Mahavery re ny ota
Raha tsy voadio ny fo.
Mangataha ankehitriny,
Dia hodiovin'i Jeso,
Fa izany no iriny
Mba handrasanao ny soa.

4. Mba hevero, ry mpanota!

Ny fifonana aminao
Hahafoizanao ny ota
Tena fahavalona.
Manatòna hovonjena
Sao hiharan-doza be!
Manatòna, fa homena
Fifalian-dehibe.

5. Mba hevero, ry mpanota!
Inona ary no hatao?
Aza mety resin'ota,
Tiavo Jeso Tomponao;
Ny lalàny no araho,
Sitrapony tontosay;
Nefa Izy angataho
Homba anao mandrakizay.

361 - Manatona, ry malala!

1. Manatona, ry malala!
An'i Jeso Tomponao;
Raiso re ny famonjena,
:,:Tsy ho faty hianao.:,:

2. Indro jeso, fa miandry
Mba handray anao izao;
Miverena, aza kivy,
:,: Mazotoa, sy matokia.:,:

3. Aza mba mangataka andro,
Sao, dia tratra hariva ety;
Tahotra sy horohoro
:,: Hampivadi-po anao.:,:

4. Ao ny tany soa homeny
Mampifaly fo ery;
Sady tsy mba misy ratsy,
:,: Mandrosoa ho tonga ary.:,:

362 - Tsy fantatrao va Ilay namonjy anay?

1. Tsy fantatrao va flat' namonjy anay?
Ry havako ory izao,
Mitady anao Ilay namonjy anay,
Maniry hamonjy anao;

Fiv : Mihainoa, ny hamonjy anao
Manao hoe:"Manatona anio,
Na dia be aza ny ratsy natao,
Dia mety ho afaka izao."

2. Fa tonga taty Ilay namonjy anay,
Ka nampijaliana tokoa;
Ny rany izay namonjeny anay
Hamono ny helokao koa:
Mihainoa, sns...

3. Misento anao Ilay namonjy anay,
Ry olo-mahantra aty!
Tomany anao Ilay namonjy anay,
Fandrao ho very ary:
Mihainoa, sns...

4. Henoinao 'zao ny hamonjy anao,
Hiadam-pinaritra am-po:
Faingàna handray ny homeny anao,
Dia lova tsy mety ho lo:
Mihainoa, sns...

363 - Ry olo-mahantra

1. Ry olo-mahantra,
Mihainoa izao,
Saino tsara ny teny
Izay lazaina aminao;

Fiv : Ry olo-mahantra!
Modia, modia!

2. Fa ela dia ela
Hianao no nania,
Tsy nahita ny tsara,
Tsy nahazo ny soa:
Ry olo-mahantra, sns...

3. Tsy misy mpiantra

Mba hitsinjo anao,
Afa-tsy ny mpamonjy,
Izay mitady anao:
Ry olo-mahantra, sns...

4. Tsarovy ny Rainao
Mahaleho anao,
Ka miandry tokoa
Hampandroso anao:
Ry olo-mahantra, sns...

364 - Ry mpanota! Ry mpanota!

1. Ry mpanota! Ry mpanota!
Raiso Jeso Tomponao,
Aza mba misalasala,
Manatòna Azy 'zao
Ka ekeo ny feon'i Jeso
'Zay nifona ho anao;
Teo ambony hazo avo
Maty Izy ho anao.

2. lndro Jeso, ry mpanota!
Faly hohatoninao,
Sady Tompo tsy mandatsa,
Fa mamindra fo tokoa,
Ka miteny moramora
Ta-hamela heloka;
Manatòna, ry mpanota!
Mba handray ny avotrao.

3. Ry mpanota! Ry mpanota!
Misy vonjy ho anao,
Ka toneo ny alahelo
Mampahory fo anao;
Aza mety resin'ota,
Fa jereo ny Tomponao;
Izy no handresy tsara
'Zay miady aminao.

4. Hianao tsy manan-toky
Ho mpamela heloka,
Afa-tsy ny Tompo Jeso,
'Lay nanavotra aina anao;
Ka aza mba misalasala,
Ry mpanota very ô!
Fa azonao ny lova tsara;
Raiso jeso Tomponao.

365 - He! Ry mpanota ana, sasatra

1. He! Ry mpanota ana, sasatra,
Mitondra fahoriana lehibe;
Jeso, Mpanavotra olo-meloka,
No mahavonjy ny fanahinao,

Fiv : Matokia ny Mpamela helokao,
Aza kivy, tsy ho faty hianao,
:,:Matokia re:,:
Matokia, Jeso tsy handao anao.

2. Indro ny fitiavan-dehibe!
Ny ainy tsy nataony ho zavatra,
Hamonjy ny mpanota meloka,
Sy manana entana mavesatra:
Matokia, sns...

3. Mba mahareta, Jeso aminao,
Ny tanany mahery hiambina,
Aza malaky resin-tahotra,
Fa Izy tsy hiala aminao:
Matokia, sns...

366 - Andeha ry hava-malala

1. Andeha ry hava-malala!
Andeha hiaraka izao,
Hitady fonenana tsara
Honenana mandrakizay,
Ao amin'ny tanin'ny Tompo
Ny fahasambarana be,
Ny ota tsy miditra akory,
Tsy misy ny loza manjo.

Fiv : Dia aoka hiaraka isika,

Ry hava-malala izao!
Hitady fonenana tsara
Honenana mandrakizay.

2. Ny trano dia maro tokoa,
Mifaly ny mponina ao,
Tanteraka soa ny aleha,
Fitia omena ny ao;
Miara-midera ny Tompo,
Mpanavotrabe indrafo;
Miara-mandova ny soa,
Mitafy lamba madio:
Dia aoka, sns...

3. Na ety ny lalana aza,
Na maro ny zava-manjo,
Dia aza matahotra akory,
Mandroso no mety hatao;
Anjely tsy tambo isaina
Hirahin-kanampy anao;
Mpanompon'ny Avo Indrindra
Hitoby hiaro anao:
Dia aoka, sns...

367 - Ry zanako mania!

1. Ry zanako mania!
Hanoinao izao.
Izaho be fitia
Mangora-po anao;
Ry zanako! Modia,
Sao maty hianao,
Fa be ny bibidia;
Modia re!

2. Ny zavatry ny tany
Sao mahasimba anao
Harena mety lany
Tsy mahavonjy anao;
Izaho irery ihany
No hiadananao;
Ka mbola manontany:
Tsy hody va?

3. Mamiratra jerena
Ny lalan-tsitrapo,
Fa ankoso-bolamena,
Mamitaka ny fo;
Ny sitrapon'ny tena
Mamery ny ainao,
Ario ka miverena,
Modia re!

4. Izaho Tompon'aina,
Nijaly ho anao,
Ka, he, nanolotra aina
Mba hamonjena anao;
Ny rako mitaraina,
Modia hianao;
Ka aza mba malaina,
Modia re!

368 - Manatòna, ry mpanota

1. Manatòna, ry mpanota
Ory, jamba, very koa!
Hianao simbàn'ny ota,
Indro, ao ny Tompo soa;
Ry tsy mendrika hovonjena,
Misy 'zay miantra anao;
Fifaliam-be homena,
Famelana helokao.

2. Mba henoy ny teny tsara
'Zay lazaina aminao,
Sao very ny anjara
Soa tadiavinao;
Feno antra, manan-kery
Jeso no mitaona anao;
Ka ny mino tsy ho very
Manatòna re izao.

3. Ny miato tsy mba tsara,
Ny halainanao ario;
Sao helohin'ny Mpitsara,
Manatòna re anio;
He! Miandry ny Mpamonjy,
Mba faingàna hianao.

Raha te-ho voavonjy,
Aza ela hianao.

369 - Faingàna, ry hava-malala

1. Faingàna, ry hava-malala,
Hatòny ny Tompo izao,
Ny fo sy ny feo asandrato,
Derao 'Lay nanvotra anao.
Ny avotra sy ny famonjena,
'Zay vitany tao Kalvary,
No fanantenan'ny mpanota
Hahazo fiainana ary.

2. He Izy mitondra irery
Ny mafy, nisolo anao,
Ka maty hamonjy ny very;
Ny rany nandriaka tao.
Niaritra latsa sy eso,
Ny hombo sy ny lefona koa;
Nivesatra ota Izy teto
Hanananao fiainana soa.

3. Endrey! Ny fitiavan'i Jeso,
Ry olo-mahantra, jereo!
Nijaly hamonjy, hevero,
Ny ota mahazo ekeo;
Ekeo, fa ny fo mihamafy,
Dia loza manenjika anao;
Faingàna hamonjy ny ainao.
Haharaoty ny andro 'zao.

4. Ny masom-panahy atopazo,
Ny lanitra no andrandrao;
Ny Tompo maniry hamonjy,
Henoy, fa miantso anao,
Fiangàna, ry hava-malala!
Modia an-tranon'ny Ray;
Miandry anao re ny lova,
Fiainana mandrakizay.

370 - Mba henoy ny feon'i Jeso

1. Mba henoy ny feon'i Jeso,
Ry mpanota very ô!
Atsaharo re ny ota,
'Zay mamery aina anao;
Jeso Tompo no miantso,
Aoka tsy ho lavinao;
Dieny mbola re ny antso,
Manatòna hianao.

2. 'Zao no tenin'ny Mpamonjy
'Zay lazainy aminao:
"Manatona Ahy, Vonjy
Sy Mpamela helokao;
lzaho, Tompo feno antra,
Hanome anao ny soa,
Ka ny helokao rehetra
Dia ho afako tokoa."

3. "Izaho koa no vavahady
lzay hidiranao izao,
Sady Lalan-toratady
lzay mankao an-danitra ao;
lzaho dia Molon'aina
Sady Ranon'aina koa;
Tsy mba misy miala maina
lzay rehetra tia tokoa."

4. "lndro, efa maty Aho
Hanavotako anao;
Moa tsy hatolotra Ahy
Ny fanahinao izao?
Ry mpanota! Mihevera,
Aoka izay ny ditranao,
Manatòna, manatòna
Ahy, Jeso Avotrao."

371 - Mankanesa,ry mpanota

Mankanesa,ry mpanota,
Ory, jamba sy mahantra;
Henoy Jeso miantso hoe:
Mankanesa aty amiko,
Feno antra manankery,
Sady tia mba hamonjy
Izay mino tsy ho very,

Hoy ny tenin' ny Mpamonjy,
Raha miandry hihatsara
Hianao izay manota,
Dia tsy maintsy very anjara,
Lova tsy mety miova,
Tsy ny marina no anarina
Haka izay ody aina,
Fa ny meloka no antsoiny
Handray an'i Kristy hovonjeny,
Faingana, ry olom-bery,
Anio no andro famonjena,
Raiso Kristy 'zay mahavonjy
Amin'ny fahaverezana.

372 - Ry tany ô, ry tany ô

1. Ry tany ô, ry tany ô!
Ry tany ô, endre!
Ny Tompo masina sy to
Miantso mafy e!
Mifohaza ry mpanota,
Mivaloza faingana,
Mba afoizonao ny ota,
Raiso ny fiainana!

2. Manakatra ny lanitra
Ny haratsiana;
Jehovah dia vinitra,
Fa Izy masina.
Ry mpanota, mijanona
Amin'ny alehanao!
Miverena, manatòna
Ny Mpamonjy, Avotrao.

3. Jehovah dia masina,
Ka marina sy to,
Kanefa manamarina
Ny ta-hadio fo.
Miovà ka manenena,
Fa Andriamanitra
Manome ny famonjena
Noho ny Mpanavotra.

373 - Moa isaoranao ny Tompo

1. Moa isaoranao ny Tompo
Noho ny nidinany,
Tonga teto mba hanompo
Sy handà ny tenany?
Be no tsy mihevitra
An'Ilay Mpanavotra,
Ka mihambo ny ho tsara,
Ka ho ratsy fiafara.

2. Tena marina tokoa
Fa amin'ny finoana
No andraisana ny soa,
Dia ny fiainana;
Nefa raha arianao
Ny fiainana vaovao.
Dia ho very ny anjara
lzay omen'ny Tompo tsara.

3. Fa tsy mety tsy akory
Ny fanaon'ny sasany,
lzay sondriana matory,
Tsy mitsapa farany!
Sady tsy mba ta-handao
lzao tontolo ratsy izao,
Fa manompo Tompo roa
Ka manary lova soa.

4. Efa tonga ny mazava,
Moa mino hianao?
Moa fantatrao fa rava
Ny fiainan-dratsinao?
Moa Jeso va izao
No mitoetra aminao?
Moa azonao tokoa
Ny mazava mahasoa?

5. Voatolotra tokoa
Ny mazava ho anao,
Raha lavinao ny soa
Ka ny ratsy tianao,
Dia very foana
Ny fahasoavana,

Ary mbola raiki-trosa
Hianao ka ho tra-doza,

6. Tsy mba tianao ho very,
Ry Jesosy, izahay,
Ry sakaizanay mahery,
Manampia re anay,
Aoka hialoha anay
Hianao, Mpanavotray,
lzahay hiara-dia
Aminao ka tsy hania.

374 - Hevero, ry andevom-pahotana

1. Hevero, ry andevom-pahotana,
Ny halozan'ny fanampaanaa;
Katsaho, re! Ilay manam-pahefana,
Hanapaka ireo gadranao,
Ho be ny fiadananao
Raha olona miova fo tokoa hianao.

2. Hevero, fa miantra ny Mpanjaka
Dia Jeso Kristy Ilay Mpanavotrao,
Fa be fitia Izy ka te-haka
Anao ho Azy, hifalianao;
Ny fo sy sainao ho vaovao
Rehefa raisiny ho Azy hianao.

3. Hevero, fa ny fifalian'ota
Ho faingan-dasa, tsy maharitra,
Fa fijaliana no tambin'ota
Ka mafy sady tsy mba tapitra
lzay no andosironao
Ry olona miova fo tokoa izao.

375 - Raha mangoraka ny fo

1. Raha mangoraka ny fo
Ao ny Ray be indrafo;
He! Antsoiny hianao,
Maa tsy hody va izao?

Fiv : :,: O! modia, O! modia,
Fa miandry Kristy 'zao.:,:

2. Miverena ankehitrio,
Tsy ampitso, fa anio;
Aza mba manary dia,
Fa modia anio, modia
O! modia sns...

3. Izay rehetra maminao
Tsy hahafa-po anao:
Jeso no anjara soa
Hiadananao tokoa,
O! modia sns...

4. Manatòna, matokia,
Mandrosoa, mifalia;
Kristy no fiainanao
Sady voninahitrao
O! modia sns...

376 - Mpanota ory sy mahantra

1. Mpanota ory sy mahantra,
Henoy ny teny ho anao:
Jesosy Tompo be fiantra
Nisolo voina anao,
Ka Izy feno indrafo
Mitaona anao hiova fo.

2. Jesosy Tompo sy Mpamonjy
Miantso ny anaranao;
"Mpanota very, mila vonjy,
Minoa Ahy hianao!
Ny sainao aoka ho vaovao,
Ny fomba ratsy ialao!"

3. Jesosy koa mampahery
Ny sasatra ao an-dàlana;
Ny rany soa manan-kery
Hahafaka ny entana;
Jesosy tsy mandroaka
Ny ory izay manatona.

4. Ka itokionao ny teny
Naloaky ny vavany!

Ny mino Azy hovonjeny
Hanatrika ny tavany,
Sakaizako mahantra ô!
Ario ny famoizam-po,

377 - Tsy mba hisy tonga ary an-danitra

1. Tsy mba hisy tonga ary an-danitra,
Raha tsy mandrombaka tokoa;
Ny mpiady tsara izay maharitra
No handray anjara lovasoa.
Ety ary tery ny vavahady ao,
Kely sy mideza ny lalana mankao;
Nefa aza kivy, ry havako izao,
Fa izay malaina dia ho very.

2. Maro no mitady hisakana anao,
Koa mba tohero, ry sakaiza;
Mba reseo mafy ny fahavalonao,
Fetsy izy ireo ka mahaiza.
lzay rehetra mamin'izao tontolo izao
Dia avelao fa mamandrika anao;
Aoka mba Jesosy no hifalianao:
Eny, hifalianao tokoa,

3. Satroboninahitra tsy ho azonao
Raha tsy katsahinao tokoa;
Fa hevero kosa ny fifalianao,
Raha tonga ao an-dapa soa,
Fa hahita maso ny Tompo hianao,
Ka hifaly amin'Andriamanitrao,
Koa miomàna re, ry sakaiza ô!
Mba ho faly ao am-pitsarana,

4. He, ny tany soa tsy mba ho hitanao,
Marina tokoa anie izany;
Ka ny ao an-danitra tsy ho azonao.
Raha fatra-pankafy ny tany;
Raha tsy matoky ny Tompo hianao
Dia helo afo no ho anjaranao.
Koa miverena, fa ny Mpanavotrao
Vonona handray anao mihitsy.

5. Dia miangavy, mangataka aminao;
Mba modia, ry mpirenireny!
Fa ny Tomponao ta-handray anao izao
Hianao tsy sitrany ho very.
Izy dia mananty ny tanany izao,
Ka ny fonao simba mba atolorinao
Hosoloan'i Jeso fo tsara sy vaovao:
lzany mba hevero, ry sakaiza!

378 - Ho aiza, ho aiza izao hianao

1. Ho aiza, ho aiza izao hianao,
Ry havako izay mbola tia
Ny fomban'ny nofo manimba anao?
Avia, ry olo-mania!
Henoy, fa miantso ny Tompo!

2. Ho aiza, ho aiza izao hianao,
Ry havako mbola tamana
Ao amin'izao fivelomana izao,
Ka fatra-pikiry hitana
lzay zavatra halan'ny Tompo?

3. Hevero fa tsy mba mahafaka anao,
Ka tsy mba heken' ny Mpitsara
Ny fahamarinana ao aminao;
Ny an'i Jesosy no tsara,
Ka dia katsaho ny azy!

4. Ekeo ny tenin'ny Tompo izao,
Inoy ny toky nomeny,
Ka dia ho hita ny làlam-baovao,
Izay voatoron'ny teny:
Jesosy no làlana tsara.

379 - Torotoro va ny fonao

1. Torotoro va ny fonao,
Ry mpanota re izao?
Ka ifonanao tokoa
Va ny hadisoanao?
Hianao va mitomany
Ka maniry mba ho any
Amin'i Jeso, lzay nandany,

Re ny ainy ho anao?

2. Ny Fanahin'ny Mpamonjy
Moa nangatahinao
Hampandray anao ny vonjy
Hahamasina anao?
Moa fantatrao tokoa
Fa ny rany mahasoa
Dia avotra naloa
Mba hahafa-trosa anao?

3. Maro no manaiky ihany
Araka ny vavany,
Fa hanoa ny Mpamonjy,
Ka ho tena havany,
Nefa kosa mbola tia
Fomba ratsy, ka mania,
Dia tsy handray fitia
Raha ao am-parany.

4. Koa dia miangavy
Aho, ry sakaizako,
Mahereza mba hitady
Fiadanana ao am-po,
Mba hatony ny Mpamonjy,
Angatahonao ny vonjy!
Dia tsy maintsy ho tra-bonjy:
Jeso no mamindra fo.

380 - Mba mifohaza re, henoy izao

1. Mba mifohaza re, henoy izao
Ny hafatra ataon'ny Tomponao,
Ny Tompo, lzay Mpanjaka manankery,
Mikatsaka anao, ry olom-bery!

2. Dondòniny ny fo, ka hianao
Mandrindrina ny varavaranao!
Tandremo sao ho sasatra ny fony,
Sao lasa Izy ka tsy avy intsony.

3. Fa indro Izy mbola aty izao
Mitady hampiverina anao,
Ka aza lavina ny Tompo tsara,
Sao hianao ho ratsy fiafara.

4. Faingàna àry, ka ampandrosoy
Ilay Sakaiza lzay nahafoy
Ny ainy ho anao mpanota very,
Tsy misy Mpamonjy afa-tsy lzy irery.

5. lfony aminy ny helokao,
Hariany ka tsy ho hitanao,
Ka hianao, izay mendrika ho voa, .
Hatsangany ho zana-dRay Tsitoha.

6. Ka raha renao ao anaty fo
Ny fiadanana, izay mahatô
Ny famelàna ny helokao rehetra,
Dia aoka mba handrasanao ny fetra.

7. Akaiky re ny fahafahana,
Ka mba zakao ny hatrotrahana,
Ho avy faingana Jesosy Tompo
Ka dia ho afaka ady ny mpanampo.

8. Rehefa hitanao ny Tomponao
Dia afaka ny hasasaranao,
Hijanona ny sento sy taraina
Fa hobin-danitra no hohiraina.

381 - He ny fiantsoana

1. He, ny fiantsoana
Feno fitiavana,
Teny masina sy to,
Ho anao, ry ory fo.

2. Hoy Jesosy Tomponao
" Manatona Ahy re,"
"Ry miasa fatratra"
"Sy mivesatra entana!"

3. "Fa Izaho hanome"
"Fitsaharan-dehibe"
"Sy fiainana vaovao"
"Hahasambatra anao".

4. Ry Mpamonjy tsara ô!
Saotra no atolotro;
Ka ampio aho izao,
Fa manaiky ho Anao.

382 - Ry olo-matory ô, mba mifohaza

1. Ry olo-matory ô! Mba mifohaza,
Fa indro Kristy
Ilay Fahazavana Izay tena malaza,
Dia tonga aty,
Ka aza matory
Fa mba atolory
Ny fonao izao,
Mba hanazavany anao.

2. Aty dia matevina sady mahana
Ny zavona be;
Ny sento, taraina sy fitomaniana
Dia misy anie,
Ry olo-mahantra,
Jereo ny Mpiantra,
Henoinao izao:
Jesosy nanavotra anao!

3. Aty dia mangetana sady be ady,
Ka maro no voa;
Tsy tambo isaina ireo mitady
Fiadanana am-po.
Dia aza tomany,
Fa eto ihany
Ilay manome
Ny fahasoavany be!

4. O, miandrandrà ka jereo ao ambony,
Fa atoandro izao,
Falia toa zaza, tahafo ny fony,
Ny Tompo derao,
Na misy ny onja
Sy ota mandoza,
Dia mbola derao
Jehovah Mpiaro anao!

5. O, mendrika hankalazaina Jehovah
Izay manome
Ny làlana sy fahamarinana koa
Sy fiainana be.
Tsilovy, ry Kristy,
Ny làla-mahitsy
Izorako izao,
Tantano re ny zanakao!

383 - O, ry mpanota aza mandà

1. O, ry mpanota aza mandà,
Jeso miantso ka miovà;
Mba manatona Azy izao,
Izy hamonjy anao.

Fiv : He, mivoha izao ny lanitra,
Ry mpirenireny lavitra;
Indro Jesosy, Izy no ao,
Aiza no hisy anao?

2. Be ahiahy va hianao
No tsy mandroso faingana izao?
Dia tapaho ny hevitrao,
Ka miovà hatrizao.
He, mivoha, sns...

3. Mba miverena re hatrizao,
Ka hararaoty ny andronao,
Fa ny aty ho simba sy ho lao,
Ka mba modia izao.
He, mivoha, sns...

384 - Ry olom-bery, tsy ho very foana ny andronao

1. Ry olom-bery, tsy ho very
Foana ny andronao,
Raha mby an-tsainao,
Fa ny ainao, tsy fanananao.
Ny hery misy, nefa indrisy,
Resim-pahalainana!
Aty an-tany, mora lany
Ny fiainana.
Mba mazotoa, ry havako,

Ka aoka hoheverinao
Ny andro lasa, sao ny asa
Tsy ho vitanao.

2. Ka manenena, miambena,
Mivavaha hianao!
Efao ny ady, ao ny kiady
Voninahitrao.
Mba ahitsio ankehitrio
Ny dia sisa hatrizao,
Fa be ny simban'ny mpanimba
Ka migadra izao.
Sakaiza ô, fantaronao,
Fa nijalian'ny Tomponao
Ny fahotàna tsy ialàna,
Ilalaovanao.

3. Dia mba ampio sy tahio
Izahay, ry Tomponay,
Fa mba hiady ka hitady
Vonjy ho anay.
Homenao soa ny manoa
Amin'ny fotoanao.
O, ry Mpanjaka, avia haka
Ny malalanao.
Ny olonao dia tà-hankao
An-danitra fonenanao.
Ry Jeso tia, mba avia
Faingàna izao!

385 - Ny Mpamonjy be fitia

1. Ny Mpamonjy be fitia
No miantso hoe: Avia!
Ry mahantra, raiso izao,
Famonjena ho anao.

2. Hoy ny Tompo: Ry mpanota,
Manatona, fa ny ota
Voavela, anaka,
Afaka ny heloka.

3. Teny mamy, re, izany,
Faly ireo mitomany,
Ka araho hatrizao,
Dia ho sambatra hianao.

4. Ry Jesosy, Izay Mpiantra,
Izaho ory sy mahantra,
Ka ampio aho izao,
Fa Mpamonjy Hianao!

5. Efa azoko ny teny
Ka hazoniko ireny;
Hianao, Jesosy ô,
Ampy hiankinako.

386 - He, Jesosy Tompo soa

1. He, Jesosy Tompo soa
No miantso mafy hoe:
"Manatàna avokoa
Ry mpanota marobe!
Fa izay manatona Ahy
Tsy mba horoahiko;
Aza manana ahiahy,
Raisonao ny teniko".

2. Aza mba misalasala
Ka mihevitra hoe:
Sao ny Tompo tsy hamela
Ahy efa diso be.
Tsia, tsia, ry mpanota,
Matokia marina,
Anenenonao ny ota,
Jeso hanamarina.

3. He, ny rany saro-bidy
No mahafa-keloka
Ny mpanota voavidy
Ka miaiky heloka.
Eny, afaka ny revo
Noho ny Mpanavotra,
Ny devoly manandevo
Efa resy lahatra.

4. Ny Mpamonjy mampifidy,
Tsy manao an-keriny,

Ka antsika ny hifidy
Sy handray ny teniny.
Koa raha misy very,
Dia tsy avy aminy;
Ny manao ny mahavery
Dia tsy mba maminy.

387 - Ampihetsehin'inona izao ireo vahoaka

1. Ampihetsehin'inona
izao ireo vahoaka,
Ary iza no arahiny
No dia samy maika ery?
:,:Ry jamba ô, fantaronao,
Jeso mandalo anao izao.:,:

2. Jesosy Iraky ny Ray
Dia sady mety no mahay
Manafaka ny rofinao
Sy mampahiratra anao;
:,:Koa mitsangàna hianao,
Jeso mandalo anao izao:,:

3. 0, ry mivesatra entana,
Hatony ny Mpanafaka!
Ry zaza very hatrizay,
Modia ao an-tranon-dRay.
:,:Ry jamba ô, heveronao
Jeso mandalo anao izao:,:

4. Ny làlan-tsarotrao aty
Tsy misy tsy nalehany,
Ny rofy nositraniny,
Ny maty novelominy.
:,:Ny jamba faly nahare:
Indro, Jesosy mandalo re!:,:

5. Ny indrafony mbola injao,
Mitety izao tontolo izao;
Ny tranontsika alehany,
Ny fo mihidy doniny.
:,:Ampandrosoy Izy hoe:
Jeso ô, aza mandalo re!:,:

6. Fa raha tsy ahoanao
Izao fandalovany izao,
Ka nony efa farany
Vao tia ny hovangiany,
:,:Indrisy! Tsy ho hitanao
Jeso Izay efa nandalo tao:,:

388 - Tsy maintsy hateraka indray hianao

1. Tsy maintsy hateraka indray hianao
Izay ta-handova
Ny lanitra sy ny fiainam-baovao,
Izay tsy miova
Ny havan'ny Tompo ihany
No tena hahazo izany.

2. Ny fo vatolampy esory izao,
Fa tsy hovonjena;
Katsaho ny fo feno aina vaovao
Fa io no ekena
Horaisina any ambony,
Ka tsy hitomany intsony.

3. Ny Tompo mitondra ny hery vaovao;
Fanahy sy afo,
Izay mampiova ny fonao izao
Ho tonga fo nofo;
Ny olona lasan-ko babo
Ho afaka sady hiravo.

4. Ry Masina ô, ateraho indray
Izay mitaraina,
Velomy ny maty hifoha,
Handray ilay tena aina;
Mba raiso , ry Ray be fitia,
Ny zanaka adala nania!

389 - Ny perla madio, ny perla vaovao

1. Ny perla madio, ny perla vaovao
No tonga hampanan-karenany very.
Ny perla madio katsaho izao;

Ario ny ota, izay mahavery,
Tapaho ny gadra, izay mahamay!
Fa sao ho anjaranao mandrakizay.

2. Ny ota nataonao, ry havana e,
Miteraka gadra, izay mahafaty;
Kanefa maro miezaka re,
Hahazo ny voan'ny ota, ka maty!
Reseo ny ota, reseo izao,
Katsaho indrindra ny perla vaovao!

3. Avia, mpanota, faingàna izao,
Faingàna ka dia hahazo hijery
Ny perla madio, ny perla vaovao,
Izay tonga hampanan-karena ny very.
Ry Jeso, Izay perla madio vaovao,
Avia hampanan-karena izao!

390 - He, Jesosy Tomponao

1. He, Jesosy Tomponao
Malahelo, mitomany,
Fa izao tontolo izao
Mbola mihomehy ihany,
Ka ho ratsy fiafara,
Fa manda ny Tompo tsara!

2. lndro, tevana no ao,
Fa tsy hitan'ny mpanota,
Izay mandihy faly izao
Sy manaram-po manota.
Ry adala, miverena,
Sao ho very famonjena.

3. Mba heveronao izao
Fa ny tenanao ho faty;
Koa ny fifonanao
Aza ataonao matimaty!
He, ny Tompo mitomany!
Sa tsy azonao izany?

4. Latsa-drano maso be
Sy onena ny Mpamonjy;
Koa mifohaza re
Manatona ho tra-bonjy;
Fa Jesosy be fitia
Mitomany ny mania.

391 - Mpanota ô, mba mihevera tsara

1. Mpanota ô, mba mihevera tsara
Fa mora tapitra ny andronao
Hevero, fa ho avy ny Mpitsara
Handinika ny raharahanao

2. Akaiky izao ny fararanon'aina
Izay hijinjana izao tontolo izao
Ka dia tsarovy, fa ny Tompon'aina
Hanolotra izay ho anjaranao

3. Izay mamafy araka ny nofo
Hijinja fanimbana lehibe
Izay mamafy tsara amin-joto
Homen'ny Tompo fitsaharam-be

4. Izany fitsaharana izany
Dia vokatry ny ran'ny Tomponao
Izay nalatsany taty an-tany
Hamonjy sy hanavotra anao

5. Henoy ny Mpamonjy be fitia
Izay voahombo noho ny helokao!
Miantso mafy Izy hoe: Avia
Handray ny lanitra ho lovanao

392 - O mba raiso izao, misy lovanao ao

1. O, mba raiso izao,
Misy lovanao ao,
Indro! Jeso miandry anao!
Fa ny helokao be
Dia navelany e,
Ka fiainana omeny anao;
Novidiny hianao,
Ka ekeo hatrizao
Izay omen'i Jesosy anao.
O, mba raiso izao,

Misy lovanao ao,
Indro! Jeso miandry anao!

2. Moa hadinonao va
Fa ny olo-mandà
Ho tra-nenina rahatrizay?
Izay ataonao aty
Hotsaraina ary
Ka tsy azo ovana indray.
Ny Mpamonjy anao
No hatony izao,
Ary Izy hihaino anao.
Moa hadinonao va
Fa ny olo-mandà
Ho tra-nenina rahatrizay?

3. Izao tontolo izao
Dia mamitaka anao,
Ka afoizo fandrao manindao.
He, Jesosy nandao
Izao tontolo izao
Ary izy miantso anao.
Izy tonga indray
Ao an-dapan'ny Ray,
Ka ho velona mandrakizay.
Izao tontolo izao
Dia mamitaka anao,
Ka afoizo fandrao manindao.

393 - Misy havana ao ala-trano ao

1. Misy havana ao ala-trano ao,
Vohay! Vohay!
Ka indro, Izy miandry ao,
Vohay! Vohay!
Ny lohany lenan'ny ando izao,
Vohay! Vohay!
Mangataka hampandrosoinao.
Vohay! Vohay!

2. Mikasa hanao soa aminao,
Vohay! Vohay!
Maniry hamelona anao,
Vohay! Vohay!
Ny rany nomeny ho avotrao,
Vohay! Vohay!
Ny fonao omeo ho Azy izao,
Vohay! Vohay!

3. Ka Jeso Kristy no anarany,
Vohay! Vohay!
Ho hitanao ny hatsarany,
Vohay! Vohay!
Ho tiany mandrakizay hianao,
Vohay! Vohay!
Ka aoka ho raisinao Izy izao,
Vohay! Vohay!

394 - O! avia ry mpanota

1. O! avia, ry mpanota!
O! avia hianao,
Fa miandry Kristy Tompo,
Mba handray anao izao:

Fiv : :,:Manatona, manatona,
Manatona Azy 'zao:,:.

2. O, avia, ry mahantra!
Ho finaritra izao,
Fa akaiky ny Mpiantra
Hampifaly fo anao:
Manatona, sns...

3. O, avia, ry malemy!
Aza kivy hianao,
Fa ny vavakao ho ren'i
Jeso Kristy herinao:
Manatona, sns...

4. O, avia sao ho very,
Ditra mba esorinao;
Ny mpamonjy no mijery
Sady ta-handray anao:
Manatona, sns...

395 - Modia, modia, ô, ry mpanota ô!

1. Modia, modia, ô, ry mpanota ô!
Tsy mba hitsangana va
Mba hiadananao?
Tsy handosiranao va
Izao fomba ratsy izao?
Indro mitady anao
Andriamanitra,
:,: Ka ta hampiditra anao
Any an-danitra:,:
Moa tsy tianao va
Ny mba ho velona?
Koa dia aza manda
Azy Mpamelona anao
Jeso miantso anao,
Ka mba henoinao,
:,: Raiso ny teniny izao,
Mba hamonjena anao.:,:

Fiv : O, ry mpanota, miovà
:,:Fa ho sambatra tokoa,
Raha mody hianao.:,:

2. Modia, modia, ô, ry mpanota ô!
Tsy mbola azonao va
Ny fiantsoany?
Sa hianao ta-handà
Ny fitiavany?
Mba mankanesa aty,
Indro mivoha izao
:,: Tranon'ny Rainao ery,
Ka mba idironao:,:
O, mba modia hianao,
Sao dia ho neninao,
Sao dia handatsa anao
Ny fikirizanao;
Koa katsaho izao
Ny voninahitra
:,: Efa miandry anao
Any an-danitra:,:
O, ry mpanota, sns...

396 - Aizan'ny lanitra hianao

1. Aizan'ny lanitra hianao,
Ry zanak'olona ô?
Moa mba efa miditra ao,
Sa ao ivelany?

2. Lapan'Andriamanitra ao,
Koa tsy misy mankao
Afa-tsy izay mandray fo vaovao:
Olona masina.

3. Any ny masina marobe
Velona mandrakizay,
Ka fiderana tsara no re
Eran'ny lanitra.

4. Tapitra irina izay tonga ao:
Sambatra mandrakizay;
Any ny Paradisa vaovao,
Izay hiadanana.

5. Aizan'ny lanitra hianao,
Ry zanak'olona ô?
O, mba hevero izay toetrao
Mbamin'ny asanao!

397 - Ry olona mbola tamana amin-dratsy

1. Ry olona mbola tamana amin-dratsy,
Hevero ny loza hihatra aminao,
Fa indro satana zay lohan'ny ratsy
Mandefa tsipika hamono anao,
Kanefa ny Tompo, Izay Zanahary,
No tonga hamonjy, fa tsy manary;
Avia, ry olo-mahantra, hihary
Ny tena harena tsy mety ho lo.

2. Jesosy mamoha anao, ry matory,
Fa Izy maniry hitarika anao.
Ilaozy ny ota, fa he, mampahory,
Henoy ny feo miantso anao!

Jereo ilay kintana, Izay tsy ho rava,
Fa indro ny aizina dia hisava,
Araho Jesosy, fa tena mazava
Izay hanazava tokoa anao.

3. Ny Tompo mamelona ny efa maty,
Ka aoka hitsangana re hianao!
Fadio tokoa izay mahafaty,
Katsaho indrindra ny aina vaovao!
Jesosy Mpamonjy no mba itafio,
Ka dia tandremo fa lamba madio!
Ry olo-mahantra, mba raiso anio
Jesosy, Izay mahavonjy anao.

4. Jesosy Mpamonjy mitondra ny teny
Izay hahavelona mandrakizay;
Ka dia henoy ny toky nomeny,
Ry olo-maniry ho amin'ny Ray!
Faingàna tokoa, ry efa mifoha
Fa indro ny lanitra efa mivoha,
Ka faly indrindra ny Tompo Tsitoha
Hitsena ny zanany velona indray.

398 - Iza no hiara-dia

1. Iza no hiara-dia
Ho ary an-danitra,
Ka hanaiky sy ho tia
An'Andriamanitra?
Ry mikatsaka ny To,
Atolorinao, ny fo;
Izao tontolo izao, ario,
Ka ny lanitra fidio.

2. Sao ho lany amin'ota
Ny anjara andronao,
Ka ny helo valin'ota
No hanjary lovanao;
Miovà re hatrizao,
Miverena hianao:
Tadiavonao tokoa
Ny Mpamonjy Tompo soa.

3. Mba avia, mianara
Izay fitondrantena vao
Mikeleza aina tsara,
Ka reseo ny nofonao,
Aza mba mamindra fo
Amin-dratsy ao am-po,
Fa ongoty avokoa
Izay misakana ny soa.

4. Tsy mba misy lalan-kafa
Hiakaranao, ho ao,
Koa andeha manahafa
Ny nataon'ny Tomponao.
Tsy mba mahavonjy anie
Ny fahaizan-dehibe;
Raha ny nofo no hajaina,
Dia ho very re ny aina.

5. Dia ny lanitra katsaho
Ho anjara lovanao;
Ny Mpamonjy angataho
Ho mpitarika anao,
Fa izay mpianany
Dia hotantanany,
Iza no hiara-dia?
Mitsangàna ka avia!

399 - Ny sento ajanony, ry malahelo ô!

1. Ny sento ajanony,
Ry malahelo ô!
Ka aza misy intsony
Izay hamoy fo!
Fa indro ny Mpamonjy
Dia ao anilanao,
Ka tonga mba hamonjy
Sy hitondra anao.

2. Jesosy no nitory
Ny teny soa re,
Ny rera-po sy ory
Antsoiny mba handre;
Minoa fa ny ota

Dia voavelany,
Sakaizan'ny mpanota
No anarany.

3. Miposaka ny taona
Ankasitrahana,
Ka be ny voataona
Am-pitiavana.
Hevero, ry mahantra,
Izay anjaranao!
Jesosy be fiantra
No Mpamonjinao

400 - Tompo Tsitoha, izahay mifona

1. Tompo Tsitoha, izahay mifona
Mba mihainoa, ô, mba manatona!
Ka mamindra fo aminay mpanota,
Hoafaka ota

2. Raha averina aminay mpanota
Izay mendrikahoanay ho vali'ota,
Dia ho anajaranay re ny hijaly,
Fa tsy hifaly.

3. Indro izahay fa vovoka sy tany,
Reraka, osa, sady mitomany,
tratry ny mafy mampiferinaina,
Ka mitaraina.

4. Noho Jesosy Zanaka malala,
Izay nijaly solonay adala,
Dia mba vonjeoizahay mahantra,
Ry be fiantra.

5. Ray be fitia, tokin'ny mahantra,
Mba manampia anay, ry be fiantra,
Fa miandrandra izahay mijery
Anao irery!

401 - Izaho nivily, ka simba ny fo

1. Izaho nivily, ka simba ny fo,
Nafoiko ny lalana tery.
Izaho nanary ny soa sy to,
Ka resin'ilay mahavery.

2. Ka nony adala sy mafy ny fo,
Dia tonga ny filazantsara
Naneho ny teny mazava sy to,
Dia teny izay manambara:

3. Fa tonga ny Tompon'ny lanitra izao
Hamonjy izay olom-bery;
Modia anio, ry havako ô,
Araho ny lalana tery.

4. Jesosy nijaly nisolo anao;
Ny fony, ny ainy nijaly;
Ario ny ratsy, fidio zay
Ny soa izay mahafaly.

5. Izaho fahiny nahery nandà,
Tsy nety nifidy ny soa,
Fa noho ny hrin'ny afo sy rà,
Nanaiky ny foko favoa.

6. Izaho izao dia tretrika am-po,
Fa afaka tsara sy sahy
Hiala amin-dratsy, hitady ny to,
Ka mino fa Jeso no ahy

7. Ry Jeso Mpamonjy, arovy ny fo,
Ahiko ny fandrika maro!
Izaho mikasa ao anatin'ny fo
Hanaraka Anao, ry Mpiaro.

402 - Ory sady mitomany

Ory sady mitomany
Aho, ry Jesosy ô,
Fa tsaroako izany
Vestry ny heloko:
Koa mba todihonao.
Raiso ho Mpianatrao,
Ny fanahiko sitrano,
Atsaganonao ka tano!

403 - Ry Jeso Tompo tsara ô

Ry Jeso Tompo tsara ô!
He, resy lahatra aho izao,
Fa be ny ratsy vitako
Mandifotra ny tenako.
Milela-paladia re,
Fa efa diso lehibe;
Koseho tsy ho hitanao
Ny mariky ny otako,
Ampiasao ny indrafo
Ka mamelà ny heloko!

404 - Ny fasika amoron'ny rano

1. Ny fasika amoron'ny rano
Tsy tambo isaina, fa maro;
Ny kintana an-danitra koa
Tsy azo isaina avokoa.

2. Ny otako toraka izany,
Ny isany tsy hita lany;
Izaho nanary ny soa,
Ka dia mahantra tokoa.

3. Indrisy, izaho nania,
Ka very ny valim-pitia;
Ny foko tsy mety mangina,
Fa maro ny heloka ahina.

4. Izaho maniry hahazo
Ny lova izay tsy halazo;
Iriko ho tafafindra
Ho amin'ny avo indradra

5. Ry Jeso Mpamonjy mahery,
Variana aho fa very,
Ka noho ny ranao madio,
Ny heloko re mba ario.

405 - Jesosy Kristy Tompo ô

1. Jesosy Kristy Tompo ô!
Mba mamindrà fo e!
Fa raha tsy hatoninao,
Mahantra aho re!

2. Mifona sy mangataka
Izaho, Tompo ô,
Noho ny ranao latsaka,
Vonoy ny heloko.

3. Ny famonjena vitanao,
Tsy hain'ny hafa atao;
Ny teny sy ny herinao
Dia ampy hanavao.

4. Ho heriko ny indrafo
Sy ny fitiavanao,
Ka faly ny fanahiko,
Fa velon-ko Anao.

5. Ny hazo-fijaliana
Anjarako aty,
Fa satro-pifaliana
Ho azaoko ary.

406 - Menenina aho, Ray masina ô

1. Menenina aho, Ray masina ô!
Fa simba ny tsirin'ny aina;
Izay nambolenao tanatin'ny fo
Dia lanin'ny ota ka maina.

2. Indrisy ny fahadisoako, re!
Fa maro tsy tambo isaina,
Kanefa, ry Tompoko, mba mamonje
Ity ory, izay mitarina!

3. Havaozy indray ny fanahiko izao
Andrao lasa ho babon'ny helo;
Ka ny fivalozako mba raisonao,
Vonjeo ny fo malahelo!

407 - O, ry Raiko, Izay malala

1. O, ry Raiko, Izay malala

Tonga aho zanakao,
Izay nania, fa adala,
Ka mifona aminao.
Mamela ny fahotako
Teo anatrehanao;
Ary ny fahadalako
Aza mba tsarovanao!

2. He, izaho nanantena
Izao fiainana izao,
Ka nandà ny famonjena,
Izay lazain'ny teninao;
Kanjo hitako tokoa,
Fa izao tontolo izao
Ty mba mana-java-tso
Hampiadana ny ao.

3. Enga aho, izay mahantra,
Mba ho isan'ny Anao;
Hianao no Ray Mpiantra,
Miantrà ny zanakao,
Ary noho ny Mpamony,
Izay nanavotra ahy re,
Raiso aho ho tra-bonjy,
Ho Anao, ry Ray! Amen!

408 - Jehovah, Ray mahari-po

1. Jehovah, Ray mahari-po,
Izay tia sy mamindra fo,
O, mihainoa ny hatako;
Mba mamindrà fo amiko.

2. Izaho izay mangataka
Tsy azo hamarinina;
Indrisy! be ny tsiniko:
Mba mamindrà fo amiko.

3. Tsy tamboko isaina re
Ny fahotako marobe,
Ka be tokoa ny tahotro;
Mba mamindrà fo amiko!

4. He! Misy hanatonako
Anao, Mpandray mpibebaka;
Izaho diso fatratra:
Mba mamindra fo amiko!

5. Fa Jeso no Anarana
Izay entiko mangataka
Ny hamelanao heloka:
Mba mamindrà fo amiko!

6. Tsinjovy re ny zanakao
Miverina aminao izao
Ka mitaraina aminao:
Mba mamindrà fo amiko!

7. O! mba jereo ka iantrao
Izaho miandrandra Anao;
Ny heloko vonoinao,
Fa mampisaraka aminao.

409 - Ry zaza mpiodina, mba miverena

1. "Ry zaza mpiodina, mba miverena!"
Antsoin'ny Ray.
Isika hamaly am-po tsy terena:
"Indreto izahay
Miaiky fa ratsy
Maratran'ny rafy,
Sitrano izahay,
Fa simba ny toetranay."

2. Indrisy, nanota ka mendrika ho faty
Sy very izahay!
Ny razanay dia nanompo ny maty
Ka narahinay,
Ry Ray ô, jereo
Ka dia vonjeo,
Mba ho zanakao
Izahay mitanondrika izao".

3. "Sitraniko ny fihemoranareo,
Ry zanako ô!
Tsy ampanjomboniko aminareo
Ny tavako ko."

Izany irinay
Ho re ao am-ponay,
Fa Ray Hianao
Mampionona ny olonao.

410 - Ry Jeso ô! Jereo

1. Ry Jeso ô! Jereo
'Ndrao maty, Ka vonjeo;
Ry Kristy, Vonivatonay!
Mba raiso izahay.
Mahantra izahay.
Ka ory ny fonay;
Ry Tompo be fiantra ô!
Mba miantrà anay.

2. Mpanavotra ô! Jereo,
'Ndrao very, ka vonjeo;
Ry Kristy, Orimbatonay!
Avoty izahay.
Mpanota izahay,
Maloto ny fonay;
Ry Zanak'Andriamanitra ô!
Vonoy ny otanay.

3. Mpanjaka ô! Jereo
'Ndrao lavo, ka vonjeo;
Ry Kristy, Harambatonay!
Arovy izahay.
Malemy izahay;
Ry Tomponay mahery ô!
Tantano izahay.

411 - Ry Zanahary Tomponay

1. Ry Zanahary Tomponay,
Mpanao izao rehetra izao!
Tsinjovy re ny olonao,
Ka miantrà ny lovanao.

2. Ry Tokinay sy Tanjakay!
Mba mitalaho izahay;
Tsarovy re ny zanakao,
Ka mamelà ny helokay.

3. Ry Tomponay, Mpamonjy soa!
Tariho izahay izao
Hanompo sy hanoha Anao,
Ho voninahitrao tokoa.

4. Rehefa hody izahay,
Mba raiso ny fanahinay
Handray ny hasambarana
Atolotrao, Mpanavotray.

412 - Jehovah Tompo ô!

1. Jehovah Tompo ô!
Indreto izahay
Mifona aminao ;
Fa be ny helokay :

Fiv : Henoy izao, ry Ray !
Henoy ankehitrio,
Henoy ny vavakay,
Henoy ka mba valio.
Ry Andriamanitray !
Mijere !
Jeso Kristy Tomponay !
Mamonje !

2. Vonjeo, vonjeo, ry Ray !
Vonjeo ho olonao;
Mifona izahay,
Isao ho zanakao :
Henoy izao, sns...

3. Mpanota izahay,
Mba mamelà anay;
Maloto ny fonay,
Sasao ho voadio :
Henoy izao, sns...

4. Jereo ny Zanakao
Misolo vava anay;
Ilay Malalanao
Mifona ho anay :
Henoy izao, sns...

413 - Ry Mpamonjy, Tompo soa

1. Ry Mpamonjy, Tompo soa!
Avy izahay izao,
Mba hanaiky sy hanoa,
Ka hiverina aminao.
Hianao no ranon' aina
Mahavelona ny fo;
Hianao no antenaina
Mba hanala ny manjo.

2. Indreto izahay mpanota
Efa diso taminao,
Mamonje sy manavota
Ny fanahinay izao.
Hianao no mahavonjy
Izay miankna aminao;
Koa raiso, ry Mpamonjy!
Ny fifonanay izao.

3. Ry Jesosy be fitia!
Mba tantano izahay,
Fa ho lavo sy hania
Raha tsy hazoninao.
Tsy mba misy mety very
Eo am-pelatananao,
Fa aminao no misy hery
Mahatanjaka ny fo.

4. Tompo ô! mba tanteraho
Izay rehetra mahasoa,
Ka ny otanay afaho,
Fa manimba anay tokoa.
Mampianara anay haniry
Mba hanao ny sitrakao,
Hahazoanay ny hery
Eo am-pelatananao.

414 - Jeso, Vatolampinay

1. Jeso Vatolampiny !
O! arovy izahay,
Ka ny fonay mba sasao,
Manafaha anay izao,
Mba tsy hisy izay hanjo
Olon-tsy mahitsy fo.

2. Tsy ny asa izay atao
Mahato ny didinao ;
Tsy ny hazotoam-po
No mahazo manadio ;
Tsy ny ranomasonay
No mahafa-trosa anay.

3. Tsinontsinona izahay,
Sady be ny helokay ;
Ry Mpiaro lehibe,
Jeso Tompo ! mamonje,
Fa miankina aminao
Izahay mpanomponao.

4. Tomoera aminay
Raha ho faty izahay,
Ary hiakatra ao
Mba hiseho aminao,
Jeso Vatolampinay !
O ! arovy izahay.

415 - Mifona aminao izahay

1. Mifona aminao izahay,
Andriamanitra ô!
Mba mamelà ny helokay,
:,: Fa diso izahay. :,:

2. Mivavaka aminao izahay,
Ry Jeso Tompo ô !
Avoty ny ranao izahay,
:,: Fa very izahay. :,:

3. Mangataka aminao izahay,
Fanahay Masina ô !
Velomy ny fanahinay,
:,: Fa maty izahay. :,:

4. Jehovah ô! Izay iray,
Kanefa Telo koa,
Mba atokàny izahay,
:,: Ho olonao tokoa. :,:

416 - Mamindrà fo amiko

(Maintimolaly)
1. Mamindrà fo amiko,
Ry Jehovah Tompoko!
Fa miantra hanao,
Mamelà ny heloko.

2. Iza no mamindra fo
Toa an' Andriamanitra?
Iza no Mpanavotra
Afa-tsy ny Zanany?

3. Jeso Kristy no mahay
Mamonjy ny mpanota
Izay miankina aminy
Ka tsy mandoka tena.

4. Aza mahafoy ahy,
Ry Jehovah Tompoko!
Mamindrà fo amiko,
Mamelà ny heloko.

417 - Nandao Anao ela aho

1. Nandao Anao ela aho, Raiko ô!
Izao dia te-hody aho;
Maniry hiankina an-tratranao,
Izao dia te-hody aho.

Fiv : :,: Inty tamy aho,
Raiko malala ô,
Raiso ny tanako. :,:

2. Maniry hanana fiadanam-po,
Izao dia te-hody aho,
Sy mba hivesatra ny zioganao,
Izao dia te-hody aho,
Inty tamy aho, sns...

3. Itambesaran?ny ota natao
?Zao dia te-hody aho,
Matoky anefa fa horaisinao
?Zao dia dia te-hody aho.
Inty tamy aho, sns...

4. Raha tsy mendrika ny ho zanakao,
Izao dia te-hody aho,
Ataovy isan'ny mpanomponao,
Izao dia te-hody aho.
Inty tamy aho, sns...

5. Indro fa tazako ny sandrinao,
Izao dia te-hody aho,
Mitsotra mba hisakambina re,
Izao dia te-hody aho
Inty tamy aho, sns...

418 - Amorony fo madio

1. Amorony fo madio
Aho ry Jehovah ô!
Ka havaozinao anio
Ny fanahiko izao.
Be ny ratsy vitako,
Ka ny heloko sasao;
Mamindrà fo amiko,
Ry Jehovah Tompo ô!

2. Amorony fo madio
Aho ry Jehovah ô!
Ka diovy ankehitrio
Ny fiainako izao
Simba ny fanahiko,
Ka amboary ho vaovao;
Aza esorina amiko
Ny fanahy Masinao.

3. Amorony fo madio
Aho, ry Jehovah ô!
Ka ny foko ahitsio,
Hamasino ho Anao.

Taminao dia taminao
No Mba nanotàko, Ray;
Ka ny heloko avelao,
Ny fanahiko ovay.

4. Amorony fo madio
Aho, ry Jehovah ô!
Ka ny fo omeko anio,
Raiso ho fanananao:
Fo mangorakoraka
Noho ny ratsy izay natao;
Fo miaiky heloka,
Ka mba raiso, Tompo ô!

419 - Ry Raiko ô! Ry Raiko ô!

1. Ry Raiko ô! Ry Raiko ô!
Efa nanota teo imasonao
Ity zanaka mahantranao;
Ninia niala teo an-tranonao.
Mangovitra ny feoko,
Torovana ny foko,
Kanefa tazako Hianao
Ka mamelà, mamelà, Raiko ô!

2. Ry Raiko ô! Ry Raiko ô!
Ho tanterahiko ny anjarako:
Mandao ny làlako taloha.
Izay nanalavitra ahy taminao
Tratrariko ny eo aloha,
Ilaozako ny lasa,
Inoako ny famindramponao
Ka mamelà, mamelà, Raiko ô!

3. Ry Raiko ô! Ry Raiko ô!
Atsory amiko ny tananao
Hamelona ny heriko
Fa reraka aho, ka tantanonao,
Ny fitiavanao, Ray ô!
Fanilo sady toky
Andraisako fiadanam-po,
Ka mamelà, mamelà, Raiko ô!

4. Ry Raiko ô! Ry Raiko ô!
Ho olom-baovao ity zanakao
Raha tonga eo akaikinao
Fa hosasan'i Jeso Tompo tia
Tsy tapitra ny antranao,
Fa manana amby ampy
Dia manantena aho izao
Ka mamelà, mamelà, Raiko ô!

420 - Ry Raiko feno antra

1. Ry Raiko feno antra,
Inty aho fa ory;
Mijaly sy mahantra,
Ka tsy mahatraka akory.

Fiv : Jesosy no nilonjy,
Ny ota vitanao;
Ny rany mahavonjy,
Nomeny ho anao.

2. Nandao ny tavanao,
Nikaro-java-tsoa;
Korana sy lalao,
Sambo-drivotra avokoa,
Jesosy no nilonjy, sns...

3. Izaho fahavalo
Fa tsy narianao,
Ny loza natakalo
Hasambaram-baovao.
Jesosy no nilonjy, sns...

4. Hanompo no iriko
Fa zanaka nania,
Ry hany itokiako
Mba ho Tompoko doria.
Jesosy no nilonjy, sns...

421 - Andriamanitra ô, Ray Mpamindra fo

1. Andriamanitra ô, Ray Mpamindra fo
Avy mankalaza Anao tokoa izahay,

N'inon'inona midona, zavatra manko,
Eo ambany elatrao matoky izahay.

Fiv : Mamindrà fo amiko,
Andriamanitra ô!
Avelao ny heloko Jeso
Mpamonjy ô!
Hazavao ny lalako Fanahy Masina ô!
Fa izay no fahasambaran'ny fanahiko.

2. Jeso Kristy Tompo sy Zokinay,
Miaraka Aminao afa-tahotra tokoa,
Hetraketraky ny tany tsy hanimba anay,
Izay mialoka Aminao ho ampoky ny soa.
Mamindrà fo amiko, sns...

3. Ry Fanahy Masina Mpanavao,
Hazavao re, ny ao am-poko miafina ao,
Ka ny làlana ombako mba tarihonao
Ny ota mahazatra mba levony koa ho lao.
Mamindrà fo amiko, sns...

422 - Ry Andriananaharinay

1. Ry Andriananaharinay!
Ny hamasinanao.
Dia tena lehibe tokoa.
Raha te hahita Anao izahay,
Tsy maintsy tsara fo.

2. Ny mason'ny anjelinao
Mahita Anao tokoa,
Ka tsy mba manjambena ireo
Na dia mamirapiratra
Ny hamasinanao.

3. Fa tsy nanota taminao
Akory izy irezo,
Tsy meloka, tsy menatra,
Ka misy hahazoany
Hijery tsara anao.

4. Fa izahay, maloto fo,
Raha te-hahita Anao,
Tsy mana-mahamendrika,
Fa zanak'olombelona;
Ahoana no hatao?

5. Ry Andriananaharinay!
Ny ran'ny zanakao;
Ny asan'ny Fanahy koa,
No zava-mahamendrika
Anay hahita Anao.

423 - He! Maharavoravo

1. He! Maharavoravo
Jeso ny fitiavanao
Izaho dia mpanota lavo.
Nefa Jeso, nareninao

Fiv : Mamin'ny foko, loatra
Ny fanavotana
He! Ny foko tsy afa-manoatra
Jeso hihira ho Anao

2. Izaho mpanota adala
No nanehoam-pitiavan-tsoa
Ny heloko, Jeso malala,
Navelanao tokoa tokoa.
Mamin'ny foko, sns...

3. Endey ny hafaliako;
Ny heloko navelanao,
He: Maivana ny fahoriako
Noho ny fanavotanao.
Mamin'ny foko, sns...

424 - Tsaroako dia tsaroako

1. Tsaroako dia tsaroako,
Raiko ô! Raiko be fitia,
Fa ny fahadisoako
Nodiovinao satria
Noho Jeso Mpamonjy soa
Inty izaho fa afaka

He azoko tokoa, tokoa,
Ny famelana heloka.

2. Ny aizim-pahotàna
Raiko ô! Raiko be fitia,
Misolo hazavana
Mamiratra ery.
Ny làlako mahitsy izao
Mitory olona afaka
Noho ny hery vaovao:
Ny famelanao heloka.

3. Endrey, ny hafaliako
Raiko ô, Raiko be fitia,
Fa maivana ny diako
Avy any Kalvary.
Ny tahotaho-poko tao
Tsy reko intsony, afaka;
An-tanako tokoa izao
Ny famelàna heloka.

4. Deraiko lalandava
Raiko ô, Raiko be fitia
Ny vavako hilaza
Ny vitanao tety.
Fa mbola misy marobe
Maniry te-ho afaka,
Ho azy ireny koa anie
Ny famelàna heloka.

425 - Ny ratsy efa tiako

1. Ny ratsy efa tiako,
Tsy tahotro, tsy henatro;
Fa zava-bao no hitako,
Te hijery izany aho.

2. Ao ny hazo fijaliana
Ao ny Tompo efa maty;
Izy no nijery ahy
Tsy tezitra, fa niantra.

3. Hoy ny fijeriny ahy,
"Hianao mamono ahy"
Dia hitako mahantra aho
Ny heloko namono Azy.

4. Aiza no handosirako
Ndrao hidiran-doza aho?
Iza no hamonjy ahy,
Feno ota, feno loto?

5. Nijery ahy indray Izy;
"Avelako ny helokao"
Fa ny ràko no manadio
Hahazoanao fiainanana.

6. Maty Kristy, be ny ota
Maty i Jeso! be fitia,
Faly malahelo aho,
Sambatra, manana ody aina.

426 - Nanaton'Anao, Mpanavotra ô

1. Nanatona Anao, Mpanavotra ô!
Ny olo-mahantra fahiny.
Ny rofiny be, ny senton'ny fo
Naneho fa soa no niriny.
Tsy nety ho sasatra Hianao,
Tsy nisy nolavina akory,
Fa samy nandray ny indrafonao,
Ka ravo ny olona ory.

2. Manatona Anao, ry be indrafo,
Ny olo-mahantra anio,
Fa be siasia sy reraka am-po,
Ka raisonao ankehitrio!
Ny maty omeo aina vaovao,
Ny sasatra ampiadano,
Ny masonay jamba mba hazavao.
Ny rofin'ny fonay sitrano.

3. Ka rahatrizay hanatona Anao
Ny tsy ho farofy intsony,
Fa hisy ny Alahady vaovao,
Ka sitrana tsara ny fony.
Izay tany soa misy Anao
No hisy ny olonao koa,

Hahita ny voninahitrao ao,
Ry Zoky malala Tsitoha.

427 - Ho vavolombelonao

1. Ho vavolombelonao
N'aiza n'aiza no aleha
Izay no faniriana vao
Sy hataoko rehareha.
Ka raha asa no atao
Inty tokoa fa vonona
(ho vonona aho)
Tsy hiala na handao,
Tompo ô, iraho aho!

2. Ho vaolombelonao
Eran-tany raha ilaina
Toy ny loharano vao
Izay mamelombelona aina.
Hanasoa ny tany hay
Efa mihamaina taho
(mihamaina)
Tompo ô, inty indray
Alefaso, vonona aho.

3. Ho vavolombelonao
Ao anaty fitsapana,
Ka hijoro ho Anao,
Na fefena, na raràna,
Tsy hiahotra ny dia :
Fa Hianao naniraka ahy
(naniraka ahy)
Tsy hiahotra aho satria
Amiko Hianao Mpitahy.

428 - Reko izao ry Tompo

1. Reko izao ry Tompo izany antsonao,
Miantso izany mpanompo mba ho irakao!
Inty! Inty! sns...

Fiv : Inty! Inty! Inty aho Jeso!
Inty! Inty! Iraho ho aho Jeso!
Ekeko re ny ho miaramilanao
Ho vonona hanao ny sitrakao, ka iraho!

2. O! Diovy Tompo izany molotro!
Ka ny fo madio hanompo no atolotro.
Inty! Inty! sns...

3. Tsy andeha irery, fa hiaraka Aminao!
Ka dia mba omeo ny hery sy Fanahinao.
Inty! Inty! sns...

4. Reko izao ny toky hoe : "Momba ahy Hianao"
Ry Jesosy Tompo sy Zoky, vonona aho izao
Inty! Inty! sns...

429 - Inty ny olonao, Jeso Tompo ô

1. Inty ny olonao, Jeso Tompo ô,
Fa nandre ny antsoano
He, maniry mba hotarihinao
Ho akaikinao kokoa.
Mba tariho aho, Jeso Tompo ô!
Eo akaikinao kokoa,

Fiv : Mba tariho aho, Jeso Tompo ô!
Mba ho olonao tokoa.

2. Tsy ny sitrako, fa ny sitrakao
No iriko mba hatao,
Fa navotanao ny mpanomponao
Ka manaiky ho Anao.
Mba tariho aho, sns...

3. Raha mitokana mba hivavaka,
Ka miresaka Aminao,
Velombelona ny fanahiko,
Tafakambana Aminao.
Mba tariho aho, sns...

4. Raha avy re izay hodiako,

Hody Aminao indray,
Ao ny saiko vao tena afa-po
Tonga ao an-tranon-dRay.
Mba tariho aho, sns...

430 - Endrika sariaka

1. Endrika sariaka no
Anompoako Anao,
Jehovah Ray
Fa tapaka ny hevitro :
Izaho dia olonao mandrakizay.
He ny foko afa-jaly
Tena ravo, sady falifaly,

Fiv : Ka endrika sariaka no
Anompoako Anao Jehovah Ray.

2. Fa tsaroan?izany saiko,
Mandra-maty ho tadidiko,
Ny nanavotanao ny aiko,
Ilay fanahy sarobidiko.
Fa nomena fahendrena
Izay ekena fany famonjena,
Ka endrika sariaka sns...

3. Be ny zavatra mihatra
Mampahory sy mandrerapo ;
Kanefa ireny tsy handratra
Ny arovanao, ry Ilay tsitoha
Fa ny fony tena tony
Tsy mba kivy, tsy mba taitra intsony
Ka endrika sariaka sns...

4. Misy ve ny mampanahy
Sy ny zava-manahirana ?
He, tsy kivy ny fanahy
Fa hijoro, ka ho mirana.
Fa Jehovah, ray mahery
Miandany sady koa mijery
Ka endrika sariaka sns...

431 - Na be no mahareraka

(Maintimolaly)
1. Na be no mahareraka,
Tsy mety kivy ny mino;
Ny Tsitoha no heriny
Ny lehibe no tohany.

2. Ny hani-mandrakariva
Mofo avy an-danitra
Ny sotroin' isan'andro
Dia rano mahavelona.

3.Manda afo no arony
Finoana no ampingany,
Vavako no fofon'ainy,
Odiaina no tànany.

4. Ho lavorary ny diany,
Ho resy ny fahavalony.
Dia sitraka no itany,
Voninahitra no azony.

5. Mahereza ilay malala
Aza ketraka hanompo,
Lasa ny Mpitari-dàlana,
Hanamboatra ho anao.

432 - Mandra-piavin'ny Tompo

1. Mandra-piavin'ny Tompo mivavaha,
Ny teny tsara nomeny tadidio :
Ny adidinao , tontosay sy efao
Mijery ny ataonao ry Ray.

Fiv : Raha mpanompo tsara hianao,
He, ny Tompo faly aminao,
Koa tanteraho ireo adidinao,
Mba ho mpanompo mahasoa.

2. Mandra-piavin'ny Tompo miasà
Ampitomboy ireo talenta azonao,
Vola, fahaizana, aina, hery koa
No anompoy ny Tompo Tsitoha.
Raha mpanompo tsara hianao, sns...

3.Moa tianao va Ilay Mpamonjy
Tompo soa
Ny rany anie nanavotany anao !
Ny hafany tanteraho sy hajao
Valio ny fanavotany anao.
Raha mpanompo tsara hianao, sns...

433 - Mba taominao ny fo izao

1. Mba taominao ny fo izao,
Ry Jeso be fitia
Hanarahako Anao,
Ka mba tsy hania.

2. Mba taominao ny fo izao,
Hamoizako ny tany,
Fa izao rehetra izao
Dia mora lany.

3. Mba taominao ny fo izao
Hanaraka ny dia,
Izay nomban'ny olonao
Tsy naniasia.

4. Mba taominao ny fo izao,
Hahaizako hifaly,
Fa aty ny olonao
Ory sy mijaly.

5. Mba taominao ny fo izao,
Ho any amin-dRainao,
Mba ho reko hatrizao
Ny hafin'ny aino.

434 - Ny foko, ry Mpamonjy

1. Ny foko, ry Mpamonjy,
Atolotro Anao ;
Maloto ka diovy,
Mba ho fonenanao.
Ny ranao, izay nalatsaka,
No aoka mba hanafaka
Izao fahotako be izao.

2. Ny fahoriam-poko
Atolotro Anao,
Fa he, mampitoloko,
Manindry mafy ao ;
O, ry nijaly an-tsitrapo,
Tohany ny fanahiko
Mba tsy hamoy fo izao.

3. Ny fifaliam-poko
Atolotro Anao,
Arovy tsy aloto,
Diovy ho Anao,
Ampio ho tanteraka,
Ho tonga ao an-danitra
Hanatrika ny tavanao !

4. Ny tenako rehetra
Atolotro Anao,
Anao tsy misy fetra,
Anao, re, hatrizao,
Ka raiso ho fanananao
Hanompo sy hanaja Anao,
Ry Tompo sy Mpanjaka ô !

435 - Iza no hanoa ny Tompo lehibe ?

1. Iza no hanoa ny Tompo lehibe ?
Iza no hanaja Azy tsara re ?
Iza no hitady olon-kafa koa,
Mba hanaiky sy handray ny Tompo soa ?
Indreto, Jeso Tompo! izahay izao
Avy mba hanompo, avy ho Anao

2. Tsy an-tery re no ilatsahana
Toy ny olom-bery nadevozina;
Ta-hanompo tsara izahay izao
Ta-hamelkoa izay toherinao :
Eny, Jeso Tompo! ta-hanao tokoa
Izahay mpanompo izay nasian-tsoa.

3. Na dia ta-hanompo aza izahay,
Be ny fahavalo iadianay;
Izahay malemy feno tahotra,

Mba tsy horeseny, manampianay,
Kapiteny sahy! entonao izao
Mba hitomban-dahy ny mpiadinao.

4. Mafy re ny ady, maro be no voa,
Misy tsy mahandry, be ny maty koa;
Izahay mpanompo miandrandra Anao;
Tompo izay tsy toha! mba herezonao :
Tompo manan-kery! hatanjahonao
Izahay, sao very ka afaka aminao.

436 - Ny foko, ry Jehovah ô!

1. Ny foko, ry Jehovah ô!
Mba ento ho Anao,
Diovy ho fonenanao,
Ho tsara sy vaovao.

2. Fanahin'Andriamanitra ô!
Midina ato koa,
Ovay ny saiko mba hadio
Sy masina tokoa.

3. Ny aiko no navotanao,
Ry Jeso be fitia!
Mba hanompoako Anao,
Ry Tompoko, avia!

4. Ry sofiko, mba mihainoa !
Ry maso, mijere !
Ry tongotra aman-tanako,
Hajao ny Tompo e!

5. Ry tena sy fanahy koa!
Avia hankatô
Ny tenin'ny Mpanavotra,
Izay masina sy tô

437 - Ry Jeso Kristy Tompo

1. Ry Jeso Kristy Tompo,
O! Ampio ny olonao!
Ampianaro mba hanompo
Sy hanao ny sitrakao;
Malemy aho re,
Ka omeo ny herinao,
Tsy hivily, tsy hania,
Fa hanara-dia Anao.

Fiv : O! vonjeo, O! vonjeo,
Ka tantano sy jereo;
Aza afoy izahay,
Fa Hianao no Avotray.

2. Ny foko mba diovy,
Ry Mpamonjy lehibe!
Ka ambeno sy arovy,
Sao dia very aho re,
Iriko indrindra koa
Ny hitombo sy hamoa,
Ka ny voka-tsoa rehetra
Ho Anao, ry Jeso ô!
O! vonjeo, O! vonjeo,
sns...

3. Mba raisonao, ry Tompo!
Ho anao tokoa izao
Izay anananay rehetra,
Ka anarano fo izao,
Fa maty Hianao
Noho ny fitiavanao,
Ka tsy hanay hadinoina
Ny fitiavanao anay :
O! vonjeo, O! vonjeo,
sns...

438 - Avia, Jehovah Tomponay

1. Avia Jehovah Tomponay,
Handray ny vavakay,
Fa mitaraina izahay,
Valio ny hatakay :

Fiv : :,: Avia :,: handray ny fonay,
:,: Avia :,: ry Tomponay !

2. Savao ny alahelom-po
Mba hifalianay ;

Na mafy aza ny manjo,
Matoky izahay !
sns...

3. Avia, ka taomy izahay,
Ho tonga zanakao ;
Mba averenonao indray,
Fa te-ho olonao :
sns...

4. Manolo-tena izahay
Mba ho mpanomponao;
Ny fonay no atolotray,
Ka raiso ho Anao :
sns...

5. Raha avy ny hodianay
Ho any aminao,
Mba raiso ny fanahinay
Ho ao an-dapanao :
sns...

439 - Mba taomy aho e

1. Mba taomy aho e,
Ry Tompo ô !
Ho tonga zanakao
Madio am-po.
Mba taomy aho e,
Ho tia Anao tokoa !
Ny fo atolotro
Mba raisonao.

2. Tariho aho e,
Ry Jeso ô !
Aza ilaozanao,
Fa be manjo.
Trotroy an-tratranao
Ny ondrikelinao
Ka ento mody izao
Ilay nania.

3. Diovy aho e,
Fanahy ô !
Diniho sy hazavao
Ny toetro.
Diovy aho e,
Ny fo ovay ho vao,
Ka ny fanahiko
Onenonao.

440 - Ry Kristy ô, Mpanjakako!

1. Ry Kristy ô, Mpanjakako!
Ny foko ho Anao,
Ny feoko hasandratro
Hihira ho Anao.

2. Mba raiso ny fanahiko
Hanao ny sitrakao;
Ny tenako, ny heriko,
Dia ento ho Anao.

3. Ny tongotro, ny tanako,
Hiasa ho Anao;
ny androko, ny volako,
Omeko ho Anao.

4. Izaho dia tsy mendrika
Anao, ry Tompo ô!
Kanefa re, mba raisonao
Ny foko ho Anao.

441 - Raiso aho, Tompo ô

1. Raiso aho, Tompo ô!
Fa te ho mpanomponao;
Raiso koa ny androko,
Ka anarano fo izao.

2. Raiso re ny tanako
Mba hanao ny asanao;
Raiso koa ny tongotro
Ho fanirakirakao.

3. Raiso ny fahaizako
Ento mba hanaja Anao;
Raiso koa ny volako

Ho Anao tokoa izao.

4. Raiso re ny vavako
Hampiseho ny hafatrao;
Raiso koa ny feoko
Ho mpanandratra Anao.

5. Raiso ny fanahiko
Diovy ho tempolinao;
Raiso aho Tompo ô!
Ho Anao mihitsy 'zao.

6. Ho Anao manokana,
Ry Mpamonjy, Tompo soa!
Ho Anao dia Anao tokoa,
Ho Anao mandrakizay.

442 - Endrey! 'ty fahotana

1. Endrey! 'ty fahotana,
Mamely ao am-po
O! ady mampahana,
Ka mafy ny manjo;

Fiv : :,: Vonjeo, ry Mpiantra!
Izaho zanakao
Fa tery sy mahantra,
Miady lava izao. :,:

2. Ry Antoky ny aiko!
'Zay mahaftra-po,
Ry toky antenaiko!
'Zay tanjaky ny fo;
Ny tena sy fanahy
Apetraka aminao,
Ka ataovy lehilahy
Mpandresy toa Anao.
sns...

3. Izaho no Mpamonjy,
Ka matokia tokoa,
Izaho mahavonjy,
Koa antenao ny soa;
Ny sandriko mahery
No iankinonao,
Hianao dia tsy ho very,
Minoa hianao.
sns...

4. Ry Tompo manan-kery!
Ny fitiavanao
Fitia feno hery,
Ka raisiko izao;
Ny dera aman-daza
No mendrika ho Anao,
Ny foko hankalaza,
Ny voninahitrao.
sns...

443 - Raiso ho Anao ny foko

1. Raiso ho Anao ny foko,
Ry Jehovah Raiko ô!
Mitoera aty am-poko
Mba ho tompon-trano ao,
:,: O, ry Raiko! O, ry Raiko!
Mitoera ao izao :,:

2. Raiso ho Anao ny foko,
Ry Jesosy Tompo ô!
Tsy mba vola, fa ny foko,
No atolotro Anao:
:,: Raiso, Tompo! Raiso, Tompo!
Fa fanati-tsitrapo. :,:

3. Raiso ho Anao ny foko,
Ry Fanahy Masina ô!
Hazavao ny ao am-poko,
Diovy ho tempolinao:
:,: Indro, raiso ! Indro, raiso !
Itokany ho Anao. :,:

4. Tsy arindriko ny foko,
Fa vohako ho Anao;
Ka midira aty am-poko,
Manjakà irery ao;
:,: Eny, Tompo! Eny, Tompo!
Raiso aho ho Anao. :,:

444 - Ry Raiko feno antra

1. Ry Raiko feno antra!
Inty ny zanakao,
Ny foko dia mahantra
Raha lavitra aminao;
Fa tany karankaina
Izao tontolo izao
Ka reraka ny aina
Mihataka aminao.

Fiv : Ry Raiko feno antra!
Inty ny zanakao,
Ny foko dia mahantra
Raha lavitra aminao.

2. Nivezivezy aho
Nikaro-java-tsoa,
Izay rehetra hita
Nandramana avokoa;
Nadany taona maro
Nanaran-tsitrapo,
Kanefa tsy nahazo
Izay mahafa-po.
Ry Raiko feno antra!, sns...

3. Mamitaka mihitsy
Izao tontolo izao,
Ny mamy dia mangidy,
Izay tena soa tsy ao;
Koa aza mba adalainy
Intsony re, ny fo!
Andeha mba ho hendry
Hatramin'ny anio.
Ry Raiko feno antra!, sns...

4. Ry Jeso, Mofon'aina
Sy ranon'aina koa!
Hianao no mahatony
Izay filan'ny fo;
Hianao no mahavoky
Hianao no manome
Izay irin'ny foko,
Dia hasambaram-be
Ry Raiko feno antra!, sns...

445 - Jeso mora fo indrindra

1. Jeso mora fo indrindra
Tsara sady mahasoa,
Tsy miova tsy mifindra,
Tompo be fitia tokoa.
Mba iriko ho toa Azy
Tsy mba mety soso-po
Ka hionona ny foko
Raha avy ny manjo.

2. Jeso tia, nanetry tena
Sy nandefitra tokoa,
Nefa tompo be harena
Sy Mpanjaka foto-tsoa.
Mba iriko ho toa Azy
'Zay ninia ho ory koa;
Ka ny sainy no fidiko,
Fa fiainana tokoa.

3. He manolo-tena aho,
Ho Anao, ry Tompo soa!
Ka ny heloko rehetra
Mba sasaonao avokoa.
Enga ka omenao ahy
Fo madio sy vaovao,
Mba hahaizako manefa
'Zay rehetra sitrakao!

446 - Atolotro Anao ny tenako, ry Raiko

1. Atolotro Anao ny tenako, ry Raiko!
Fa Hianao no tena loharanon-tsoa;
Izao tontolo 'zao manintona ny saiko
Hihataka aminao, ho babony tokoa.

2. Atolotro Anao ny tenako, ry Raiko!
Ho eo an-tananao hosakambininao,
Hohatanjahinao ny tena sy ny saiko,

Hisikina tokoa hiady ho Anao.

3. Atolotro Anao ny tenako, ry Raiko!
Fa izany indrindra re no hetahetako;
Ny ran'ny Zanakao mitory ao an-tsaiko
Mba hanolorako Anao ny tenako

447 - Hianao ry Kristy Tompo

1. Hianao ry Kristy Tompo,
No hasiniko izao,
Avy aho fa mpanompo,
Hiankohoka Aminao,
Raiso re ny dera, saotra
Tena mendrika ho Anao;
He! Ny foko faly loatra,
Faly mba hanaja Anao.

2. 'Zao no tena faniriako:
Ny ho velona aminao,
Ka hitoeranao ny foko,
Fa tsy holalovanao;
Eny, Tompo ô! Monena,
Mba monena ao tokoa,
'Zay no tena famonjena,
'Zay no mahafatra-po.

3. Tsy ho orin-java-tsoa
'Zay rehetra itoeranao,
Tena sambatra tokoa,
Raha ny fo no lapanao,
Mandrosoa, fa vohako,
Ho Anao ny foko 'zao
Eny Tompo fa vohako
Koa midira Hianao.

448 - Ry Tompo ô! Tariho

1. Ry Tompo ô! Tariho
Ny ondrikelinao,
Tantano sy vimbino
Hanao ny sitrakao;
Raha misy hafaliana,
Dia taomy mba ho tia;
Raha sendra fahoriana,
Sakano tsy hania.

Fiv : Ry Jeso ô tazano,
Ny lalanay izao,
Tariho sy tantano
Ho ao, am-balanao;
Anio dia mikasa
Hanolo-tena koa
Fa nenina ny lasa Hiezaka tokoa.

2. Anio ho hafaliako,
Ny foko lasanao,
Ny maminao no tiako,
Hatao ny sitrakao.
Ny androko rehetra,
Atolotro Anao;
Anao tsy misy fetra,
Ka raiso, anjakao:
Ry Jeso ô tazano, sns...

449 - 'Njay reko Tompo ô!

1. 'Njay reko Tompo ô!
'Njay re ny feonao
Miantso ahy Hianao
hankany Kalvary;

Fiv : Tompo lehibe!
Raiso aho e;
Mba sasao ny ranao soa
Izay tao Kalvary.

2. Malemy aho e,
Ka mitaraina hoe:
Vonjeo ny aiko Tompo ô!
Vonjeo ny olonao:
Tompo lehibe! Sns

3. Ny fiadanam-po
Mandresy ny manjo;
Esorinao ny tahotro,
Ry Tompo ô vonjeo:
Tompo lehibe! sns...

4. Mpanota tsy mandà,
Ry Tompo! mamelà;
Ny fahotako lehibe
lfonako tokoa:
Tompo lehibe! sns...

5. Ny foko tsy madio
Mba diovinao, anio;
Maloto aho, Tompo ô!
Sasao ho voadio:
Tompo lehibe! sns...

6. Ny foko no sasao,
Ka diovinao izao;
Ny fahotako marobe
Levony avokoa:
Tompo lehibe! sns...

450 - Jeso Kristy be fiantra

1 .Jeso Kristy be fiantra!
Mba jereo izahay
Very amin'ota.

2.Hianao Mpiandrytsara,
Raisonao, izahay
Very toy ny ondry.

3. Fombanay ny tia ratsy,
Mba ovay ho vaovao
Ny fonay 'zay ratsy.

4.Zazabodo sy mahantra
Izahay raha aty,
Tsy mba manan-kery.

5.Hianao, no vatolampy,
Tanjakay, Avotray,
Hery sy Ampinga.

451 - Tompo ô! Tsy takatry ny saiko

1. Tompo ô! Tsy takatry ny saiko
Ny fitiavanao tsy nohajaiko
Kanjo io no hany antenaiko
Mba hamonjy ahy 'zao
(hamonjy 'zao)

Fiv : (Feo 1)
Tompo ô voababonao
Zanak'Andriamanitra
Mamy re!
'Zany fitiavanao ry Jeso ô!
(Feo 2)
Tompo ô dia resinao ny foko 'lay nanda
Voababonao tokoa tokoa
Ka nasandratrao ho
zanak'Andriamanitra
Ho tarihinao an-danitra.
Mamy dia mamy re tsaroan'ny aiko
'zao
Izany fitiavanao ry Jeso ô!

2. Ny fandavan-tenanao tsaroako,
Fa fandavan-tena nahitako
Ny fitiavanao izay inoako
Fa mambomba ahy izao.
(Mambomba izao)
Tompo ô, sns...

3. Ry Jesosy, tsy mba misy haiko
Afa-tsy manolotra ny aiko
Eo an-tananao 'zay andrandraiko
Hampijoro ahy izao
(Hijoro izao)
Tompo ô, sns...

452 - Tompo ô! Ovay ny foko

1. Tompo ô! Ovay ny foko
Mba ho mora anarina
Toy ny an'ny zazakely
Tsotra sady marina,
:,: Tsy mialona, tsy maditra,
Fa manao ny sitrakao. :,:

2. Zaza, ka tsy te-hifidy

Izay homenao ahy anio,
Ny ho azoko ampitso
Dia ankinina aminao;
:,: Koa tsy manahy aho,
Fa efa niantohanao. :,:

3. Zaza, tsy maharo tena,
Fa miankina amin-dray.
Tsy mahery, tsy mba hendry,
Ary tsy mahay mandeha;
:,: Hianao no Raiko tia,
Raiko be fahari-po. :,:

453 - Mihirà, ry mponina ao an-danitra

1. Mihirà, ry mponina ao an-danitra,
Tonga izao ny very fahizay,
Ka ny Rainy faly sy finaritra
mba handray ny zanany indray;

Fiv : Mihobia re ny lanitra,
Ka derao Andriamanitra
Eny mihobia, re, ry mino ô,
Ka hirao ny fihiram-baovao!

2. Mihirà, ry mponina ao an-danitra,
Fa ilay very dia hita izao,
Voaray ho zanak'Andriamanitra,
Efa tonga olona vaovao.
Mihobia, re, sns...

3. Mihirà, ry mponina ao an-danitra
Lehibe ny fifalianay,
Ka derao izao Andriamanitra,
Fa ny maty velona indray!
Mihobia, re, sns...

454 - Veloma no apetrako

1. Veloma no apetrako
Fa tapaka ny hevitro,
Handao ny fahazarako,
Fa Kristy no harahiko,

Fiv : Veloma hianao,
Ry izao tontolo izao!
Izaho tsy tamana aty,
Veloma hianao!

2. Ny làlan'ota hitako
Namono ny fanahiko,
Fa he, ery mba tazako
Ilay tany soa mamiko,
Veloma, sns...

3. Mpanota ô, nahoana
No tsy miaraka aminay?
Fa mbola misy toerana
Izay ho anao sy ho anay.
Veloma, sns...

4. Veloma, fa ao aloha ao
No tany izay honenako,
Ka maika aho mba hankao
Handray ny fitsaharako.
Veloma, sns...

5. Jerosalema tazako,
Ka velona ny hirako,
Fa any no honenako
Hidera ny Mpanjakako,
Ho any aho izao,
Ho any aho izao,
Izaho tsy tamana aty,
Ho any aho izao!

455 - Ny androm-pahasoavana

1. Ny androm-pahasoavana
Maneho zava-baovao;
Mahazo fahasambarana
Izao tontolo izao.
Ravoravo ny efitra maina
mbamin'ny tany karankaina;

He, torina ny teny soa,
Ka dia afaka avokoa
Ny olom-bery maniry ho velona.

2. Ka miandrandra ny lanitra
Ny malahelo izao:
Mihoby izy fa sambatra
Nahazo aina vaovao.
He, vahana ireo migadra,
Afaka ny midradradradra,
Mitsambikina ny mandringa,
Faingana izy sady kinga,
Ary mihoby ny lelan'ny moana.

3. Ny very no tadiavina
Mba hody amin'ny Ray;
Ny maty dia velomina
Ka ravo mandrakizay.
Izy dia mifady ny ota,
Noho ny lova tsy ho tonta,
Sady manaraka Azy Tompo,
Izay voaeso sy voahombo,
Ambara-podiny any an-danitra.

456 - He, sambatra ny navelanao

1. He, sambatra ny navelanao
Ny helony, ry Jehovah!
Ny otany voasaronao,
Ka mba isaina koa;
He, sambatra ny mahitsy fo,
Fa azy ny lovasoa.

2. Ny fo nony nampanginiko,
Ny heriko nihalany;
Ny ota izay nafeniko
No dia nahatonga izany,
Ka ketraka ny fanahiko,
Nisento sy nitomany.

3. Ny otako dia nambarako,
Niantso ny Tompo aho,
Niaiky ny fahadisoako,
Nivalo sy nitalaho,
Ka dia nomeny indrafo,
Mba ho afa-keloka aho.

4. Jehovah no fialofako
Sy manda miaro ahy;
Ny rano, na dia tondraka,
Dia tsy hahatratra ahy;
Ny hobin'ny afa-keloka
No ampihirainao ahy.

5. Ry olon'Andriamanitra,
Vonjeo ny andro soa,
Ny otanao izay miafina,
Itsorinao avokoa;
Raha mita ilay ony maizina,
Dia aronao ny Tsitoha.

457 - Jeso hany iriko

1. Jeso hany iriko,
Loharanon'aiko,
Sy sakaiza soa!
Mamiko indrindra
Ny ho tafafindra
Any Aminao,
Na dia toa takona,
Hianao no ao an-tsaiko,
Sady tohan'aiko.

2. Loza tsy misava,
Sento lalandava
No mitranga izao;
Notrotroiny aho,
Ka ny fahavalo
Tsy mahazo ao.
Na be aza ny manjo,
Tsy ho kivy ny fanahy,
Jeso mbola ahy.

3. Ny haren'ny tany,
Na dia tsara ihany,
Tsy ahoako;

Hianao irery
Lova tsy ho very,
Reharehako!
Ka na fahoriam-be
No mihatra amin'aiko,
Hianao tsy foiko.

4. Raha ao am-poko
Hianao, ry Tompo,
Ka manjaka ao,
Ireo ahiahy,
Nahavalaka ahy,
Dia afakao.
Na mavesatra entana,
Hianao no antenaiko
Sady Tohan'aiko.

458 - Tompo tia ô, midina

1. Tompo tia ô, midina,
Mitoera aminay,
Ka fenoy fifaliana
Ao anatin'ny fonay.
Hianao, ry be fiantra,
Tomponay Mpamindra fo,
No Mpamangy ny mahantra,
Ka midira ao am-po!

2. Aoka re ny fofon'ainao
Hahavelona anay,
Hanahafanay ny sainao
Hampiadana anay.
Ny fitiavanay ny ota
Mba vonoy, ry Tomponay,
Manafaha anay mpanota,
Ry Andriamanitray!

3. Ny mpanomponao ampio
Mba handraisany Anao,
Aza afoy fa mba tahio,
Aoka ho tempolinao,
Hianao no hotompoinay,
Ry Andriamanitra,
Hianao no hoderainay
Hatrary an-danitra.

4. Tanteraho ao am-ponay
Ny fiainana vaovao,
Ny fanahy sy ny sainay
Mba fenoy ny herinao.
Amboary sy havaozy
Isan'andro izahay
Mandra-pahatonga any
Aminao mandrakizay.

459 - Jeso Loharanon'aina

1. Jeso Loharanon'aina,
Jeso Masoandronay!
Izao ny fonay mitaraina,
Mba velomy izahay!
O, savao ny zavon-tany
Ao am-pandehananay,
Dia Hianao ihany
No ho Masoandronay.

2. Jeso, Mofon'aina soa,
Mba vokiso izahay,
Jeso, Làlana tokoa,
Mba tariho izahay!
Alfa sy Omega tsara
Hianao, Mpamonjinay;
Teny soa manambara:
Jeso no fiainanay.

460 - Ario ny tahotrao

1. Ario ny tahotrao,
Ry olona osa fo!
Izay lazain'ny Tomponao
Tsy hisy tsy ho to;
Ny fisentoanao
Dia reny avokoa;
Ny feon'ny fitarainanao
Valiany tokoa.

2. Mpanjaka lehibe
No itokianao;
Ny tanany mahery re
No hamonjena anao;
Tsy misy mahalà
'Zay tiany hatao:
Handositra amin-tahotra
Ny fahavalonao.

3. Ny fitondrany soa
No iankinonao;
Koa aoka hofidiny koa
Izay halehanao;
Na dia tsy takatrao
Ny sainy lalina.
Izay tendreny ho anao
Ekeo ho marina.

4. Ry Tompo tsara ô!
Mba mijere anay,
Na reraka aza re ny fo
Tohanonao 'zahay:
Ovay ny hevitray,
Ny fonay hazavao,
Izay atoronao anay
Hizoranay izao.

461 - Aoka ho an'Andriamanitra

1. Aoka ho an'Andriamanitra
Ny fanendrena ny lalanao.
Fa hovimbininy hianao
Amin'ny lalan-tsarotra ;
Fa toky tsy mamitaka
Ny tenin'Andriamanitra.

2. Fa inona no azonao
Amin'ny fiahiana ?
Tsy afaka ory hianao
Noho ny fisentoana ;
Na be herehina hianao,
Ho be ny alahelonao.

3. Lefero kely, maneke
Izay sitrak'Andriamanitra,
Ny zavatra tinendriny
Tsy maintsy mahasoa anao ;
Isika nofinidiny,
Ka tsy ho foiny indray.

4. Fa fantatr'Andriamanitra
Izay andro hifaliana
Isika no hodioviny
Amin'ny fahoriana:
Tsy maintsy hofantenana
Vao afa-pahoriana.

5.Dia aza atao fa hianao
Afoin'Andriamanitra ;
Fa Izy dia mananatra
Ny zaza izay tiany,
Na dia mba manomana azy
Handova ny an-danitra.

6. Misaora ny Anarany,
Ka aza ketraka hianao
Fa ho tanteraka aminao
Ny soa lazain'ny Teniny ;
Fa toky tsy mamitaka
Ny Tenin'Andriamanitra.

462 - Eo an-tananao, ry Raiko!

1. Eo an-tananao, ry Raiko!
No apetrako izao
Ny fiainako rehetra,
Mba tahio ny zanakao;
Marobe ny fahavalo
Ta-hamely ahy e;
Ry Jehovah, Ray Mpiaro!
Mba arovinao anie.

2. Raha mbola eto aho,
Zaza be fisiasia,
Tia ratsy noho ny soa,
Ka mandà ny Tompo tia;

Aza mba manary ahy,
Ry Mpamonjy tsy mandao!
Aza manalavitra ahy,
Andrao dia takona aminao.

3. Na ho lava, na ho fohy
No hiainako ety,
Tsy mba sitrako akory
Ny handà 'zay tendrinao;
Raha, tonga anio ny andro
Izay handaozako ity,
Eo an-tànanao no tiako,
Raiso aho ho ary.

4. Eo an-tànanao, ry Raiko!
No apetrako izao
Aina, tena sy fanahy,
Mba vonjeo ny zanakao;
Ampianaro hahazaka
Fitondrana tianao;
Ilazao mba hahalala
Fa izao no sitrakao.

5. Eny, Raiko! mba valio
Izao fivavako izao,
E, jereo, ka mba tahio
Izaho miandrandra Anao;
Mba sasao ny ranao soa,
Dia hadio aho izao ;
Ry Mpamonjy! mihainoa
Ny mpanomponao izao.

463 - Jehovah no Ampinga

1. Jehovah no Ampinga
Sy Masoandro koa,
Hiaro amin-doza
Sy hanazava koa.

2. Ka tsy handresy ahy
Izay fahavaloko;
Na ota na devoly
Ho resy avokoa.

3. Fa raha alaim-panahy,
Na misy izay manjo,
Hanatona Azy aho
Hakako hery koa.

4. Rehefa tapitra andro,
Ka tonga amiko
Izay hialako aina,
Dia tsy ho tahotro.

5. Ny lanitra haleha
Sy hitoerako;
Hidera an'i Jeso
Mandrakizay doria.

464 - Jeso Tompo manan-kery

1. Jeso Tompo manan-kery,
Miarova anay!
Ry Mpitady ondry very,
Mamonje anay !

2. Jeso Tompo be fitia,
Mitsinjova anay !
Ny fanahinay mania,
Miantrà anay!

3. Jeso Tompo be fiantra,
Mijere anay !
Ny fanahinay mahantra,
Mitahia anay.

4. Jeso Tompo mahalala.
Mananara anay !
Ny fanahinay adala,
Mitariha anay.

465 - Ry Jeso ô, ry Jeso !

1. Ry Jeso ô, ry Jeso!
Ny foko lasanao,
Ka Hianao irery
No Tompoko izao;
Tsy manan-tahotra aho,

Hianao no aroko;
Ny lalako mazava,
Hianao faniloko.

Fiv : Ry Jeso ô, ry Jeso!
Ny foko lasanao,
Ka Hianao irery
No Tompoko izao.

2. Mitaona dia mitaona
Ny zava-poana;
Ankoso-bolamena
Mamirapiratra;
Anefa, ry Mpamonjy!
Izay ampianao
Dia haharesy tsara
Izao tontolo izao.
Ry Jeso ô, ry Jeso! sns...

3. Ny nofoko malemy,
Ka be ny sitrapo;
Be koa ny fitsapana
Mahazo ahy izao ;
Anefa, Jeso tia!
Raha re ny feonao,
Mahazo hery aho
Hanao ny sitrakao.
Ry Jeso ô, ry Jeso! sns...

4. Ry Jeso ô, ry Jeso!
Mba tovy amiko
Ilay teny maharavo
Hoe ?Sakaizako";
Iriko lalandava
Hiaraka aminao,
Mba hahitako tsara
Ny fitiavanao.
Ry Jeso ô, ry Jeso! sns...

5. Ny dianao jereko
Ety an-dàlana,
Ambara-pahatratra
Ilay fitsaharana;
Omeo hery aho
Hanompo tsara Anao;
Fa fantatrao, ry Jeso!
Ny foko lasanao.
Ry Jeso ô, ry Jeso! sns...

466 - Ry Jeso ô ! ry Jeso ô !

1. Ry Jeso ô! ry Jeso ô!
Ny fonay tia Anao,
Ra manomàna anay izao,
Ho any aminao :
Fa sambatra avokoa
Izay tonga ao aminao;
Izahay maniry koa
Ho eo ankilanao.

Fiv : Fa sambatra avokoa
Izay tonga ao aminao;
Izahay maniry koa
Ho eo ankilanao.

2. Ry Jeso ô! ry Jeso ô!
Ampionao izahay
Hihevitra ny lanitrao
Izay hodianay
Fa sambatra, sns...

3. Ry Jeso ô! ry Jeso ô!
Maloto izahay,
Tsy mendrika ny lanitrao,
Diovinao izahay :
Fa sambatra, sns...

4. Ry Jeso ô! ry Jeso ô!
Ny fahavalonay
Mamely ny fanahinay,
Reseo, fa rafinao :
Fa sambatra, sns...

5. Ry Jeso ô! ry Jeso ô!
Sao reraka izahay
Miandry ny hodianay,
Tohanonao 'zahay :
Fa sambatra, sns...

467 - Mba manampia anay

1. Mba manampia anay,
Ry Jeso Tompo soa!
Ka dia ny fiainanay
Hambinina avokoa.

2. Ny tadiavinay
Dia fihavanana,
Tsy isarahana aminao
Izay Fiainana.

3. Ampionao izahay
Mba hahalala Anao,
Ka aoka mba harahinay
Ny nodiavinao.

4. Dia mankalaza Anao
Izahay, ry Tompo ô!
Fa, he, ny fitahianao
Dia tena mahasoa.

468 - Irinay Jeso tia

1. Irinay Jeso tia,
Mpanota izahay,
Ka misy alahelo
Aty anatinay;
Irinay ny Mpamonjy
Hiseho ho anay,
Hanafaka ny ota
Mba hifalianay.

2. Irinay Jeso tia
Mba hanazava anay,
Fa maizina ny sainay,
Ka diso izahay;
Irinay Jeso Kristy
Hanolo-tsaina anay,
Irinay Jeso hendry
Mba hianaranay.

3. Irinay Jeso tia
Ho tonga aminay,
Hiantra sy hiaro
Sy hanadio anay;
Na dia malemy aza
Ka reraka izahay,
Rehefa voavonjy,
Matanjaka izahay.

4. Ry Tomponay malala!
Ry Jeso tianay!
Ry Havanay mahery!
Ry Rahalahinay!
Vonjeo izahay mpanota
Miankina aminao,
Tahio izahay mahantra
Mivavaka aminao.

469 - Jeso ô, Mpitia anay

1. Jeso ô, Mpitia anay !
Maminay ny teninao,
Osa ny fanahinay,
Fa mahery Hianao :

Fiv : Mamy, ry Jeso ! (in-3)
Ny fitiavanao.

2. Jeso ô, Mpitia anay !
Mahadio Hianao ;
Ka ny halotoanay,
Aoka ho voasasanao :
Mamy ry Jeso !, sns...

3. Jeso ô, Mpitia anay !
Tompon'aina Hianao ;
Maro ny aretinay,
Nefa samy afakao :
Mamy ry Jeso !, sns...

4. Jeso ô, Mpitia anay !
Aoka hotarihinao ;
Aza mba mandao anay,
Mandra-pahafatinay :
Mamy ry Jeso !, sns...

470 - Ny foko, ry Mpamonjy

1. Ny foko, ry Mpamonjy,
Mangetaheta Anao,
Maniry lalandava
Hikambana aminao.

Fiv : Tsy afaka ao am-poko
Ny faniriana Anao ;
Oneno, re, ny foko
Ho lapanao!

2. Ny androm-pahoriana,
Raha lapanao ny fo,
Manjary fitahiana,
Izay manadio ny fo
Tsy afaka ao am-poko, sns...

3. Ny ora fifaliana,
Raha ao anilanao,
Mamelom-paniriana
Hanao ny sitrakao :
Tsy afaka ao am-poko,sns...

4. Ho lao ny fahotako
Raha akaikezinao,
Tsy misy hadalako
Izay tsy afakao :
Tsy afaka ao am-poko, sns...

5. Finaritra ny saiko
Raha ipetrahanao,
Fa reraka ny aiko
Raha halavirinao :
Tsy afaka ao am-poko, sns...

471 - He sambatra aho, Jeso

1. He sambatra aho, Jeso
Raha miaraka aminao
Fa ny lalanao dia lavim-pahoriana
Ny ali-mampahory, ny raho-mitatao
Eo anilanao dia mody fitahiana,
Tano aho, Jeso, hiaraka aminao
Izay làlana ombako e ! mba hazavao

2. Izao no faniriako manetsika ny fo:
Ho sakaizanao mandrakizay doria
Na inona mihatra, na inona manjo,
Hianao no antenaiko hitantana ny dia,
O ! Avia, Jeso tano aho e!
Tantanonao ny diako Tompo mamonje !

3.Izay sakaizanao, Jeso, no ampoky ny soa,
Feno haravoana sy lavitra manjo;
Izay rehetra ilaina anananao tokoa,
Raha miaraka aminao,Mionona ny fo.
Sambatra aho Jeso, tretrika tokoa
Ravo ny fanahiko, toloranao ny soa.

4.Inona no mamiko mihoatra noho Hianao?
Tompo manan-kery sy loharanon-tsoa?
Izay zavatra ilaiko azoko aminao
Koa onenonao ny foko, ho lapanao tokoa
Manjakà, Jeso,ato am-poko Hianao,
Izay fahotako e! Ry Tompo, avelao.

472 - Iriko e, ry Jeso hitovy aminao

1. Iriko e, ry Jeso!
Hitovy aminao
lzay tsy manan-keloka,
Fa masina tokoa,
Iriko e, ry Jeso!
Ho tonga toa Anao,
Namonjy sy nanafaka
Fanahy, aina koa.

2. lriko, ry Mpamonjy!
Mba ho sakaizanao,
Hiaraka ory aminao
Ka tsy handao Anao;
Iriko, ry Mpamonjy!
Hanara-dia Anao;

Ny hazo fijaliana
Ho entiko izao.

3. lriko, ry Mpandresy!
Hiaraka aminao,
Ho eo an-toby lehibe,
Ho miaramilanao;
Iriko, ry Mpandresyl
Hanaraka Anao,
Mitondra ny fanevanao,
Handray ny herinao.

4. lriko, ry Mpanjaka!
Ho ao an-dapanao
Hiara-paly aminao,
Fa tonga zanakao;
lriko, ry Mpanjaka
Ho eo anilanao
Handray ny lova atolotrao,
Mpanjaka be fitia!

473 - Mombà anay, ry Jeso Tompo ô

1. Mombà anay, ry Jeso Tompo ô !
Fa maizina ny alina aty;
Tsy misy vonjy raha tsy aminao;
Mpamonjy tia ô ! Mombà anay !

2. Mandalo koa ny andronay ety ,
Ka mihalò ny fifalianay;
Miovaovao izao rehetra izao;
Ry tsy miova ô ! Mombà anay.

3. Aza mba mivahiny aminay,
Aza mihevitra ny helokay;
Aoka ho be ny famindranao fo;
Ry Jeso Tompo ô ! Mombà anay.

4. Tsy mahaleo tena izahay,
Fa mora resy, mora kivy koa;
Ry Jeso Tompo ! Aoka honenanao
Ety an-dasin'ny mpanomponao.

5. Ny teninao no fifalianay;
Ny masonao mitari-dalana;
Ary ny herinao no tanjakay;
Sakaiza tsara ô ! mombà anay.

6. Izay ombanao afa-tahotra,
Tsy mety kivy na mamoy fo ;
Tsy misy fahoriana izay
Haninona ny fo arovanao.

7. Rehefa tonga ny fotoana
Hitànay ilay ony maizina,
Aoka ny tavanao hazava ao,
Amin'izany re mombà anay.

474 - Jesosy ô, Hianao no faleha

1. Jesosy ô! Hianao no faleha!
Mba hankanesana amin'ny Ray.
Ka mitariha anay Mba handeha
Amin'ny lalana marina indray.

2. Fa Hianao no Mpamonjy voatendry,
Zanaka mandrakizay Hianao;
Ka Hianao no Mpitarika hendry,
Làlana amin'ny Ray Hianao.

3. Diso ny tsara, ka dia nizotra
Tamin'ny làlana ratsy izahay;
Koa mamerena anay mba hizotra
Amin'ny làlana tsara indray.

4. Fa Hianao no mitondra ho any
Amin'ny lanitra fonenanao;
Ary tsy misy mahazo mankany
Afa-tsy amin'ny alàlanao.

5. Maro ny zavatra izay mampahory,
Fa Hianao no Mpiaro anay;
Aoka izahay tsy ho reraka akory,
Ry Mpanalàlana amin'ny Ray!

475 - Jeso Mpamonjy Mpiandry tokoa

1. Jeso Mpamonjy Mpiandry tokoa!
Ampivereno hanaraka Anao;
Ondry mania, manary ny soa,
Aza avela hiala aminao.

2. Taomin'ny ratsy, fitahin-tSatana,
Mila ho lasan-ko babo izahay,
Fa Hianao no mahery mitàna
Tsy hahavery ny ondry iray.

3. Varivariana, salasalaina,
Be ahiahy, jereo izahay;
Ampianaro ny tsy hary saina,
Ampitsaharo ny fanianay.

4. Aina nomenao hisolo ny very,
Ary ny ranao naravotra anay,
Fa Hianao no nitondra irery
Fampijalian-kanitsy anay.

5. Fa ny fiainan-tsi-hita resenao
Velona mandrakizay Hianao;
Dia fiainana an-danitra omenao
lzay ondry mety manaraka Anao.

476 - Ny eo akaikinao ry Ray no mamiko izao

1. Ny eo akaikinao, ry Ray,
No mamiko izao,
Hanjary tena tafaray
Ny foko sy ny Anao
Soa re, ry Raiko ô!
Raha eo anilanao;
Ny hazo fijaliana
Ho tonga maivana.

2. Ny eo akaikinao, ry Ray,
No herin-janakao;
Hianao irery no mahay
Manampy ahy izao.
Soa re, ry Raiko ô!
Raha eo anilanao;
Ny ota tsy hanapaka
Ny olona afaka.

3. Ny eo akaikinao, ry Ray,
No mandako tokoa;
Ny ratsy dia tsy hahay
Handrombaka ahy koa.
Soa re, ry Raiko ô!
Raha eo anilanao;
Ny ora izay manjombona
Ho fiadanana.

4. Ny eo akaikinao, ry Ray,
No fifaliako izao,
Ny tanako dia hifandray
Amin'ny tànanao.
Soa re, ry Raiko ô!
Raha eo anilanao:
Fenoinao fanambinantsoa
Ilay kapoakako.

477 - Oram-be mivatravatra arotsahy Tompo ô

1. Oram-be mivatravatra
Arotsahy Tompo ô!
Fa mangetaheta loatra
lzahay mpanomponao
O! valio, O! valio,
Mitaraina, ka valio.

2. He! Malazo re ny voly
lzay maniry tsy mamoa;
Nefa raha omenao aina,
Dia ho vokatra tokoa.
O! vangio, O! vangio,
Sao dia maty, ka vonjeo.

3. Tovy eto, ry Mpamonjy!
lzay nambara fahizay,
Ka iraho ny Fanahy
Amin-kery lehibe,
O! henoy, O! henoy,
Ka valio ny vavakay.

4. He! Toa kivy ka manahy
lzahay mpiasanao;
ka ela, ry Fanahy!
Asehoy ny herinao,
O! avia, O! avia,
Misehoa, Fanahy ô!

478 - Ny hirako izao Ray be fitia

1. Ny hirako izao,
Ray be fitia,
Ny ho akaikinao
Bebe kokoa,
Izay, re, no hirako,
Mandrapahafatiko;
:,: Akaikinao:,:

2. Raha mba sarotra
Ny diako
Ka zary maizina
Ny làlako,
Ry Ray! Akaikinao
No tian'ny zanakao:
:,: Akaikinao:,:

3. Ao no hiseho re
Ny tohatra,
M ba hanatonako
Ny lanitra,
Anjely miantso ahy
Akaikinao, ry Ray!
:,: Akaikinao:,:

4. Ny fahoriana
Sy loza koa,
Raha eo anilanao,
Dia mody soa,
Ka dia tano aho
Ho ao akaikinao:
:,: Akaikinao:,:

5. Na dia hilentika
Ny androko,
Ary izao hita izao
Hilaozako,
Mbola ho hirako,
Ry Andriamanitro!
:,: Akaikinao:,:

479 - Jeso no anjarasoa izay mahafa-po tokoa

1. Jeso no anjarasoa
lzay mahafa-po tokoa ,
Soa tsy manam-paharoa,
Ahy Jeso : Ampy izay.

Fiv : Ahy Jeso hatrety
Ahy Jeso hatrary
Ahy Jeso Zoky tia
Mandrakizay doria, doria.

2. Vola sy harena be
Maro tia tokoa anie;
Nefa mamiko ny hoe:
Ahy Jeso: Ampy izay.
Ahy Jeso hatrety, sns...

3. Fahefana, laza soa
Mahafatifaty koa;
Nefa izao no tena soa:
Ahy Jeso: Ampy izay,
Ahy Jeso hatrety, sns...

4. Eny, izao rehetra izao
Tsy hamoizako Anao,
Ry Jeso lzay tsy mandao!
Ahy Jeso: Ampy izay.
Ahy Jeso hatrety, sns...

5. Jeso, aina, hery, zo;
Jeso, lova tsy mba lo;
Jeso, fianinam-po;
Ahy Jeso: Ampy izay,
Ahy Jeso hatrety, sns...

480 - Mamin?ny foko, ry Jeso ô

1. Mamin?ny foko, ry Jeso ô !
Ny famonjena izay vitanao;
Ny hadisoako navelanao
Tena afaka aho mandrakizay.

Fiv : Jeso malala ô !
Mpamonjy soa!
Indro ny aiko raiso ho Anao ;
Velon-kanompo,
velon-kanoa,
Vonon-kanao izay sitrakao.

2. Tano ny foko, ry Jeso tia!
Zaza tsy mahasaraka Anao;
Mbola malemy mora mania,
Tano hifikitra ao aminao.
Jeso malala ô! sns...

3. Aoka ny foko sy ny fonao
Hiara-mitepo tena iray;
Aoka ny saiko sy ny sainao
Hiray safidy mandrakizay.
Jeso malala ô ! sns...

481 - Ry Tompo be fitia !

1. Ry Tompo be fitia!
Izaho zanakao
Tantano tsy hania
Hiaraka aminao;
Fa mamiko tokoa
Ny eo akaikinao;
Tsy orin-java-tsoa,
Izay sakaizanao.

2. Harena be an-tany
Mamilivily fo,
Fa tiana mora lany
Ka tsy mampionom-po;
Izany aniriako
Hifikitra aminao;
Atolotro ny foko
Ho eo an-tananao.

3. Fa raha izaho irery
Voasakan-tsitrapo,
Mandeha manirery,
Ka maro no manjo ;
Izany no ilàko
Hiaraka aminao,
Vimbino aho, Raiko!
Ho eo an-tananao.

4. Tsy hitako mihitsy
Izay mahafa-po,
Tsy misy ety akory
Izay tsy mety lo;
Fa ao am-paradisa
No feno zava-tsoa,
Tsy mahadisadisa,
Fa sambatra tokoa.

482 - Jehovah ô! Hianao

1. Jehovah ô! Hianao nandinika ahy,
Ka fantatrao ny toe-piainako;
Ny fo sy saina mbamin'ny fanahy
Tsy miafina aminao, ry Tompoko!

2. Ka na mipetraka aho, na mandeha,
Izay rehetra ataoko hitanao,
He, fantatrao ny lalana haleha,
Ny androko dia eo an-tananao.

3. Na velona aho, eny, maty aza,
Ny tenako dia eo imasonao,
Ka toerana aiza, lalana mankaiza
No hialako tsy ho hitanao?

4. Ry Tompo! tena mahagaga loatra
Ny asanao sy ny fisainanao ;
Tsy misy saina mety mahatratra
Ny fahendrenao sy ny herinao.

5. Izao no hany zavatra iriko :
Velaro indrindra ny fitiavanao,
Hahaizako hametraka ny foko
Hionona eo am-pela-tananao

483 - Zanahariko Tsitoha

1. Zanahariko Tsitoha,
Tompo, Hery sy Fitia,
Ray hatramin' ny taloha,
Ahy anio, ka ho doria.
Manjaka mandrakizay
Ao am-poko, Tompo soa;
Dera, laza, Anao ry Ray !
Zanaka, Fanahy koa.

2. Ny finoako Anao,
Hatanjaho, mba hamoa
Hiasako ny asanao,
Hamafazako ny voa.
Aoka ny Fanahinao
Jiro mba hitarika ahy
Ka apetrako aminao
Na ny tena na fanahy.

3. Antenaiko, Hianao, Jeso
Izay Mpitsara lehibe
Hanamarina ahy ao,
Na mpanota aza re.
Dia hiezaka aho ety
Mba hanao izay mendrika
Hamindranao fo ary
Fa voavela heloka.

4. Ray ô, ny fitiavanao
Afindrao ho toetrako,
Mba hitiavako Anao,
Ary koa ny namako.
Ho mpanompo aho re!
Ho mpitory koa Anao!
Mba hanjaka an-tany e,
Tompo, ny fitiavanao.

484 - Ireo didinao, Jehovah Ray

1. Ireo didinao, Jehovah Ray;
Izay tianao hankatoavinay
Dia rehareha sy voninahitra,
Satria filamatry ny ao an-danitra.
Ilaina mba hiseho, fa tsy hiery,
Ho fisintonana ireo izay very;
Fa antoky ny fiainanay,
Hatramin' izao, mandrakizay.

2. Ny fitsipikao, Tomponay
Izay nomenao mba harahinay,
Dia mampifantina izay anjara soa
Ka manamboatra sy manatsara,
Mampisy endrika itony tena
Sy manazava ny firenena,
Ka antoky ny fiainanay,
Hatramin' izao, mandrakizay.

3. Ireo teninao, Jesosinay
No hany zavatra ivelomanay,
Fa tanjaka tokoa, tena hery be
Hahafahanay ny lalana mideza re,
Sakafo mahavelona ny aina,
Sy mampiravo tokoa ny saina,
Tena antoky ny fiainanay,
Hatramin' izao, mandrakizay.

485 - Moa Jesosy ve tsy ahy?

1. Moa Jesosy ve tsy ahy?
Andriamanitra mahery
Koa nahoana no hanahy
Izy miambina, mijery.
Fahavalo na dia maro
Tsy mba mahakasika ahy
Izy no ampinga miaro,
Koa izaho tsy hanahy.

2. Moa Jesosy ve tsy ahy?
Ilay Mpanolotsaina hendry
Koa tsy kivy fa ho sahy
Amin-java-tsoa kinendry.
Tsy manaonao foana
Fa tarihin-Kapiteny.
Tsy manahy satria nahoana?
Ao ny saina izay nomeny.

3. Moa Jesosy ve tsy ahy?
Ilay Jesosy mahagaga.
Mpanasitrana, Mpitahy
Ka ahoako izay hitranga?
Ranomasina aza tao,
Nampangininy ka tony;
Hainy mihitsy ny manao
Hahato ny sitrapony.

4. Moa Jesosy ve tsy ahy?
Rain' ny mandrakizay, eny!
Velon-toky ny fanahy
Izay nèkeny, novonjeny,
Koa na ory sy mijaly
Aza aho ety an-tany,
Vetivety dia hifaly :
Mampaninona izany?

5. Moa Jesosy ve tsy ahy?
Ilay Andriampiadanantsika.
Andriamanitra Mpiahy,
Fitahiana feno hika.
Famonjena efa vita
Hofikiriko hatrany,
Fahasoavana hampita,
Any am-paradisa any.

486 - Inona no hahasaraka ahy

1. Inona no hahasaraka ahy
Amin' ny fitiavanao, Jeso?
Fahoriana ve, sa ahiahy?
Fahantrana, sa famoizampo ?

Fiv : Tsia, ry Jeso Tompo be fitia,
Izaho tsy mivadika Aminao
Fa mandrakizay doria
Izaho dia hanaraka Anao.

2. Inona no hahasaraka ahy
Amin' ny fitiavanao, Jeso ?
Zo sy laza sy fakampanahy?
Sa harena, zava-mora lo?
Tsia, ry Jeso, sns...

3. Inona no hahasaraka ahy
Amin' ny fitiavanao, Jeso?
Sabatra, sa fanenjehamafy?
Sa mosary, ady be manjo?
Tsia, ry Jeso, sns...

4. Inona no hahasaraka ahy
Amin' ny fitiavanao, Jeso?
Faty ve no hampivadika ahy,
Loza, hery, fahefana koa?
Tsia, ry Jeso, sns...

5. Eny, izao rehetra izao, ry Tompo,
Tsy mba hahasaraka Aminao!
Na inona hanjo ity mpanompo,
Dia hijoro, tsy handao Anao!
Velona aho, Tompo, eny maty,
Dia tsy mivadika Aminao!
Hianao no velona ao anaty,
Ka doria, ny foko ho Anao!

487 - Fanavaozan'izay mahagaga tokoa

1. Fanavaozan'izay mahagaga tokoa
Nomen'i Jeso ahy re,
Fahazavan'ny fanahy izay mahafa po
Nomen'i Jeso ahy re,

Fiv : :,:Hatramin'izao dia endrey :,:
Ny fitepon'ny foko izay ravo tokoa
Onenan'ny Tompo Jeso.

2. Ny fiainako be siasia taloha
Voaova mihitsy izao
Eny, ny fahotako, izay nahavoa
Voasasany koa izao.
Hatramin'izao, sns...

3. Ny finoako, ny fanantenako diabe,
Ny tokiko fatratra koa,
Ny fisalasalana dia levona re,
Ny saiko mandroso ho soa.

Hatramin'izao, sns...

4. Tonga mamirapiratra fatratra ery
Ny aloky ny faty re!
Ka dia tsinjoko ilay vavahady ary
Mankao an-tanan-dehibe.
Hatramin'izao, sns...

5. Tsy miato, mizotra mankany tokoa
Ny diako hatramin'izao
Hovantaniko any Ilay Tompo soa,
Jesosy malala no ao.
Hatramin'izao, sns...

488 - Na inona na inona hitranga, Jeso!

1. Na inona na inona hitranga, Jeso!
Na ny lanitra ho manga, Jeso!
Na ho maloka mangina, Jeso!
Dia ho feno fifaliana, Jeso!

Fiv : Ny fotoana dia handalo, Jeso!
Fa tsy hisy hampimalo, Jeso!
Raha miorina ao am-poko, Jeso!
Ilay fitiavanao inoako, Jeso!

2. Raha jereko ny andro lasa, Jeso!
Tao ny tsiky, tao ny ratra, Jeso!
Nefa Hianao, Ilay Mpampahery, Jeso!
No nambomba sy nijery, Jeso!
Ny fotoana, sns...

3. Ny ho avy antenaiko, Jeso!
Mbola ho fifalian'ny saiko, Jeso!
Ny hasasarako hisava, Jeso!
Ny harivako hazava, Jeso!
Ny fotoana, sns...

489 - Tena sambatra sy maha-te ho tia

1. Tena sambatra sy maha-te ho tia
Izay masina, madio fisainana
Fa miara-dalana, mifankatia
Amin'Andriamanitra Fiainana.

Fiv : Masina tokoa re ny Tompo.
Tianay mba ho masina
Saina tena sy fanahy
Ka fiainan-danitra tokoa
No santarin'izay
Mino sy manoa.

2. lndro, mampahery, mahatoky koa
Raha mahitsy ny fijery, soa ny fo;
Fa ny fo madio sy masina tokoa:
Paradisa an-tany, feno zava-tsoa.
Masina tokoa, sns...

3. Koa halaviro ny fitaoman-dratsy,
Ny fisaikazana tsy mba masina;
Fa ny tia ny Tompo, dia olon-tsoa mitafy
Fahadiovan'ny Fanahy Masina.
Masina tokoa, sns...

4. Miaraha lalana amin'i jesosy
Fa ny fahavalo ta-hamotraka;
Mijoroa, reseo ny toetra mampihosina
Ao anaty loto sy ny fotaka.
Masina tokoa, sns...

490 - Ry Kristiana, andrandrao

1. Ry Kristiana, andrandrao
Ny Tompo sy Mpanjakanao,
Fa Izy no Mpiaro;
Ka aza taitra hianao,
Na dia manakora izao
Ny fahavalo maro;
Omban'ny Tompo hianao,
Ka aza atahoranao
Ny rahon'ny mpamely.

2. Fa indro tsy rendrehana
Ilay Mpiambi-masina,
Izay Tokin'Israely,
Fantaro, marina izao:
Izay ataon'ny rafinao
Aoka ho azy izany;
Fa andrandrao ny lanitra,
Anao Andriamanitra,
Anao ny fanjakany.

491 - Inoantsika marina

1. Inoantsika marina
Ny Mpamorona Tsitoha,
Isika dia natsangana
Mba ho zanany tokoa,
Hanina sahaza omeny,
Ary be ny famonjeny,
Amin'ireo loza maro
Dia Izy no Mpiaro,
Inoantsika ao am-po
Fa izy marina sy to.

2. Jesosy Kristy Zanany
No inoantsika koa;
Isika dia fananany,
Fa navotany tokoa.
Izy Zanak'i Maria,
Dia rahalahy tia;
Maty ka natao, ho very,
Fa nitsangana amin-kery,
Niakatra ao an-dapany
Hitsara ao am-parany.

3. Ka ny Fanahy Masina
No inoantsika koa,
Ny fiangona-masina
No naoriny tokoa;
Ao isika dia mahita
Famonjena efa vita;
Afaka ny helotsika,
Fo vaovao no raisintsika;
Isika dia hatsangana
Ho velona ao an-danitra.

492 - Izaho mino ny Mpamorona

1. Izaho mino ny Mpamorona,
Mpanao ny tany sy ny lanitra;
Izaho manam-panorenana,
Fa manan-dRay ary an-danitra.

2. Izaho mino ny Mpanavotra,
Ny rany masina no mamiko,
Ny momba Azy dia sambatra,
Ny diany no mba harahiko.

3. Inoako ny Mpanamasina
Mpananatro sy Masoandroko
Izaho omeny afo masina,
Mba ho madio ny fiainako

493 - Ny loharanom-pamonjena

1. Ny loharanom-pamonjena
He, hitako tokoa izao,
Dia jeso Kristy Ilay nomena
Hamonjy izao tontolo izao,
Ny rany dia fantatro
Fa ampy hiankinako.

2. Ny otantsika no nanery
Ny Tompontsika hankaty
lsika hitany ho very,
Izany no nidinany
Nitondra fahoriana
Sy hazo-fijaliana.

3. Ny nialan'ny Tompo aina
Hanaisotra ny heloka
Dia tsy mba takatry ny saina,
Fa hitan'ny finoana.
Ny rany no miantso hoe:
He, famindrampo lehibe!

4. lzay no mampionona ahy,
Ka afaka ny tahotro;
Na dia ory ny fanahy,
jesosy no Mpanavotro;
Na misy mampanahy fo,
Ny Raiko dia be indrafo.

5. Na very aza ny harena,
Ka be ny fahoriana,
Izaho mbola manantena
Hahita fifaliana;
Jesosy, Izay fananako,
Dia Tompo feno indrafo.

6. lzaho tsy matoky tena,
Na ny fahamarinako;
Jesosy foto-pamonjena
No tena itokiako.
Ny Raiko no isaorako,
Fa Izy no be indrafo.

7. Izay sitraky ny Ray malala
No aoka mba ho sitrako,
Fa lzy tena mahalala
Hametra izay anjarako;
Izay ataony tiako,
Fa hitako ny indrafo.

8. Izany fototra izany
No toky izay hotanako
Ambara-pitako ho any
An-koatry ny fasako.
Ka any no hisaorako
Ilay Fototry ny indrafo.

494 - O, ry zanahary

1. O, ry zanahary,
Izay nahary ahy,
Be ny herinao!
Manan-toky aho
Fa tsy maty taho,
Manana Anao;
Afa-po ny zanakao,
Hianao no Ray Mpiahy,
Ka iza no hanahy.

2. Hianao no Raiko,
Tena fototr'aiko,
Sady heriko.
Hianao no aro,
Tsy ho reraka aho,
Tsy ho kivy fo;
Ao ambany elatrao
No ataoko fiereko;
Ao tsy misy sento.

3. Latsaka isan-andro
Toy ny ranonando
Ny fitianao.
Raha alaim-panahy,
Ka manafotra ahy
Re ny otako,
Dia ho tafatsangana
Hanavao ny herin'aiko
Hianao, ry Raiko.

4. Ary raha lany
Toy ny zavon-tany
Ny fiainako,
Misy onin'aina
Tsy mba mety maina
Ao an-danitrao;
Ao hitoerako,
Ao an-tranonao, ry Raiko,
Ao no antenaiko.

495 - Jeso dia tokiko

1. Jeso dia tokiko,
Fa Mpamonjiko mahery
Sady tena Zokiko,
Tsy hamela ahy irery
Ao amorom-pasako,
Fa hiaraka amiko.

2. lzy tenany nandre
Ny hangidin'ny fitàna
Ilay ony' mainty be
Vokatry ny fahotàna;
Koa tsy hilaozany
Irery ao ny olony.

3. lzaho hody vovoka,
Fa ny androko ho lany,
Nefa dia hatsangana
Sy hakarina hankany
Amim-boninahitra,
Izay tsy mety tapitra.

4. Dia ho tafatambatra
Ny fanahy sy ny tena,
Ary samy sambatra,
Fa nahazo famonjena,
Izay Jesosy, havako,
Vao ho tena hitako.

5. Izao manjo aty izao
Tsy mba misy, ao akory,
Fa finaritra ny ao,
Tapitra ny mampahory,
Ka ny fahalovana
Hody fifaliana.

6. Eto aho reraka,
Any misy hazon'aina;
Vita sy tanteraka
Izay rehetra nantenaina;
Ao no hahatrarako
Ny fahasambarako.

496 - Jeso iankinako

1. Jeso iankinako,
Izy no Mpanavotro;
Kristy itokiako
Amin-tsaina sy ny fo;
Kristy ifaliako
Izy marina sy to.

2. Nahafoy ny lanitra
Hianao, Mpanavotra;
Raha ny vahoakao
Nobaboin'ny rafinao,
Hianao nangoraka,
Ry Kristy Mpanafaka.

3. Fahoriam-be ery
No nanjo Anao taty,
Fa ny fahavalonao
Dia nanenjika Anao;
Nefa novalianao
Indrafo ny rafinao.

4. He, nijaly Hianao
Noho ny fitiavanao,
Ka ny famindramponao
No nahafatesanao;
Hianao nasandratra,
Fa nijaly fatratra.

5. Saro-bidy izahay,
Fa ny ranao avotray,
Izay nomenao ho anay,
Mba hanafaka anay;
Tonga olom-potsinao
Izahay navotanao.

6. Ravoravo izahay,
Ry Mpamonjy maminay,
Ka ny fanavotanao
An'izao tontolo izao
Sy ny fitiavanao
No isaoranay Anao

497 - Ny tany sy ny lanitra tsy manampetra

1. Ny tany sy ny lanitra tsy manampetra
Hiaraka amin'ny mino rehetra,
Manaiky fa Jeso no aina hamonjy
Ny olona ory izay mila vonjy.

2. Na dia manenjika ahy ny ratsy
Tsy lany ny hery, fa Jeso mamatsy,
Dia Izy na tanako mafy tokoa,
Ka tsy ialako fa Tompo Tsitoha.

3. Jesosy sakaizako dia miahy
Ny Azy, ka afaka ny ahiahy,
Ny fo malahelo ovany ho faly,
Ka tretrika indray ireo olo-mijaly.

4. Jesosy fidiko ho Tompo tokoa,
Efaiko ny asa sy hevitra soa,
Izay halan'ny Tompo tsy tiako intsony,
Ka tena iraisako tsara ny fony.

5. Izay tanako mafy sy mamy hambara
Rehefa ho faty, ka ao ny anjara
Jesosy, jesosy irery ihany
No aina, harena tsy mety ho lany.

498 - Ahy va Jesosy Tompon'aina?

1. Ahy va Jesosy Tompon'aina?
Moa ahy va ny lanitra?
Eny, matokia ry fo sy saina,
Fa eken'Andriamanitra.

2. Eny, zokiko Jesosy Tompo,
Fahagagana lehibe ery,
Tsy antsoiny hoe mpanompo,
Fa ataony tena havany.

3. Toa mila hampisalasala
Io tena fahagagana io
Ary lavin'ny tsy mahalala
Nefa azon'ny finoako

4. O, mba mifalia, ry fanahy,
Fa anao Ilay Mpanavotra!
Ka misaora, aza mba manahy,
Fa ho azonao, ny lanitra.

5. Iombonana ny lova any,
Fa Iray ny Ray an-danitra!
Ka harena be dia be izany,
Hasambarana maharitra.

499 - Inona, re, no atakaloko

1. Inona, re, no atakaloko,
An'i Jesosy Izay mpisoloko?
Ny zavatra izay ho simba va sy mora levona.
Raha mbola hazoniko ny To,
Ka tsy maty ny jiro ao am-po,
Jesosy tsy soloako, na inona nainona.

2. Indro, Jesosy no fiainako,
Izy no manda fiarovako;
Izaho efa maty, nefa novelominy indray,
Ka na dia mahantra aza aty,
Ka tsy mbola nafindra ho ary,
Jesosy no anjarako, ka ampy ahy re, izay.

3. O, ry Jesosy Tompo tsara ô!
Aza mamela ny fanahiko
Hisaraka aminao, fa tano aho ho mpanomponao.
Mba velomy ny fitiavako
Ka tohano ny fandehanako,
Mba hanarahako ny lalana izay nalehanao.

500 - He! Manda fiarovana

1. He! Manda fiarovana
Andriamanitsika,
Ampinga mahatohana
Izay manjo antsika.
Mamely fatratra,
Satana sompatra,
Mpandoza hatrizay,
Mpamitaka mahay

Tsy manampaharoa.

2. Malemy, tsinontsinona,
Fa mora resy isika;
Fa misy voahasina
Miady ho antsika;
Jesosy re izay,
Ilay iraky ny Ray,
Mpitarika mahay,
Mpamonjy hatrizay
Sy Tompom-pandresena.

3. Na dia ta-handevona
Ireo devoly maro,
Tsy misy atahorana,
Jesosy no Mpiaro.
Ilay rain'ny maizina
Dia nohelohina,
Ka tsy ahoana,
Fa teny tokana
Dia mahalavo azy.

4. Kendreny hofongorana
Ny teny tanantsika,
Kanefa tsy ho foana,
Ny Tompo momba antsika
Na dia ho fongana
Ny laza ananana,
Harena, havana
Tsy mampaninona,
Ny lanitra antsika.

501 - Namely mafy loatra

1. Namely mafy loatra
Ny henatra aman-tahotra;
Tsy afaka ny aizim-po,
Fa mbola tao ny heloko.

2. Nandroso aho nivavaka
Ry Jeso ô, Mpanavotra!
Izao no angatahiko:
Mba mamelà ny heloko.

3. Izaho tsy hiahotra;
Ny tenako atolotro,
Izay rehetra ananako
Anao, Mpamela heloka.

4. Ny tahotra dia levona,
Ariako ny henatra,
Satria mandre ny feonao hoe:
Voavelako ny helokao.

5. Endrey ! ny hafaliako
Izay velona ao anatiko,
Ka sahiko ny hanao hoe:
Voavelanao ny heloko.

502 - Finaritra ny vorona ao an'ala

1. Finaritra ny vorona ao an'ala
Sy ao an-karam-bato avobe:
Na dia betsaka ny mpankahala
Mivonon-kahafaty azy re;
Matoky izy, tsy misalasala,
Fa manam-piarovanan-dehibe,

2. Jesosy Tompoko no harambato
Sy ala mafy ikirizako;
Na mafy aza sady tsy miato
Izay ataon'ny fahavaloko,
Mamely ahy ary misahato,
Jesosy irery no fiarovako.

3. Izay rehetra ta-hamely ahy,
Mikendry , nefa sasa-poana;
Izaho dia ravo am-panahy,
Tsy azony atao ahoana,
Fa misy manda manodidina ahy,
Izay miaro sy manohana.

503 - Ry Jeso Tompo tsara ô!

1. Ry Jeso Tompo tsara ô!
Tsy azoko valiana

Izato fitiavanao
Manafa-pahoriana.
He, sambatra aho, Tompo ô!
Fa manana Anao izao,
Izay tsy mba mety sosotra,
Na faly hampitahotra,
Ka Hianao no tokiko
Sy foto-pifaliako.

2. He, isam-pahoriana
Izay niantsoako Anao,
Dia efa novaliana
Ny hataka izay natao.
Ny heloko navelanao,
Ny foko nohavaozinao,
Ny loza nosakananao,
Ny ngidiny nesorinao;
Ny aim-baovao iainako,
Ka velona ny heriko.

3. Ka amin'izao sisa izao,
Mikasa aho Tompo ô!
Hano izay nohafaranao,
Hanaraka Anao am-po.
Satana dia holaviko;
Hafoiko izao tontolo izao,
Rafesiko ny nofoko,
Fa Hianao, Mpamonjy ô!
Mpanavotra tsy foiko,
No sisa hotompoiko.

504 - Ambarao, ry mpivahiny!

1. "Ambarao, ry mpivahiny!
Ny alehanao izao!"
"Fiakarana mideza
Ihoaranay anio:
Jesosy Tompo no miantso
:,:Mba ho ao an-tany soa;
:,:Mba ho ao an-tany soa;
Jeso no alehanay:,:".

2. "Lozanao, ry mpivahiny,
Lalàna tsy fantatrao!"
"Tsia, fa anjely maro
No miaraka aminay;
Jeso Tompo no mitondra,
Tsy hanjo anay ny loza,
Tsy hanjo anay ny loza,
:,:Tsy hanjo anay ny loza;
Izay no ampinganay:,:".

3. "Inona, ry mpivahiny,
No ho azonao ary?"
"Jeso Kristy be fitia
Vonon-kanome anay
Lamba fotsy, zava-tsoa,
Ranon'aina tsy ho lany,
:,:Ranon'aina tsy ho lany!
Jeso no hatoninay:,:"

4. "Tianay, ry mpivahiny,
Mba hiaraka aminao!"
"Mandrosoa, ry sakaiza!
Miaraha aminay:
Fa izay mitady tsara
Tsy mba lavin'i Jesosy,
:,:Tsy mba lavin'i Jesosy,
Izy no hidiranay:,:"

505 - Mpivahiny! mba lazao

1. Mpivahiny! mba lazao:
Zovy moa hianao?"
"Izaho namanao ity,
Fa miandry Ilay ary."
"Mpivahiny! mba lazao:
Iza no andrasanao?"
"Jeso, Havako ary,
No andrasako aty."

2. Mpivahiny! mba lazao:
Aiza no halehanao?"
"Lalana ety avokoa
Sady sarotra tokoa."
Mpivahiny!mba lazao:
Iza no hirahinao?"
"Jeso,Zoky be fitia,

Tsy mamela mba hania."

3. "Mpivahiny! mba lazao:
Aiza no hodiovinao?"
"Ao an-danitra madio
No aleha ankehitrio."
"Mpivahiny! mba lazao:
Iza no handray anao?"
"Jeso, Ilay Mpanjaka soa,
Tompo, Havako tokoa."

506 - Tsy misy miadana ka afa-po

1. Tsy misy miadana ka afa-po
Izay monina eto an-tany;
Fa izay tia sy mino ny
Tompo Jeso
No hahazo ny soa tsy lany.

Fiv : Mba irio, mba irio
Ny hananana an'i Jeso.

2. Raha misy mahory mahazo ety
Jeso no hanala izany;
Tsarovy ny avotra tao
Kalvary,
Fa nalatsany tany ny rany
Mba irio, Mba irio,
sns...

3. Izao maniry hanaraka
Anao,
Ry Tompo Mpanafaka ota!
Fa fantatro tsara hatramin'zao
Ny fitiavanao ahy mpanota.
Mba irio, Mba irio,
sns...

507 - Ranomasi-mampahory

1. Ranomasi-mampahory
No alehantsika izao;
Fa ny mino dia hitody,
Koa maharitra izy izao:

Fiv : :,:O! andeha isika hody
Mba ho ao an-tranondRay.:,:

2. Jeso Tompo eo am-pitia
Ka miantso hoe: Avia!
Izy koa no mampita
Ka manao hoe:Matokia!
O! andeha sns...

3. Maro efa tonga any
Ka mifaly avokoa;
Mbola be ny fiantrany,
Misy ho antsika koa.
O! andeha sns...

4. Kristy koa no sambon'aina
Izay mitondra ho ary,
Famonjena azo maina,
Ka ilaozy re ity.
O! andeha sns...

508 - Ny sambonkelinay ety

1. Ny sambonkelinay ety
Mitety rano be,
Misononoka ho ery,
An-dafin'ony be. (in-3)

2. Ny rivo-doza tsy hanjo.
Fa Jeso aminay;
Ny alondrano mankato
Ilay Maherinay (in-3)

3. Mamaky onja izahay,
Fa tsy ho faty ao;
Ny fitodiantsambonay,
He! tazanay izao (in-3)

4. Irinay ny ho tonga ao
Hilaozanay ity;
Mitsena anay tokoa izao
Ny Zokinay ary (in-3)

509 - Jeso Tompo! Vatolampy.

1. Jeso Tompo! Vatolampy,
Vato voafantina,
Mba ho fanorena-mafy
Izay tsy mety levona;
:,: Vato mafy :,:} (in-2)
Dia itokianay.

2. Jeso Tompo! Vatolampy
Voazaha toetra;
Vato tsy mba misy tsiny,
Sady tsara endrika:
:,: Vato soa :,:} (in-2)
Dia ifalianay.

3. Jeso Tompo! Vatolampy,
Vato fehizoronay;
Efa nampiray fanahy
Ny fitianao anay
:,: Fehizoro :,:} (in2)
Vato fampiraisana.

4. Jeso Tompo! Vatolampy,
Tsy miova Hianao;
Manan-jara ny matoky
Ny tsy fivadihanao,
:,: Fa ho faly :,: } (in-2)
Ka tsy hanan-kenatra.

510 - Jeso! ny hamarinanao

1. Jeso! ny hamarinanao
No lamba hitafianay,
Amin'ny andro farany,
Izany hifalianay.

2. Raha hitsangana izahay
Handray ny lova aminao,
Dia tsy ho resy lahatra,
Fa Kristy no Mpanavotra.

3. Io lamba io no mbola vao,
Na levona izao tany izao,
Haharitra tsy rovitra.
Havaozin' Andriamanitra.

4. Ny hery sy ny antranao
Toroy izao tontolo izao;
Ampandrosoy ny teninao,
Ampanakeo ny rafinao,
5. Ny maty hahare ny feo
Hiantso azy ho velona;
Jeso! ny hamarinanao
No lamba hitafianay.

511 - Jeso no Sakaiza tena tia anay

1. Jeso no sakaiza tena tia anay,
Izy ta-hamonjy olombelona;
Aoka ho tiantsika ny Mpanavotra,
Fa Izy no Sakaiza mahateo tia.

2. Jeso no Sakaiza ifaliana,
Izy nahafoy ny voninahitra,
Mba hananantsika fanavotana
Sy handraisantsika ny fiainana.

3. Jeso no Sakaiza itokiana,
Izy mahavaly sy mahanatra;
Aoka hinoantsika ny Mpanavotra.
Hahazoantsika fiadanana.

4. Jeso no Sakaiza ivavahana,
Izy mahavonjy ny mpangataka;
Aoka hinoantsika ny Mpanavotra,
Mba handraisantsika fanampiana.

5. Jeso no Sakaiza fiarovana,
Izy maharesy ny mpanohitra;
Iza no hanimba izay arovany?
Aoka hisaorantsika ny Mpanavotra.

6. Jeso ô, Sakaiza! raisonao izao
Ny fisaoran-tsara izay atolotray:
Izahay mpanota te-hidera Anao,

Raiso re ny dera izay aterinay.

512 - He! matoky aho, Tompo

1. He! matoky aho, Tompo,
Azoko ny teninao;
Teny soa mahafaly,
Teny avy aminao.

Fiv : He!matoky aho, Tompo,
Azoko ny teninao;
Teny soa mahafaly
No omenao ahy izao.

2. Tahotra amana ahiahy
Dia ariako izao;
Fa nomenao toky aho
Sady tô ny teninao.
sns...

3. Izay rehatra fahotana
Entiko hesorinao;
Hianao no mahadio.
Ka diÖvy aho izao.
sns...

4. Mahasasa, mahadio,
Mahavonjy Hianao,
Ka mandray sy mahatondra
Tsara ho an-tranonao.
sns...

5. Jeso Tompo! avy aho,
Avy hankalaza Anao;
Raisonao re izay omeko:
Vola, tena, aina koa.
sns...

513 - Jeso Sakaizanay

1. Jeso sakaizanay,
Jeso anay;
Sady tsy mahafoy,
Jeso anay;
Raha ny olona
Mety mandao anay,
Jeso no tsy mandao,
Jeso anay.

2. Jeso Sakaizanay,
Jeso anay;
Izy no Avotray,
Jeso anay;
Maty ny Tomponay
Noho ny helokay
Afaka izahay,
Jeso anay.

3. Jeso Sakaizanay,
Jeso anay;
Izy no Aronay,
Jeso anay;
Reraka izahay
Noho ny adinay,
Jeso no herinay,
Jeso anay.

4. Jeso Sakaizanay,
Jeso anay;
Izy no Lalanay,
Jeso anay;
Lalana marina
Hahatongavanay
Any an-danitra,
Jeso anay.

5. Jeso Sakaizanay,
Jeso anay;
Manana izahay,
Jeso anay;
Jeso Sakaizanay
No hovantaninay
Any an-danitra,
Jeso anay.

514 - Ry Jehovah Tomponay!

1. Ry Jehovah Tomponay!

Olom-bery izahay;
Nefa tsy mba foinao,
Fa vonjen' ny Zanakao :

Fiv : Zanahary, Aba, Ray,
Jeso Kristy, Havanay.

2. Lehibe ny indrafo;
Iza re no nanampo
Famonjena taminao?
Kanjo azonao izao?
Zanahary, sns...

3. Gaga izahay izao!
Be fitia Hianao;
Avotr' aina azonay,
Hody aminao izahay.
Zanahary, sns...

4. Jeso ô, Mpamonjy soa
Sy Mpamindra fo tokoa!
Avy ny navotanao
Ka midera Anao izao:
Zanahary, sns...

515 - Tsara lova, ry Jeso ô!

1. Tsara lova, ry Jeso ô!
Ny mpanota voavotrao,
Fa fonenana soa
Amboarinao ao,
Hanefanao ny teninao:

Fiv : Ho amin' io tany io tokoa
No izoran' ny dianay;
Jeso Tompo no ao, sady efa manao
Trano soa hipetrahanay.

2. Tsara lalana, Jeso ô!
Ny vahiny tarihinao;
Raha misy manjo.
Tsy mba kivy ny fo
Fa tohanan' ny herinao:
Ho amin' io,
sns...

3. Tsara vatsy, ry Jeso ô!
Ny mpandeha fahananao,
Fa ny teninao soa
Mofon' aina tokoa
Iveloman' ny olonao:
Ho amin' io,
sns...

516 - An-dafin' ny efitra lava sy maina

1. An-dafin' ny efitra lava sy maina
No misy ilay tany izay mamin'ny fo,
Ilay tany izay efa nampanantenaina
Ho lovan' ny mino izay mankato.
Iriko indrindra ny mba ho tafita,
Tsy mety miadana mandra-pahita.

2. Anefa ny lala-mankany no mafy,
Ny rafiko maro manotrika ao;
Ny nofo indrindra no tena mpandrafy,
Ka tery ny lalan-kaleha izao!
Anefa tsaroako tsara ny teny
Milaza fa misy fitsaharana eny.

3. Ka aza mba ketraka, ry mpivahiny,
Hevero fa Jeso no momba anao;
Ilay nampangina ny loza fahiny
Dia mbola mahay mampandresy anao!
Andrasanao kely, ho lany ny fetra,
Ho ringana ny fahavalo rehatra.

4. Izaho hiezaka mafy tokoa
Hahazo ny loka ao alohako ao;
Ny tafio-drivotra mba mahasoa,
Fa hahatongavako fiaingana ao;
Indray mipi-maso ny eto an-tany,
Ny any an-danitra tsy hita lany

517 - Ny alina ho lasa

1. Ny alina ho lasa,
Na ela aza re,
Hipoaka ny andro
Mahafinaritra;
Ny zavona hisava
An-tendrombohitra ao,
Ny vavahady tsara
Ho tsinjoko izao.

2. Mba sarotra tokoa
Ny fiakarana e ;
Mamely mafy koa
Ny rivo-doza be;
Fa he ny mpivahiny
Izay efa trotraka
Tantanan'ny Mpamonjy
Tsy ho solafaka.

3. Ny famonjen'i Kristy,
Ny fanavotany,
No loharano soa
Mangarangarana ;
Nandramako sahady
Ny rano velona,
Ka dia nahazo hery
Am-pandehanana.

4. Ny rano be hitànay,
Ny fefy tsilo koa,
Ny lalana mahàna
Ho afaka avokoa ;
Ka dera, haleloia.
No mendrika hatao
Ambara-pahatonga
Am-pitsaharana.

518 - Rehefa vita ny asako ety

1. Rehefa vita ny asako ety,
Ka ny fanahiko raisina ery,
Miara-mitoetra aminao,
Tomponay,
No hasambarako mandrakizay :
Fiv : Mandrakizay, sambatra re,
Azoko ilay fahasambarana be!

2. Rehefa ataoko veloma ny ety
Ka azoko 'lay Paradisa ery,
Sady mahita ny tavan'ny Ray
No hasambarako mandrakizay :
sns...

3. Miombom-pahasamabarana ary
Amin'ireo olon-tiako taty
Ka tsy misaraka mandrakizay
No hasambarako mandrakizay :
No hasambarako mandrakizay :
sns...

519 - Mba maniry hody aho

1. Mba maniry hody aho,
Ry Jesosy Tompo ô !
:,: Ka ny foko hatanjaho
Mba hankany aminao :,:

2. Tsy tamana eto aho,
Mampahory ny aty,
:,: Koa dia mitalaho,
Mba hafindranao ary :,:

3. Hody aho, ry Mpiantra,
Aoka mba horaisinao,
:,: Hianao dia feno antra,
Ka matoky aho izao :,:

520 - Ny masoandronay

1. Ny masoandronay
Mirefarefa izao,
Madiva hody izahay
Hiverina aminao :

Fiv : Ry Jeso ô! sasao,
Sasao madio izahay.
Ho mendrika ny lanitra
Izay honenanay.

2. Tsy ela intsony koa
Ity ady lava ity,
Ho afa-tsasatra tokoa
Rehefa tonga ary :
sns...

3. Madiva ho hitanay
Ilay Tomponay ary,
Madiva hiahona aminay
Ny namanay taty :
sns...

4. He! kely sisa izao
No hisentoanay,
Dia hofafan'ny tananao
Ny ranomasonay :
sns...

5. Ity hita masi ity,
Izay, tsy mahafa-po,
Hisolo paradisa ary,
Izay hifalian'ny fo :
sns...

521 - Ravoravo re ny foko

1. Ravoravo re ny foko,
Fa Jesosy ao am-poko,
Izy no tsaroako
Amin'ny alehako.

2. Andro fohy, mora lany
No mba ahy aty an-tany,
Fa ny ao an-danitra
Dia tsara lavitra.

3. Tsy mba msiy ota any,
Ka tsy hisy hitotmany,
Tsy mba hisy ny manjo,
Na ny alahelom-po.

4. Any aho no hahazo
Zava-tsoa tsy halazo.
Satroboninahitra,
Haingon'ny nanafika.

5. Dia ao no hahitako
Sady tena hiderako
An'i Jeso avotro
Mifalia re, ry fo !

522 - He, tanim-pahazavana be.

1. He, tanim-pahazavana be.
Tsy misy maizina ao,
Kany tsy mba hitete
Ny ranomasonao.
Izay voavonjy hiangona ao,
Hiara-mihira ny hira vaovao,
Ho sambatra any an-danitra,
Ao amin'ny Mpanavotra.
Moa ao an-danitra ?
Eny, ao an-danitra.
Ka tsy hisaraka ?
Eny, tsy hisaraka !
Ho sambatra any an-danitra
Ao amin'ny Mpanavotra.

2. Ry Rainay feno indrafo,
Be fitiavana,
Omàny ny fanahiko
Handray fiainana.
Izahay, ry Jesosy, maniry Anao,
Fa maty nisolo anay Hianao,
Nanavotra anay mba ho afaka,
Ka tsy ho voaheloka.
Moa dia ho afaka ?
Eny ho afaka !
Ka tsy helohina ?
Eny tsy helohina
Jesosy Mpamonjy nanafaka,
Ka tsy ho voaheloka.

3. O, ry Jesosy Tompo ô !
Tsarovy izahay,
Ka mba ambino hatrizao
Ny fandehananay.

Vonjeo ny ondry manaraka Anao,
Fa otany no namonoana Anao.
Ho faly izahay ao an-danitra
Ao amim-boninahitra.
Moa ao an-danitra ?
Eny, ao an-danitra.
Ka tsy hisaraka ?
Eny, tsy hisaraka !
Hiara-mifaly ao an-danitra,
Ho feno voninahitra.

523 - Te-hifindra

1. :,: Te-hifindra :,:
Aho, ry Jesosy ô !
Be manjo aty an-tany,
Fifaliam-be no any
Aminao, ry Tompo ô.

2. :,: Ny anjely :,:
Sy ny olo-masina
Tafahaona ka mihoby ;
Sambatra ny tafatody.
Faly fa noraisina.

3. :,: Faly koa :,:
Aho, ry Mpamonjiko,
Manantena fa hahita
Ny fonenana ao am-pita,
Ka handray ny lovako.

4. :,: Tsy tamana :,:
Aho amin'ny manjo,
Fa vahiny aty an-tany,
Ka maniry mba ho any
Aminao, ry Tompo ô.

5. :,: Ao tsy misy :,:
Ota na aretina !
Tsara raha hodimandry,
Nefa aho te-hiandry
Ny fetr'andro marina.

524 - Hitsahatra aiza, ry foko, izao ?

1. Hitsahatra aiza, ry foko, izao ?
Ka iza ataonao hiaro anao?
Ny tany va misy hitsaharan'ny fo,
Na lova tsy simba, tsy mety ho lo?
Tsia, tsia, tsy mba aty
Izany, fa any an-danitra ery.

2. Afoizo ny tany izay manindao,
Katsaho ny lanitra ho lovanao.
Jerosalema any, tanàna vaovao
Sy tsara tokoa, miandry anao.
Eny, eny, ao dia ao
No misy tokoa fonenam-baovao.

3. Ny mponina ao dia tretrika am-po,
Fa resy ny ota, mahery ny to,
Ka faly midera ny Tompo ny ao ;
Ny mino hihira ny hira vaovao !
Indro, indro, be dia be
Tokoa ny soa ao an-danitra re !

525 - Vahiny eto isika

1. Vahiny eto isika
Ka monina amin-day,
Mitady mba hahita
Ny any amin-dRay :
Fa ao ny fanjakany
Sy fiadanana,
Ka ao tsy hita lany
Ny fitiavana.
Ao no fodiana,
Mihaona ao ny mino,
Ka tsy hisaraka.

2. Izay aty an-tany
Dia mora tapitra,
Fa ny tsy mety lany
Dia ao an-danitra !
Fa ao ny Tompontsika
Izay nohomboana
Mba hahazoantsika
Ny fifaliana.

Ao no fodiana, sns

3. Manafotra ny tava
Ny ranomaso be,
Kanefa dia hisava,
Fa hofafana e !
Isika manantena
Fa ny Mpampakatra
Ho tonga mba hitsena
Ny ampakarina.
Ao no fodiana, sns

526 - Jerosalema ambony

1. Jerosalema ambony
Irin'ny fo izao,
Fa ny aty
Dia tsy mba fy ;
Ny lanitra hazony,
Fa mahamanina.
Jerosalema ambony
Irin'ny fo izao.

2. Fa any hofafana
Ny ranomaso be
Izay latsaka
Tan-dalana
Ka hody fiderana
Sy fifaliam-be.
Fa any hofafana
Ny ranomaso be.

3. Jesosy Tompontsika
Izay ao an-dapany,
Manao hoe :
Ireto re
Ny oloko nafindra
Handray ny lovany.
Jesosy Tompontsika
Manasa anao hankao.

527 - Nahoana no voageja aty

1. Nahoana no voageja aty
Ity tena tsy tamana ity ?
Nahoana no tsy hitanay
Ilay tany tadiavinay ?

Fiv : Ry lanitra ô, ry lanitra ô,
Hianao tokoa irin'ny fo,
Irin'ny fo.

2. Ny sombin-tsoa hita aty
No mariky ny be ary :
Izao tsy mahafa-po izao
No anirianay mba ho ao.
Ry lanitra ô, sns...

3. Ny fitiavanay aty
No tena akon'ny ary.
Izao tsy tanteraka izao
Manandratra ny fo ho ao.
Ry lanitra ô, sns...

4. Izao fiainanay izao
Tandindon'ny fiainana ao ;
Ny andro tsy mateza aty
Dia tapaky ny mbola ary.
Ry lanitra ô, sns...

5. Izao hazavana kely izao
Dia taratry ny betsaka ao.
Somambisamby ny aty,
Mazava indrindra ny ary.
Ry lanitra ô, sns...

6. Ao aminao, ry lanitra ô.
No mampionona ny fo,
Fa Andriamanitra no ao,
Ka tena maminay hianao.
Ry lanitra ô, sns...

528 - Tsaroako ho avy ny maraina

1. Tsaroako ho avy ny maraina,
Izay hisavan'ny zavona aty
Ka hitrangan'ny masoandron'aina,
Dia Jeso, Ilay malalako ary.

2. Hevero fa tsy hisy fahotana,
Na heloka, na fahoriana ;
Ny ranomasintsika hofafana
Ka hosoloam-pihobiana.

3. Ny havan-tiana tety an-tany
Nandao antsika ka nisaonana,
Ireo no hitsena antsika any,
Ka fifaliana no hihaonana.

4. Ny fiderana ataon'ny olo-maro.
Izay samy masina sy ravo ao,
Sy hobin'ny anjely no hiharo,
Endrey ny hatsaran'ny hira vao

5. Ry tany tsara, aoka hahafaly
Ny foko ny mihevitra anao,
Raha saro-dàlana sy mampijaly
Ny tany itoerako izao

529 - Jesosy no Mpiandry tsara maty tia

1. Jesosy no Mpiandry tsara maty tia,
Ny rany nampiray antsika olony ;
Fa izy no mandidy hampifankatia
Izay te-ho olony.

2. Ka manahafa Azy Tomponao, ry mino,
Tsarovinao ny didy izay natolony,
Fa tiany hifankatia isika mpino,
Fa samy olony.

3. Tsarovy fa iray tam-po izao isika ;
Tsarovy re fa samy mpiantafika ;
Miraisa hina mba hiaraka tafita
Ho ao an-danitra.

4. Ka aza mba mijery arina an-tava ;
Mifanaraha tsara sy mifamelà,
Fa aza tia fotsiny amin'ny vava ;
Dia aza mifandà.

5. Mifankatiava ary mifanaova soa ;
Mifandefera tsy hiavona am-po ;
Vonoy re ny lolompo sy fosa koa,
Ka aoka ho tso-po.

6. Morà fo, mihavàna, maleme fanahy,
Ka aza mety hanaratsy namana ;
Mifankatiava re, toy ny mpirahalahy
Miara-dàlana.

7. Ka mivavahana re ho an'ny rahalahy,
Hiraisantsika tsara, fa iray manjo ;
Ny fo izay tia tsy mba mampiahiahy,
Horaisin'i Jeso.

530 - Fitiavana ranovelona

1. Fitiavana rano velona,
Loharano lalina;
Ka miafina ao anatiny
Ny fiainan-danitra!

2. Fitiavana no nirahina
Avy tamin-Jehovah ;
O, mba raisonao, dia ho fantatrao
Ny fahasambarana.

3. Fitiavana didy tokana
Ary didy lehibe ;
Mitoera ao, hitoeranao
Amim-piadanam-be.

531 - Ry Jeso Loharanon'aina

1. Ry Jeso loharanon?aina,
Izay foto-pahasoavana!
Ny fonay toy ny tany maina,
Fenoy fitiavana!
Aidino ao ny tena aina,
Mba hampifankatia anay,
Fandrao ho tonga very maina
Ny fitiavanao anay.

2. Ny hasomparana levony
Soloy fitiavana;
Ny lolompo ampijanony
Ho tia fihavanana
Ny fo malaky mankahala
Ovay ho tia namana;
Ampianaro hahalala
Ny didim-pitiavana

3. Toroy sy ampianaro
Ny fitiavanao zahay;
Mpiandry tsara o, velaro
Ny fonao mba ho hitanay
Mba ho tarafiny tokoa
Ny fonay mbola maizina,
Ka samy hifanisy soa
Sy hifamela heloka.

532 - Ry Jeso lohan'ny mpandefitra

1. Ry Jeso lohan'ny mpandefîtra,
Nilaozanao ny voninahitrao,
Mba hahatonga anay mpiavona
Hanetry tena eo imasonao.

2. Ry tsy miavonavona am-po!
Izaho te-hianatra aminao,
Mba hitsaharan'ny fanahiko,
Fa mampiadam-po ny entanao.

3. Ny fietrenao, ry Voahombo ô,
No iakaram-boninahitra;
Ny tany sy ny lanitra vaovao
Hataonao lovan'ny mpandefitra.

4. Mifandefera mifanajà,
Ry samy voavela heloka!
Miraisa hazofijaliana,
Hiraisantsika voninahitra.

533 - Iray ny Ray Tsitoha

1. Iray ny Ray Tsitoha,
Mpitia olombelona;
Iray ny Tompo soa,
Iray ny rano velona,
Iray ny vavahady
Izay hidirana;
Ny rafy sy ny ady
Dia iombonana.
Iray ny fahantrana
Ilaozantsika aty,
Iray ny fanjakana
Alehantsika ary.

2. Ry zana-janahary,
Ry voavela heloka,
Miraisa hina ary,
Ka mifandraisa tanana;
Mifamelà isika,
Fa samy meloka;
Mifanajà isika,
Fa samy zanaka.
Ry jeso be fitia,
Ampio ny olonao
Mba ho mpifankatia
Manahaka Anao.

534 - Misy didy tena tsara

1. Misy didy tena tsara
?Zay nomen?ny Tompo hoe :
Mba mifankatiava tsara,
Hianareo?zay mino e!
Ka miraisa,
?Zao no didy lehibe

2. Tonga Jeso mba hanompo
Sy mba hampihavana;
Tsy mpanaraka ny Tompo
?Zay tsy tia namana.
Ka tadiavo
?Zay ho fampiraisana

3. Fa iray tokoa ny Loha
Dia Jesosy Zanaka
Endriky ny Ray Tsitoha,
Izay halaina tahaka.

Tsy ho resy
Raha miray ny tafika.

4. Jeso no Ilay foto-kazo,
Tena voaloboka;
Ka ny sampana halazo,
Raha tafasaraka.
Ikambano
Ka aza mihataka.

535 - Finaritra ny manome

1. Finaritra ny manome
Ireo mahantra marobe
Ka mahafoy fananana
Hiantra ny tsy manana.
Izao no asa mahasoa
Izay manendrika tokoa;
Ny manome an-tsitrapo
Hitsinjo olona ory fo.

2. Ry olon' Andriamanitra!
Mba mihetseha fatratra
Hamonjy sy hanafaka,
Hanampy ireo madinika.
Izay mamokin-tanana
Malain-kiantra namana,
Izay mihirim-belona
Tsy hanarn-piadanana.

3. Ny vola izay nafoinao
Dia tsy mba very foana izao
Fa ny mahantra no mandray
Ka lasan'i Jehovah Ray,
Ireo kamboty mba vangio,
Mpitondratena mba jereo;
Izao no fivavahana
Izay madio sy masina.

536 - Mifankatiava tsara

1. Mifankatiava tsara
Jeso no mampihavana,
Fa Izy no alalantsika
Amin' Andriamanitra.

2. Mifankatiava tsara
Mba hahatsara antsika,
Fa fototry ny didiny
Sady anton'ny lalàny.

3. Hitsahatra finoana,
Mbamin'ny fanantenana,
Nefa ny fitiavana
Haharitra mandrakizay.

4. Mifankatiava tsara,
Tsy maharatsy namana,
Ary tsy mahatezitra
An'Andriamanitra koa.

537 - Endrey ny hamaroan' ny soa

1. Endrey, ny hamaroan'ny soa
Nomenao Ray ho ahy koa!
Ny aiko, he, navotanao,
Ny heloko vonoinao.

Fiv : Eny, Raiko,
Eny fa! ravo tokoa
Ity zanakao voavonjy re,
Ka velombelona ery.

2. He, azoko tokoa jeso,
Ilay perla soa, madio sy vao;
Ny zava-tsoan'ny tany re
Dia tsy ahoako tokoa.
Eny, Raiko, sns...

3. Ny vavako dia tsy mahay
Hamisavisa izao ry Ray;
Ny fanomezan-dehibe
Dia tsy voatonoko koa.
Eny, Raiko, sns...

4. Ny foko no hidera izao,
Hisaotra sy hanaja Anao,
Hanoa, ho vonona hanao

Ny sitrakao rehetra.
Eny, Raiko, sns...

538 - Finaritra ny masoko

1. Finaritra ny masoko
Mijery ny Mpamonjiko
Ny vavako hisokatra
Hidera ny Mpanavotro:

Fiv : Andro soa, andro soa,
Fa jeso no Mpanavotra;
He! Ravo ny fanahiko
Mihira ao anatiko,
Andro soa, andro soa,
Fa jeso no Mpanavotra.

2. Ho tiako ny Tompoko
Ambara-pahafatiko,
Fa Izy no Mpanafaka
Manaisotra ny heloko :
Andro soa, sns...

3. Faingàna re, ry havako!
Hatòny e! ny Tomponao ;
Andeha mba hiaraka
Hihira sy hivavaka:
Andro soa, sns...

539 - Faly dia faly

1. Faly dia faly
Izahay mpanomponao,
Izay mihira eto anatrehanao.
Fa be fiantra Hianao,
Ry Jeso Tompo tianay!
Ka feno haravoana
Tokoa izahay;

Fiv : Faly dia faly
Izahay mpanomponao,
Izay mihira eto anatrehanao.

2. Ela dia ela
No nandavanay Anao;
Be ny zava-dratsy efa vitanay.
Na diso aza izahay,
Anefa faly aminao;
Fa afakao ny helokay,
Ry Tompo tianay!
Faly dia faly, sns...

3. Sarotra tokoa,
Ny alehanay izao ;
Be ny alahelo, iaretanay.
Na ory aza izahay,
dia mbola faly aminao
Fa levonao ny tahotray,
Ry Tompo tianay
Faly dia faly, sns...

4. Manantena tsara,
lzahay mpanomponao
Mba handray ny zara,
Tehirizinao ;
Rehefa maty izahay,
Ka entinao an-danitra ;
Ho azonay ny lova soa,
Hatolotrao anay;
Faly dia faly, sns...

540 - Hitako ny làlan-tsara

1. Hitako ny làlan-tsara,
Ka hizorako izao,
:,: Azoko ny famonjena,:,:
Ka hotanako tokoa
:,: Manampia,:,:
Ry Fanahy Masina.

2. Ravoravo aho, Jeso!
Hianao no Tompoko;
:,:Faly aho, ry Mpamonjy!:,:
Afakao ny heloko;
:,: Gaga aho :,:
Noho ny fanavotanao.

3. Fitiavana ihany

No natolotrao anay;
:,:Nefa kosa fahotana:,:
No navalinay Anao:
:,: Aza isaina :,:
Re ny hadisoanay.

4. Ny mpanota hilazako
Ny Mpamonjy tànako;
:,:Hilazako fa ny rany:,:
No nataony avotra;
:,: Matokia,:,:
He, ny fitiavany!

541 - He, izany hira manako re

1. He, izany hira manako re!
Ilay zaza very tonga amin-dRay;
He! Falifaly izay mandre;
Ilay efa maty velona indray.

2. lndro ny Rainy lasa nankao,
He! Fa miteny: "Peratra soa,
Soloy ny lamba, kapa alao."
Ilay efa maty velona indray.

3. He izany hoby an-tranon-dRay!
Fa voavonjy ilay nania;
Hobio, ry tany sy lanitra!
Ilay efa maty velona indray.

4. 0, ry anjely an-dapa soa!
Miraisa hina hanandra-peo;
Aza mangina, fa mba lazao,
Ilay efa maty velona indray.

542 - Jehovah no anjarako

Jehovah no anjarako,
lzaho tsy halahelo,
Fa jeso no Mpanavotro.
lzaho ho ravoravo.
Maro no tia harena,
Betsaka no mila vola,
F'izaho efa manana,
Jehovah no anjarako,
Ny didiny no mamiko,
Ny asany no tiako,
Ny teniny mahahendry,
Ny ran'ny Zanany
No mahadio.
Tsy mba mamiko ny tany,
Tsy sitrako ny filàny,
Omeko veloma izany;
Jehovah no anjarako,
:,: Anao tokoa, ry Jesosy,
Ny fanahiko, rehetra;
Ataovy ho Anao aho,
Hianao no anjarako.:,:

543 - Mihoby ny fanahiko

1. Mihoby ny fanahiko,
Fa voavonjy izao;
Ny ratran'ny Mpamonjiko,
No misy aim-baovao.

Fiv : Ny ran'i Jesosy,
No tena avotro,
Ka sambatra aho
Sy tretrika am-po.

2. Ny ratran'ny Mpamonjinao,
Ry foko, mba jereo.
Fa hanasitrana anao,
Ka ho fiainanao.
Ny ran'i jesosy, sns...

3. Mba mibitaha re, ry fo,
Ny gadra tapaka :
Ny hajambana izay nanjo,
Izao dia afaka.
Ny ran'i jesosy, sns...

544 - Misaora an'i Jehovah

1. Misaora an'i Jehovah,
Miantsoa ny anarany,

Mitoria ny asany,
Amin'ny olombelona.

2. Ambarao ny fiantrany,
Lazao ny famindram-pony,
Fa mahagaga antsika
Ny fitiavany antsika,

3. Mpanota tsy naringana,
Very mana-Mpanavotra,
Maty ka nomeny aina,
Ho velona mandrakizay.

4. Ry Andriamanitray ô!
Ry Jesosy Mpamonjy ô!
Ry Fanahy Masina ô!
Vonjeo ny olona ory,

5. Fa zohy no itoerana,
Lava-bato no ierena
Fa indrafo no ifalian'
Ny mpivahiny mandalo.

545 - Endrey izany hafaliana

1. Endrey izany hafaliana,
Fa velona aina izahay;
Tanteraka ny faniriana,
Ka dera ho Anao ry Ray!
Atolotray tokoa ny tena,
Mba ho fanati-tsitrakao,
Satria manaiky sy ekena
Ho tonga olom-baovao.

2. Ny tanindrazanay malala,
Ry Jeso Tompo, anjakao
Hiorina eto, tsy hiala,
Ny fiadanana entinao!
Ny aizin'ota anie hisava,
Ny fahantrana koa handao,
Fa ho tarafin'ny Mazava,
Hanjary tany vaovao.

3. Ny fiangonanao angony,
Fanahy ô, ho tena iray,
Ka tsy hizarazara intsony
Fa Hianao no mampiray.
Dia ho fanasina, fanilo,
Ho an'izao tontolo izao;
Hijoro, tsy handraraka ilo,
Hitafy toetra vaovao.

546 - Haleloia, Haleloia!

1. Haleloia, haleloia!
Jeso no Mpamonjiko,
Haleloia, haleloia!
Afaka ny heloko.
Sambatra aho tretrika aho
Ahy re ny lanitra,
Haleloia, haleloia!
Jeso no Mpanavotra.

2. Haleloia, haleloia!
Ravoravo re ny fo.
Haleloia, haleloia!
Jeso re no soloko.
Afaka aho, afaka aho,
Levona ny otako;
Haleloia, haleloia!
Lanitra no lovako.

3. Haleloia, haleloia!
Matokia hianao.
Haleloia, haleloia!
Maty mba ho solonao
Jeso Tompo mahatoky,
Ry mpanota very ô.
Haleloia, haleloia!
Raiso ny famindram-po.

547 - Ry Jeso Masoandronay ô!

1. Ry Jeso Masoandronay ô!
Ny aizin'ny fo lasa tokoa
Fa tonga aty anatinay izao
Mazava lehibe.

Fiv : Eny, Jeso! Zoky be fitia,
Soa lehibe no nentinao taty,
Avy izahay, mba hisaotra Anao
Noho ny fitiavanao.

2. Vangianao ny tokantrano
Ka menatr' ery, kaody sy lao
Ny fomba ahitana angano
Izay tsy mba sitrakao.
Eny, Jeso! sns...

3. Mpanjaka Fiadananay ô
Ekena tokoa ny herinao :
Ny sabatry ny firenena
Hatao fangady izao.
Eny, Jeso! sns...

4. Ry Jeso Tompo tia anay ô!
Misaotra Anao izahay izao
Fa henika ny hasoavanao
Izao tontolo izao.
Eny, Jeso! sns...

548 - He, Jehovah no Mpiandry ahy

1. He, Jehovah no Mpiandry ahy,
Tsy mba misy hatahorako;
Raha izy no mitondra ahy
Ahi-maitso no handriako.
Eny, fa ny tany karankaina,
Dia hody saha lonaka,
:,: Ary ao amoron-dranon'aina
Hialan'ny foko sasatra :,:

2. He, Jehovah no Mpitarika ahy
Ao an-dàlam-pahamarinana,
Koa tsy ho kivy ny fanahy
Amin' ny alom-pahafatesana ;
Hianao, ry Tokiko irery,
No hiara-dia amiko.
:,: Ka ny tsorakazonao mahery
No hanafaka ny tahotro :,:

3. Amelaranao latabatra aho
Eo imaso mpahavaloko;
Namboaranao kapoaka aho,
Mampahery sy mahafa-po;
Eny, indrafo tsy hita lany
No hiaraka amiko izao
:,: Mandra-pahatongako ho any
Amim-pahazavan'ny tavanao :,:

549 - Jesosy no asandratro

1. Jesosy no asandratro,
Fa Izy no Mpanavotro,
Ny tànany nanafaka
Ny aiko tao an-davaka ;
Ny rafiko ho ketraka,
Izaho afa-kenatra,
Fa manana ny Tompoko,
lzay mandako sy aroko ;

Fiv : Ry foko ô! Ankalazao
Jesosy, lzay Mpamonjinao.

2. Ny tsiron'ny fiainana
Ananako sahady re,
Fa efa rnby an-tànana
Ny famonjena lehibe;
Ny ranon'aina azoko,
Ny mofon'aina haniko,
Sakafo mahatanjaka,
Mamelona ny reraka;
Ry foko ô! sns...

3. Ny rany no anjarako,
Ny ainy no fananako ;
Ny lanitra ho lovako,
Ny tany dia hilaozako;
Ny ota tsy hanaraka,
Ny ady dia ho tapaka,
Ny aloka ho tapitra,
Fa ao ny tena zavatra ;
Ry foko ô! sns...

4. Ny hanitry ny lanitra

Mamerovero fatratra ;
Ny kalon'ny voavotra
Manatsika ahy hiakatra;
Ny tavan'ny Mpamonjiko
No tsinjon'ny fanahiko,
Ny tavany manafaka
Ny aizina ao anatiko :
Ry foko ô! sns...

5. Ny masoko mibanjina
Tahaka ny mpiambina,
Maniry ny Mpamonjiko
Ho tafahaona amiko,
Izaho hovimbininy
Hipetraka eo anilany,
Hanao ny hiran-danitra
Sy honina finaritra ;
Ry foko ô! sns...

550 - Ry Tompo ô, ny tany maina

1. Ry Tompo ô, ny tany maina
No itoerako ;
Midina re, ry Andon'aina
Ho ao anatiko.

2. Tsy aloka malaky lasa
No angatahiko,
Fa hery monina hiasa
Sy hanavao ny fo.

3. Ny afonao ampandreseo
Ny afon'nofoko ;
Ny sitrakao anie hekeko
Ho tena sitrako.

4. He, tena zavatra ilaiko
Ny hohavaozinao;
Ny ainao asoloy ny aiko
Ho velon-ko Anao.

551 - Tsy lany fahoriana

1. Tsy lany fahoriana
Ity tanintsika ity,
Fa be ny fihafiana
lzay hitako aty.
Ny Tompo no jereko,
Raha reraka ny fo,
Ka eo no fiereko,
Raha azon' ny manjo.

2. Ety alaim-panahy
Jeso, ny olonao,
Kanefa tsy manahy
Izay mahita Anao.
Hianao no hojereny,
Ka moa ho resy ve?
Hianao no handreseny
Ny fahavalo be.

3. Tsy azo ialana
Ny eo anilanao,
Mahita fanimbana
lzay mahafoy Anao.
Asain'ny fahoriana
Jerena Hianao,
Mahazo fifaliana
Ny maso aminao.

4. Rehefa hialana
Izao tontolo izao.
Ny tany tsy hitana
Izay mahita Anao.
Ka dia hojereko,
Ry Tompo, Hianao,
Fa Hianao homeko
lzao aiko kely izao.

552 - Ry foko ô, mba atolory

1. Ry foko ô, mba atolory
Ny Rainao ny manjo anao ;
Na mafy aza ny mahory,
Dia hovonjeny Hianao;
Ny lanitra no andrandrao
Hahafaka ny sentonao.

2. Andriamanitra mahita
lzay hahasambatra anao,
Ka Izy no mahay mamita
lzay zava-tsarotra aminao ;
Tsy hotsitsiny aminao
lzay mety hahasoa anao.

3. Ka aza kivy, ry mahantra,
Na ory aza hianao,
Fa matokia ny Mpiantra,
Izay tsy mahafoy anao;
Ny amboariny izao
Dia famonjena ho anao.

4. Dia aoka hianao hatoky,
Raha mafy ny manjo anao,
Ny Rainao dia mahatoky,
Ka ampy hiankinanao;
Tsy misy tsy ho afany,
Raha avy ny fotoany

553 - Any an-danitra ambony

1. Any an-danitra ambony
Misy mijery anao ;
:,: He, feno antra ny fony,
Koa mangina izao!:,:

2. Ry rera-po mitomany,
Jeso onena anao ;
:,: Ampy ho toky izany,
Koa mangina izao!:,:

3. Na dia be ny mahory,
Izy hiaro anao
:,: Tsy ho tra-doza akory,
Koa mangina izao!:,:

4. Mba mahareta miandry,
Izy hanafaka anao ;
:,: Haka anao hodimandry,
Koa mangina izao!:,:

554 - Ry Tompo mahavonjy ô

1. Ry Tompo mahavonjy ô!
Henoy ny vavakay.
Ka mamelà ny helokay
Fa tena tsy mba fantatray
Izay tokony hatao.

2. Ry Tompo be fiantra ô!
Malemy izahay,
Kanefa raha ampianao
Dia hanan-kery toa Anao
lzahay mpanomponao.

3. Ry Tompo Izay Mpandresy ô!
Omeo ny herinao,
Fa tianay handresena koa
Ny ota mety hahavoa
Ny olon-tianao.

4. Ry Tompo Ilay mahery ô!
Ampionao izahay,
Hijoro, hampiseho izao
Fa aminay tokoa Hianao,
Ry Tompo tia ô!

555 - Rahoviana no ho lany

1. Rahoviana no ho lany
Ny manjo aty an-tany?
Jeso Vatolampiko
Ampy hiankinako.

2. Mahereza ry fanahy,
Aza manana ahiahy,
Jeso itokiako
Hampionona ny fo.

3. Ny mahory dia mandalo,
Ringana ny fahavalo,
Ny aty hilaozako
Mba handray ny lovako.

4. Mino aho, ry Mparnonjy,
Fa ho tena voavonjy;

Afakao ny heloko,
Hianao isaorako.

5. Dia ho lany ny mahory,
Ka ho samy tafavory
Eo anatrehanao
Izahay mpanomponao.

556 - Ny paradisa an-tany

1. Ny Paradisa an-tany
Tsy misy, re, izany!
Ny hazon'aina very,
Fa tsilo be no ao.

Fiv : Ry Foko, aza kivy,
Fa ao ny tany soa,
Ny Paradisa hisy ;
Ry foko, andrandrao!
Tsy misy ory any,
Fa tretrika avokoa ;
Afaka ady ka mihôby ;
Misy hazon'aina ao.

2. Mandrahona ny ady,
Mirehitra sahady,
Fa be ny fahavalo
Mamely ahy izao.
Ry Foko, aza kivy, sns...

3. Ny eso, latsa, ratra,
Matetika mihatra,
Tsaroako avaly,
Ny asa vitako.
Ry Foko, aza kivy, sns...

4. Miferinaina eto
Tomany sy misento;
Indrisy! Ory aho,
Vonjeo, Tompo ô!
Ry Foko, aza kivy, sns...

557 - Raha manahy ny fanahy

1. Raha manahy ny fanahy
Azom-pahoriam-be,
Ka ny aina mitaraina,
Ranomaso mitete,
Aza ketraka ety,
Fa tazano ny ary.

2. Ao miharo feo maro,
Fatratra ny hira ao ;
Ao mifaly ny nijaly,
Ory teo, ravo izao ;
Ao Jesosy zokinao
Faly hovantaninao.

3. Hazon'aina tsy mba maina
No maniry tsara ao,
Voninkazo tsy halazo
No ho fifalianao ;
Faly ny mandre izao,
Mainka fa ny tonga ao.

4. Ry Mpamonjy, ho tra-bonjy
Anie ny olonao!
Fa maniry ny tahiry
Ao an-danitra aminao ;
Mba faingàna Hianao
Haka ny malalanao!

558 - Ity fonenana ity

1. Ity fonenana ity
Tsy manam-pitsaharana ;
Maniry aho ho ary
An-koatry ny fasana,
Ny lanitra no hitodiako,
Fa tena tanindrazako.

2. Kanefa mahatahotra
Ny ranobe alehako,
Fa ny tafio-drivotra
Manohitra ny samboko,
Ny tsèlatra, ny kotrokorana,
Mamely sy mandrahona.

3. Ny sambon'ny fiainako
Mamaky onja sarotra,
Ka amin'ny alehako
Mitopatopa fatratra
Ny alondranom-pahoriana,
Kanefa tsy maninona.

4. Fa ny Mpamonjy tokana
Mitarika ny samboko;
Ny Tompon'ny fiainana
Miara-mita amiko,
Mba ho tafita aho olony,
Ka honina any Aminy.

559 - He, vetivety ny aty an-tany

1. He, vetivety ny aty an-tany ;
Fa trano lay no itoeranao ;
Ka aza ketraka na mitomany,
Fa andrandrao ny tanindrazanao.

2. He, vetivety ao an-dalan-tery
No mahasarotra ny dianao.
Ka, aza kivy, fa Ilay Mahery
Mamboa-trano hitsaharanao.

3. He, vetivety ao an-tany maina
No mahabe ny fijalianao,
Ka dia ho hitanao ny ranon'aina
Hahafaka ny hetahetanao.

4. Arahonao ny lalan-toratady,
Mba hahafaingana ny dianao ;
Jesosy Tomponao no vavahady,
Ny lanitra no hovantaninao.

5. He, vetivety ary dia ho hita
Ny tany soa mandry fahizay ;
Jesosy ô, faingàna hahavita
Ny fikasanao tsara aminay

560 - Mpivahiny aho eto

1. Mpivahiny aho eto
Tahaka ny razako,
Ka ny foko feno sento
Amin'ny alehako.
Eny, tsy ety tokoa
No ho fitsaharako,
Fa mandalo avokoa
Izay rehetra hitako.
Ka izaho tsy miato
Andro aman'alina,
Nefa aho, izay misento
Dia hasoavina.

2. Be ny mampahory ahy
Mila tsy ho zakako,
Toa velona ahiahy
Ao am-pandehanako ;
Nefa kosa tsy mba tery
Sady tsy mamoy fo,
Fa izaho tsy irery
Eto amin'ny manjo,
Fa jesosy momba ahy
Ka manafa-tahotra ;
Raha ory ny fanahy,
Izy no mahavotra.

561 - Raha maizina ny lalana

1. Raha maizina ny làlana,
Jehovah Tompo ô!
Hianao no iankinana,
Hianao no jiroko.

2. Tsy hitako izay hanjo,
Fa takona amiko
Ny andro sisa ianinako,
lzay nalahatrao.

3. Na mbola ela velona,
Na maty haingana,
Ny zarako voatendrinao,
Tsy te-hifidy aho.

4. Fa Kristy ivelomako
Raha mitoetra;

Ny faty tombondahiko,
Fodiana Aminao.

5. Ny fanompoako aty,
Tsy mahavesatra ahy;
Tsy maika te-hiala ety
Raha tsy antsoinao.

6. Raha tapitra ny androko,
Dia tsara lavitra
Ny mody any aminao
Hiala sasatra.

7. Ny sitrakao no sitrako,
Jehovah Tompo ô!
Ny teninao andrasako,
Hianao no tokiko.

562 - Miandry ao ambony

1. Miandry ao ambony
Ny fifaliana ;
Aty tsy mety tony
Ny fahoriana,
Ka tonga sesilany
Ny fitarainana ;
Ary tsy hita lany
Ny hasambarana.

2. Variana mikorana
Ny tsy misaina be,
Ny hendry dia mitana
Ny hevitra hoe :
Aleoko mitomany
Noho ny otako ;
Ny lanitra ihany
No fianinako.

3. Ny lalan'ny adala
Tsy mba harahiko,
Tsy mampisalasala
Izay anjarako ;
Ny sasany mikendry
Ho afa-po aty,
Izaho dia miandry
Ny lovako ary.

4. Izaho manantena
Anao, ry Tompo ô!
Ka hobim-pamonjena
No hoventesiko;
He, vetivety ihany
No hiaretako,
Tsy ela dia hankany
An-tanindrazako.

563 - Ry mana-manjo

1. Ry mana-manjo!
Akaiky anao,
Ny Tompo, Ilay be fiantrana

2. Ka Izy anie
Hitahy anao,
Hanafaka ny mampahory.

3. Ny ory aty
Ho faly ary,
Ka aza mba be alahelo.

4. Ny Tomponao re
Hanefa tokoa
lzay hataky ny malahelo.

5. Ny lapany ao
Voavoatra ho anao
Honenanao mandrakizay re.

564 - Tsy hita izay androko sisa aty

1. Tsy hita izay androko sisa aty,
Ahiko fandrao tsy tonga ary,
Ry fanahiko! Ao ny Mpamonjy anao,
He! Jeso, Mparnonjy anao.(in-3)
Ry fanahiko! Ao ny Mpamonjy anao,
He! Jeso Mpamonjy anao.

2. Izaho anefa tamàna aty ;

Tsy hiomana va, fa hifindra ary?
Fa efa fantatro izao, fa havela ity,
He! Lanitra soa ary. (in-3)
Fa efa fantatro izao fa havela ity,
He! Lanitra soa ary.

3. Ilaozy ity, hadinoy, ry fo!
Afoizo izao, ry fanahiko ô!
Fa efa reko ny Tompo
Miantso anao,
He! Feo mahafaly izao. (in-3)
Fa efa reko ny Tompo
Miantso anao,
He! Feo mahafaly izao.

565 - Mandrahona ny andronay

1. Mandrahona ny andronay
Ka raiki-tahotra izahay ;
Avia, manampia anay ;
Ry Tompo ô! Vonjeo!

2. Ny teninao no tokinay,
Ny herinao no tanjakay ;
Afaho loza izahay :
Ry Tompo ô! Vonjeo!

3. Fa misy ifaharanay,
Ka toky be no azonay ;
Hianao no iankinanay:
Ry Tompo ô! Vonjeo!

4. Noho ny nahaterahanao,
Noho ny nahafatesanao,
Sy noho ny fifonanao :
Ry Tompo ô! Vonjeo!

566 - Raha mafy ny manjo

1. Raha mafy ny manjo,
Raha be ny hovitray,
Raha malahelo fo,
Mihainoa, Jeso ô!

2. Endrikay notafinao,
Nentinao ny entanay,
Nitomany Hianao,
Mihainoa, Jeso ô!

3. Mafy ny manjo Anao
Nefa tsy mba meloka;
Helokay no nentinao,
Mihainoa, Jeso ô!

4. Voahombo Hianao,
Voatsindron-defona,
Nandry tao am-pasana,
Mihainoa, Jeso ô!

5. Raha ory izahay,
Ka ny fitarainanay
Tonga eo an-tsofinao.
Mihainoa, Jeso ô!

6. Raha tapitra aminay
Ny fe-taom-boatendrinao,
Aza mba mandao anay,
Mihainoa, Jeso ô!

567 - Aza malahelo

1. Aza malahelo,
Aza kivy fo ;
Izay tia an'i Kristy,
Loza tsy hanjo,

Fiv : Jeso be fiantra!
Mba avia izao,
Ary ny mahantra
Mba tantanonao.

2. Aza mba ahina,
Mpino hianao,
Fa mba miankina
Amin'ny Rainao.
Jeso, sns...

3. Aza mba misento ;

Kristiana anie!
Fa homen'ny Tompo
Fifaliam-be.
Jeso, sns...

4. Tomponay mahery ;
Mba tsinjovinao,
Tano sao ho very
Ny mpanomponao.
Jeso, sns...

568 - Ry fanahy ory

1. Ry fanahy ory,
Azon' ny manjo!
Be ny mampahory,
Aza rera-po ;
Feo mamelovelo
Mba henoy izao,
Aza malahelo,
Jeso havanao.

2. Aza mba misento
Na mamoy fo,
Raha mbola eto,
Misy ny manjo ;
Nefa Jeso tia
Tsy mandao anao,
Ka mba matokia,
Jeso havanao.

3. Namanao mahantra,
'Ndeha, ilazao,
Jeso be fiantra
No Mpamonjy izao ;
Izy Tompo tia
Ka mandray anao,
Dia mifalia,
Jeso havanao.

569 - Indrisy ry sakaiza ory fo

1. Indrisy! Ry sakaiza
Ory fo!
Holazainao aiza
Ny manjo?
Jeso no Mpamonjy
Ho anao ;
Izy mahavonjy,
Ambarao,
:,: Azy, ry trabonjy!
Ny manjo Ao am-po.:,:

2. Indrisy! Ry mahantra!
Lozanao ;
Aiza ny mpiantra?
Indro ao ;
Jeso hanazava
Aizim-po.
Izy hampisava
Ny manjo ;
:,: Soa lalandava
No hatao Aminao.:,:

3. Harena be an-tany
Tsy anao,
Zava-mora lany .
Ka mandao,
Nefa, indro Jeso
Zaranao ;
Hira no venteso,
Ka derao
:,: Izay nataon'i Jeso
Ho anao Hatrizao.:,:

4. Ny lanitra mivoha
Rahateo ;
Andrandrao ny loha
Ka jereo!
Jeso Tompo soa
No ary,
Havanao tokoa
Hatrety ;
:,: Dia mazotoa
Hiditra ao Hianao.:,:

570 - Mafy ny alon-drano izao

1. "Mafy ny alon-drano izao,
Sady maria no manindao,
Nefa ny Tompo momba anao ;
Moa ho kivy va?"

Fiv : "Tsia, Jeso ato aminay,
Izy hampifaly ny fonay ;
Tsy mba ho kivy re izahay ;
lzy no tokinay."

2. "Maro no efa tola sy lao
Noho ny alahelo izao ;
lsan'ireny va hianao?
Moa ho kivy va?"
"Tsia, sns..."

3. "Amin'izao fiainana izao
Tsy mba ilaozan-java-manjo,
Nefa ao Jesosy, tokin'ny fo ;
Moa ho kivy va?"
"Tsia, sns..."

4. "Raha ny Tompo aza tety
Nety ho faty tao Kalvary,
lza no tsy handefitra aty?
Moa ho kivy va?"
"Tsia, sns..."

571 - Raha misy mampahory

1. Raha misy rnampahory,
Indro, Jeso Tomponao;
Tsy afoiny tsy akory,
Aza kivy hianao.
Raha rava ny harena,
Ka ho mafy ny manjo,
Mbola misy famonjena,
Aza mety kivy fo.

Fiv : Raha misy mampahory,
Indro Jeso Tomponao;
Tsy afoiny tsy akory
Aza kivy hianao.

2. Raha misy ady mafy,
Indro Kristy herinao ;
Raha avy ny mpandrafy,
Raiso koa ny sabatrao.
Raha tamy hanangoly
Ilay fahavalonao,
Ka mandrobo ny devoly,
Mba aingao ny vavakao.
Raha misy, sns...

3. Na marary mafy aza
Ka mangirifiry ao,
Ary na ho faty aza
Ka handao ny havanao,
Mbola misy antenaina,
Indro, Jeso avotrao ;
Famonjena avotr'aina,
Indro, raiso ho anao.
Raha misy, sns...

572 - Jereo ny fahorianay

1. Jereo ny fahorianay,
Andriamanitra ô!
Marary izao ny namanay,
Ka dia mba iantrao.

2. Raha sitrakao, ry Tomponay!
Valio ny vavakay,
Fa mora reraka izahay,
Tohano sy ampio.

3. Ny fitondrana tianao
No iankinanay;
Ny didy avy aminao,
Izay no sitrakay.

4. Sitrano ny fanahinay
Ho tonga zanakao,
Tariho làlana izahay
Hankany Aminao.

573 - Mahereza ry sakaiza

1. Mahereza, ry sakaiza
Vontom-pahoriana!
Matokia, aza kivy,
Kristy mialoha anao ;
:,: Matokia,:,:
Mahereza hianao.

2. Aza mba matoky tena,
Foana ny herinao ;
Tano mafy ny apinga
Izay atolony anao ;
:,: Raiso koa:,:
Ny Fanahy ho sabatrao.

3. Maizina izao ny andro,
Sarotra ny làlanao ;
Ao ambony ny mazava
Ampy hanazava anao ;
:,: Mba jereo:,:
Ilay mazava amboninao.

4. Vetivety, afa-doza,
Vita ny alehanao;
Ao an-danitra ambony
Misy hifalianao;
:,:Miravoa,:,:
Tapitra ny adinao.

574 - Aza kivy hianao

1. Aza kivy hianao
Azom-pahoriana,
Tany no fonenanao,
Misy fihafiana,
Matokia hianao.
Raha tratry ny manjo,
Jeso Tompo herinao,
Aza mety rera-po.

2. Aza kivy hianao
Noho ny manjo izao,
Raha Jeso aminao,
Afa-tahotra hianao ;
Matokia hianao.
Fa Jeso Tompo tia tokoa,
Ka izao rehetra izao
Dia mety mahasoa.

3. Aza kivy hianao
Na dia ory aza ety,
Ny Mpanjaka Tomponao
Mba nihafy koa tety ;
Matokia hianao.
Na inona mihatra izao,
Jeso Ilay Sakaizanao
Tsy mba mahafoy anao.

575 - Ry Jeso ô! Sakaiza

1. Ry Jeso ô! Sakaiza,
Mpamonjy tia anay!
Raha mbola mianjera
Ny rian-drano be ;
Mifofofofo mafy
Ny rivo-doza be,
Vimbino izahay re,
Mba tsy ho faty ao.

2. Arovy izahay re,
Ry Jeso Tomponay!
Ambara-pahalasan'
Ny loza izay manjo ;
Dia ento izahay re
Ho any aminao,
Ka raiso ny fanahy
Ho faly aminao.

3. Kanefa raha mbola
Hijanona izahay
Aty ambony tany
Ka malahelo fo,
Na misy fahavalo
Miady aminay,
Avia, Jeso Tompo!
Ampio ny olonao.

4. Tsy tambonay isaina
Ny olona aminao ;

Hiadana tokoa
Izay horaisinao ;
Fa Jeso no Sakaiza,
Anjely maro be
No hiaraka aminay ao
An-dapa rahatrizay.

576 - Ry Sakaizan' ny mpanota

1. Ry Sakaizan' ny mpanota!
Fantatrao ny zanakao,
Fa malemy, mora lavo,
Ka mangataka aminao ;
:,:Mba todiho, mba todiho
Ka henoy ny vavakay.:,:

2. Raha mitombo harena
Noho ny fanambinanao,
Na matanjaka ny tena
Noho ny fitahianao,
:,:Mba tantano, mba tantano,
Sao tsy mahalala Anao.:,:

3. Raha mamely ny devoly,
Fahavalon-janakao,
Ka mandroso manangoly
Hampisaraka aminao,
:,:Mba tazôny, mba tazôny,
Fa tsy mahatana Anao:,:

4. Raha mangirifiry mafy,
Noho ny tsorakazonao,
Ka ny havana rehetra
Tsy mahita izay hatao,
:,:Mba tsidiho, mba tsidiho,
Fa maniry indrindra Anao:,:

5. Raha tonga ilay fotoana
Hiverenana aminao,
Ka manahinahy foana
Noho ny ratsy izay natao :
:,:Mba tohano, mba tohano,
Hahatsiaro tsara Anao:,:

577 - Jeso Sakaizanay

1. Jeso Sakaizanay,
Sakaiza rahateo!
Indreto izahay, vonjeo,
Fa be ny adinay :

Fiv : Jeso Sakaizanay,
Sakaiza rahateo!
Indreto izahay, vonjeo,
Fa be ny adinay.

2. Jeso Sakaizanay,
Sakaiza be fitia!
Tariho izahay hanao
Ny zava-tianao :
Jeso, sns...

3. Jeso Sakaizanay,
Sakaiza tsy mandao!
Na dia mpanota aza re
lzahay mpanomponao :
Jeso, sns...

4. Jeso Sakaizanay,
Sakaiza tsy mamoy,
Na ory na finaritra
Izahay ankehitrio :
Jeso, sns...

5. Jeso Sakaizanay,
Omaly sy anio,
Ka mbola ho Sakaizanay
Mandrakizay doria :
Jeso, sns...

578 - Lohasahan-dranomaso

1. Lohasahan-dranomaso
Izao fiainan-tsika izao;
ka misento lalandava
Izay rehetra velona ao;
Koa aiza re no misy
Hampionona ny fo?

Iza no mahay mamonjy
Hampisava ny manjo?

2. Manatona Ilay Mpamonjy,
Ry sakaiza ory Ô!
Ka aza mba misalasala,
Mandrosoa hianao;
Famonjena mahatoky
Tsy miova no anao,
Raha manana an'i Kristy
Ho fanala-tahotrao.

3. Vola sy harena an-tany
Mety tsy hananananao;
Havana, sakaiza koa
Dia hisaraka aminao;
Nefa Jeso no anjara
Tsy alaina aminao;
Izy no Sakaiza tsara
Izay nanavotra aina anao.

579 - Aza mba mandao ahy ry Mpamonjy ô

1. Aza mba mandao ahy,
Ry Mparnonjy ô!
Aza mba manary ahy,
Jeso Tompo ô!

Fiv : Ry Mpanjaka,
Mihainoa re!
Mamonje fa mitaraina
Ny vahoakao.

2. Fantatrao fa malahelo
Ny mpanomponao;
Raha mbola eto aho,
Mba tsinjovinao:
Ry Mpanjaka, sns...

3. lndro! fa miandry eto
Ny navotanao;
Aoka tsy mba halahelo,
Mba falio izao:
Ry Mpanjaka, sns...

4. Eny, manomeza hery
Mba ho ahy re,
Ka hahery sy handresy
Ny mpanomponao:
Ry Mpanjaka, sns...

580 - Ry be fiantra sy be indrafo

1. Ry be fiantra sy be indrafo!
Ao Aminao misy soa;
Ory izahay noho ny zava-manjo;
Ao Aminao misy soa;
Be siasia an-dalana aty,
Sao tsy ho tratra ny tsara ary;
Tompo miantrà, vonjeo izahay,
Ao Aminao misy soa.

2. Rahona mainty manarona anay,
Ao Aminao misy soa
Mba hazavaonao izay dianay,
Ao Aminao misy soa;
Ampaherezo hanaraka Anao,
Ampaherezo hatoky Anao,
Tompo mahery, hazony izahay,
Ao Aminao misy soa.

3. Any an-danitra izay lapanao,
Ao Aminao, misy soa;
Ka dia matoky izahay zanakao,
Ao Aminao, misy soa;
Aza ilaozana akory izahay,
Sao dia very an-dàlana indray:
Tompo malala, tariho izahay,
Ao Aminao, misy soa

581 - Aiza re no hahitako izay hampionona ny fo

1. Aiza re no hahitako
Izay hampionona ny fo?
Iza re no handrandraiko,
'Ndrao dia tolan'ny manjo?
O! ry ory sy mahantra,
Manatòna Ahy izao
He, ny foko feno antra
Hampiadana anao.

2. Aiza re no hahitako
Izay hanala tahotra?
Fa ny làlana ombako,
Mahatora- kovitra!
Aza kivy, ry mahantra:
Manatòna Ahy izao;
He, ny foko feno antra
Ampy hiafenanao.

3. Aiza re no hahitako
Izay hamela heloka?
'Ndrisy re ity fahotako
Tena mahaketraka!
Ry sakaizako mahantra!
Mba minoa Ahy izao;
He, ny foko feno antra
Hanavotako anao.

4. Ry Jesosy ô! Malala!
Fialofako Hianao;
Izaho tsy hisalasala
Hiantoraka aminao.
Eny, manatòna Ahy
Feno fitiavana;
Aza manana ahiahy;
Izaho no mpiantoka.

582 - Ry Jeso ô tahio izahay aty am-pandehananay

1. Ry Jeso ô! Tahio izahay
Aty am-pandehananay,
Ny hadalanay avelao,
Ny fonay koa ovay ho vao:
Fiv : Arovy re ny olonao,
Ny lalanay mba hazavao.

2. Ny aizim-be alehanay,
Mamely koa ny rafinay,
Tsy fantantray izay hanjo,
Ka be ny tahotra ao am-po:
Arovy, sns...

3. Mikasa mafy izahay
Ho tsara, nefa fantatray
Fa raha tsy ambininao,
Tsy misy azonay atao:
Arovy, sns...

4. Mba tano mafy izahay
Ambara- pahafatinay,
Dia ento ao an-danitrao
lzahay ho faly Aminao:
Arovy, sns...

583 - Mba tarihonao Tompo ô izahay

1. Mba tarihonao,
Tompo ô! Izahay,
Fantatray fa mpivahiny
Izahay ankehitriny;
Any Aminao
No honenanay.

2. Mafy ny manjo,
Reraka ao am-po;
Na dia be ny ady aza,
Tsy ho ketraka ny fonay;
Any Aminao
No halehanay.

3. Alahelo be
Ranomaso koa
Azon'ny fakam-panahy,
Saiky resin'ny devoly;
Fa ny sandrinao
Iankinanay.

4. Any Aminao
No honenanay;
Ry Mpitari-dàlan-tsara;
Mba tarihonao izahay re,
Hahatongavanay
Any Aminao.

584 - Arovy ny fanahinay Andriamanitra

1. Arovy ny fanahinay,
Andriamanitra!
Tariho ny fanahinay (in-2)
Hanaraka Anao. (in-3)

2. Hianao no hiankinanay,
Fa tsara Hianao;
Ka mamelà ny helokay (in-2)
Fa diso izahay. (in-3)

3. lzahay hiantso Anao,
Andriamanitra!
Ka henoy ny fivavaka (in-2)
Ataonay Aminao. (in-3)

4. Mitsinjova ny mpanota
Mahantra indrindra,
Fa Jeso, Ilay Mpanavotra (in-2)
No maty nisolo. (in-3)

585 - Mahantra aho Tompo ô ka mba tsarovinao

1. Mahantra aho, Tompo ô!
Ka mba tsarovinao,
Maniry ho madio fo
Sy mendrika Anao.

2. Manolo-tena aho izao,
Ry Jeso Tompo ô!
Ka aza dia lavinao
Izay atolotro.

3. lzaho voasoratrao
Ao amim-bokinao,
Ho isan'ny mpianatrao,
Hianatra Aminao.

4. Ataovy izay hahaizako
Hanaraka Anao.
Amin'ny fahadiovam-po
Ho voninahitrao.

586 - Jesosy Kristy Tompo ô hianao no antenaiko

1. Jesosy Kristy Tompo ô!
Hianao no antenaiko;
Tsy misy Mpamonjy toa Anao,
Ry Heriko sy Aiko,
Fa tsy mba misy olona
Mahafaka ny heloko,
Tsy zakako nyentako,
Ry Jeso ô!
Hianao anefa tokiko.

2. Ny otako dia lehibe,
Ny foko dia ory!
Mpamonjy Ô, vonjeo re!
Ny heloko esory.
Ny Rainao tsara ilazao,
Fa izaho no navotanao,
Ka mba havela heloka,
Dia azoko
Ny fiadanana ao am-po.

3. Finoa-marina ao am-po
No aoka mba homenao,
Mba hanandramako tokoa
Ny tsirom-pamonjenao,
Mba hitiavako Anao
Sy ireo rahalahinao;
Raha avy ny fotoako,
O, mba vonjeo!
Ka mba reseo ny rafiko.

4. Ny saotra, dera, ho Anao,

Ry Raiko be fiantra,
Sy ho Anao, ry Kristy Ô,
Mpamonjy ny rnahantra,
Anao, Fanahy Masina,
Izay te na Mpampionona!
Izaho mba omeonao
Ny aim-baovao,
Haharitra ho olonao!

587 - Jehovah Tompo no itokiako

1. Jehovah Tompo no itokiako,
Fa mampitombo ny fifaliako;
Ny fo sy saiko miankina Aminy,
Izay ilaiko omen'ny teniny,
Ka tena aiko ny toroheviny.

2. Ampio aho, Jehovah Tompo ô!
Fa mitalaho izao ny zanakao,
Omeo hery hitanako ny to,
Mba tsy ho very ny rakitra ao am-po;
Hianao irery no iankinako.

3. Ry Kristy Tompo, mba mamonje anay
Mba ho mpanompo mazoto izahay,
Mpiasa tsara ankasitrahanao,
Izay manambara ny fitiavanao
Ka hiafara eo anatrehanao.

588 - Tompo Mpamindra fo mahery sy tsitoha

1. Tompo Mpamindra fo!
Mahery sy Tsitoha
'Zay nidina taty
Hamonjy ny mania;
Mivavaka Aminao
sy mitalaho izahay
Ny gadranay tapaho
hanafaka anay'

2.Tompo ô! Manjakà
Amin'ny olonao;
Faingàna, iantrao
Ireo izay narovanao;
Miondreha, mijere,
Izahay miandrandra Anao;
Ny herinao anie
Hatafinao ireo.

3. Tompo Mpanova fo,
Mpampionona tokoa.
Midina ka ampio
Izahay hahery izao.
Toky mamy loatra
No omena anay:
Hatrany ankoatra,
Arovinao izahay.

589 - Ry Jesosy Tompoko, izay nanetry tena ô

1. Ry Jesosy Tompoko,
Izay nanetry tena ô!
Naka ny tarehinay
Hanavotanao anay;
Mba omeo anay izao
Ny Fanahy Masinao,
Hanarahanay Anao.

2. Zanak'i Davida ô!
Mba midira ao am-po,
Raiso ka diovinao
Izy ho tempolinao;
Izahay manasa Anao
Honina ao am-po izao,
Koa mba ekeonao!

590 - Kristy Tsitoha, Tomponay mahery

1. Kristy Tsitoha, Tomponay mahery,
Mba mitodiha re ny olom-bery,
Ka mamonje anay izay mania;
O, mba avia!

2.He, Hianao kiadin'ny mivalo,
Ka mba reseonao ny fahavalo;
Ny ta-hanimba ny Anao sakano
Izahay tantano!

3. Ny fiangonanao ampiadano,
Ny tanindrazanay re mba tohano,
Ny tena sy fanahinay tahio,
Ampifalio!

4. Ny asanao, ry Zana-Janahary,
Dia mankalaza Anao miharihary,
Ka izahay midera Anao Mpamonjy
Fa voavonjy!

591 - Ry Jesosy, Izay Mpiahy

1. Ry Jesosy, Izay Mpiahy,
Mba henoy izao;
Raha misy mamely ahy,
Mba reseonao!

Fiv : Ry Jesosy, mba henoy izao;
Raha misy mahory ahy,
Mba tsarovinao!

2. Raha avy ny devoly
Ka mandrahona,
Raha ny nofo manangoly
Sy manintona,
Ry Jesosy, sns...

3. Be ny fahavalo fetsy
Mampahory izao,
Izaho dia mora resy,
Ka vonjeonao!
Ry Jesosy, sns...

4. Raha misalasala aho,
Mba toroy ny to!
Ary raha mitalaho,
Amindraonao fo!
Ry Jesosy, sns...

5. Miangavy mafy aho,
Ry Mpamonjy ô!
Mba vonoy ny fahotako
Amin'ny ranao.
Ry Jesosy, sns...

6. Raha tapitra ny andro
Ivelomako,
Hazavao, ry Masoandro,
Ao am-pasako,
Ry Jesosy, sns...

592 - Be ny mampahory

1. Be ny mampahory
Aty, Jesosy ô!
Kely, osa, ory,
Ny mpanomponao.
Ry Mpiandry lehibe,
Anao ny tenako;
Hianao irery re,
No iankinako.
Tompo ô, ny foko
Manantena Anao.

2. Miarova ahy,
Jesosy Tompo ô!
Tena sy fanahy
Hasoavinao,
Ry Mpamonjy lehibe,
Anao ny tenako;
Hianao irery re
No vatolampiko.
Tompo ô, ny foko
Manantena Anao.

593 - Ry Jeso ô, Mpanjakanay

1. Ry Jeso ô, Mpanjakanay,
Hadinonao va izahay,
No tsy omenao faingana
Ny rano mahavelona?

2. He, maina sy mangetana

Sy ivesarana entana,
Ka mapiferin'aina anay
Ny efitra onenanay.

3.Tsy hitanao ve, Tompo ô,
Fa valaka sy rera-po,
Malain-kanaraka Anao
Ny olom-boafidinao?

4. Aidinao ny Fanahinao
Sy fifaliam-po vaovao;
Ny ranon'aina anie
Hatondrakao ny tany re!

5. Reseo ny fahavalonay,
Omeo rariny izahay,
Tapahonao ny gadranay,
Ampiadano izahay!

594 - Ry Tompoko malala, mpiandry tsara ô

1. Ry Tompoko malala,
Mpiandry tsara ô!
Hianao no mahalala
Ny hasasarako.
Ny ota an-tapitrisa
Izao mandreraka!
Ka manomeza ahy
Fiadanana!

2. Ry Tompoko malala,
He, zatra Hianao
Mampody ny adala
Niala taminao;
Ampiadano aho,
Tariho lalana,
Ka mahareta, Tompo
Aza sasatra!

3. Ry Tompoko malala,
Te-hody aho izao,
Fa manina ny vala
Ny ondrikelinao;
Ka mitalaho aho:
Vohay, ry Jeso ô,
Izay mba efitrano
Hitoerako!

595 - Ry Raiko ô ! Mba raiso ny tanako

1. Ry Raiko ô ! Mba raiso ny tanako.
Tantano mba handroso ny diako,
Hazony tsy hania ny zanakao,
Ry Raiko ô, avia, tarihonao.

2. Ny foko ta-hanoa ny didinao,
Kanefa mora voan' ny ratsy izao,
Ka dia mba fenoy ny herinao.
Ry Raiko ô, henoy ny zanakao.

3. Rehefa tsy mahita ny làlana
Ka toa tsy ho tafita ny lalina,
Fa ketraka ny aiko, dia raisonao,
Trotroy aho, Raiko, an-tratanao.

596 - Indreto izahay mitomany

1. Indreto izahay mitomany
Fa be alahelo ny fo;
Ny ota no fototr'izany,
Ny heloka sy ny mania;
Fa reraka, re, ny fanahy,
Mahantra sy be ahiahy,
Ka tena variana ery

2. Ry Tompo, Izay mofon'ny aina
Ry rano mamelona anay,
Tsinjovy izay mitaraina,
Mahantra izao izahay!
Onòny ny fonay fa voa,
Omeo izay mahasoa,
Monena aminay Hianao.

3. Ny fonay dia be hetaheta.
Maniry indrindra Anao;

Ry Tompo, mba mampahareta
Anay ho mpanaraka Anao;
Ny reraka ataovy mahery,
Vonjeo izahay olom-bery
Matoky Anao izahay!

597 - Ô ry Jesosy Mpamonjy mahery

1. Ô ry Jesosy Mpamonjy mahery!
Izaho maniry indrindra Anao,
Fa reraka aho ka mila ho very;
Ny foko saronan'ny ratsy izao:

Fiv : Ry Tompo, tsilovy,
Ny lalan'ny saiko,
Ka mba arovy
Ny fo sy ny aiko!

2. Efa hanafotra ahy ny rano,
Faingàna, Jesosy, vonjeonao re!
Ho difotra aho, ry Tompo, ka tano,
Diovy, afaho ny foko anie!
Ry Tompo, tsilovy, sns...

3. Efa akaikin'ny lalina aho,
Ka mila ho voa, hilentika ao;
Ry Tompo malala, ny foko tanjaho,
Ka mba hazavao hahalala Anao:
Ry Tompo, tsilovy, sns...

4. Aiza izao Hianao, ry Mpamonjy,
Ry Tokin'ny ory sy reraka ô,
No tsy mampiseho ny herin'ny vonjy
Hanafaka ahy, izay ory am-po?
Ry Tompo, tsilovy, sns...

5. Ô, ry Jesosy, izay naharara
Ny onja namely ny sambo tary
Anivon'i Genesareta ho tsara
Toneo ny onjan'ny foko aty!
Ry Tompo, tsilovy, sns...

598 - Omeo mba handramako

1. Omeo mba handramako
Ny fitiavanao,
Hahaizako, ry Jeso ô,
:,: Hiavana aminao :,:

2. Iriko re ny tavano,
Ry Ilay malalako,
Fa tiako ny hahita Anao,
:, Izay Sakaizako :,:

3. Raha ao ny ali-maizim-be,
Izay handehanako,
Ho eo an-tananao anie
:,: No hahafatesako :,:

4. Ka tsy mba hatahorako
Ny aizim-pasana,
Hatsangano ny tenako
:,: Ho tena sitrana :,:

599 - O, Ry Jesosy mifaly ny foko

1. O, Ry Jesosy mifaly ny foko,
Raha tsy lavitra Anao,
Ka mba mangataka indrindra re aho.
Ary mifona aminao;
Tano ny zanakao mba tsy ho very,
Tano akaiky Anao !
Zaza adala ka mety miery,
Raha dia lavitra Anao.

2. Aza manary izay mitalaho,
Fa mba vonjeo anie;
Tena mahantra sy ory re aho.
Diso sy meloka be;
Nefa maniry hiova ho tsara,
Ka ta-hanoa Anao,
Ary ny zavatra izay voarara,
Tsy mba hataoko izao.

3. Raiso, ry Tompoko, ny fikasako,
Raiso ny foko anio !
Raha ny marina no ialako,
Dia ahitsio sy ampio;

Fa Hianao, ry Mpamonjy mahery,
No tsy mba mety mandao,
Ary izaho dia tsy mba irery,
Fa tsy ho lavitra Anao.

600 - Ry Raiko ô!

1. :,:Ry Raiko ô! :,:
Izaho aty mpivahiny
Manina ny tranonao,
Ka mba tariho
Ny zanakao.

2. :,:Ry Raiko ô! :,:
Indro, Satana milofo
Mba hanangoly anay,
Ka mba vonjeo
Ny zanakao.

3. :,:Ry Raiko ô! :,:
Maizina sady malama,
Sarotra ny lalanay,
Ka mba tantano
Ny zanakao

4. :,:Ry Raiko ô! :,:
Maro ny zava-mihatra,
izay mampanahy anay
Ka mba tohano
Ny zanakao

601 - Misaotra Anao, Jesosy ô!

1. Misaotra Anao, Jesosy ô!
Ny olom-boavonjy,
Fa be dia be ny indrafo
Nataonao, ry Mpamonjy.
Fa tonga ory Hianao,
Ny ainao no natolotrao
Hisolo ny mpanota.

2. Ampibebaho izahay
Ho olonao manoa;
Ny ota iverasanay
Esory avokoa.
Ny fifaliana vaovac,
No aoka mba hasolonao
Ny alahelom-ponay.

3. Ampio izahay izao
Hinoanay ny teny
Izay nolazain'ny vavanao,
Fa tanjakay ireny.
lzao, no angatahinay,
Mba hatanjaho izahay,
Hanaraka izany.

602 - Ry Andriamanitry ny famonjena

1. Ry Andriamanitry ny famonjena
Sy kintana antenain'ny firenena,
Henoy ny fangataham-pandresena,
Ry Ray Tsitoha!

2. Ilay fitopatopan'ny alondrano
Sy rehrehan-drafinay fohano
Ny olonao mahantra mba tantano,
Ry Ray mpiaro!

3. Raha osa, Hianao mahay mitàna,
Raha reraka asiam-pahotàna,
Ny herinao tsy resin'i Satana,
Ry Ray Mahery!

4. Ampionao izahay handresy rafy,
Ampionao mba haharitra ny mafy,
Ampionao tsy ho ketraka mihafy,
Ry Ray Mpanampy!

603 - He sambatra Jesosy ô

1. He, sambatra Jesosy ô,
Ny ondry vitsinao!
Fa Hianao Mpiandry soa
Maharo ny Anao.
Ny ainao no natolotrao,
Ho an'ireo ondrinao,

Ny very tadiavinao
Hiaraka Aminao.

2. Izaho voamarika
Ho isan'ny Anao,
Anefa mba matahotra
Sao dia lavinao,
Ka aoka mba hotairinao,
Ny foko, raha hitanao
Fa mila ho sondriana
Sy diso làlana.

3. Ny hafanana mahamay
No mahatrotraka,
Anefa mbola tazanay
Ny fitsaharana.
Ho avy faingana anie
Ny andro soa lehibe,
Izay hamelaranao ny lay
Handrakotra anay.

604 - Ento aho ry Jehovah

1. Ento aho, ry Jehovah,
Mpivahiny raha ety;
Tano aho, fa malemy,
Raha tsy hazoninao,
Mofon'aina,:,:
Ho fihinako, anie.

2. Mba savao ny loharano
Hahazoako ny soa;
Aoka hitari-dàlana Ahy
Izay andri-rahonao,
Ry Tsitoha:,:
Fiarovana Hianao.

3. Raha hita an'i Jordana,
Am pandrio ny tahotro;
Ry Mpandresy fanimbana,
Ento any Kanana aho!
Fiderana:,:
No hatolotro Anao.

605 - Jeso Hery mahavonjy

1. Jeso Hery mahavonjy
Tena Fialofana,
Fa miantra sy mamonjy
Zanak'olombelona
:,:Hery soa, hery soa,
Itokianay tokoa:,:

2. Raha misy ny tafiotra
Izay mamely mafy anay,
Ny fitiany tsy ho ritra
Tokinay mandrakizay.
:,:Tsy mandao, tsy mandao,
Iankinana hatrizay:,:

3. Raha mambomba sy miaro,
Mampitony tahotra,
Jeso Tompo tia, Mpiaro;
Resy re, ny hovitra.
:,:Fa matoky, fa matoky,
Ilay ampinga lehibe:,:

4. Tianay tokoa tokoa
Ho an-tratranao doria,
Mba hatoky ka ho soa,
Ry Mpamonjy be fitia.
:,:Tompo soa, Tompo soa,
0! hazoninay tokoa:,:

606 - O, ry Raiko Izay mpandahatra

1. O, ry Raiko Izay Mpandahatra!
Vato fantsika mafonja!
Aminao no mifahatra
Itony foko safotra onja.

Fiv : Ry Tsitoha ô! Mijere!
Ry Mpamonjy ô, mamonje!

2. He, manonja mafy loatra
Itony fiainako voafofo
Toa dia diso tafahoatra
Ireo ankaso izay milofo,

Ry Tsitoha, sns...

3. Nefa kosa tsy mamoy!
Izany foko manantena!
Fa ny masonao manjohy,
Iandrandrako famonjena.
Ry Tsitoha, sns...

607 - Jeso no mpiambina antsika

I.Jeso no Mpiambina antsika
Sy Mpiandry tsara,
Ka natolony ny ainy
Hisolo ny ondry.

2. Matokia hianareo,
Ry ondry vitsy
Fa ny Raiko no mikasa
Hitandrina anareo.

3. lzaho no Mpitarika
Sy Mpitondra tsara
Izay manaraka Ahy
Handresy ny ratsy.

4. Ary amin'ny farany
Halaiko ny Ahy
Tsy hisaraka amiko
Ela mandrakizay.

608 - He, miandrandra Anao,

1. He, miandrandra Anao,
Jehovah Tompo ô!
Ny olonao;
Henoy ny vavakay
Vonoy ny helokay
Hahafantaranay
Fa zanakao.

2. Raha hodiavinay
ny tany maizina,
Tarihonao;
Fafao, Ry jesosy
Ny ranomasinay,
Ka mba esorinac,
Ny tahotray.

3. Mba manomeza anay
Ny hasoavanao,
Ry Tompo ô
Mba hahazoanay
Ny hasambarana
Tsy mety levona,
an-danitra.

4. Tohanonao izahay,
Rahefa tapitra
Ny andronay.
Ray ô! Mba hamoray
Ny hanalana anay
Ho any aminao,
mandrakizay.

609 - Hianao Jehovah Tompo!

1. Hianao Jehovah Tompo!
No hatoninay izao;
Avy izahay hanompo
Sy hanao ny sitrakao,
:,:Indro raiso,
Raiso ho Anao izahay.:,:

2. Mba tantano sy arovy,
Fa malemy izahay,
He! Marary sy farofy,
Hianao no herinay,
:,:Ody aina
Hitsaboanao anay.:,:

3. Mpivahiny ka mahantra,
Entonao, Fanahy ô!
Ana sy mangetaheta,
Asehoy ny antranao;
:,:Ranon'aina
Hosotroinay izao.:,:

4. Tranonao madio no any,

Vorodamba no anay,
Fa hilaozanay ny tany,
Ka soloy ny lambanay,
:,:Lamba fotsy
Hitafianay anie.:,:

610 - Ny foko, ry Jehovah ô!

1. Ny foko, ry Jehovah ô!
Fidio ho lapanao;
Ekeo ho fonenanao,
Ka ao no anjakao.

2. Ny foko, ry Jesosy ô!
Sasao ho voadio;
Izay eritreri-dratsy ao
Levoninao anio.

3. Ny foko, ry Fanahy ô!
Mba hamasinonao;
Avia, Fanahy Masina ê
Ovay ho fo vaovao.

4. Ray, Zanaka, Fanahy ô!
Mpamonjy mahasoa,
Mpanafaka ahy Hianao,
Isaorako tokoa.

611 - Jehovah Ray Malala ô

1. Jehovah Ray Malala ô!
Izay ao an-danitrao,
Henoy ny fivavahako
Ataoko aminao,
Fa Jeso Kristy Zanakao
No tena sorona
lzay entiko ho aminao
Mpamela heloka.

2. Ny lalako mba hazavao,
Hianao no jiroko,
Fa maizim-pito e izao
Sy be ny kotroka;
Na misy loza aza re
Izay mampamoy fo,
Tsy misy hatahorako,
Hianao no amiko.

3. Ny fikapohana, izay
Ataonao amiko,
Dia misy fananarana
Mba hibebahako;
Ny fahafatesana, izay
Ho tonga koa izao,
Dia lalana halehako
Ho any aminao.

4. Mba raisonao ny tanako,
Tantano aho izao,
Fa zazabodo, Raiko ô!
Ampio ny zanakao;
Na tondraka ny rano re
Ka safononoka ao,
Ny faty tsy ho tahotro,
Hodiako aminao.

612 - Ry Ray mpiaro lehibe

1. Ry Ray Mpiaro lehibe,
Mba mihainoa ahy e,
Ka ampio aho hanao hoe:
Hatao anie ny sitrakao!

2. lzay rehetra sitrakao
No aoka mba hatao izao,
Fa mahasoa ny tianao :
Hatao anie ny sitrakao!

3. Na sarotra aza ny hatao,
Mba manampia ny zanakao
Hanaraka ny teninao :
Hatao anie ny sitrakao!

4. Na tonga aza ny manjo,
Ka ory sy mivadi-po,
Ho toy izao no teniko :
Hatao anie ny sitrakao!

5. Mba tanterahonao tokoa
Izay kasainao hahasoa;
Ny tena sy fanahy koa;
Hatao anie ny sitrakao!

6. He, Hianao dia tsy mandao
Izay voaray ho olonao
Ka mankato ny didinao;
Hatao anie e ny sitrakao!

613 - Mpiandry lehibe!

1. Mpiandry lehibe!
Vorio ny ondrinao
Hiray fisoko avokoa,
Hiadana aminao.

2. Sakaiza herinay!
jereo ny ondrinao
Mitebiteby, ory fo,
Ka miandrandra Anao.

3. Manahy izahay,
He! Ala be izao;
Andrao ho very foana aty,
Vonjeo ny ondrinao.

4. Henoy, ry Tokinay!
Vohay ny tranonao',
Raha avy ny hodianay
Hitoetra aminao.

614 - O! Ray jereo ny zanakao!

1. 0! Ray j ereo ny zanakao!
Mivavaka aminao;
Henoy ny fitarainanay
Izay atao, izao.

2. 0 Ray! Vonjeo ny zanakao,
Fa osa izahay;
Ny tananao no herinay,
Handresy izahay.

3. 0 Ray! Tahio ny zanakao,
Ny soa aminao,
Ka arotsahy aminay
Ny fitahianao.

4. 0 Ray! Misaotra Anao, izahay
Ka dera no atao;
Ny soa azonay atÿ
Isaoranay Anao.

5. 0 Ray! Vahiny izahay,
Tsy taninay ity;
Ka raha hody raisonao,
Ho aminao ary.

615 - Ry Jehovah Ray mahery!

1. Ry Jehovah Ray Mahery!
Indreto ny mpanomponao;
Fa mpanota saiky very
Nefa tsy mba foinao;
Fa ny masonao mijery
Ny fanahinay mania;
Ny fitaomanao mahery
No miantso hoe: "Avia".

2. Ry Jehovah, Ray Mpitahy
Izay rehetra ory fo!
Ny tsy manana mpiahy
Mora resin'ny manjo;
Zovy ary no hanahy
Raha miankina Aminao?
Eny, faly ny fanahy
Izay mitoky aminao.

3. Ry Jehovah, Ray Mpiaro!
He ny fahavalonay
Izay masiaka sy maro;
Hodidinanao, izahay,
Fa ety dia mifangaro
Amin-dratsy izahay,
Ka tsy misy izay maharo
Raha ilaozanao, ry Ray!

4 .Ry Jehovah ô! Vimbino
Itony zanakao ety,
Aza avela hanadino
Ny fonenan-tsoa ary ,
Ka omeo fanahy mino
Tsy mivadika aminao;
Ary koa, mba sakambino
Tsy hisaraka aminao.

616 - Rainay be fitia!

I. Rainay be fitia!
Avy izahay
Hila zavatsoa
Ato aminao;
Mihainoa anay.

2. Rainay tsy miova!
Mijere anay,
Zanaka nikomy,
Fa naverinao;
Maneke anay!

3. Rainay be fiantra!
Menatra izahay,
Dia mba mifona
Eo imasonao;
Miantrà anay!

4. Rainay be harena,
Mpanome ny soa!
Izahay mahantra,
Mitaraina hoe:
Manomeza anay!

5. Rainay be fitia!
Indreto izahay
Avy mba hitondra
Saotra ho Anao:
Aza lavinao!

617 - Aza manadino ahy

1. Aza manadino ahy,
Ry Mpihaino vavaka!
Aza mba manary ahy
Hanalavitra Anao;
Mitodiha ry Mpanjaka!
Ka Jereo ny olonao;
Aza manadino ahy,
Ry Mpihaino vavaka!

2. Hianao no fiereko,
Vatolampy, heriko!
Na kamboty aza aho,
Faly manana Anao;
Afa-tahotra ny foko,
Raha miandrandra Anao;
Aza manadino ahy,
Ry Mpihaino vavaka!

3. Eny Hianao no Raiko,
Ka hatoniko izao;
Nefa ny fahadalako
Aza mba heverinao;
0! ampifalio aho,
Ka ombay ny elatrao;
Aza manadino ahy,
Ry Mpihaino vavaka!

4. Tabataba lalandava
No mba hitako izao,
Ka izaho te-ho tonga
Ao am-pitsaharanao-,
Mitenena, ry Jehovah!
Mamalia ahy izao;
Aza manadino ahy,
Ry Mpihaino vavaka!

618 - Eny, Raiko! Mba tariho

1. Eny, Raiko! Mba tariho
Ny fanahin-janakao.
Ka ny saiko atodiho
Hankato ny teninao.
Zaza be fisiasia,
Tano re ny zanakao,
Dia taomy mba ho tia

Sy hanao ny sitrakao.

2. Eny, Raiko! Mba tsilovy
Ny alehan-janakao,
Ka tantano sy arovy
Mba hankany aminao;
Mora reraka ny aina
Raha tsy fahananao,
Ka tohano tsy halaina
Mba hanao ny sitrakao.

3. Eny, Raiko! Raha mafy
Izany tsorakazonao,
Ka ny aiko tsy mahahafy
Mba vonjeo ny zanakao;
Ka ny foko 'zay adala
Mba ovay sy hazavao,
Dia taomy hahalala
Mba hanao ny sitrakao.

4. Eny Raiko! Mba tohano
Raha mihatra ny manjo,
Ka vimbino sy tantano
Tsy ho kivy re ny fo;
Raha tapitra ny aiko,
Raiko hody aminao;
Eny, ento aho, Raiko!
Fa izay no sitrakao.

619 - Ry Raiko ô! Tariho ny zanakao,

1. Ry Raiko ô! Tariho ny zanakao,
Tariho re!
Fa maizina ny lalako izao,
Tariho re!
Tsilovy ka omeo finoana,
Tantano ao am-pandehanana.

2. Izay ela izay ny lalan-tsitrapo
No tiako;
Izay ela izay izac, tontolo izao
No mamiko;
Kanefa izao, tariho ny zanakao,
Ry Raiko ô! Handia ny làlanao.

3. Tsy mba ahoako ny loza aty
An-dalana;
Tsy te-hitsinjo koa ny ary
An-koatra;
Fa isan'andro alaharonao,
Ry Raiko ô! Ny dian'ny zanakao.

4. Na mbola lavitra aza re izay
Alehako,
Tarihonao ambara-pahafaka
Ny alina,
Dia vao hitsahatra ny zanakao,
Ry Raiko ô! Ary an-danitrao.

620 - Zanahary, Ray mahery

1. Zanahary, Ray mahery,
lzahay tsy manan-kery,
Nefa he, ny fahavalo
Fa masiaka sady maro;
O! ampio re izahay,
Fa ny zavatra mihatra
Tsy mba misy maharatra
Ny arovanao, ry Ray,
Zanahary Ray mahery,
Mba arovy izahay!

2. Zanahary, Ray miantra!
Olon-diso sy mahantra
Izahay izay mitaraina,
Hianao no antenaina:
lantrao, re izahay!
Be tokoa ny fahotana
Mahatonga fanimbana
Efa vitanay tatÿ:
Zanahary, Ray miantra,
Mamelà ny helokay!

3. Zanahary, Ray malala!
Enga anie ka hahalala
Mba ho tia sy hanaiky,
Ary koa mba hanakaiky
Ny Mpamonjy izahay;

Tsy ny tahotray ny loza
No nanaitra anay hiova,
Fa ny ran'ny Zanakao;
Zanahary, Ray malala,
Mba hazony izahay!

621 - Ry Jeso be fitia!

1. Ry Jeso be fitia!
Tariho izahay
Mba tsy haniasia
Fa hiaraka aminao.
Indrisy! Ela loatra
No nijanonanay,
Nanaram-po nihoatra
Ny sitrapon'ny Ray.

2. Ry Tompo! Miarova
Ny fiananay ety,
Izay fohy, mora miova,
Fa tsy toy ny ary.
Izay ianteharana eto
Mandalo avokoa :
Ny fo re no mba ento
Hikambana aminao.

3. Tariho hahalala
Ny tianao hatao,
Ka tsy hisalasala
Handà izay halanao;
Mandatsaka ao an-tsaina
Ny soa vitanao,
Ka dia hikely aina
Hanao ny sitrakao.

622 - Mba tantano Raiko ô!

1. Mba tantano Raiko ô!
Ny fanahin-janakao,
Aoka re ny sandrinao,
No hiaro ahy izao;

Fiv : Indro! Raiso,
Tano aho Tompo ô!
Mba hanao ny sitrakao
Sy hitoetra ao aminao.

2. Ray malala Hianao,
Sady tia ny zanakao:
Aoka re ny tavanao
Hanazava ahy izao!
Indro! Raiso, sns...

3. Na dia maizina aza aty,
Dia matoky aho izao
Fa hianao, dia tsy mandao,
Izay miaraka aminao:
Indro! Raiso, sns...

623 - Mba omeo ahy

1. Mba omeo ahy
Fo madio kokoa
Afaka ahiahy
Ho Anao tokoa.
Izaho dia malaina,
0! mba hafanao re
Mba hikely aina
Hahefako be.

2. Mbola manangoly
Ny fakampanahy;
Ao koa ny devoly
Ta-hamotraka ahy;
Tompo ô! Ampio
Ny mpanomponao izao,
Ary mba tafio
Herim-po vaovao.

3. Atolory ahy
Zotom-po sy hery,
Fahendrern-panahy,
Fo mahay mietry.
Ampianaro aho
Mba hanolo-tena,
Ka mba hatanjaho
Ny finoako.

4. Dia hamasino
Ny saiko, ry Tompo!
Ka omeo fo mino,
Fo mahay manompo,
Fo mahay mihafy,
Fo miravoravo,
Na dia voa mafy,
Fo toy ny Anao.

624 - Jeso ô, Mpiandry tsara!

1. Jeso ô, Mpiandry tsara!
Sambatra ny ondrinao;
Hianao no mialoha
Hanarahanay Anao;
Mitariha, mitariha
Ny fanahinay izao:,:

2. Jeso ô, Mpiandry tsara!
Fohy ny fisainanay;
Hianao mahay manoro
Lalana halehanay;
Mitariha, mitariha
Ny fanahinay izao:,:

3. Jeso ô, Mpiandry tsara!
Tsinjonao ny dianay;
Ondry very ka ho faty,
Raha tsy hatoninao;
Mitariha, mitariha,
Ny fanahinay izao:,:

4. Jeso ô, Mpiandry tsara!
Izao, alehanay izao,
Ala be sy làla-mafy,
Maty re ny ondrinao!
Miarova, miarova
Ny fanahinay izao:,;.

5. Jeso ô, Mpiandry tsara!
Mafy re ny tahotray;
Bibidia mamiravira
Mampivadi-po anay;
Miarova, miarova
Ny fanahinay izao:,:

6. Jeso ô, Mpiandry tsara!
Ento mody izahay;
Aminao ny valan'ondry
Tsy mba misy tahotra;
Mitariha, mitariha
Ny fanahinay ho ao:,:

625 - Mpamonjy soa malala ô

1. Mpamonjy soa malala ô!
Mba miandrandra Anao,
Ny foko sy fanahiko
Ankehitriny zao;
Fa Hianao, irery
No tena Mpanome
Ny fahafinaretana
Sy fitsaharam-be.

2. Mpiandry ondry mora ô!
Ry Jeso be fitia!
Hazony aho ondrinao
Mba tsy haniasia,
Andraso isan'andro,
Arovinao anie,
Endrey! Fa mahatahotra
Ny biby marobe.

3.Ry Kristy be fitia!
Ry Tompo tsy mandao!
Ny sandrinao iondanako,
Fa mamy Hianao;
Hianao nanolo-tena
Ho faty fahizay,
Hanangana olo-meloka
Ho zanakao indray.

4. Ry Tompo Zanahary
Be faharetam-po!
Izaho te-ho olonao
Mahitsy sy madio;
Ovay ny toe-tsaiko,
Ny foko mba sasao,

Mba ho tempoly mendrika
Ny hitoeranao.

5. Ry Jeso tsy miova!
Ry Vonivatoko!
Ry Zanak'Andriamanitra ô!
Ry Aro lehibe!
Izaho dia matoky
Ny fitiavanao;
Fa sambatra ny olonao
Miankina aminao

626 - Jeso Tompo, mamindrà fo

1. Jeso Tompo, mamindrà fo
Amin'ny mpanomponao
Fa tsy misy famonjena
Afa-tsy ao aminao.
0! vonjeo, :,:
Ny mifona aminao.

2. Fa kamboty sy mahantra,
Ory, osa, reraka
Izahay atÿ an-tany,
Raha tsy vimbininao;
0! ampio:,:
Ny miankina aminao.

3. Tokinay sy vatolampy,
Aro sy Ampinganay!
Afa-tahotra, afa-doza,
Tsy ho ketraka izahay;
:,: O! arovy:,:
Ny mialoka aminao.

627 - Vimbino tsara izahay

1. Vimbino tsara izahay,
Ry Jeso Kristy Tomponay!
Mba tsy ho diso lalana
Aty ambony rano be,
;,;Ka na manonja aza re
Ny rian-dranomasina,
Tazony mafy izahay
Mba tsy ho rendrika aty.:,:

2. Dia mitsangàna, ka avia,
Ry Jesosy, Mpamonjy tia!
Jereo ny fahorianay;
Anaronao ny rivotra
;,;Izay mampanonja toy izao
Ny alon-dranomasina,
Izay manafotra anay
Aty am-pandehananay.:,:

3. Fa Hianao no aronay,
Ka dia sahy izahay
Hamaky sy hanohitra
Ny onjan-drano betsaka;
;,;Ka aoka tsy ho fefika
Aty an-dranomasina,
Fa mba ho tonga aminao
Ny sambonay, ry Tompo ô;,;

628 - Ry Mpamonjy olom-bery!

1. Ry Mpamonjy olom-bery!
Ry Jesosy tia anay!
lzahay tsy manan-kery
Tsy mba hendry, tsy mahay,
;,;Koa Hianao irery
No mba iankinanay.:,:

2. Ry Mpamonjy be fitia!
Aza ilaozanao izahay;
Ry Jesosy ô! Avia,
Hianao no tanjakay!
:,:Miarova, manampia,
Be ny fahavalonay.:,:

3. Ry Mpamonjy! Mitantàna
Izao mpanomponao izao;
Be tokoa ny fikasana
Ta-hanao ny sitrakao,
;,;Nefa be ny fahosana
Momba ny mpanomponao.:,;

4. Ry Mpamonjy, jeso tia!
Mivimbina, mamonje;
Ry mahery! Manampia,
Miambena, mijere;
:,:Miarova, mitariha,
Ry Sakaiza lehibe!:,:

629 - Ry Jeso Mpamonjy, Mpanavotra any!

1. Ry Jeso Mpamonjy, Mpanavotra anay!
Tafangona eto anio izahay
Hidera sy mba hankalaza Anao,
Fa Tompo namonjy anay Hianao;

Fiv : Haleloia! Haleloia! Hosana an'ny Avo!
Haleloia! Haleloia! Hosana ho Anao!

2. Ry Jeso, Sakaiza tsy mety mandao!
Sakaiza tsy mba mahafoy Hianao,
Mijery anay raha misy manjo,
Ho aron'ny tena sy tokin'ny fo:
Haleloia! sns...

3. Ry Jeso, Mpanjaka Mpiaro anay!
Handroso hiady tokoa izahay,
Ka dia vonjeo handresy izao,
Fa tsy mba ho resy izay manana Anao:
Haleloia! sns...

4. Ry Jeso, Mpitarika anay ho ary,
Tariho izahay tsy hivily aty.
Ka dia hamantana ao aminao,
Fa faly miandry anay Hianao:
Haleloia! sns...

630 - Ry Jesosy mba tantano

1. Ry Jesosy mba tantano,
Ho tafita soa ary,
Ka ambeno sy sakano,
Izay rehetra loza aty.
Rano be mangeniheny,
Izao alehako izao;
Ka aoka Hianao hiteny,
Mba ho tokiko hatrao.

2. Aza miandry ao am-pita
Sao dia fefika aho aty;
Fa avia hiara-mita,
Dia ho tody soa ary.
Raha sendra ka manonja
Izany alon-drano be,
Aoka Hianao ho tonga
Hampitony ahy re.

3. Ao ny rivotra mahery
Mety hampivadi-po,
Fa ny feonao irery
Mampisava ny manjo
Any koa ny vatolampy
Sy ny biby marobe,
Fa ny herinao dia ampy,
Ka vonjeo ny zanakao.

4. Ry jesosy! Mihainoa,
lzao fivavako izao,
Mijoroa, misehoa,
Ka jereo ny diako izao;
Mbola lavitra ao am-pita
Ka tsy hita izay hanjo,
Toy ilay tao Genesareta,
Misehoa Hianao!

631 - Ry Jesosy Tompo tsara

1. Ry Jesosy Tompo tsara,
Ry Mpamonjy ô!
Sambatra aho, mananjara
Manana Anao;
Fa na maro ny mpandrafy
Ta-hamely ahy mafy,
Hianao mahay manafy
Hery ny Anao.

2. Be ny manodidina ahy

Efa lasana;
Manakaiky mampanahy,
Re ny fasana;
Nefa, ry Mpamonjy soa,
Tena sitrakao tokoa
Ny hitantana ahy koa
Ao an-dàlana.

3.Eny, izaho manantena,
Ry Mpamonjy ô!
Fa hahazo famonjena
Any aminao.
Raha hilaozako ny tany,
izaho tsy mba hitomany,
Fa hiakatra hankany
Anatrehanao.

632 - Ampianaro aho, Tompo, mba hiambina

1. Ampianaro aho, Tompo, mba hiambina!
Mandalo tahaka ny rivotra ny androko.
Ka mihalany isan'andro, isan'alina,
Ambara-pahatapitry ny fe-potoako.

2. Endrey ny voninkazo, raha vaomaraina e!
Fa tsara ka mamirapiratra ny endriny;
Kanefa maty izy amin'ny hainandro be;
Ka raha hariva dia simba ny tarehiny.

3. Ny tenako no voninkazo ka hihintsana,
Ny aiko tahaka ny zavona sy aloka
Izay mandalo ka tsy manam-pijanonana;
Ny taonako mandroso tahaka ny riaka.

4. Tsy manam-panorenana aty ny heriko,
Mihelina ka tsy mba hita ny alehany;
Malaky tahaka ny tselatra ny androkô,
Ka tsy miatoato ao am-pandehanany.

5.Ry Tompo ô, ampio aho mba hiomana,
Ka mba hadio fo na aiza noalehako;
Ampaherezo mafy aho mba ho malina,
Mba tsy ho tonga tampoka amikony fetrako!

633 - Izaho tsy mba mahalala

1. Izaho tsy mba mahalala,
Izay hiainako aty;
Anio angaha dia hiala,
Ka hodimandry ho ary!

Fiv : Ny ran'i Kristy, Raiko ô,
No amelanao, ny heloko.

2.Ry Ray ô, mampianara ahy
Hanisa e, ny androko,
Hiantombenan'ny fanahy
Ao amin'ny Mpamonjiko.
Ny ran'i Kristy, sns...

3. Ny asa sy ny ahiahy,
Izay maningotra ahy izao,
Vahao mba tsy hisakana ahy
Hiainga raha antsoinao.
Ny ran'i Kristy, sns...

4. Ny fahotako an-tapitrisa
Saronanao ny avotra,
Izay nandraisako batisa
Sy ny sakafo masina.
Ny ran'i Kristy, sns...

5. Tsy misy mahasaraka ahy
Amin'ny fitiavany:
Ny teniny no mahasahy
Ny olom-boafidiny.
Ny ran'i Kristy, sns...

6. Ka dia tsy mba mampanahy
Ny andro hahafatesako,
jesosy no miantoka ahy,
Ny ainy no anjarako.

Ny ran'i Kristy, sns...

634 - Ny làlana izay nataon'Andriamanitra

1. Ny lalàna izay nataon'
Andriamanitra
Tamin'ny olombelona
:,:Marina indrindra.:,:

2. Raha manaraka izany,
Dia tsy manan-tsiny
Fa nanota ny olona
:,: Ka nanan-keloka.:,:

3. Raha tsy mino an'i Kristy
Ny olombelona,
Fa matoky ny tenany
:,: Tsy azo hitsina.:,:

4. Fa Jeso no manafaka
Ny ota rehetra,
Ny manaiky ny teniny
:,: No azo hitsina.:,:

635 - Aina no fetra ry Jesosy Tompo

1. Aina no fetra ry Jesosy Tompo
Izany no tenin'ity zanakao
Vonon-kanaraka Anao sy hanompo
Amin'ny mora sy sarotra hatao.

Fiv : Mandrakizay no
tokimpanompoana
Mamin'ny olon'izay afakao.
Mandrakizay ekenay ho faneva
Ny holatrao nanavotana anay.

2. Na ny mangidy heverina ho mamy,
Raha miray aminao izahay,
Iza no tsy hahafoy ny ainy
Mba ho Anao Izay nisolo anay!
Mandrakizay, sns...

3. Hianao, ry Jeso! No ilay Kapiteny,
Izay hampandresy tokoa anay;
Ka raha Hianao, Tompo, no mba
miteny,
Lasa izay mahakivy anay:
Mandrakizay, sns...

4. Vonon-kandeha na aiza na aiza,
Ireto mpanompo matoky Anao,
Na dia ny fahafatesana aza,
Tsy hahaleo anay mpianatrao:
Mandrakizay, sns...

636 - Hianao ry Jeso ô

1. Hianao ry Jeso ô!
No mba hatoninay,
:,:Tompon'ny aina:,:
Mba mihainoa ka avia.

2. Mba ampangino re
Ny ao anatinay,
:,:Tsy hisy renay:,:
Raha tsy feonao.

3. Aoka izahay handray
Ny fanavaozanao,
:,:Ka mba hitovy:,:.
Toe-tsaina aminao.

4. Mafy ny adinay,
Ka be ny tahotray;
:,:Nefa tsy resy:,:
Izay miankina aminao.

5. Dia tafionao
Amin'ny herinao,
:,:Mba ho mpandresy:,:
izahay mpianatrao.

6. Ny fonay hafanao,
Mba hirehetanay
:,:Amin'ny asa :,:
Izay omenao hatao.

7. Mba ho tanterakay
Izay tena anjaranay,
:,:Dia manomeza:,:
Fo miray aminao.

637 - Mahareta, mahareta,

1. Mahareta, mahareta,
Ry mpihazakazaka ô!
Be ny zava-mahalavo,
Aza kivy hianao.

2. Mahareta, mahareta,
Ry mpihazakazaka ô!
Mahavesatra ny ota,
Aoka re harianao

3. Mahareta, mahareta,
Ry mpihazakazaka ô!
Lavi-dalana haleha,
'Ndrao tsy tonga hianao.

4. Mahareta, mahareta,
Ry mpihazakazaka ô
Indreo ny maso izay mijery,
Tazany ny dianao.

5. Mahareta, mahareta,
Ry mpihazakazaka ô!
Ao ny Tomponao miandry,
Izy no jereonao.

638 - Ry Jeso Mpamonjy malala

1. Ry Jeso Mpamonjy malala
Indreto ny mpanomponao;
Raha misy izay mankahala,
Matoky fa manana Anao.

Fiv : :,:Jereo, jereo!
Fa vonon-kanaraka Anao.:,:

2. Ny tafika ataon''i Satana
Milofo hamotraka anay;
Avia, ry jeso! Mitantana
Fa mioman-kandresy izahay.
Jereo, jereo! sns...

3. Na zovy mioman-kandrafy,
Irianay hanaraka Anao;
Na iza hisakana mafy,
Hijoro, fa manana Anao.
Jereo, jereo! sns...

4. lreo nentinao voatantara
No feo mampahery anay;
Ny tokin'ireo Maritiora
Faneva mitarika anay:
Jereo, jereo! sns...

639 - Ry miaramila! Mandrosoa izao

1. Ry miaramila! Mandrosoa izao,
Kristy Kapiteny mialoha anao;
Ao aloha tafika, loza, ratra be,
Fitsaharana tsy misy, misikina re.

Fiv : Ry miaramila! Mandrosoa izao
Kristy Kapiteny mialoha anao.

2. Any lehy ratsy no manotrika,
Any ny tsipika no milatsaka;
Tano ny finoana ho ampinganao
Entonao ho fandresena Izao
rehetra izao:
Ry miaramila! sns...

3. Aza miamboho na miherika,
Ao an-tratranao ny fiarovana;
Aza mba matahotra, fa sahia
fandrao
Raha tsy mandresy, dia ho resy hianao;
Ry miaramila! sns...

4. Dia mandrosoa hianao izao
Ka miraisa dia aminay ho ao
Milofosa fatratra, aza ketraka,

"Miadia ny ady tsaran'ny
Finoana"
Ry miaramila! sns...

5. Kristy Kapiteny tapitra ohatra,
Izy no mpiaro ny mpanafika;
Miankina aminy mafy hianao,
Ka aza mba ny tenanao no
itokianao:
Ry miaramila! sns...

640 - Misy fahavalo maro

1. Misy fahavalo maro,
Te-hiady aminay,
Faly sy miravoravo,
Raha mamotraka anay;
Izahay tsy manan-kery
Handresenay azy ireo;
Ry Mpamonjy olom-bery!
Jeso Tompo ô! Vonjeo.

2. He! Mibaiko ny devoly,
Ilay mpihaza aina soa,
Ka mikendry hanangoly
Sy handatsaka aina koa;
Tsy mba misy izay hanampy
Hampandositra azy izao;
Hianao no tsy manary
Jeso Tompo ô! Vonjeo.

3. Indreo ny fandrika harato
Izay mivelatra avokoa,
Tsara sy milantolanto,
Toa fiainana tokoa;
Kanjo, indrisy ny mahazo
Izay fatoran'izy ireo;
Tsy mba hainy ny miala:
Jeso Tompo ô! Vonjeo.

4. Miomàna, ry sakaiza!
Be ny fahavalo
Mitandrema sy mahaiza,
Sarotra ny làlanao;
Aza mba matoky tena,
Fa ny Tompo no jereo;
Indrisy re ny halemena:
Jeso Tompo ô! Vonjeo.

641 - Ry kapiteny, be ny ady manjo

1. Ry Kapiteny, be ny ady manjo,
Mila ho reraka sy kivy ny fo,
Ka hatanjaho mba hatoky Anao,
Tompo ô! Avia mamonjy ahy izao.

Fiv : "Eny, Izaho mamonjy anao,
Ka mampahery sy miaro anao;
Aza matahotra mihitsy hianao,
Fa Izaho momba sy manampy anao."

2. Ny fahavaloko aty mba reseo,
Ka taomy aho mba handray rahateo
Ny fiadiana avy aminao;
Tompo ô! Vimbino aho, aza mandao:
"Eny, Izaho, sns...

3. Lasa tokoa re ny tahotro teo,
Ka na mamely ahy aza ireo,
Tsy mba manahy intsony aho izao,
Fa mamonjy sady tsy mandao Hianao:
"Eny, Izaho, sns...

4. Fa ny mpiady maharesy aty
no hosatroham-boninahitra ary;
Maro, no efa tonga ao, Aminao,
Tompo ô! Avia hitarika ahy hankao:
"Eny, Izaho, sns...

642 - Hitako izao, sakaiza!

1. Hitako izao, sakaiza!
Jeso no Mpanavotra;
Tsy mba lany ny fitia,
Jeso no Mpanavotra;
Na dia saiky lasa aza,
Ka ny olona mandao,
Izao no mampiadana ahy,

Jeso no Mpanavotra.

2. Raha miady mafy aho,
Jeso no Mpanavotra;
Toky sy Ampinga Izy,
Jeso no Mpanavotra;
Manome ny soa Izy,
Fa ny rany mahadio
No mahafa-keloka ahy,
Jeso no Mpanavotra.

3. He ilaozako ny eto,
Jeso no Mpanavotra;
Indro lanitra no azo,
Jeso no Mpanavotra;
Izy no Mpamonjy ahy,
Aina sy fanilo koa,
Fahendrena mahasoa,
Jeso no Mpanavotra.

4. Ray ô! Hianao deraiko,
Jeso no Mpanavotra;
Hianao naniraka Azy,
Jeso no Mpanavotra;
Hianao Mpiaro ahy,
Mpitahiry, Tokiko,
Ka deraiko lalandava,
Jeso no Mpanavotra.

643 - O! mandrosoa mba ho tena mpandresy

1. O mandrosoa mba ho tena mpandresy
Dia mazotoa, miasà mitomboa,
:,:Raiso ny tsara, ka roahy ny ratsy,
Ka matokia an'i jeso tokoa.:,:

2. O mandrese, ny finoana tano,
Na dia mafana ny ady hatao,
:,:Ny fandresena homena ny mino,
Azy ny herin'ny Tompo izao.:,:

3. Mba matokia ny hery tsy hita
Izay voatahirin'ny Ray ho anao,
:,:Ka voatolotra tao Gologota
Mba ho antsika rehetra izao.:,:

644 - Matahora mangovita

1. Matahora mangovita,
Fa indro ny devoly
No mihendry hisambotra
Ny saintsika rehetra;
:,:Miambena,:,:
Ka mivavaha, tsara.

2. Mifalia, mivavaha,
Jeso no arontsika,
Manaraha ny teniny,
Fa hovonjeny isika;
:,: Tano Izy :,:
Hahazoana aina.

3. Manandrata feo hihira
Hidera an'i Kristy,
Hanome voninahitra
an'Andriamanitra
:,: Tompontsika,:,:
Fa marina izany.

645 - Jesosy Kapiteninay,

1. Jesosy Kapiteninay,
Izao miantso izao,
Hiady no ilàna anay
Ka zovy no hanao?
Izay mahafy hatraty,
Mahery fo tokoa
Ka tsy miraika hatrary,
Ireny no hanao.

2. Ny tany hotafihinay,
Izao tontolo izao;
Ny tafika hikatrohanay,
Tsy ady mora atao;
Ny ota no hasianay
Ho ringana avokoa
Ny tany no hasondrotray

Ho Paradisa soa.

3. Indreo, ny maritiora soa
No loha-làlanay,
Nalatsaka aina avokoa
Ka marika aminay.
Fandavan-tena lehibe
No vitan'izy ireo,
Hodian-tsy hita foana ve
lreo maritiora ireo?

4. Ry Jeso Kapiteninay!
lzao, anio izao
No anavaozanay indray
Ny fanompoana Anao
Atolotray Anao tokoa
Izao tenanay izao,
Ka hamasino avokoa
Hanao ny sitrakao.

646 - Na aiza no alehako

1. Na aiza no alehako.
Dia misy izay hanina;
Fa be ny fahavaloko
Mahery sy kirina.
Mikendry fatratra
Ireo mpamitaka,
Ka dia hazoniko ny to
Na aiza no alehako.

2. Na aiza no alehako,
Dia misy ady mafy;
Ny ota hotoheriko,
Hataoko tena rafy;
Ny fahoriana,
Izay fikapohana,
Tsy maintsy hiaretako,
Na aiza no alehako.

3. Na aiza no alehako,
Ny fasana mangina
Miandry eo alohako,
Fa aloka ny aina
Sy toy ny zavona
Malaky levona;
Izany no tsaroako
Na aiza no alehako.

4. Na aiza no alehako,
Momba ahy ny anjely,
Ka tsy mba hatahorako
Satana izay mpamely.
Ry izao tontolo izao,
Ho resy hianao,
Anjely no ho mandako
Na aiza no alehako.

5. Na aiza no alehako,
Jesosy no kiady;
Ny ratrany no aroko
Sy herin'ny mpiady.
Ny dian-tongony
Arahiko aty,
Ka fandresena azoko
Na aiza no alehako.

6. Na aiza no alehako,
Ny lanitra andrandraiko,
Ka ravo ny fanahiko,
Fa ao ny Tompon'aiko,
Ry izao Tontolo izao,
Ny voninahitrao,
Dia vovoka hitsahiko:
Ny lanitra ao alohako.

647 - He! Sarotra ny lalam-pamonjena

1. He! Sarotra ny lalam-pamonjena,
Hitanana ny vonjy izay nomena,
Hamelona hatrao, am-parany
Ny fitiavana voalohany.

2. Ny maro dia mazàna mankamamy
lzao, tontolo izao, ka mora lany
Ny zotom-po sy ny finoana,
Dia tonga tia zava-poana.

3. Malaina izy ka tsy te-hiady
Ny ady masina izay maro fady,
Ny lalan-tery dia halany,
Fa ny malalaka no tiany.

4. Mazàna mety menatra ireny
Rehefa voatsindron-toriteny,
Fa hitany ny ratsy ao am-po,
Kanefa tsy mba te-hiova fo.

5. Ry Jeso, Hianao no tokin'aina,
Izay novonoina sy nankahalaina.
Omeo ahy faharetam-po,
Hiaritra izay anjarako.

6. Raha reraka aho ka misalasala,
Dia asehoinao, ry Ray Malala,
Ny lovako ary an-danitra
Hihazona ahy mba haharitra.

648 - Miambena izao,

1. Miambèna izao,
Ry fanahiko!
Misy rafinao misaina
Hanangoly ny malaina;
Be ny fandrika
Voavelatra.

2. Miambena izao,
Ry fanahiko!
Mba tsy ho andevon'ota,
Na ho taomin'ny mpanota;
Mivavaha izao,
Ry fanahiko!

3. Miambena izao,
Ry fanahiko!
Ka tohero ny devoly,
Raha avy manangoly;
Kristy raisonao
Mba ho aronao!

4. Miambena izao,
Ry fanahiko!
Tsy ho ela tsy akory
Dia ho lasa ny mahory,
Ka ho afaka
Ny mpiambina.

5. Miambena izao,
Ry fanahiko!
Fa ho avy indray ny Tompo
Mba hampody ny mpanompo
Ho finaritra
Ao an-danitra.

649 - Ry mino miambena re,

1. Ry mino, miambena re,
Fa manam-pahavalo be;
Jesosy no arahonao
Hitarika anao.
Ezahonao ny dianao,
Ny satro-boninahitrao
Miandry ao aloha ao,
Ka mba tratraronao!
Mba mivavaha, ry havako,
Ka miomàna ao am-po;
Andeha izao ilaozinao
Ny zavatra ho lo!

2. Alao ny fiadianana
Omen'Andriamanitra,
Ny fahamarinana alao
Mba hisikinanao;
Hazony ny finoana
Ampinga hanohanana;
Ny tenin'Andriamanitra
No tena sabatra;
Ny famonjena raisonao
Ho fiarovan-dohanao;
Ireny no hanoheranao
Ny ratsy ao am-po.

3. Ry havana malala ô,
Andeha isika hiray am-po

Hikatsaka ny lanitra,
Fa ao tsy misy manjo.
Ho faly ao an-danitra
Ny vita fanompoana,
Ka aoka izao isika handao
Ny zava-poana!
Ho lasa faingana indray
Ny androntsika an-trano lay;
Vonjeonao ilay tany vao,
Izay mandry fahizay.

650 - Miambena mivavaha, fa tsy fantatrao

1. Miambena mivavaha, fa tsy fantatrao
Na ny andro, na ny ora fe-potoanao;
Ny Mpanjaka masina ho tonga tampoka
Hampaneno ny trompetra ao andrahona.

2. Amboary ny fanilon'ny finoana
Sy ny solika fitaiza voaomana,
Ka velomy re ny afom-pitiavana,
Mba hidiranao an-dapam-pifaliana.

651 - Jeso, ampio izahay mba handresy

1. Jeso, ampio izahay mba handresy!
Ny fahavalo mamely anay!
Indro ny aizina tsy mbola resy,
Ary Satana mamandrika anay,
Ka mba omeo anay ny mazava
Hampahasahy anay lalandava.

2. Jeso, ampio izahay mba handresy!
Kely finoana re izahay;
Kivy matetika, mila ho resy;
Aoka ny herinao homba anay;
Dia hatoky izahay, ry Mpandresy,
Fa ny devoly dia ho voasesy.

3. 0, ry Mpandresy, arovy ny ainay!
Ady mafana hiseho izao;
Ka mba tohany hatoky ny fonay!
Dia hiainga hanaraka Anao;
Na dia loza ny herin-tSatana,
Sahy izahay, Hianao no mitana.

4. Ampandreseo izahay, ry Mpamonjy!
Ka raha vita ny ady aty,
Dia ho isan'izay voavonjy,
Ary ho faly sy tretrika ery ;
Tsy mba hitsahatra intsony ny hoby
Hankalazana Anao, ry Mpamonjy

652 - O, ry Jesosy, omeo ny hery,

1. O, ry Jesosy, omeo ny hery,
Mba handreseko ny ota izao!
Osa sy ketraka aho irery,
Raha tsy avy izao Hianao.
Raiso ny fo,
Tano tokoa,
Mba handreseko ry Tompo ô!

2. O, ry Jesosy, omeo ny hery,
Ka amboary ny fonay izao;
O, mba esory izay mahavery,
Mitomoera aminay Hianao;
Ka hazavao
Ny fo izao,
Ampandosiro ny aizina ao!

3. O, ry Jesosy, omeo ny hery!
Kely finoana re izahay,
Ary ny lalanay ety sy tery,
Ry jeso ô, mitantàna anay!
Tohanonao
Ny olonao,
Ampandreseo izay manaraka Anao!

653 - Sakaiza, raha tia

1. Sakaiza, raha tia
Ny Tompo hianao;
Faingàna ka avia
Hanaraka Azy izao!
O, mba tsarovinao,

Fa Izy tsy nifaly,
Naleony nijaly
Mba hamonjena anao.

2. Fanahy, mahereza,
Efao ny adinao,
Fa làlana mideza
No hiakaranao;
Ny zava-tsoa atÿ
Dia zavatra mandalo;
Tsy azom-pahavalo
Ny lovanao ary .

3. Ry Tompo, manomeza
Anay ny herinao;
Finoana mateza
Mba atolorinao,
Mba hanarahanay
Ny làlam-pamonjena,
Hahita Anao mitsena
Anay rahatrizay.

654 - Mba faingàna re, ry mino

1 . Mba faingàna re, ry mino,
Aza mba tamana aty,
Ary aza manadino
Ny anjaranao, ary.

Fiv : Ny Mpamonjy anao,
No manangana faneva,
Ary mampihevaheva
Azy eo alohanao.

2. Marobe no mba mitady
Ny fiainana vaovao,
Nefa kosa tsy miady
Amin'izao tontolo izao.
Ny Mpamonjy anao, sns...

3. Koa raiso ny ampinga,
Tano re ny sabatrao,
Fa izany mahakinga
Ny mpandeha toa anao.
Ny Mpamonjy anao, sns...

4. He, akaiky anao Kanana,
Tany hovantaninao;
Ary any ny tanàna
Misy ny anjaranao.
Ny Mpamonjy anao, sns...

655 - Kristy miantso antsika hiady

1. Kristy miantso antsika hiady,
Izy nandresy ilay ratsy sahady,
Ka mba henoy, ry sakaiza izao;
Kristy miandry indrindra anao!
Mila antsika Kristy Mpanjaka.

2. Kristy Mpitarika amin'ny ady,
Ka mampandresy izay te-hifady
Ny fahotana, izay maimbo sy lo;
Izy no mànda mafin'ny fo.
Miaro antsika Kristy Mpanjaka.

3. Kristy mampiatrana antsika hahery,
Izy miaro antsika sao very,
Ka mba avia hifahatra ao,
Indro ny ady mandroso izao.
Miantso antsika Kristy Mpanjaka.

4. Kristy mamonjy antsika izay voa
Ary tsaboiny ho entiny koa
Ho ao, an-dapany mandrakizay
Honina ao an-tranon'ny Ray.
Haka antsika Kristy Mpamonjy.

5. O, ry Jesosy, Mpanjaka, Mpamonjy!
Tompon'ny dera aman-daza sy vonjy,
lreo rafinao mba reseo izao,
Ka tanteraho izay sitrakao.
0, mba avia, Kristy Mpanjaka!

656 - Maty malala, ka ory ny fo!

1. Maty malala, ka ory ny fo!
Lasa tiana ka mafy manjo!
Nefa isika tsy dia mba mamoy,
Fa manantena hihaona indray:

Fiv : Ao aminao, Tompo izy izao
Tsy mba marary na misy manjo!
Nentina any ambony madio
Dia ho sambatra mandrakizay

2. Mba notandremana fatratra koa,
Nefa tsy tapa, fa lasa izao;
Eny, ry Tompo! Ekena tokoa
Izay sitrakao, fa izany no soa:
Ao aminao, sns...

3. Fantatra koa fa isika izao,
Samy vahiny ka hody indray;
Indro! Ny namana lasa izao,
Lasa miandry antsika ary
Ao aminao, sns...

4. Ary isika, raha hiala aty,
Dia hotsenain'ireo havan-tsy foy;
Eny, hihaona mifaly indray
Ka tsy hisaraka mandrakizay.
Ao aminao, sns...

657 - Lasa re ilay nazoto

1. Lasa re ilay nazoto,
Nody ao an-tany soa,
lzay nanompo tamin-joto,
Ka nahefa be tokoa
:,: Indro, faly:,:
Fa mijinja voka-tsoa.

2. Lasa nody fa voantso:
"Miakara," hoy ny Ray,
Ka fafao, ny ranomaso,
jeso Tompo no mandray,
:,: Faly, ravo, :,:
Fa tafakatra ao, tokoa.

3. Lasa re ilay nihafy
Ory tena, be nanjo,
Fa nanohitra ady mafy
Nefa mba nahery fo.
:,: Ka nandresy:,:
Fahavalo maro be.

4. Afaka ady ka nifaly,
Fa tsenaina hatratÿ;
Afaka ota, afa-jaly,
Ka mihoby, hatrary'
:,: Hoy ny Tompo::,:
"Mandrosoa, ka mifalia."

658 - Tonga ny fahafatesana!

1.Tonga ny fahafatesana!
Ary jinjany ny velona;
Izy manapaka ny lehibe,
Sady mamira ny kely, re!

2. Nefa ny fasana maizina
Efa nidiran'ny Masina;
Izy nampody ny fiainana,
Resy ny fahafatesana.

3. Amin'ny manam-pinoana,
Dia mazava ny fasana,
Izy hitsangana finaritra
Noho jesosy Mpanavotra.

4. Resin'ny Tompo ny fasana,
Koa, ry fahafatesana,
Aiza izao, ny fanindroanao?
Aiza, ry helo, ny herinao?

659 - Ry hava-malala misaona

1. Ry hava-malala misaona,
Mangina fa mbola hihaona,
Isika sy izy nalaina,

Raha tonga indray ilay maraina.

2. Ny naman'ny tany ihany
No mody ho amin'ny tany,
Ka dia ny fanahy mifindra
Ho amin'ny Avo Indrindra.

3. Tsy maintsy afafy aloha
Ny vary vao mety hamoa;
Ny faty halevina koa
Tsy very fa mbola hifoha.

4. Dia miandrandrà, ry mpisaona!
Ho avy ilay lohataona,
Ka dia haniry ny voa,
lzay misy ny ain'ny Tsitoha.

5. Ho avy ny Tompon'aina
Hiantso ny vovoka maina
Hitafy ny fahazavany
Sy hiditra ao am-panjakany.

6. Faingàna, ry Kristy mahery,
Ry Fanantenanay irery,
Ny fasanay iva tsarovy,
Ny toky nomenao mba tovy!

660 - Sambatra ny nodimandry

1. Sambatra ny nodimandry
Niala teto ka tafandry
Ao ampofoan'i Kristy;
Ravoravo izao ny fony
Ka tsy misasatra intsony,
Mby ao, am-pitsaharany.
Ny asany taty
Manaraka azy ary,
Haleloia!
Tafiditra ao an-dapanao
Ry Jeso, ny malalanao.

2. Saotra, dera, laza, hery,
Mba raiso ho Anao irery,
Ry zanak'ondry tokinay!
Hianao dia nialoha
Hanolotra anjara soa
Ho an'ilay malalanay.
Ny fahafatesanao,
No misy aim-baovao,
Haleloia!
Hahita Anao ny olonao
Hohazavain'ny tavanao.

3. Tsy mba misy alina any,
Jesosy no fahazavany
Sy tena masoandrony,
Azony izay niriny,
Ka sambatra ny mpivahiny,
Fa ao no tanindrazany,
Fa efa tapitra
Ny ali-maizina,
Haleloia!
Fa foana ny fasana,
Maraina no miposaka.

661 - He, lasa ny zaza malalan'ny fo!

1. He, lasa ny zaza malalan'ny fo!
Atolotra ny tany ny tena ho lo.

2. Tsy maty anefa ny zaza, fa he,
Jesosy no milaza: Matory izy e!

3. Jesosy hamoha ny zaza indray,
Hiara-paly amin'anjelin'ny Ray.

4. Ka mba mionona, ry havana aty!
Ho hitanao ny zaza ao, an-danitra ary.

662 - O, ry Mpamomjy avia Hianao

1. O, ry Mpamonjy avia Hianao,
Indro misento ny fonay izao;
Ny alahelo mamely anay,
Koa mitady Anao izahay!
Iza no aron'izay ory fo,
Sady mpanampy ny manamanjo,
Fa tsy ny Tompo mahery sy to?

Dia Hianao izay be indrafo.

2. Jeso Mpamonjy ô, mba iantrao,
Izay malahelo miantso Anao!
Ny mitomany tsy hitanao va?
Fantatray fa Hianao, tsy handà
Dia manatàna ka mba mijere
Ny ranomaso izay mitete!
Fa Hianao no mahay manome
Fampiononana be dia be.

663 - He, lasa izao ny malala

1. He, lasa izao, ny malala
Nifindra ao an-dapan'ny Ray;
Isika rehefa miala,
Ho faly hahita azy indray.
Isika izao mitomany,
lharan'ny mafy manjo;
:,:Jesosy mahita izany,
Ka Izy hanony ny fo.:,:

2. Matetika re ny mangidy
Avela hihatra aminao,
Ka aoka mba tsy hanadidy,
Fa feon'ny Tompo izao.
Ny zanaka tian'ny rainy
Tsy maintsy anariny re!
:,:Izay mahasoa ataony,
Ombam-pitiavana be.:,:

3. Ny fo mora kivy ario,
Fa tsy mba hanary ny Ray;
Ny mamy tsy hita anio
Haposany rahatrizay,
Hofahony ny ranomaso
Soloarn-pifaliana be;
:,:Ny toky omeny andraso,
Fa ho tanterahiny re!:,:

664 - Nalain'ny Mpahary ity zaza ity

1. Nalain'ny Mpahary ity zaza ity
Ho sambatra mandrakizay.
Miandry antsika nilaozany aty,
Fa mbola hihaona indray.

Fiv : Onony ny fonao, ry mana-manjo,
Ao an-danitra izy izao,
Ravo izy izao,
Fa ny lapan'ny Ray
Fonenana mandrakizay.

2. Nafahana amin'ny loza ety
Ka tretrika izy izao,
Ny nofo ho lo no alevina aty
Fa any ny tena vaovao.
Onony ny fo, sns...

665 - Ry mpisaona malahelo

1. Ry mpisaona malahelo,
Mijere ny Tomponao,
Izay namindra ny malala
Mba ho ao an-danitra;
Mba fafao ny ranomaso;
Andrandrao ny lanitra.
Mitsahara ry mpisento,
Ka derao ny Tomponao!

2. Sento no anjarantsika,
Izy kosa faly izao,
Afa-jaly, afaka ota,
Tapitra ady izy ao,
Tsy mba misy ranomaso
Na izay mahory ao,
Koa aza mitomany,
Fa derao ny Tomponao!

3. Nofo no aterintsika
Ao am-pasana anio;
Ny fanahiny anefa
Tsy mba ao anatin'io.
Jeso no namindra azy,
Lasany ny havanao,
Fa navotany ho Azy,
Ka derao ny Tomponao.

4. Mangataha fahendrena,
Ka isao ny andronao;
Mikatsaha famonjena
Sy fiainana vaovao,
Mba horaisiny tokoa
Honina any aminy,
Ka ekeny ho sakaiza,
Mba ho ao an-tranony.

666 - Eo ankavanan-dRay Hianao,

1. Eo ankavanan-dRay Hianao,
Ry Zanakondry ô!
Kanefa loza mahamay
No niaretanao.
Ny henatra aman-kelokay
Nihatra taminao;
Nivesatra ny otanay
No nahafatesanao.

2. Ry Zanakondry masina
Nijaly an-tsitrapo,
Teren'ny fitiavana
Hanala otako!
Ny tongotra aman-tananao
Dia voafantsika;
Ny gadranay dia tapakao,
Izahay dia afaka.

3. Vahoaka alinalina
Mitafy fotsy ery,
Ka samy miramirana
Mahita an'i Kristy.
Ny hira fihobiana
Manakoako ao,
Maneho fa navotana
Izao tontolo izao.

4. Indreo ny vahoakanao
An-tapitrisany
Mitondra ny Anaranao
Eo an-kandriny.
He! Toy ny rian-drano be
Ny fiderana Anao,
Voasokatrao ny lanitra
Ho an'ny olonao.

5. Misaotra Anao izahay, ry Ray
Izay navotanao,
Natolotrao ho solonay
Ny Lahitokanao.
Ry Zanak'ondry, Avotray,
Derainay Hianao,
Derainay ho mandrakizay
Ny fitiavanao!

667 - Zavatra iray ihany

1. Zavatra iray ihany
No ho tadiavina,
Fa izay aty an-tany
Dia zava-poana,
Ny nofo dia zavamandalo ihany,
Satria ho lo ao anatin'ny tany;
Raha azoko kosa ny zavatra iray
Ny foko ho sambatra mandrakizay

2. Tadiavinao tokoa
Va ny zavatra izay?
Mba hevero fa ny soa
Momba ny mandrakizay;
Ka aza fatoran'ny eto intsony,
Katsaho tokoa ny any ambony,
Fa any no misy ny zavatra iray
Izay hifalianao mandrakizay.

3. Ry Fanahy ô, ampio
Ny finoako izao!
Ry Mpamonjy ô, tahio
Ny mpangataka aminao.
Tariho ny foko hitady tokoa
Ny any ambony izay mahasoa;
Jesosy ihany no zavatra iray,
Izay ho anjarako mandrakizay.

668 - Jesosy Tompoko no lalana

1. Jesosy Tompoko no lalana

Fahamarinana, fiainana.

2. Tsy afaka manatona ny Ray
Raha tsy amin'ny alalany.

3. Jesosy, Tompon'ny fiainana ô!
Aoka Hianao no ho fiainako.

4. Ety an-tany: fiainam-bavaka,
Rahatrizay: fiainan-danitra.

5. lriko mafy ny hiakatra,
Hiaina izany fiainan-tsambatra!

6. Jesosy tokana no hanome
Ahy ny fiainana mandrakizay.

669 - He, tazako ny laln-tery,

1. He, tazako ny lalan-tery,
Izay misy fahoriam-be,
Kanefa feno hira re,
Fa na miady, tsy ho very.
Ny mino izay mizotra eo,
Na misy maty aza eo,
Hahazo ny lakrona.

2. He, tazako Sakaiza mora,
Mpanala fahoriam-be,
Mpiaro soa, Mpanome
Ny toky tsara isan'ora;
Sakaiza feno herim-po,
Mamonjy amin'ny manjo;
Sakaiza tsy manova.

3. He, tazako ny lamba soa
Omena ny voavotra
Ho fanesoran-keloka
Sy fanavaozana azy koa;
Fa Jeso efa nanome
Ny rany saro-bidy re,
Ho fanadiovana azy.

4. He, tazako ny andro ho avy,
Izay hialako sasatra,
Ka ny ririnin'efitra
Hanjary lohataona mamy;
Ka any vao hivelatra
Ny vonindraozin-danitra
Ao amin'ny Edena.

5. He, tazako ny voavonjy
Ao amin'ny Mpampakatra,
Dia ao an-tampon-danitra,
Izay niakaran'ny Mpamonjy;
Miravoravo izy ao,
Mihira fideram-baovao
Ho an'ny Zanak'ondry.

670 - Ny ony tsy miato, fa mitady

1. Ny ony tsy miato, fa mitady
Ny ranomasina ihaviany.
Ka toy izany koa ny fanahy
Mitady ny Andriamaniny
Andriananahary
No Tompoko nahary
Ny faniriako,
Izay mitady Azy, ka manary
Izay misakana ny diako.

2. lzay midongy sy mirehareha
Tsy hahatratra ny Edenany;
Lomorina ny rano tsy mandeha,
Ka simba ao am-pijanonany;
Ka toy izany koa:
Ho simba avokoa
Izay mijanona,
Ka tsy manatona ny Tomposoa,
Izay mitahy sy mamelona.

3. Tsy misy zavatra aty an-tany
Mahafa-po ny faniriako;
Vahiny aho eto ka mankany
An-danitra izay fodiako.
Ny Tompoko malala
Ho avy hampiala
Ny olony aty;

Izaho dia tsy misalasala
Hanaraka ny Tompo ho ary!

671 - Ao an-danitra dia ho sambatra

1. Ao an-danitra
Dia ho sambatra
Izay tia ny Tompo aty!
Malahelo izao,
Ravoravo re ao
Amin-dRaintsika an-danitra ary.

2. Fahoriana
Ao an-dàlana,
Fa iharan'ny zava-manjo;
Ao an-danitra re,
Fiadanana be;
Mba hevero, ry havana ô!

3. Aza kivy ô,
Ry fanahiko,
Na dia maizina aza aty;
Vetivety izao
Dia hody hianao
Ao am-pahazavana ary.

4. Ry Mpanavotray,
Indreto izahay
Mpivahiny an-dàlana izao;
Tsy tamana aty,
Te-hifindra ary
Ao an-danitra ao aminao.

672 - O, mamiratra fatratra ery

1. O, mamiratra fatratra ery,
Irony kintana tazana ety,
Ka manainga ny foko hankao
Amin-tranon'ny Raiko izao.

Fiv : Raiko ô, mba vohay
Aho hiditra ao, aminao,
Raiko ô! Mba vohay
Fa iriko, ny honina ao.

2. Feno ota ny tant' aty;
Tsy mba misy izany ary,
Tena masina ireo mponina ao.
Ka mifaly mijery Anao,
Raiko ô, mba vohay, sns...

3. O, fonenana mamiko re!
Fa jesosy nirina elabe,
Sady aina iainako izao,
No miandry handray ahy ao.
Raiko ô, mba vohay, sns...

4. Mba tsilovy ny làlako izao,
Ry Fanahy Mpitarika ô,
Hahitako ny tranon'ny Ray
Hovantaniko rahatrizay.
Raiko ô, mba vohay, sns...

673 - Hevero ny fihaonam-be

1. Hevero ny fihaonam-be
Ary an-danitra;
Vahoaka izany re!
:,:He, samy sambatra.:,:

2. Ho vory ao ny iraky
Ny Tompom-bokatra,
Mitondra amboarany
:,:Am-pihobiana.:,:

3. Ny isam-pirenena atÿ
Dia samy misy ao,
Ny teny izay ninoany
:,:Tanteraka izao.:,:

4. Ny feon'ny fisaorany
Ho toy ny riana,
Ny hira iray iraisany,
:,: Ka samy mirana.:,:

5. Ny lanitry ny lanitra
Dia feno hobiny,
Ny Zanak'ondry masina

:,: No ao anivony.:,:

6. Ry Ray be fitiavana,
Izahay mba taominao,
Mba samy ho tafangona
:,:Ao anatrehanao.:,:

674 - Ry mpivahiny reraka sy hana

1. Ry mpivahiny reraka sy ana!
Herezonao ny dia, fa iry
Ny lapa soan'ny fanantenana,
Ka aza mba mamoy fo ety,
Fa vetivety hianao no eto,
Dia tapitra ny alahelonao,
Ka dia mba ononinao ny sento
:,:Fa mihafohy ny alehanao.:,:

2. Jesosy no mpitsinjo mpivahiny,
Ka Izy dia ta-handray anao;
Ny fony dia toy ny fahiny
Ka vonona hitantana anao.
Ka miezaha hanatratra eny,
Antsoiny hianao izao, hoe:
Minoa Ahy araka ny teny,
:,: Ny tranon-dRaiko dia lehibe:,:

3. Mangoraka anao izao ny fony!
Ny tena aman-drany vatsinao.
Ka aza mba mihemotra intsony,
Fa ampy ho anao Jesosinao.
Ka raiso ny finoana ho ampinga,
Ny teny masina ho sabatra,
Ny fahamarinana mba hahakinga,
:,: Ny fitiavana hanandratra.:,:

675 - Indreo ao an-danitra ny olo-marobe

1. Indreo ao an-danitra ny olo-marobe,
Mitsangana manatrika ny Zanak'ondry re!
Akanjo fotsy lava no anaovany,
Ka sampam-palma fandresena eo an-tanany.

2. Ka iza moa ireo, ary avy taiza re?
Ireny dia avy tamim-pahoriam-be,
Nanasa sy namotsy ny akanjony
Tao amin-dran'ny Zanakondry, izay Mpanavony.

3. Ny tia ny maloto tsy ho ao, andanitra,
Fa marina ny tonga any, sady sambatra
Mihira fiderana sy fisaorana
No zavatra ataony amimpifaliana.

4. Endrey, maniry mafy aho mba ho isany,
Hiaraka hihoby sy hifaly aminy;
Anefa an'ny Tompo ny fotoana,
Ka dia Izy no manendry ny hodiana.

676 - Ny voarain'Andriamanitra ary

1. Ny voarain'Andriamanitra ary,
Ka afaka taty
An-tany be mahory
Dia lasa nody
Fa tsy maty tsy akory.

2. Ny tafafindra monina ao an-danitra ao,
Nankao an-tany vao
Fonenan'ny mazava,
Dia tsy mba maty,
Fa nandao ny mety rava.

3. Ny voasatro-boninahitra tsy lò,
Ka manaram-po
Misotro ranon'aina,
Dia tsy mba maty,
fa nandray ny natenaina.

4. Ny ondrinao izay manaraka Anao,
Ho ao an-balanao,
Ry Ilay Mpiandry Tsara,

Dia tsy mba maty,
re, fa tsara fiafara,

5. Ny fo mivantana aminao lzay nanome
Ny hasambaram-be
Nandramany sahady,
Dia tsy mba maty, fa mpandresy afaka
ady.

677 - He! Tazana ao an-danitra

1. He! Tazana ao an-danitra
Vahoaka finaritra
Mitafy fotsy ravo fo,
Ka mirana avokoa.
Ny vazan-tany efatra
No nielezan-kafatra,
Dia tonga izao
Ny ory tao
Ka afaka entana.
Ny ran'Ilay Mpamonjiny
Nahafotsy ny akanjony;
Koa dia ireo
Manandra-peo
Ampifaliana.

2. Ho an'Andriamanitra
An-tsezam-boninahitra
Ny famonjena anie!
Hobin'ny marobe,
Ilay Zanak'ondry avotra
No nanafahan-tahotra
Izay voaray
Ho zana-dRay
Hobio mandrakizay!
Ka saotra, voninahitra
Ho an'Andriamanitra,
O, mba derao,
Ankalazao,
Haleloia! Amena!

678 - Hajao ny olo-masina

1. Hajao ny olo-masina
Mpanaraka ny Tomponao,
Miely sy manerana
lzao tontolo izao,
Ireo dia tonga ohatra,
Ka tokony harahinao,
Na efa olon-dehibe,
Na zaza hianao;
Tanteraka ny sasany,
Ka efa nody amin-dRay;
Ny sasany dia mbola aty
Milasy amin-day.

2. Ka betsaka ny isany,
Na aty, na ao an-danitra;
Ny Rainy kosa dia iray, Andriamanitra;
Ireo maro namanao
Miantso koa maka anao
Hiaraka hiezaka
Hankao an-danitra;
Ka dia miezaha re,
Ka aza kivy hianao;
Jereo ao aloha ao
Ny loka ho anao.

679 - Moa te-hiara-dia?

1. Moa te-hiara-dia?
Moa te-hiara-dia?
O! ry hava-malala,
Ho ao Kanana izao?
Eny, te-hiaradia,
Fa antsoin'ilay Mpamonjy,
Ho ao Kanana izao:

Fiv : Dera, dera, haleloia!
Dera, dera, haleloia'
An'Andriamanitsika,
Izay ao ambony ao.

2. Kristy re no làlantsika,

Vatolampy, arontsika,
Izy no mitondra antsika
Ho ao Kanana izao.
Tano izahay, ry Tompo;
Hatanjaho ny mpanompo.
Ka tsilovy ny haleha
Ho ao Kanana izao!
Dera, dera, haleloia! sns...

3. Tazana ery sahady
Perla re ny vavahady,
Volamena ny tanàna
Ery Kanana ery.
E! hahita ny Mpamonjy,
Ka hifaly fa tra-bonjy,
Sy hidera re ny vonjy
Ery Kanana ery.
Dera, dera, haleloia! sns...

680 - Aingao ny masontsika

1. Aingao ny masontsika
Hitsinjo tany soa;
Fa ao ny Tompontsika
Manomana tokoa;
Tanàna, trano tsara,
Fiainan-tsambatra e!...
Izany no anjara
Ho an'ny mino re!

2. Ny andro fifaliana
Ho avy ka antenao;
Ny andro nihafiana
Ho foana sy handao;
Ny taona fihobiana
Homen'ny Tomponao;
Ho feno fifaliana
Izao rehetra izao

3. Ny andro maharavo
Tsy ho ela intsony izao:
Hiarina ny lavo
Handray ny tena vao.
Irio ny Tompo Avo,
Ho avy hanavao;
Ho faly izay mahazo
lzao fiainan-tsoa izao.

681 - Iza moa ireo mitsangana

1. Iza moa ireo mitsangana
ary an-koatra ary?
Ny Seza fiandrianana:
No eo anilany.
Haleloia! Mihobia
Fa mpandresy izay e!
Ka mitana ny rofia
Voninahi-dehibae.

2. Fahoriana mafy loatra
No nentin'izy ireo,
Kanefa tsy nitsoaka,
Nijaly, fa tsy leo.
Famonjena firenena,
Ady masina tokoa.
Nanolorany ny tena
Ho mpitory "Teny soa".

3. O! ry mponina ao an-danitra,
Anjely marobe,
Omeo voninahitra
Ny maritiora e!
Ilay kanàna soa tokoa
No fonenany izao,
Hetaheta, sanatria
Tsy haninona azy ao.

4. Mba avia ry olombelona
Avia, ankalazao
IIay maty, nefa velona,
Jesosy Tomponao.
Dera, laza atolotray
Haleloia, haleloia!
Ho anao, Mpanjakanay,
Ho Anao doria, doria.

682 - Hianao, Jehovah Tompo

1. Hianao, Jehovah Tompo,
No itokiako,
Ka tsy matahotra aho
Fa manana Anao.
Ry harambato mafy,
Izay ao mandrakizay,
Ny foko tsy hanahy
Fa miankina aminao.

2. Mitsoka mafy loatra
Ny rivo-daza re,
Kanefa tsy hihoatra
Ny fefy lehibe.
Ry Aron'ny tanora,
Ry Tokin-dehibe
Ho heriko isan'ora
Ny herinao anie!

3. Raha tonga re ny fetra,
Ny andro tapitra,
Haneno ny trompetra,
Hihovitrovitra.
Kanefa matokia,
Ry foko, fa Jeso
Hitantana ny dia
Ho eo anilanao.

683 - Ao am-pitan'ilay lohasaha izay

1. Ao am-pitan'ilay lohasaha izay
Alo-pahafatesana koa,
Moa mba tsinjonao ve iry tanàna iray
Iray mamiratra toa vatosoa?

Fiv : Ny masoandrony tsy mba milentika koa,
Izay rehetra mby ao voadio avokoa,
Ka mamiratra toa vatosoa.

2. Ny Mpanjakany dia Ilay Ray be fitia
Sady aina ho an'izay ao;
Ry Mpanota mibebaka ô, matokia
Hosasany hadio hianao.
Ny masoandrony, sns...

3. Nefa tsinjoko fa ny fidirana ao
Dia am-pototr'ilay lakoroa!
He mideza sy ety ny lala-mankao
O, ry foko, moa ho kivy va?
Ny masoandrony, sns...

4. Olo-masina maro no tsinjoko indreo
Ao mihira sy mitafy vao;
He iriko indrindra ho isan'ireo
Ka tantano, Jeso aho, ho ao.
Ny masoandrony, sns...

684 - Ao ny lanitra tsara tokoa

1. Ao ny lanitra tsara tokoa
Izay fonenana mandrakizay,
Tany be hasambarana koa;
Ao isika hihaona indray

Fiv : Mifalia, mihobia,
Fa ao isika mihaona indray

2. Ao ny lova izay mamin'ny fo
Sy fiainana mandrakizay,
Voninahitra tsy mba ho lo;
Ao isika hihaona indray:
Mifalia, sns...

3. Ao ny Ray, Loharanon'ny soa,
Hovantanina rahatrizay,
lzay hampiditra hoe: mandrosoa!
Ao isika hihaona indray:
Mifalia, sns...

4. Ao ny Zanaka be indrafo
Izay nijaly taty fahizay;
Nefa tsy mba nahita ny lo.
Fa efa velona mandrakizay:
Mifalia, sns...

5. Ny Fanahin'ny Ray ao tokoa.
Izay mitarika antsika izao
Sy mananatra antsika ho soa

No mitondra antsika hankao:
Mifalia, sns...

6.Matokia, miravoa, mifalia,
Fa azontsika ny lapan'ny Ray:
Miderà , mihirà , mihobia.
Fiadanana mandrakizay:
Mifalia, sns...

685 - Matokia mpivahiny!

1. Matokia mpivahiny!
Any an-tanàna ary
Misy trano soa madio,
Mandrosoa hianao

Fiv : Misy fitsaharana any
Matokia hianao;
Misy fitsaharana any
Izay ho azonao.

2. Ao ny Tomponao miandry
Hanome anao ny soa;
Misy fiadanana any
Voavoatra ho anao:
Misy fitsaharana, sns...

3.Any tsy mba misy rofy
Amam-panaintainana;
Izay rehetra tonga any
Afa-pahoriana.
Misy fitsaharana, sns...

4. Tsy mba mamy va ny mody
Mba ho afa-tsasatra
Sy horaisin'i Jesosy
Amim-piadanana?
Misy fitsaharana, sns...

686 - Maniry izahay

1. Maniry izahay
Ho any aminao,
Jerosalema tanànanay,
Tanàna masina;
Ny trano lay aty,
Tsy maintsy rovitra,
Kanefa tazanay ery
Ilay tsara lavitra;

Fiv : Tazanay, tazanay
Ny tany masina.

2. Mba tanterahorao,
Ry Tompo tia anay!
Ny fikasan'ny Zanakao
Nataony taminay:
"Ho any amiko
Izay nomenao Ahy,
Fa tiako ho hitany
Ny voninahitro."
Tazanay, sns...

3. Mankany aminao
Izao ny dianay,
Na sarotra ny làlana
Mihira izahay;
Ny hasasaranay
Tsy misy intsony izao,
Fa tazanay sahady re
Ny tany masina:
Tazanay, sns...

687 - Ny tranon'ny Raiko Trano madio

1. Ny tranon'ny Raiko Trano madio
Tsy misy mahory na zava-manjo,
Avia, ry malahelo! Hankao
Mizora, fa Izy hampiditra anao.

Fiv : :,: Sambatra re, izay tonga ao:,:
:,: Faly tokoa :,: izay tafiditra ao.

2. Mandalo izao fiainana izao,
Ka aza sondriana aty hianao
Ny ratsy izay mitaona reseo,
Ny any an-danitra no mba irio

:,: Sambatra re, sns... :,:

3. He, ao no ho hitantsika tokoa
Ny tavan'ilay Zanakondry madio;
Ny mpino tety no efa ao koa,
Maniry hihaona amintsika tokoa.
:,: Sambatra re, sns... :,:

4. Tsy misy manjo izay afa-mankao,
Na andro mahory hitseran'ny fo;
Fa any tsy misy alina koa,
Tanàna mazava, fonenana soa,
:,: Sambatra re, sns... :,:

5. Ny mino rehetra ory tety
Tafakatra any ka faly tokoa,
Mlhira ny famonjen'i Jeso,
Midera ny fiandrianan'ny Ray.
:,: Sambatra re, sns... :,:

688 - Misy tany mahafaly

1. Misy tany mahafaly,
Tany izay alehanay.
Tany misy an'i Jeso,
Jeso Tomponay
Tany soa maharavo,
Tany tadiavinay!
Afa-tahotra afa-doza
Izay tafiditro ao.

2. Tany tia mpivahiny,
Tany namboarinao,
Ry Jesosy be fitia,
Jeso Tomponay!
Ho anay aty an-tany
Izay malahelo fo
Noho ny fomban-tany ratsy
Mahazatra anay.

3. Maro be ny fahavalo
Izay miady aminay:
Mafy ny fakam-panahy hitanay aty;
Sakan-dalana, ady mafy
No alehanay izao:
Be tokoa ny mampahory,
Nefa fantatrao.

4.Eny, fantatrao, ry Jeso,
Fa izahay mpanomponao
Dia handresy ny devoly
Noho ny herinao;
Koa ampionao izahay re
Mba hiankina aminao
Hahatraranay ny tany
Namboarinao.

689 - Fandalovana aty, lanitra honenako

1. Fandalovana aty,
Lanitra honenako;
Efitra izao tany izao,
Lanitra honenako;
Voahodin-doza aty,
Reraka ao an-dàlana,
Valaka sy sasatra;
Lanitra honenako.

2. Na mandrivotra aza aty,
Lanitra honenako;
Tany no hilaozako,
Lanitra honenako;
Alon-dranomasina
sy ny rian-drano be
Tsy hisakan-dàlana;
Lanitra honenako.

3. Ao an-tratran'i Jeso,
Lanitra honenako;
Afa-pahoriana,
Lanitra honenako;
Ao ny olo-masina
Izay tiako taty,
Faly raha hitako;
Lanitra honenako.

4. Dia tsy halahelo aho,

Lanitra honenako;
Mafy ny manjo aty,
Lanitra honenako;
Ao no hitoerako
Faly anatrehan-dRay,
Ao homeny toerana;
Lanitra honenako.
Amen.

690 - He! Misy re fonenana

1. He! Misy re fonenana
:,: Tsara e!:,:
Kanefa tsy mba lavitra;
:,: Tsara e!:,:
Ny trano ao voavoatra
Ho an'izay mangataka,
Fa Jesosy no Tompony;
:,: Tsara e!:,:

2. Tsy misy fahoriana ao,
:,: Tsara e!:,:
Tsy misy alahelo ao,
:,: Tsara e!:,:
Ny ota tsy tafiditra ao,
Ny devoly tsy monina ao,
Fa ny anjely masina;
:,: Tsara e!:,:

3. Ny Tompo dia miantso anao;
:,: Tsara e!:,:
Ny teniny henoinao;
:,: Tsara e!:,:
"Avia aty, ry zanako:
Ka mibebaha re anio,
Tsy misy izay holaviko:"
:,: Tsara e!:,:

4. Efa azonay ny santatra:
:,: Tsara e!:,:
Voavelany ny heloka:
:,: Tsara e!:,:
Ho any faingana izahay,
Fa Kristy manome anay
Fiainana mandrakizay;
:,: Tsara e!:,:

691 - Ny lapan'Andriamanitra

1. Ny lapan'Andriamanitra
No ivorian'ny olona
Amena, Haleloia
Tsy omby alinalina,
Izay madio sy masina.
Amena, Haleloia

Fiv : :,:Finaritra hono ny olona
Mitoetra eo Aminao Mandrakizay :,:

2. Izao firenen-drehetra izao
Dia samy afaka hankao;
Amena, Haleloia
Tsy fomban'Andriamanitra
Hizaha tavan'olona.
Amena, Haleloia
Finaritra sns...

3. Ireny no naharitra
Ny hazo fijaliana,
Amena, Haleloia
Ka dia nanao ny henatra
Ho zava-tsinontsinona.
Amena, Haleloia
Finaritra sns...

4. Endrey, ny hafaliany!
Mazava ny tarehiny;
Amena, Haleloia
Fafàn'Andriamanitra
Ny ranomaso latsaka.
Amena, Haleloia
Finaritra sns...

5. Ataony ao ny hira vao
Hoe: "Voavono Hianao;
Amena, Haleloia

Ny ranao, Zanak'ondrinay!
No nanavotanao anay."
Amena, Haleloia
Finaritra sns...

6. Ry Jeso ô, Mpanavotra:
Izaho dia milatsaka
Amena, Haleloia
Ho isan'ny mpanomponao
Manaraka ny dianao.
Amena, Haleloia
Finaritra sns...

692 - He! Misy tany soa

1. He! Misy tany soa
Izay tsy aty;
Maro ry olona
Faly ary;
Tsara fonenana,
Sambatra sy tretrika
Sady finaritra
Izay mponina ao

2. Aza sondriana
Foana aty;
O! miomàna re
Mba ho ary;
Be fiadanana,
Tsara fitoerana,
Be haravoana
Izay mponlna ao.

3. Mafy izay manjo
Hita aty,
Ka misikìna re
Mba ho ary;
Jeso mitandrina
Sy mitahy fatratra
Ary mahenina
Izay mponina ao.

4. Aza variana
Foana aty
O! miaingà izao
Mba ho ary,
Jeso sakaizanao
No mpitari-dàlana,
Ka dia hitondra anao
Ho tonga ao.

693 - Ao ambony ny lapan'ny Ray

1. Ao ambony ny lapan'ny Ray,
Ao an-danitra feno ny soa.
Hasambarana mandrakizay,
Kristy soa iriko tokoa.

Fiv : ;,: Kristy soa, Kristy soa
No iriko ho ahy tokoa.:,:

2. Misy tsara ihany aty,
Mba ho santatra eto izao;
Fa tsy mety ho toy ny ary,
Ka iriko tokoamba ho ao.
Kristy soa, sns...

3. Ny voavotra ravo izao,
Afaka ota ka faly tokoa.
Afa-paty izay tonga ao,
Afa-doza, mahazo soa.
Kristy soa, sns...

4. Tsy ny lanitra be zava-tsoa,
Fa ny Tompo malalako ao;
Tsy mba tahotro hela tokoa.
Fa ny Tompo tsy foiko izao.
Kristy soa. sns...

694 - Enga ka hanana elatra soa

1. Enga ka hanana elatra soa
:,: Aho ety,:,:
Mba hanidinako avo tokoa
:,: Hody ery,:,:
Fo malahela ny ratsy natao
No ela-tsoa hitondra hankao;
Hanana elatra aho anie

Mba hanidinako ao!

2. Trano mamiratra tsara iry,
:,: Raiko no ao,:,:
Na nahabe ahy aza ity,
:,: Mamiko ao; :,:
Havako maro no sambatra ao.,
Faly ny foko hankeny izao:
Enga ka hanana elatra aho,
Mba hanidinako ao!

3. Na dia an-danitra aza ery,
:,: Lavitra va?:,:
Raha tarihin'i Jeso ety,
:,: Ketraka va?:,:
Tsia, fa hiainga tokoa aho izao!
Indro akaiky ny làla-mankao:
Enga ka hanana elatra soa,
Mba hanidinako ao!

4. Andriamanitra Ray no ery.
:,: Tsara tokoa; :,:
Jesosy koa Ilay Mpamonjy tety,
:,: Zanaka soa; :,:
Ao ny Fanahy masina re!
Tapitra ao avokoa ny soa;
Hanana elatra aho anie,
Mba hanidinako ao!

695 - Ary an-koatra ary ilay Paradisa soa

1. Ary an-koatra ary,
Ilay Paradisa soa
Toa takona aty,
Kanefa ao tokoa,
Mamirapiratra ao,
Ny endriky ny Ray;
Jesosy Tompo ao
Miandry mba handray.

2. Tsy misy ny hanjo
Izay tafiditra ao;
Ny ranomaso koa
Tsy afaka hankao
Ny hazavana soa
Manelatrelatra ao;
Ny zava-mahasoa
Tsy misy izay tsy ao.

3. Anjely marobe
Mihira any koa;
Ireo olo-masina e
Mifaly avokoa.
Andeha re izao,
Sakaiza marobe,
Aria ny tahotrao,
Ka dia mizora re!

4. Raha misy loza ety,
Jereo ny Tomponao;
Fa Izy raha tety
Nitondra toy izao.
Ireo fahoriana aty
Odio tsy hita re,
Handraisantsika ary
Ny fiadanam-be.

696 - Raha ho faty aho

1. Raha ho faty aho,
Ka handao ny havako,
Ary dia hisaonany,
Fa handeha hifaly aho;
Raha afaka ny aiko,
Dia ho finaritra aho.

2. He! Antsoiny aho,
Ha any an-danitra,
Dia faly ny foko
Sy ravo ny kiboko,
Fa azoko ny iriko
Sy nantenaiko ela.

3. Havelako ny tany,
Fa ela azoko tokoa
Ny fifaliam-be;
Lovako ny lanitra,

Dia tsy matahotra
Ny hafatesano aho.

697 - Any ambony fonenana tsara

1. Any ambony fonenana tsara
Dia tsy mba misy itseran'ny fo;
Eny iriko ho tsara miafara
Hiara-manjaka aminao, ry Jeso.
Isaoranay ny Tomponay,
Raha 'mby any' dia faly tokoa
Isaoranay ny Anaranao soa!

2. Rehefa tonga ilay andro malaza
lzay hanatrehana Anao, ry Jeso!
Izao no heveriko ho tena laza:
Dia ny hidera Anao, Tompo ô!
Isaoranay ny Tomponay,
Raha 'mby any tsy mba ory koa;
Isaoranay ny Anaranao soa!

3. Ao izany havana tena malala,
lzay mahafaly fa hita indray,
Nefa izay hampifaly tokoa
Dia ny mihaona aminao, ry Jeso!
Isaoranay ny Tomponay,
Raha 'mby any tsy mba misy manjo;
Isaoranay ny Anaranao soa!

698 - Iza re ireto avy

1. Iza re ireto avy
Voatafy lamba soa,
Samy voasatro ka avy,
Satro-bolamena koa?
Avy taiza izy ireo,
Ka ho aiza izy izao?

2. Izy ireo dia voavonjy,
Voavela heloka;
Samy nino an'i Kristy
Fony mbola velona;
Be ny ratsy nentiny,
Fa izao dia sambatra.

3. Maro be ny fahavalo
Niadiany taty,
Fa tsy misy izany intsony;
Afaka ny sarotra,
Afa-pahoriana,
He, ny hafaliany!

4. Miramirana tarehy,
Indreo, avy izy ireo
Mba hihoby an'i Kristy,
Tompo sy Mpanjaka koa,
Fa nahazo zava-tsoa.
Ka dia tretrika tokoa.

699 - Midera Anao ny olo-masina

1. Midera Anao ny olo-masina,
Naha ny fandresena nomenao:
Ry Jeso ô, Mpitari-dalana!
Haleloia! Haleloia!

2. Ory sy lao, fadiranovana,
Natao ho zava-tsinontsinona
Nefa ireo no tsy nivadi-po:
Haleloia! Haleloia!

3. Mafy ny ady aman-tafika,
Izay nihatra tao an-dàlana,
Fa Hianao no nitokiany:
Haleloia! Haleloia!

4.Indro! Mpandresy no idirany
Ao afovoan'ny ao an-danitra,
Handray ny satro-boninahitra:
Haleloia! Haleloia!

5. Mpanompo tsara sady mahasoa,
Midira am-pifalian'ny Tomponao;
He! Sambatra Izy, fa efa voaray:
Haleloia' Haleloia!

6.Aoka ireo hotahafinay

Amin'ny ady iadiana,
Hiraisam-boninahitra aminy:
Haleloia! Haleloia!

7. Ankehitrio, anao ny fiderana,
Ry Ray sy Zanaka, Fanahy koa
Eran'ny tany aman-danitra:
Haleloia! Haleloia!

700 - Ao ny andro lehibe

1. Ao ny andro lehibe
Misy fifaliam-be
Dia ny andro hahatongavana
Amin'ny fonenana
Feno fiadanana,
Tsy mba misy ota na heloka,
Any, tena andro malaza tokoa izay.
Jeso Ilay nandresy ny fasana,
Izy no hitantana
Ao am-pahafatesana,
Ka ho mora ny handehanana.

2. Ao ny andro lehibe
Misy fifaliam-be
Izay hihaonana any an-danitra
Afa-pahoriana,
Afa-pijaliana,
Sambatra tokoa sy tretrika.
Enga ka ho ao avokoa isika izao
Ka tsy hisy very na dia iray!
Tava miramirana,
Endrika mamiratra
No hananantsika mandrakizay.

3.Ao ny andro lehibe
Misy fifaliam-be
Hahitana an'Andriamanitra
Sy Jesosy Zanany
Mbamin'ny Fanahiny.
Hoby no hameno ny lanitra.
Serafima sy arkanjely no namana
Mankalaza Ilay feno indrafo.
Ny fitomaniana
Sy ny fisentoana
Tapitra, fa afaka ny manjo.

701 - Ny hiran'ny lanitra tsara tokoa

1. Ny hiran'ny lanitra tsara tokoa sy mahafinaritra re!
Henoy izany feon'ny olona maro izay faly tokoa mihira hoe:

Fiv : (feo 1)
Haleloia. Amen!
Haleloia. Amen!
Haleloia. Amen!
Haleloia. Amen!
(feo 2)
Ny dera aman-daza sy hery, anie,
Ho Anao, ry Zanak' ondry
Ny dera aman-daza sy hery, anie,
Ho Anao, Anao, Amen!

2. Toy ny feon'ny rano mahery ny hira ataon'ny tra-bonjy ary;
Manerana ny lanitra ny fiderany, fa vita ny adiny mafy taty.
Haleloia, Amen! sns...
Ny dera aman-daza, sns...

3. Tsy mety mangina ny hiran'ny lanitra, velona mandrakizay!
Endrey ny fihaonana any an-danitra sy ny fiainana mandrakizay.
Haleloia, Amen! sns...
Ny dera aman-daza, sns...

702 - An-danitra, an-danitra

1. An-danitra, an-danitra
Tempolin-Jehovah,
No hahitana Azy re,
Am-boninahitra!
:,: Ka masina i Jehovah,:,:
No hohiraina ao.

2. An-danitra, an-danitra
No mba hamiratra
Ny voninahi-dehibe
Hananantsika e!
:,: Raha tonga ny fihaonana:,:
Ao amin-Jehovah.

3. An-danitra, an-danitra
No ho finaritra
Ny tena izay nijaly be
Am-pahoriana
:,: Fa any no hifaly e:,:
Fahasambarana.

4. Ny fo sy ny fanahy e,
Ho faly anie,
Fa afaka ny entana,
Izay nivesarany;
:,: Ka fitsaharan-dehibe:,:
Omen'i Jehovah.

5. Tsy hain'ny lela anie
Hanonona izao
Ny soa antenaina e,
Raho anatrehany.
:,. Manenika ny lanitra:,:
Ny fitiavany.

6. Ry Jeso Kristy Tomponay
Tariho izahay,
Ka mamelà ny helokay,
Mba hitokianay,
:,: Fa tsy ho menatra izahay!:,:
Fa ao i Jehovah.

7. Raha avy ny hodianay
Eo anatrehany,
Mba ento, Jeso, izahay
Hankany Aminy!
:,: Mba ho anay mandrakizay:,:
Ny fitsaharana!

703 - Ry Jehovah Ray Tsitoha

1. Ry Jehovah Ray Tsitoha!
Vory eto izahay
Ray hatramin'ny taloha
Mihainoa ny vavakay
:,: Mitsangàna,:,:
Eto afovoanay.

2. Andro fampakaram-'bady,
Fifaliam-be izao;
Hianao no mampivady
Raha voatendrinao;
:,: Vady hendry :,:
Lova avy aminao.

3. Ry Jehovah Ray malala!
Mba tezao ireo ho soa,
Samy tsy hisalasala,
Fa hifankatia tokoa;
:,: Hamasino :,:
Mba ho olonao ireo.

4.Ho fanahy mifandanja
Sady tsy ho toy ny roa,
Ho mpivady mifanaja
Sady mifamaly soa;
:,: Akambano :,:
Mba ho fo iray tokoa.

704 - Ry olon-kanao fanekena masina

1. Ry olon-kanao fanekena masina,
Misaora ny Tompo, fa ny sitrapony
No mampikambana
Amim-pitiavana,
Ka dia tsy olon-kisaraka intsony:
Ny tany Edena tsahivina indray.

2. Ny fahamarinan'Andriamanitra
No haingo manendrika ny tokantrano
Ho toy ny lanitra Mamirapiratra.
Ry mpivady marina, Kristy no tano
Handamina ny tokantrano vaovao.

3. Ny fahasoavan'Andriamanitra
No andry manohana ny tokantrano.
Ka mampisandratra
Ny te-ho sambatra,
Izay ankohonanareo atsangano
Hidera ny famindrampo lehibe.

4. Ny fanaky ny tokantrano masina
Manoatra be noho ny volamena:
Ny fivavahana
Sy ny fifonana,
Fisaorana sy fiderana homena
Marain-tsy hariva ny Mpamonjy e!

5. Jehovah Mpitana ny fanekena ô!
Tahio ny toky nomeny ho mafy,
Ho masina sy to,
Ho marina am-po:
Ka izy handresy izay ta-handrafy;
Ho azy ny lova ho mandrakizay.

705 - Ry Tompo Zanaharinay

1. Ry Tompo Zanaharinay!
Jereo ny fivorianay,
Izao lampakaram-bady izao
Tahio sy hamasinonao.

2. Ireo zatovo roa ireo
Manketo anatrehanao,
Fa mifanaiky izy izao
Hivady sy hifanasoa.

3. Mangataka aminao izahay
Hitahy ireo havanay,
Raha ory, mba ononinao;
Raha faly, aza ilaozanao.

4. Arovinao ny tenany,
Tsinjovy ny taranany;
Ho tsara fara anie ireo,
Ho ravoravo toy izao.

5. Ny fifalianay anio
Hitohy hatrary anie!
Ity andro lehibe ity
Ho santatry ny soa ary.

706 - Izao manatrika Anao

1. Izao manatrika Anao,
Ry Jesosy izahay,
Indro tokantrano vao
No haorina indray.
Izahay mangataka
Ny tsodranonao omeo,
Ka avia hanapaka
Ny fiainan'izy ireo.

2. Ho Kristiana velona
Anie ny zanany,
Ho vavolombelona
Fa Anao ny tranony
Aoka mba hamiratra
Ny Filazantsaranao,
Velona hanaraka
Ny fonay ka hazavao

3. Ka ny fiangonana
Hanompoanay Anao,
Hanana olom-banona
Faly ny hiasa ao.
Antenainay marina,
Fa Hianao hanohana
Izay firaisa-masina,
Hisy fahasoavana.

707 - Ry Jesosy be fitia

1. Ry Jesosy be fitia,
Manatreha, manampia
Ny mpanomponao izao
Izay mivavaka aminao
Filaliana madio
No omeo anay anio.

2. 'Ndreo ny havanay jereo,
Mba ho soa anie ireo:
Tanan-droa mifandray,
Nofo roa tonga iray,
Mifaniry soa tokoa,
Mifanampy, mifanoa.

3. 'Lay tsodrano hatrizay
No omeo ireo havanay;
Mba ho maro fara anie,
Hanam-panambinana,
Feno fiadanana
Noho ny fitahianao.

4. Raha ory mba vangio,
Mitaraina, mba valio:
Mitoera aminy
Ao an-tokantranony,
Hamasino, hafanao
Ny fitiavany Anao.

708 - Ry Jehovah, Ray Kiady

1. Ry Jehovah, Ray Kiady,
Sy mpikarakara anay
Ka nitahy ny mpivady,
Tao Edena fahizay.
Indro misy tonga koa
Eto anatrehanao,
Manam-pikasana soa,
Ho mpivady hatrizao.

2. Mba tahia, ry Ray mpiahy,
Ny firaisany izao,
Hifanaraka am-panahy
Sy hiankina aminao.
Ny tsodranonao fahiny
Angatahinay indray,
Mba hatao ankehitriny
Hahatò ny hatakay!

3. Raha omenao zaza izy,
Dia mba ampio re,
Hitaizany ny ankizy
Amim-pahendrena be;
Aza avela ho irery
Raha tratry ny manjo,
Fa tafionao ny hery
Mahatanjaka ny fo.

4. Raha ao ny andro tony
Mila haharenoka,
Dia taironao ny fony,
Ry Mpamela heloka,
Raha tapitra ny taona
Efa voafetranao,
Enga ka ho tafahaona
Ao an-danitra aminao.

709 - Jehovah ô, mba mihainoa!

1. Jehovah ô, mba mihainoa!
Indreo, misy olon-droa izao,
'Zay manam-pikasana soa
Hanorin-tokantrano vao:
O! tahio, O! tahio,
Mba ho tokantrano soa madio!

Fiv : O! tahio, O! tahio,
Mba ho tokantrano soa!

2. Dia angatahinay, Ry Ray
Ny fitahianao ho azy ireo
Ho nofo sy fanahy iray
Ka hifanaja hatrizao.
O! tahio, sns...

3. Fenoy ny fiadananao
Ny tokantranon'izy ireo
Ka mba hamirapiratra ao
Ny fivavahana Aminao.
O! tahio, sns...

4. Tahio ireo, ry Tompo soa,
Mba ho mpivady marina,
Hitana sy hanaja koa,
Ny fanekena masina.
O! tahio, sns...

5. Tahio, hifampitantana
Mandritra ny fiainany,
Ka dia ny fahafatesana
No fetra isarahany.
O! tahio, sns...

710 - Nakambanao, ry Tompo ô!

1. Nakambanao, ry Tompo ô!
Adama sy Eva nankatò
Ny fakamparam-bady.
Tahio sy vimbinonao
Ireto anatrehanao
Manaiky ho mpivady.
Hahay handray
Ny anjara izay hihatra
Izy roa,
Ary hifanisy soa.

2. Dia nifanaiky izy, izao;
Ry Tompo ô! Vimbinonao
Mba ho iray tokoa;
Ny fony mba tarihonao
Hanaraka ny didinao
Nomenao azy roa;
Izao, handao
Ray sy reny, ka ny teny
Nolazainy
Enga anie ka tsy hovany

711 - Tompo ô, endrey ny fitahiana

1. Tompo ô, endrey ny fitahiana
Izay natodrakao ny zanakao.
Vory eto, feno fifaliana,
Ampoky ny fahasoavanao.
Izay rehetra nikelezan'aina
Dia nomban'ny fitantananao;
Vonona avokoa izay nilaina,
Tsy mba lany ny harenanao

2. Indro tranonovitaina
Hanasoavana taranaka,
Hitaizàna, hanolokoloana
Ireo tanora halain-tahaka.
Izay voafafy, antenaina
Mba hamokatra tsy tapaka;
Dia ho vanona ny firenena,
Ka hitombo, hisandrahaka

3. Izany re, ry Tompo, no finoana
Tananay, ka mba herezonao
Izahay handroso tsy hivaona
Eo ambany fiarovanao.
Ka ny fangataham-pitahiana,
Tompo ô! Akarina aminao
Ny Anaranao no iaingàna.
Hoderaina ny Anaranao!

712 - Raha tsy Jehovah no manao ny trano

1. Raha tsy Jehovah
No manao ny trano,
Dia miasa foana
Ny mpanorina;
Raha tsy Jehovah
No miambina azy
Miaritory foana
Ny mpiambina.

2. Nahavita trano
Ny mpianakavy,
Ka mifaly, ravo
Nahatsangana.
Nefa koa tsaroana
Fa Jehovah Tompo,
Feno fitahiana,
No nanambina.

3. Mankasitraka aho
Ary koa misaotra
An'Ilay Nahary
Be fitiavana.
Izay rehetra ahy
Dia nomen'ny Ray
Eny, ity trano

Dia avy taminy

4. Tompo ô! Tahio
Izay miditra ato
Dia arovy koa
Izay mivoaka:
Mba monena ato,
Miaraka aminay
Anjakao ny trano,
Hiadananay.

713 - Miposaka indray ny masoandro

1. Miposaka indray ny masoandro
Ny ali-maizim-be dia tonga andro.
Ry foko, mba derao ny Ray Tsitoha,
Ka dia andrandrao,
Derao, ankalazao
Ny Rainao soa.

2. Ny loza marobe aty an-tany
Dia niarovany anao izany,
Ka zava-mahafaly no omeny,
Dia fiarovana
Sy fitiavana
Tsy hita lany.

3. Ry Masoandronay, mba mitariha
Ny dianay anio mba tsy hania;
Mahery Hianao ka maharara
Ny fahavalonay
Tsy hahataona anay
Handàny tsara.

4. Ny zavatra manjo tsy mampanahy
Napetraka aminao ny ahiahy,
Ka dia matoky aho, ry Tsitoha!
Omeo ny zanakao
Izay heverinao
Ho mahasoa.

714 - Jehovah Zanahary

1. Jehovah Zanahary,
Izahay midera Anao;
Ny alina nanjary,
Ho firaketanao.
Maraina izao ny andro,
Ka lazao ny maizina,
Savao, ry Masoandro,
Izay Iahoriana.

2. Ry kintan'ny maraina,
Jesosy Havanay,
Arovinao ny aina,
Tahio izahay;
Ny asanay anio
Mba hasoavinao.
Ny dianay tariho
Ho any aminao.

715 - Tonga ny maraina

1. Tonga ny maraina,
Dimbin'alina,
Ka ny Tompon'aina
No isaorana.

2. Raha mbola nandry
Aho, Tompo ô,
Hianao Mpiandry
Dia aroko.

3. Tano sy ampio
Ny madinikao,
Sao hanota anio,
Ka handao Anao.

4. Aoka ny anjara
Fanompoako
Mba ho vita tsara
Ka ho sitrakao.

5. Ary raha lany
Ny fotoako,
Izaho hody any

Anatrehanao.

716 - Ry Tompo ô, tahio

Ry Tompo ô, tahio,
Izao dianay izao;
Ny lehibe ampio,
Ny kely mba tezao,
Fa ny Anaranao, no iaingana anio;
Tantano sy vimbino
An-dàlana izahay.

717 - Andeha raha maraina

1. Andeha raha maraina,
Raho atoandro koa.
Andeha raha hariva,
Hivavaka tokoa;
Fa marina no ento.
Ario ny tahotrao,
Miondreha ao an-trano.
Ka mivavaha ao.

2. Tsarovy ry sakaiza,
Ny havan-tianao;
Raho misy fahavalo,
Mifona ho azy koa;
Ka dia mangataha
Ny soa ho anao,
Jesosy, 'Lay Mpamonjy,
Alao ho tokinao.

3. Na tsy irery aza,
Fa be ny olona ao,
Ka misy hevi-tsara
Miposaka ao am-po.
Ny hataka mangina
Voaeritreritrao
Ho ren'ny Rainao tia,
Jehovah Tomponao.

4. Mba manatòna Azy
Raha azon'ny manjo;
Tsarovy koa raha faly
Hisaotra ao am-po;
Tsy misy hafaliana
'Zay mamy toy izao;
Ny fahazoantsika
Mivavaka aminy.

718 - He torimaso mamy

1. He torimaso mamy
No atolory ahy
Ry Raiko mpiandany
Sy herin'ny fanahy
Ny sandrinao mahery
No hiampofo ahy
Ny masonao mijery
Manala ahiahy.

2. Ny otako androany
Koseho, Raiko ô!
'Reo ory mitomany
Ampaherezonao.
Ny havako rehetra
Sy ny sakaiza koa,
Tahio tsy hanjoretra
Ampifalio tokoa.

3. Ireo sahiran-tsaina
Sy mandry fotsy izao
Ny kivy, mitaraina
Vonjeo, ry Tompo ô!
Ireo marary maro
Sy ny mpitsabo koa,
Tahio, ry Mpiaro,
Arovy tsy ho voa.

4. Hianao no tokinay
Ka dia hatory izao
Ireto nofonay
Am-pelatananao.
Sakano re ny ratsy
Mba tsy hamely izao
Ry jeso Mpiambina ahy
Sy voninahitra ô!

719 - Efa lasan-davitra

1. Efa lasan-davitra
Ka hariva izao ny andro;
Hianao no Masoandro,
Ry Andriamanitra.
Mba arovinao ny aiko,
Fa atolotro Anao,
Ampidiro ao am-poko
Izao ny fiadanana!

2. Raiso ny fisaorako,
Ka tondrahy ranon'aina
Ny fanahy aman-tsaina,
Mba ho velona izao.
Dia hamoa voa tsara
Amiko ny teninao,
Ka ho tiako hambara
Ny fahasoavanao.

3. Ry Andriamanitra ô!
Hitanao ny fahotako,
Fantatrao ny fahosako;
Mamindrà fo amiko;
Izaho tsy misalasala
Mba hanatona Anao,
Fa ny Zanakao malala
Maty noho ny otako,

4. Izaho ta-hatory izao
Fa mba sasatra niasa
Tsy heveriko ny lasa,
Fa apetraka aminao
Aoka aho mba hahazo
Fitsaharana izao;
Raha maraina mba fohazy,
Dia hankalaza Anao.

5. Kintan'i Jakoba ô,
Sady Masoandron'aina,
Hazavao ny fo sy saina,
Mba tsy hatahorako
Ny mpanimba sy mpandoza,
Liona mierona,
Izay minia hampidi-doza
Andro aman'alina.

6. Arosoy ny teninao,
Hazavao ny firenena,
Mba ho samy hanantena
Famonjena aminao;
Ka ny manam-pahefana
Aoka hotarihinao,
Mba hitondra fanjakana
Araka ny sitrakao.

7. Fantatrao, Jesosy Ô,
Izay rehetra mitaraina
Ka miandry ny maraina
Sy ny fahasitranana;
Ny kamboty sy mahantra
Aoka hotsarovanao;
Ry Sakaizanay Mpiantra,
Iantrao ny olonao.

720 - Lany indray ny andro

1. Lany indray ny andro;
Hianao, ry Ray,
No ho masoandro
Sy ampinganay.

2. Be ny zava-tsoa
Azo taminao:
Ka misaotra koa
Izahay izao,

3. Andronay mandala
Toy ny rivotra:
Be ny fahavalo
Mampitahotra.

4. Jeso ô, Mpiandry,
Izaho ondrinao,
Aoka re mba handry
Eo an-tratranao.

5. Mpivahiny ihany
Izahay aty,
Ka mba te-ho any
Aminao ary.

721 - Ny andro efa lany

1. Ny andro efa lany,
Mangina izao ny tany
Miala sasatra:
Heveronao ry saina,
Fa mendrika ho deraina
Ny Raiko ao an-danitra.

2. Na maty masoandro,
Ka alina ny andro,
Tsy mampaninona,
Fa Jeso, Izay Sakaiza,
Dia ao fa tsy mankaiza,
Ho tena Masoandroko.

3. Hatory izao ny maso;
Ry Tompo, mba andraso
Ny ondrikelinao;
Ny tena sy fanahy
Sy izay rehetra ahy
Atolatro harovanao.

722 - He, alina ny andro

1. He, alina ny andro,
Ka mba esorinao;
Ny fahotako maro,
Mba tsy ho hitanao:
Reseo ny mpamely
Ny zanakao, ry Ray;
Iraho ny anjely
Hiambina anay.

2. Raha maizina ny tany,
Ny andro tapitra,
Tsaroanay ihany
Ny fasa-maizina;
Arovy lalandava
Izahay, ry Tomponay,
Ka aoka ho mazava
Ny hitsangananay.

723 - He, alina indray izao

1. He, alina indray izao,
Jesosy Tompo ô,
Ka aoka ny mpanomponao
:,: Homban'ny elatrao.:,:

2. Fa iza no hahita anay,
Raho azon-doza izao,
Kanefa kosa aronay
:,: Ireo anjelinao :,:

3. Ka raha hatory izahay,
Ry Rainay tsara ô,
Ny tena sy fanahinay
:,: Dia mba arovinao :,:

4. Ka raha aposakao indray
Ny masoandronao,
Fohazy tsara izahay
:,: Hisaoranay anao :,:

724 - Mpamonjy Masoandronay!

1. Mpamonjy Masoandronay!
Fahazavan'ny alinay,
Ny zavon-tany mba savao
Tsy hanakonany Anao.

2. Tontolo andro Hianao
No anton'ny iainanay;
Raho alina, mombà anay,
Ny faty tsy ho tahotray.

3. Ny aizina mba hazavao,
Tarihonao ny lalana,
Halehanay an'efitra,
Ho tonga any Aminao.

4. Izay marary mba tsaboy,
Ny ory aza afoinao,
Ho toy ny torin-jaza anie
Ny fiadanany izao.

5. Tahio ny hifohazanay
Hanaovanay ny sitrakao
Arnbara-pahatapitra
Ny andro ivelomanay.

6. Raha mby aminao izahay,
Hahita fiadanana,
Fa ao tsy misy alina,
Hianao no Masoandronay.

725 - Alina ny andro

1. Alina ny andro,
Ka efa mba hatory
Ny masonay;
Hianao, Jehovah ô!
'Zay tsy mety sasatra,
:,: No aronay.:,:

2. Lasa ny mazava,
Ka ny masoandro
Tsy hitanay:
Tsy matahotra izahay,
Hianao an-danitra
:,:Mahita anay.:,:

3. Fa ny kintana eny,
Efa manazava
Ny dianay;
Koa tsy nafoinao,
Fa nasehonao ireo
:,:Ho tokinay.:,:

4. Alina sy andro
Samy mba manaiky
Ny tendrinao;
Tonga re nY maizina,
Nefa: tsy ilaozanao
:,:Ny olonao.:.:

5. Eto ny mazava
Dia manam-petra;
Fa ao aminao;
Tsy mba misy alina,
Fa mamirapiratra
:,':Ny tavanao.:,:

726 - Efa hariva Jeso tia!

1. Efa hariva Jeso tia!
Tomoera aminay;
Ny fanahinay tahio,
Fa hatory izahay.

2. Fa ny helokay ekenay,
Mahavonjy Hianao;
Ny manjo anay lazainay,
Fa miantra ny fonao,

3. Alina maharitra ela,
Aizi-mampivadi-po,
Fa ny olona fidinao
Tsy mba takona aminao.

4. Hianao no mitahiry
Ny miankina aminao
Voahididin'ny anjely
Ny mialoka aminao.

5. Raha anio no tapitra andro
Izahay mpanomponao,
Aoka izahay hifoha
Ao an-dapaso anao.

727 - Andriananahary nikarakara anay

1. Andriananahary
Nikarakara anay,
Ka nampitsiry vary

Ho fivelomanay!
Ny haninay tahio
Ho tonga tanjakay,
Ny hevitray tariho
Mba hiadananay.

2. Ry Rainay ao ambony,
Misaotra Anao izahay,
Fa zava-tsoa itony
Izay nohaninay.
Ny zavatra rehetra
Dia manantena Anao,
Fa tsy mba misy fetra
Ny fitiavanao.

728 - Atreho ny sakafonay

Atreho ny sakafonay,
Jehovah , Mpanome ny soa;
Velominao ny tenanay,
Ny sainay hatanjaho koa.

729 - Ry Jehovah Ray Tsitoha

1. Ry Jehovah Ray Tsitoha
Mba avia hialoha
Sy hiaro ny mpandeha
Lavi-dalana haleha
Mba jereo ny olonao
Sarak'olona irery
Sady tsy mba manan-kery
:,: Ka jereo ry Tomponay!:,:
Mba Tazano ny mpandeha; (in-3)
Hianao no herinay.

2. Ao ny andro mamanala,
Sakambino ao an'ala:
Raha mandeha mita rano,
Mba hazòny sy tantano,
Ka vonjeo ny olonao;
Be ny zavatra mihatra
Izay manimba sy mandratra,
:,: Ka vonjeo, ry Tomponay!:,:
Mba arovy ny mpandeha; (in-3)
Hianao no aronay.

3. Raha ory, mba tohano,
Ka vimbino sy tantano
Tsy ho reraka ny fony,
Aza afoy, fa mba hazòny,
Iantrao ny olonao;
Raha mahantra izy any,
Ory sady mitomany,
:,: Ka vangio, ry Tomponay!:,:
Mba tsarovy ny mpandeha; (in-3)
Hianao no tokinay.

730 - O! tahio ny havanay re

1. O! tahio ny havanay re
Izay handeha lavitra,
Be tokoa ny alahelo
Noho ny fisarahana:
:,: Manatreha:,:
Izao veloma atao izao.

2. Mba sakanonao ny loza
Tsy hamely azy izao;
Raha misy mampahosa,
Asehoy ny herinao;
:,: Mba tantano :,:
Tsy hisaraka aminao.

3. Aoka mba ho tonga soa,
Tsy ho azon-tsampona;
Aoka koa mba hampodina
Eto aminay indray,
:,: Ka hisaotra :,:
Noho ny fivimbinanao.

731 - Enga anie ka homba anao Jeso!

1. Enga anie ka homba anao Jeso!
Hanadio sy hanazava,
Hampahery lalandava

Enga anie ka homba anao Jeso!

Fiv : Homba anao, Homba anao Jeso
Homba anao anie Jeso,
Homba anao, Homba anao Jeso
Enga anie ka homba anao Jeso

2. Raha mitambatra ny rahona,
Ka mikimpy ny masoandro,
Raha Jeso momba isan'andro
Ho tantely koa ny vahona.
Homba anao, sns...

3. Mangamanga indray ny lanitra
Loharanom-pitahiana
Sady foto-pifaliana.
Jeso Zanak' Andriamanitra.
Homba anao, sns...

4. Raha mitolona ady sarotra,
Matokia fa tsy ho irery,
Homba anao Jeso mahery,
Homba anao tsy miady varotra
Homba anao, sns...

5. Raho hilaozana ny havana,
Sady mainty koa Jordana,
Ho mazava ny fitàna
Ao Jeso hanangana avana.
Homba anao, sns...

6. Raha Jesosy no mitantana,
Paradisa koa ny tany,
Hasambarana hatrany,
Ao Kanana no hamantana.
Homba anao, sns...

732 - Veloma indrindra, ry havana ô!

1. Veloma indrindra, ry havana ô!
Veloma, e, mandrampihaona;
Ry Tompo, vimbino an-dalana ao
Ny havana izay vao handeha;
Ka ny mifanao
Veloma izao
Tahio, mba ho tafahaona!

2. Ry Jeso Mpamonjy, tariho izahay
Hihaona indray ao ambony,
Hiara-pinaritra mandrakizay,
Rehefa tafita ny ony,
Hiara-manao
Ny hira vaovao,
Fa tsy mba hisaraka intsony!

733 - Ny fihaonana an-tany

1. Ny fihaonana an-tany,
Ry Jesosy Tomponay,
Vetivety mora lany,
Ka mangoraka izahay,
Namana nifankahazatra
Hifanao veloma anio.
Ry Jesosy be fiantra,
Ny mpandeha mba tahio.

2. Ny ho lasa mba tantano
Tsy ho voa an-dàlana;
Ny hitoetra koa tohano,
Dia mba hiadana.
Na maraina na hariva,
Na aiza alehany ety,
Mba ombay mandrakariva
Mandra-podiny ary.

3. Any volana, any taona,
Ny misaraka izao
Enga anie tafahaona
Raha mbola sitrakao.
Ilay fihaonana ao ambony.
No irinay fatratra,
Tsy hisaraka intsony
Izahay ka sambatra.

734 - Zanahary ô tahio ny tanindrazanay

1. Zanahary ô tahio
Ny tanindrazanay,
Handroso lalandava,
Handry fahizay.
Enga anie hanjaka ao
Ny saina mahay miray,
Dia ho tany sambatra
Ilay Madagasikaranay.

2. Ireo mpitondra anay
Arovy lalandava koa,
Tolory saina hendry,
Kinga sy mahay
Ka ny marina anie
No mba hanjaka ao tokoa,
Dia ho tany sambatra
Ilay Madagasikaranay.

3. Ny taranakay tahio
Ho vanona tokoa:
Ireo no solofo,
Dimby rahatrizay.
Mba ho tena mahatoky,
Feno fahendrena koa,
Dia ho tany sambatra
Ilay Madagasikaranay.

735 - Arovy, Ry Tsitoha

1. Arovy, Ry Tsitoha,
Ny Tanindrazanay,
Vimbino avokoa
Izay mitondra anay;
Ity Nosy ity tahio,
Mba handry fahizay;
Tantano sy ampio,
Handroso izahay!

Fiv : Ny tsara mba tohano,
Ry Zanaharinay,
Ny ratsy mba sakano,
Mba hiadananay.

2. Tahio ny mpitsara
Nampanapahinao,
Hahay hitondra tsara
Izao olonao izao;
Ny lehibe rehetra
Vangio sy hafanao,
Mba hanam-po miantra,
Hatahotra Anao.
Ny tsara mba tohano, sns...

736 - Mba tahionao, ry Jehovah!

1. Mba tahionao, ry Jehovah!
Ny tanindrazanay,
Ho tsara sy hiova,
Hambininao anie!
Ho tany izay mandroso
Sy sambatra tokoa,
Ka hanjakan'i Jeso
Mpamonjy Tompo soa.

2. Mba tahio ny firenena
Izay monina eto izao,
Handroso hihatsara,
Hatahotra Anao,
Handao ny fomba ratsy
Izay manadala re;
Hanary koa ny sampy
Mampidi-doza è!

3. Mba tahionao ny mpitondra
Nampanapahinao,
Arovy isan'andro
Mba tsy handà Anao;
Tariho lalandava
Hiankina Aminao;
Omeo fahendrena
Hanao ny sitrakao.

4. Mba tahio koa, ry Jehovah!
Ny fiangonanao
Handroso lalandava
Homban'ny herinao,
Hanerana ny tany

Itoeranay izao,
Ka isam-bazan-tany
Hiondrika Aminao

737 - Ry Ray, tahionao i Madagasikara

1. Ry Ray, tahionao
i Madagasikara
Izay nohasoavinao,
Ka voakarakara,
Ka nandefasanao
Ny teny masinao,
Dia angatahanay
:,: Ny fitahianao :,:

2. Ny fiangonanao,
ry Rain'ny fahazavana,
Izay natsanganao hatao
Fahazavana
Ka nodidianao
Hanao ny asanao,
Dia angatahanay
:,: Ny fitahianao :,:

3. Ny asa maro be sy izay
Fanaovan-tsoa
Miorina eto izao,
Ka sitrakao tokoa;
Ny fanjakana koa,
Izay natsanganao,
Dia angatahanay
:,: Ny fitahianao :,:

4. Ny tokatranonay,
Ny tena sy fanahy,
Ny fivelomanay,
Ry Rainay Izay Mpiahy,
Ireo rehetra ireo
Dia iantsoana Anao.
Ka angatahanay
:,: Ny fitahianao :,:

738 - Havaozy, Tompo ô,

1. Havaozy, Tompo ô,
Ny endriky ny tany,
Ny voninahitrao hatao
Fahazavany,
Izao aizim-pito izao
Levoninao tokoa,
Izao ratsy be izao
:,: Esory avokoa :,:

2. Havaozy, Tompo ô,
Ny endriky ny t any,
Reseo ny rafinao,
Ravao ny fanjakany,
Ampanjakao tokoa
Jesosy Zanakao,
Izao rehetra izao
:,: Hanao ny sitrakao :,:

3. Havaozy, Tompo ô,
Ny endriky ny tany,
Koa averenonao indray
Ny hatsarany;
Fanahy Mpanavao,
Ny famelomanao
Tadiavinao izao;
:,: Vitao ny asanao :,:

4. Havaozy Tompo ô,
Ny endriky ny tany,
Ny olona izao maniry
Indrindra izany.
Henoy ny sentonay
Miakatra Aminao,
Ka hafainganonao
:,: Ny fanavaozanao.:,:

739 - Ry Jehovah Tompon'aina,

1. Ry Jehovah Tompon'aina,
O, tahio ny taninay!
Mba fohazy, re, ny saina
Sy fanahinay hahay

Mankatô sy hankalaza
Ny Anaranao,
Mba ho fantatray mazava
Ny fitiavanao.

2. Iantraonao, ry Jesosy
Hazavao ny Nosinay,
Ka ny fon'ny Malagasy
Diovy re ka mba ovay,
Tsy hanompo sampy intsony
Fa hazava re,
Ka ho sitraky ny fony
Ny ho masina e!

3. O, tahio ny faritany
Mba handray ny teninao,
Na ambony na ambany
Mba tsarovy, iantrao!
Ny mpitory mba iraho,
Ka hiely anie,
Omeo hery, hatanjaho
Hahavita be!

4.O, Jehovah Ray Mahery,
Sakambino izahay,
Eny, Hianao irery
No mba hany tokinay;
Ka ny ratsy mba sakano
Tsy hanimba anay,
Fa ny tsara no tohano
Hiadananay.

5. Ao koa ny mpanao lalàna
Mba toroy ny marina,
Ireo manam-pahefana
Omeonao sain-dalina!
Ka ny tany mba ampio
Handry fahizay!
O, arovy sy tahio
Ny mpitondra anay!

6. Indreo ny isan-tokantrano
Mba tsidiho, hafanao,
Ka ny zanakay tantano
Sy trotroy ho olonao!
Eny, Tompo, mandrosoa,
Anjakao izahay
Ka onenonao tokoa
Izao ny Nosinay!

740 - He! Ny tany manontolo

1. He! Ny tany manontolo
Mba ambinonao izao,
Ry Jeso Mpanolokolo,
Tena Tompo tsy mandao.
Mba vontosy andon'aina
Mba ho lonaka tokoa,
Tsy ho tany karankaina
Fa ho vokatra tokoa.

2. Mba tahio ny fanjakana
Izay mitondra anay izao
Ireo mpitana ny lalàna
Mba omeo ny hevitrao.
Ny mpifehy isan-toko,
Ny mpikarakara izao
Anehoy ilay vokovoko
Mba hitondra marina ao.

3. Ny komity sy vaomiera
Raha miady hevitra ao
Tsy hitompo hevi-tena
Fa handray ny sitrakao.
Ka ny didinao hatrany
No mba hijoroany izao
Fa ny tetiky ny tany
Dia ho laviny tokoa.

4. Ry Mpanjakan'ny mpanjaka,
Miasà mahery izao
Ireo mpitondra samihafa
Mba toroy ny sitrakao.
Ireo mpanjaka an-tany hafa,
Revon-diadema koa,
Mba sitony re hitafa

Aminao ry Tompo soa.

741 - Jehovah Tompo ô!

1. Jehovah Tompo ô!
Tahio si hatsarao
Ny taninay,
Tahio ny namanay
Ho tia ny teninao,
Dia mba hazavao
Ny nosinay.

2. Ovay ny fombanay,
Ho foin'ny taninay
Ny sampiny;
Omeo fo marina
Izao rehetra izao,
Ka dia mba iantrao
Ny nosinay.

3. Jehovah Tompo ô!
Tahio ho olonao
Ny zanakay;
Tahio ho zanakao,
Tahio ho marina,
Ka dia ho taninao
Ny nosinay.

4. Izay mpitondra anay
Tahio ho tia Anao,
Jehovah ô!
Omeo sai-marina
Hanao ny sitrakao,
Ka ampanompoy Anao
Ny nosinay.

742 - Zanahary no mahela

1. Zanahary no mahela
Izay fe-toana iainanay,
Ka miantra sy mamela
Tombon'andro ho anay.
:,: Nefa vitsy, :,:
No ho andronay aty.

2. Betsaka ny andro lany
Nanaranam-po izao;
Misy feo manontany:
"Vita va ny asanao?"
:,: Miezaha,:,:
Avy re ny alim-be.

3. Mamindrà fa, Zanahary!
Mamelà ny helokay;
Tompo! Aza mba manary,
'Ndrao ha very izahay;
:,: Mihainoa :,:
Ny mifona aminao.

4. Ry Jehovah! Manomeza
Izay ilainay olonao;
Mitahia, mampahereza,
Mba ho tonga ao aminao.
:,: Ka hahazo :,:
Satro-boninahitra ao.

743 - Ny andronay mandala

1. Ny andronay mandala,
Lany foana taminay;
Ny mandrakizay nohatoninay,
Nefa adala izahay,
Ry Mpanota, ifony ny helokao.
Fa Jeso tia anao.
Mba tsy ho very mandrakizay,
Avoty ny ainao.

2. Ny fiadanan-dratsy
No mba manadala anay
Hijanona foana aty izao
Hanadino ny Rainay.
Mba hevero fa olon-ko fatye!
Tsy ela no ety;
Tsarovinao fa hody tokoa;
Antsoiny hianao.

3. Ny taninay havela,
Mpivahiny izahay;
Tsy maintsy hiainga hiala aty,
Any no hodianay.
Tsara sady mazava ny tranonao,
Miomàna, fa hankao;
Tazano, fa mivoha izao:
Midira hianao.

744 - He! Ny andro mora lasa

1. He! Ny andro mora lasa,
O, ry mpivahiny ô!
Tsy ho ela, kely sisa,
Dia hody hianao!
Tsy mba fantatrao akory,
Izay hahafatesanao:
Koa aza mba matory,
Sao ho very hianao.

2. Miomàna, ry sakaiza,
Aza mba tamàna aty,
Fa ny eto tsy mateza,
Miaingà mba ho ary!
Ao ny Tomponao, Jesosy,
Hampihaingo tsara anao
Fa ny rany no mamotsy
Ny akanjo ho anao.

745 - Henoy ry Jeso Tompo

1. Henoy ry Jeso Tompo:
Ny fitarainanay,
Fa amin'alahelo
No ipetrahanay;
Ny fonay mba maniry
Hitovy aminao,
Kanefa be ny ratsy
Misakana anay.

2. Nateraky ny nofo,
Ka nofo izahay;
Nanompo tompo ratsy,
Ka very hatrizay!
Ny razanay nanota
Ka nodimbiasanay:
Ry Tomponay Tsitoha,
Havaozy izahay!

3. Ny asam-pamonjena
Natolotra Anao;
Tsy hisy tsy ho vita
Izay natombokao;,
Raho resy avokoa
Ny fahavalonao,
Hiposaka tokoa
Ny tena taom-baovao!

4. Ny tavanao malala,
Ry Jeso Tomponay,
Ho tena masoandro,
Izay hifalianay.
Ry nosatrohan-tsilo,
Faingàna Hianao,
Hanangana ny maty,
Hitondra aim-baovao!

746 - Mifalia, ry sakaiza!

1. Mifalia, ry sakaiza!
Fa nahazo taom-baovao,
Zanahary no mitaiza,
Ka isaory sy hajao.
Mihirà sy mihobia,
Jeso Tompo no derao,
Miravoa, mifalia,
Velona aina hianao,

Fiv : Mifalia, ry sakaiza!
Fa nahazo taom-baovao,
Zanahary no mitaiza,
Ka isaory sy hajao.

2. Izao no andro mampifaly,
Andro lehibe anio,

Dia hira mahafaly
No hatao ankehitrio;
Zanahary no mitàna,
Mifalia hianao;
Tonon-kira hoe: Hosana!
No hatao aty izao.
Mifalia, sns...

3. He, Hosana, he! Hosana,
Ho Anao, ry Tompo ô!
Fihirana, fiderana
No asandratray izao;
Dera, saotra, hery, laza,
Ho Anao, Mpanjakanay,
Ho Anao anie ny haja,
Raiso ho Anao izao.
Mifalia, sns...

747 - Haleloia! Sambasamba!

1. Haleloia! Sambasamba!
Hitanay ny taom-baovao;
Avy izahay, Jehovah!
Mba hifaly aminao:
Fihirana no atao,
Saotra vavaka
No atolotray Anao,
Ry Mpamelona!

Fiv : Haleloia! Sambasamba!
Faly izahay izao;
Haleloia! Sambasamba!
Hitanay ny taom-baovao.

2. Lasana ny andro maro,
Be ny zavatra natao,
Na ny mety, na ny diso,
Samy efa fantatrao;
Aoka anie ny tsininay
Hovonoinao,
Fa ny mety vitanay
Mba haharitra:
Haleloia, sns...

3. Ka ny taom-baovao, Jehovah!
Aoka hanomezanao
Fahendrena ny mpitondra,
Hahasoa ny olonao;
Ka ny Fiangonana
Hamasinonao
Mba handroso marina
Hahalala Anao:
Haleloia, sns...

4. Mitsingerina ny taona,
Fohy andro izahay,
Vetivety dia hihaona
Aminao, ry Tomponay!
Enga ka ho hitanay
Ao an-danitra
Ny Sabata tsara izay
Tsy ho tapitra:
Haleloia, sns...

748 - Havaozy Tompo ô!

1. Havaozy Tompo ô!
Izao rehetra izao
Ka aoka mba ho hita ao
Ny voninahitrao
Ry Tompo Mpanasoa.
Levony avokoa.
Ho fongotra tsy hisy re
Ny ratsy marobe.

2. Izao taona vaovao
Diavinay izao
Ho fanavaozan-dehibe
Ny tenanay anie!
Ka ny fiainanay
Izay ratsy hatrizay;
Ovay hatramin'ny anio
Ho tsara sy madio.

3. Havaozy , Tompo ô!
Ny Fiangonanao

O! akambano ho iray,
Hiray mandrakizay.
Ry Tompo be fitia,
Tongava, mamangia;
Mba tanteraho aminay
Ny fanavaozanao.

749 - Ny taom-baovao dia tonga indray

1. Ny taom-baovao dia tonga indray
Ho fiantsoanao anay
Mba hanolaranay Anao
Ny tenanay voavatrao.

2. Fa maro be, ry Tomponay!
Ny zava-tsoa nomena anay
Tamin'izao taon-dasa izao,
Izay isaoranay Anao.

3. Ny mafy izay manjo anay,
Tsy tonga foana aminay,
Fa mba ho fitahianao
Izay miankina aminao.

4. Ka enga anie ny otanay,
Izay mitambesatra aminay,
No hibebahanay izao,
Hanaovanay ny sitrakao.

5. Ny taom-baovao diavinay,
Ny taona teo tafitanay,
Ka dia ny fitarihanao
No mba irinay aminao.

750 - Dera, laza, ry Mpanjaka

1. Dera, laza, ry Mpanjaka!
No atolotray Anao,
Noho Hianao nitahy
Tratranay ny taom-baovao.

2. Andro maro, izay no lasa,
Be ny soa hitanay;
Fitahia-mahagaga
Azo taminao, ry Ray!

3. Marobe ny ratsy vita,
Lehibe ny helokay,
Ka tsy mendrika hiantso
Ny Anaranao izahay.

4. Miantrà, ry Zanahary!
Mamelà ny helokay,
Ka sasao ny ran'i Jeso,
Mba hadio izahay.

5. Aoka re ny andro sisa
Hanompoanay Anao;
Hatanjaho, ry Jehovah!
Izahay mpanomponao.

751 - He, vaovao ny taona

1. He, vaovao ny taona,
Ry Jesosinay,
Ka te-hihaona
Aminao izahay.:,:

2. Hianao mitahy
Ny mpanomponao,
Koa tsy manahy
lzay tarihinao:,:

3. Ary izaho koa
Mba tantanonao,
Dia hahita soa
Ao an-danitrao!:,:

752 - O, ry Jesosy, ny Anaranao

1. O, ry Jesosy, ny Anaranao,
Manatsika ahy izao hanatona,
Hanolotra ny foko ho Anao,
Mpamonjy tia sy Mpamelona.

2. Manatona aho, ka miondrika
Hanoroka ny tongo-masinao
Izaho olona tsy mendrika,
Ka mba havaozy,
Tompo, ho Anao!

3. Antsoiko isan'andro Hianao,
Ry toky tsara mahafatra-po,
Ka amin'ny Anara-masinao
No anankinako izay hanjo.

4. Raha io no entiko mangataka
Hisokatra amiko ny lanitra,
Ka dia ho azoko malalaka
Ny zava-tsoa izay maharitra,

5. Mamirifiry izao tontolo izao
Tsy misy tena fitsaharana;
Fa fiereko ny Anaranao,
Ka ahitako fiadanana.

6. O, ry Anaran'i Jesosiko,
Ry paradisa aty an-tany ô
Ry voninkazo mampifaly fo,
Ry tohan'aina ao an-dalako

7. Iriko andro aman'alina
Ny hanana Anao ho ao an)
Ho Tokiko raha mbola vel,,i
Sy amin'ny hahafatesako.

753 - Tiako ny hiaraka Aminao

Fiv : Tiako ny hiaraka Aminao Jesoa
N?aiza n?aiza hitondranao ahy
Tiako ny hiaraka Aminao Jesoa
Fa Hianao no miantso ahy.

1. Hiaraka Aminao aho, Ô ry Jeso Tompoko
Tsy manana olon-kafa aho,
Fa Hianao no fiainako
Hanara dia Anao, ?zay no faniriako
Hifikitra Aminao aho, Jesoa !
Tiako ny hiaraka, sns...

2. Hiaraka Amina aho,
ô ry Jesoa Tompoko
Hitory teny soa amin?ireo havako
Hanara dia Anao : ?zay no faniriako
Hanohy ny asanao aho, Jesoa !
Tiako ny hiaraka, sns...

3. Hiaraka Aminao aho, ry Jeso Tompoko,
Ho zary famonjena anie ny fahoriako
Hanara dia Anao, ?zay no faniriako
Hifantsika Aminao aho, Jesoa !
Tiako ny hiaraka, sns...

4.Hiaraka Aminao aho, ry Jeso Tompoko,
Hibanjina ny Ray, Tompo Andriamanitro.
Hanara-dia Anao, ?zay no faniriako.
?Zay misy Anao, no hisy ahy Jesoa.
Tiako ny hiaraka, sns...

754 - Mitsangàna, mandehana

1. Mitsangàna, mandehana,
Ry zatovo be laolao!
Manatôna ny Mpamonjy,
Avelao ny sitrapo.

2. He, tsarovy fa mahantra
Sady ory hianao,
Ka hatàny ny Mpamonjy,
Dieny mbola hitanao.

3. Mandehana, mianara,
Mba ho hendry hianao;
Jeso Tompo no miandry
Hampianatra anao.

4. Ry zatovo! Mandehana,
Mba vitao ny asanao;

Mahereza, aza osa,
Ny Mahery homba anao.

755 - O! ry tanora, mba tsarovy

1. O! ry tanora, mba tsarovy
Ilay Tompo soa maty noho ny helokao;
Izy miantso anao moramora,
Vohay ny fonao hidirany izao.
Ny saina sy ny safidy nomeny,
Ka mba fidio ny ho mpanaraka
An'i Jesosy, Mpanjaka Tsitoha,
Ny fonao atolory hanjakany ao.

2. O! ry tanora, miambena,
Fa ny devoly dia mpamitaka mahay,
Maro, ny fandriny, ka mitandrema
Tsy ho tra-nenina re mandrakizay.
Koa ekeo anatrehan'ny Tompo.
Handao ny ratsin'izao tontolo izao.
Raha Jeso no iankinanao mafy,
lzy hiaro mba tsy hivadihanao.

3. O! ry tanora, mivavaha,
Fa Jeso Tompo dia Mpihaino vavaka,
Azy irery ny hery rehetra,
Dia matokia mba ho afa-tahotra;
Ka raha ory sy mila ho kivy,
Dia andrandraonao Ilay Tompo be fitia;
Ny fitarainanao dia hohenoiny
Ary ny fonao dia hampiadaniny.

4. O! ry Jesosy mba ampio
Izaho mpianatrao mba ho madio fo
Tantano aho, vimbino, ry Jeso.
Fa sarotra ny làlana alehako;
Iriko ny ho mpandresy ny ratsy,
Iriko hahatanteraka ny soa;
Omeo hery sy tanjaka aho,
Efao, ny asa tsara ao anatiko.

756 - Avia, ry sakaiza ô!

1. Avia, ry sakaiza ô!
Fa antsoin'ny Mpanjaka izao!
Handray ny fiadiana
Ho entina hanafika.

Fiv : Velona ny baikonao,
Andrandrainay Hianao,
Ka arahinay tokoa,
Ry Mpandresy ao Ziona!

2. Ny sabatra atolony
Dia ny teny marina,
Ampinga fiarovana
Mahery ny finoana.
Velona ny baikonao, sns...

3. Ny vatsy izay atolony
Dia ny ra sy ny tenany
Ho herintsika olony,
Izay miaramilany.
Velona ny baikonao, sns...

4. Jesosy ô, arahinay
Ny fiantsoanao anay,
Ka manampia ny olonao,
Hiady sy handresy izao.
Velona ny baikonao, sns...

757 - Tsarovy, ry sakaiza

1. Tsarovy, ry sakaiza,
Ny Ray an-danitra e,
Fa Izy no nitaiza
Sy nahalehibe:
Fa raha mbola zaza
Nampitomboiny,
Ka na ho antitra aza
Tsy mba foiny.
Ny saina sy safidy
Nomeny ho anao,
Ka tiany hifidy
Ny tsara hianao.

2. Tsarovy, ry tanora,
Jesosy, avotrao,

Mahay mitondra mora,
Mitandrina anao,
Miaraka mambeta
Ny fahoriana:
Ka dia mahareta
Ny hatrotrahana,
Fa Izy no miaro
Izay mpianany
Ka dia mba fantaro
Ny fitiavany!

3. Tsarovy, ry zatovo,
Ny Mpanamasina,
Fa Izy no manovo
Ny rano velona,
Ka dia mba mampandro
Ny ta-hadio fo;
Lazainy isan'andro
Ny marina sy to,
'Ka ny masirasira
Esoriny aminao;
Izay maniratsira
No halavironao.

4. Tohero, ry zatovo,
Izay mamitaka;
Satana ta-hamovo,
Ny tsy miambina:
Ny nofo mitsikilo
Ny voninahitrao;
Mamono ny fanilo
Izao tontolo izao.
Ka raiso ny ampinga
Alao ny sabatra,
Izany mahakinga
Ny te-ho sambatra.

758 - Tsarovy e! rankizy

1. Tsarovy e! rankizy,
Ilay Mpanao anao!
Ka tadiavo Izy!
Dieny hitanao;
Dieny mbola kely
Tsarovy rahateo,
Ka aza manadino
Ilay Mpanao anao.

2. Tsarovy, ry zatovo,
Ilay Mpanao anao!
Ilaozy ny mpanota,
Fandrao manimba anao,
Tsarovy ny Jehovah
Namorona anao,
Mampanantena lova
Sy nahatoy izao.

3. Tsarovy, ry sakaiza,
Jehovah Tomponao!
Fa Izy no mitaiza
Sy manasoa anao;
Koa aza manadino
Ilay Mpanao anao,
Ny teniny araho,
Fa Izy no Rainao.

759 - Ry Sakaizan'ny tanora!

1. Ry Sakaizan'ny tanora!
Zoky be fitia,
Sakambino moramora,
lzahay mpania.

Fiv : Tompo ô! Arovy
Ny madinikao,
Aza afoy fa mba tsarovy,
Tano mafy ho Anao,
Eny, aza afoy fa mba tsarovy,
Tano mafy ho Anao.

2. Ry Sakaizan'ny tanora!
Tsinjonao ary,
Izany ady tsy mba mora
Hitanay ety.
Tompo ô! sns...

3. Ry Sakaizan'ny tanora!
Tanonao izahay;

He! Fa be ny mpanakora
Raha lavo indray.
Tompo ô! sns...

4. Ry Sakaizan'ny tanora!
Eny, sitrakay,
Isan'andro, isan'ora
Ho Anao izahay.
Tompo ô! sns...

760 - Aza mba manadino ny ray sy reninao

1. Aza mba manadino ny ray sy reninao;
Fa izy no nitaiza sy nanasoa anao;
Ka no aiza na aiza aleha an-tany lavitra,
Aza mba manadino ny ray sy reninao;
Tsara izay! Tsara izay!
Eny, tsy ho hadinonay
Ny ray sy reninay.

2. Aza mba manadino ny tanindrazanao,
Tsarovy ny tanàna izay nahabe anao;
Fadio izay tsy mety fanaony fahizay,
Aza mba manadino
Ny tanindrazanao:
Tsara izay! Tsara izay!
Eny, tsy ho hadinonay
Ny tanindrazanay.

3. Aza mba manadino ireo mpitondra anao,
Araho ny lalàna mba hiadananao:
Ka na aiza na aiza aleha an-tany lavitra,
Aza mba manadino
Ireo mpitondra anao:
Tsara izay! Tsara izay!
Eny, tsy ho hadinonay
Izay mpitondra anay.

4. Aza mba manadino ny fivavahanao,
Ataovy isan'andro mba hamonjena anao;
Mpitondra, ray sy reny ny tany, tena koa,
Aza mba manadino ny fivavahanao:
Tsara izay! Tsara izay!
Eny, tsy ho hadinonay
Ny fivavahanay.

761 - Ry Jeso, Zoky be fitia

1. Ry Jeso, Zoky be fitia!
Avia, mitantana
Fandrao izahay maniasia
Avilin'i Satana

Fiv : Ry Jeso ô! Tahio izahay,
Fa mbola kely saina
He! Tsy mba hendry, tsy mahay,
Ka mora ambakaina.

2. Maniry izahay, Jeso!
Ho zandry izay manoa,
Ka dia ampaherezonao
Ho tia Anao tokoa.
Ry Jeso ô! Tahio izahay, sns...

3. Indreto izahay, Jeso!
Tariho hahalala
Hanaraka ny sitrakao
Izay zokinay malala.
Ry Jeso ô! Tahio izahay, sns...

762 - Modia, modia

1. Modia, modia,
Fandrao very tokoa,
Fa ny efitra be
Nodiavina izao;
Ry zanako ô!
Modia izao.

2. Modia, modia,
Fa miandry ny Ray
Hampandroso anao,
Sady hanome soa:

Ry zanako ô!
Modia izao.

3. Modia, modia,
Fa nanavotra anao
Jeso Ilay be fitia,
Izay nisolo anao:
Ry zanako ô!
Modia izao.

4. Modia, modia,
Ka ilaozy izao
Izay ratsy natao,
Nahameloka anao;
Ry zanako ô!
Modia izao.

5. Modia, modia,
Hovantaninao ao
Ny trano n'ny Ray
Sy ny lamba madio
Ry zanako ô!
Modia izao.

763 - Tanora ô! Ny Nosindrazanao

1. Tanora ô!
Ny Nosindrazanao
Miandry izao,
Manasa anao,
lngao anio
Ilay fanevanao,
O! tafia ny herinao.

Fiv : O! mifohaza izao
Tahio ny herinao,
Injao, ny Nosinao,
Manantena Anao.
Jereo ny namanao
Taninin-doza izao
O! vonjeo fa mitoreo.

2. Avia, jereo
Ny Fiangonanao;
O! mba vonjeo
Fa mila anao.
Tanora soa
No mba ilaina koa
O! avia Hiara-dia.
O! mifohaza, sns...

3. Omeo anio
Ny herinao izao,
Ka dia falio
Ireo tapakao.
Ireo didy soa
Sy baikon'ny
Tsitoha Tanteraho
Sy hajao.
O! mifohaza, sns...

764 - Tsy mangataka aho Tompo

1. Tsy mangataka aho Tompo,
Zava-py, harena, zo,
Fa ny tena mba iriko
Dia izao: ny fo madio.

Fiv : Fo madio izay akany
Feno eritreri-tsoa
Fo madio haren-tsy lany
Sarobidy avokoa.

2. Indrisy, fa ny soan'ny tany
Manodòka, mora lò;
Ny haren-tsy mety lany
Dia izao: ny fo madio.
Fo madio, sns...

3. Na maraina na hariva,
Izao, no angatahiko:
Mba ho ahy ilay soa indrindra,
Dia izao: ny fo madio.
Fo madio, sns...

765 - Henoy ny antson'ny Tompo

1. Henoy ny antson'ny Tompo:

Iza no ho irakay?
Vonon-kandeha sy hanompo
Hiasa an-tanihay?
Adidy sarotr'efaina
Asa mangetana re
Mety handritra ny aina
Iza no vonona e!

2. Tsy didy miendrika baiko
Nefa mahery tokoa;
Nanindry mafy ny saiko
Ny antsonao, Tompo soa.
Satriko lavina, anefa
Manery ahy hanoa,
Any am-po no miantefa
Ny ako, onjany koa.

3. lnty, ry Tompo malala
Izaho ho irakao,
Nofo ka misalasala
Raha toa tsy tohananao.
Ny foko omeo fahendrena
Hanao ny sitrakao,
Ny saiko mora mivena
Fenoy ny hasoavanao.

4. Vonona ka hamasino
Hanefa ny irakao,
Eny, ry Tompo, vimbino
Handia ny làlanao.
Borotra nefa hataoko
Ny osa atolotrao,
Ny sitrapo dia hafoiko
Tohano ny herinao.

766 - Jeso Mpanjaka Malaza tokoa

1. Jeso Mpanjaka Malaza tokoa
Nefa Sakaizan'ny ankizy koa
Mamin'ny foko ny fitiavanao,
Sintàny e! ny foko ho tia anao.

Fiv : Jeso malala ô! Tompo be fitia
Tano ny foko tsy haniasia
Ho zaza hendry hahay hanompo
Ho tia Anao anie, ry Tompo ô!

2. Mamin'ny foko hotantananao,
Tiako Jeso, hiaraka Aminao
Ny foko e! arovy ho madio,
Ny faniriako, Tompo ô, valio.
Jeso malala ô! sns...

3. Ny hazazako, ry Tompo, tahio,
Enga ho zaza tia ny madio
Ho zaza hendry, zaza mpankatà,
Anao Mpanjaka, Tompo manan-jo,
Jeso malala ô! sns....

767 - Ry Jeso, Zaza marina ô

1. Ry Jeso, Zaza marina ô!
Izay tonga zaza toa anay;
Nafoinao ny lapanao,
Hitondra vonjy ho anay,
Ry Jeso, Zaza masina ô!

2. Ry Jeso, Zaza masina ô!
Nanetry tena Hianao;
Nilaozanao ny lanitrao
Noho ny fitiavanao,
Ry Jeso, Zaza masina ô!

3. Ry Jeso, Zaza marina ô!
Hianao no fihavanana;
lzahay izay nandà ny Ray
Tadiavinao ho Azy indray,
Ry Jeso, Zaza masina ô!

4. Ry Jeso, Zaza marina ô!
Hihira ho Anao izahay.
Hianao nanondrotra anay:
Ny lapan-dRay ho azonay,
Ry Jeso, Zaza marina ô!

768 - Endrey! Endrey! Tompo ô!

1. Endrey! Endrey! Tompo ô!
He! Ny hasoavanao,
Fa tsy tapaka hatrany
Izany fitahianao,
Notantananao, ry Tompo
ltony ondrikelinao.

2. Endrey! Endrey! Tompo ô!
He ny fitiavanao:
Efa elabe tokoa
No mba niheveranao
Izany zaza malagasy
Izay irinao mba ho soa.

3. Anio zahay, Tompo ô!
Mankasitraka Anao
Fa ny sandrinao, mahery
No niaro toy izao
Tratranay mandrakariva
Ny androm-pahasoavanao!

4. Tahio tokoa, Jeso ô!
Madagasikaranay
Mba handroso ka ho tonga
Madagasikaranao,
Izany re no faniriana:
Ho tanteraka anie!

769 - Misy toerana voafidy

1. Misy toerana voafidy,
Manandaza lehibe
Dia saha sarobidy,
Tena mahavokatra e!
Saha feno fitahiana
Misy vokatsoa ery.
Ao no mendrika niriana
Saha masina izy ity.

2. Ny sekoly Alahady
Io no sahanao ry Ray
Ny baiboly no angady
Hanasoavanao anay;
Mahavatra ny Mpamboatra,
Ka mirobona tokoa;
Voakarakara loatra,
Ka mitombo sy mamoa.

3. Midadasika ny tany
Nefa karankaina koa!
Fa ny sahanao ihany
No tsy manam-paharoa.
Misy rano tsy mba ritra
Dia ny Teny Masinao;
Izay torina eran-tany
Mikoriana lava izao.

4. Ny ankizy sesehena
No mivory eto izao;
Ireo no hazo ambolena
Ao anaty sahanao.
Raha mirona mba tohano
Raha lavo, ajoroy,
Zaza osa, ka tantano
Mbola kely ka toroy!

770 - Hajain'ny saiko, fototry ny aiko

1. Hajain'ny saiko,
Fototry ny aiko
Itsaohan'ny fanahiko,
Tokane iriko,
Malalatiako,
Hianao Jeso Mpamonjiko!

2. Mety malazo
Ny voninkazo,
Ny ahi-maitso koa re!
Fa misy lova
Tsy mba miova:
Jesosy Perla soa e!

3. Ao lalandava
Ny andro mazava,
Ny kintana, ny volana;
Jesosy irery

Tompon'ny hery
Tsy azo ihoarana.

4. He, igagàna
Ny hatanorana,
Fa na mahafinaritra,
Mety mihena
Ny herin-tena;
Jesosy no maharitra.

5. Tsy misy fetra
Zavatra rehetra
Hianao Jesosy,
Tokiko, akaiky ahy,
Zoky Mpiahy,
Ny tsara indrindra amiko.

6. Raha ho lasa,
Fa vira ny asa,
Tohano aho, Jeso ô!
Ampio aho,
Sy atanjaho,
Ho sambatra eo an-tratranao.

771 - Tsinjovinao ny vorona

1. Tsinjovinao ny vorona,
Fa tsy mamafy na mijinja,
Nefa ao Ilay Mpamelona
Miahy sy mikajakaja.
Jereo ny vonikazo soa
Fa tsy miasa na mamoly.
Ireo ahin'ny Tompo koa
Ka velona ao an-tanimboly.

2. lsika izay malalany
No dia andrian'ny fony indrindra,
Ka mifalia, ry zanany!
Ny Zanahary no mpitondra
Ry Tompo, Ray malalanayl
Hatoky tsy hanahy intsony
Ny tena sy fanahinay,
Fa manana ny Ray ambony

772 - Manatòna, manatòna

1. Manatòna, manatòna
An'i Jeso izao, izao;
Manatòna an'i Jeso izao.

Vakio Jao:3.16

2. Mba minoa, mba minoa
An'i Jeso izao, izao
Mba minoa an'i Jeso izao.

Vakio Heb:7.25

3. Mahavonjy Jeso Tompo,
Mahavonjy izao, izao
Mahavonjy Jeso Tompo izao.

Vakio Jak:5.11

4. Be fiantra, be fiantra
Jeso Tompo izao, izao
Be fiantra Jeso Tompo izao.

Vakio Jao:6.37

5. Tsy hanary Jeso Tompo,
Tsy hanary anao, anao
Jeso Tompo tsy hanary anao.

Vakio Mar:10.47

6. Miantsoa, miantsoa
An'i Jeso izao, izao
Miantsoa an'i Jeso izao.

Vakio Mar:10.5

7. Fa hamaly Jeso Tompo,
Fa hamaly anao, anao
Fa hamaly Jeso Tompo izao.

Vakio I Jao:1.7

8. Fo madio, fo madio,
No homeny anao, anao
Fo madio no homeny anao.

Vakio Apok:3.1

9. Lamba fotsy, lamba fotsy
No hatafy anao, anao
Lamba fotsy no hatafy anao.

773 - Hianao, ry Jehovah, no Rainay tokoa

1. Hianao, ry Jehovah, no Rainay tokoa,
Ka manatona Anao izahay,
Ary Jeso no Hava-malalanay koa
Dia matoky Anao, ny fonay.
Mivoria, ry ondry madinika ô!
Mba ho ao, am-pisoko anio.
Mihainoa ny feon'ny Mpiandry izao,
O! faingàna, modia hianao.

2. Eny, mamy tokoa ny mihaino Anao,
Ry Mpamonjy Mpanavotra anay!
Fa Sakaiza malala tokoa Hianao,
Te-hihaino Anao izahay.
O! andeha, rankizy madinika e!
Fa miantso Jesosy ery.
Mahafaly antsika ny teniny hoe:
"Avelao, izy mba hankaty."

3. O! ry Tompo tsy toha! Tsinjovy izahay,
Fa masiaka ny lion-dozabe,
Ka manenjika mba hahafaty anay
Sy mihaza ny ain-dehibe.
Mitsangàna, ry zaza madinika ô!
Mandosira ny loza ety,
Manatàna an'i Jeso Mpamonjy izao,
Ka modia ho an-danitra ary.

774 - Fony Jeso nivahiny

1. Fony Jeso nivahiny,
Nisy zazakely koa
Tonga tao, ka notahiny
Sy noraisiny tokoa:

Fiv : He, rankizy! He, rankizy!
Ny fitiavan-dehibe.:,:

2. Manatòna izao, rankizy!
An'i Jeso Tompo soa,
Fa mandray ny zaza Izy
Ka mitahy azy koa:
He, rankizy! sns...

3. Maro be ny zaza faly
Ao an-dapan-dRainy ao,
Afaka ota, afa-jaly,
Sambatra izay tonga ao;
He, rankizy! sns...

4. Mihobia izao, rankizy!
Fa isika koa hankao;
Eny, mifalia, fa Izy
Ho Sakaizantsika ao:
He, rankizy! sns...

775 - Ry Jesosy Tomponay, mamindrà fo aminay

1. Ry Jesosy Tomponay!
Mamindrà fo aminay;
Be ny hasoavanao,
Be ny fitiavanao:

Fiv : Zazakely izahay,
Mamindrà fo aminay.

2. Fony teto aminay
Hianao Sakaizanay,
Tia zaza Hianao,
Zaza notrotroinao
Zazakely, sns...

3. Masina sy marina

Hianao, ry Tomponay!
Hamasino izahay;
Mba ho zanakao tokoa;
Zazakely, sns...

4. Be ny fahavalonay,
O! Arovy izahay;
Manomeza fo madio,
Fo miankina aminao;
Zazakely, sns...

5. Ary raha tapitra
Ny iainanay aty,
Ento ny fanahinay
Honina ao an-danitrao;
Zazakely, sns...

776 - Mba ekeo, ry Jeso Tompo izahay madinikao

1. Mba ekeo, ry Jeso Tompo,
Izahay madinikao
Fa maniry te hanompo
Sy hanao ny sitrakao;
Tsy mba zaza no terena
Na nomena zava-tsoa
Fa minia manolo-tena
Ho Anao tokoa tokoa.

2. Tsy ny manan-kery ihany,
Na ny lalin-tsaina koa,
No mahazo miandàny
Aminao, Mpamonjy soa;
Fa ny mbola zaza osa,
Ka malemy toa anay,
Izay mba te-hidodododo
Homba Anao, Mpanjakanay

3. Maminay ny fanompoana
Izay natolotrao anay,
Ka hataonay sasa-poana
Izay mamily dia anay.
Fa ny hany mba ilaina,
Dia ny fanohananao;
Mba ho azonay vitaina
Izay rehetra sitrakao.

4. Enga anie ny faniriana,
Izay anananay izao,
Ka harahim-pitahiana
Sy hotanterahinao.
Dia ho feno fifaliana
Ny fanahy anatinay,
Ka tsy hisy hakiviana
Hanan-kery aminay.

777 - He, zaza marobe tokoa

1. He, zaza marobe tokoa
Ary an-danitra,
Mifaly amin'i Jeso,
Finaritra avokoa:

Fiv : He, mihoby mafy izy,
Ka midera an'i Jeso.

2. Moa nentin'iza izy ireo
Ho ao an-danitra ao
No miramirana endrika
Sy faly toy izao?
He! Mihoby, sns...

3. Jesosy Tompo no nandao
Ny lapa fahizay
Ka nahatonga azy ireo
Ho aminy ary:
He! Mihoby, sns...

4. Ny lambany novàny soa,
Dia lamba tena vao,
Ny fony nosasany koa,
Ka faly izy izao:
He! Mihoby, sns...
Amena.

778 - Vory izahay izao

1. Vory izahay izao
Eto anatrehanao.
Ry Jeso Tomponay!

Fiv : He! Faly ny fonay,
Faly, faly, faly,
He! Faly ny fonay,
Avy mba hidera, anao.

2. Saotra tsara entinay,
Dera koa atolotray
Anao, ry Tompo ô!
He! Faly, sns...

3. Zazakely izahay,
Fohy ny fisainanay,
Tarihonao izao:
He! Faly, sns...

4. Ela no nasianao
Soa ny mpanomponao
Ry Tompo be fitia!
He! Faly, sns...

5. Ao ny ray sy reninay,
Ary koa ny havanay
Ataovy olonao:
He! Faly, sns...

6. Zaza, ray sy reny koa
Dia hihaona avokoa
An-danitrao ary:
He! Faly, sns...

779 - Jeso Kristy Tomponay, Jeso Kristy, Avotray

1. Jeso Kristy Tomponay!
Jeso Kristy, Avotray!
Avy mba hidera Anao
Izahay mpianatrao.

Fiv : :,:Mihainoa, ry Jeso Tompo
Fa ny fonay, fa ny fonay,
Entinay midera Anao:,:

2. Zazakely izahay,
Zava-bitsy fantatray,
Koa ny mahasoa anay
Dia ankinina aminao.
Mihainoa, sns...

3. Mamindrà fo aminay,
Mamelà ny helokay,
Mba hiraisana aminao,
Fa izay no maminao.
Mihainoa, sns...

4. Mba tahionao izahay,
Ary koa ny havanay
Atsangano ho Anao,
Fa izay no sitrakao.
Mihainoa, sns...

780 - He, dera, laza, hery

1. He, dera, laza, hery
Anao ry Jeso ô!
Ny zaza no hilaza
Ny voninahitrao.
Hianao Mpanjaka tia,
Hianao no Tomponay,
Izay tonga ho Mpamonjy
Sy ho Mpisolonay.

Fiv : He, dera, laza, hery,
Anao ry Jeso ô!
Ny zaza no hilaza
Ny voninahitrao.

2. Midera Anao, ry Jeso!
Anjely maro be,
Ka izahay an-tany
Ta-hankalaza Anao.
Toy izay nataon'ny zaza
Izay tao Jerosalema,

Nitondra ny rofia
Ho fanajana Anao.
He, dera, sns...

3. Raha mbola tsy nijaly
Hianao, ry Tompo ô!
Nidera Anao ny zaza,
Ka faly Hianao;
Koa mbola hoderaina
Hianao ankehitrio,
Ry Jeso Tompo tia!
Mandrakizay doria.
He, dera, sns...

781 - Mijere ry ray sy reny!

1. Mijere ry ray sy reny!
Ireto sombin'ainareo Aoka tsy hirenireny,
Tano toy ny ainareo. Aza avela ho adala,
Ray sy reny ô! jereo; Aza mahafoy malala,
Fa tezao ho anareo.

Fiv : Indro ô! Indro ô!
Indro ny zanakareo, jereo, jeso ô!Jeso ô!
Indro ny zanakay mba vonjeo

2. Ray sy reny! Mananàra,
Aza mampanaram-po; Manomeza teny tsara,
Fa ny zaza hankatà:
Aza avela mba hanompa,
Aoka hotezainareo; Mampahory raha manota,
Aoka tsy hafoinareo.
Indro ô! sns...

782 - Lazao, lazao, rankizy

1. "Lazao, lazao, rankizy!
Izay nandaozan'i jeso
Ny fanjakany mba honina tety".
"Ry mpampianatray ô!
Hamonjy sy handio
Antsika olom-bery
No nihaviany".

Fiv : Mifalia izao,:,:
Misy avotra sy vonjy
Ho antsika aty

2. "Rankizy ô, rankizy!
Mpitrosa hianao,
Ka inona no omenao
Hanefa trosanao?"
"Ry mpampianatray ô!
Ny saina amam-po
Homenay mba ho Azy
Raha velona izahay".
Mifalia izao, sns...

3. "Rankizy ô, rankizy!
Hamonjy sy handray
Anao ve Jeso Tompo
Raha mino hianao?"
"Ry mpampianatray ô!
Matoky izahay
Fa efa maty Izy
Ho avotray to ko a
Mifalia izao, sns...

4. "Rankizy ô, angataho
Ny indrafony izao.
Ry Jeso ô, Mpamonjy!
Mba iantrao izahay
Ry Tompo ô! Ry Tompo!
Henoy, henoy izahay,
Na kely na vaventy,
Izay mitaraina izao:"
Mifalia izao, sns...

783 - He maharavoravo!

1. He maharavoravo!
Miantso zaza e

Ny Andriamanitra avo,
Mpanjaka lehibe:

Fiv : Ka andeha hanatona Azy,
Fa hot' ny Tomponao:
"Mba avelao ny zaza
Hanatona Ahy izao".

2.lsika mbola zaza,
Kanefa tian'ny Ray,
Na dia tsy hendry aza,
Na dia tsy mba mahay?
Ka andeha, sns...

3.Ny tahotra esory,
Ny henatra ario,
Tsy laviny akory,
Ka manatàna anio:
Ka andeha, sns...

4. Manetry tena Izy
Ka saotra no atao;
Isika mbola ankizy
Matoky Azy izao.
Ka andeha, sns...

5.He, maharavoravo!
He, mahafaly fo!
Fa zanaky ny Avo
Isika aty anio:
Ka andeha, sns...

784 - Jeso be fitia!

1. Jeso be fitia!
Zaza izahay,
Avy mitaraina
Mihainoa anay.

2. Bodo sy adala,
Indreo ny zanakao-,
jeso ô, malala!
Aza lavinao.

3. Mpiandry ondry mora!
Mba tarihonao;
Tano tsy hania
Ny ondrikelinao.

4.Aza avela hitady
Laza aman-jo!
Fa Hianao irery
No mahafa-po.

5.Tianao ny zaza,
jeso! fantatray,
Ka manolo-tena
Ho Anao izahay.

6.jeso be fitia
Zaza izahay,
Avy mba hidera;
Mihainoa anay.

785 - Izahay ankizy te-hidera Anao

1. Izahay ankizy
Te-hidera Anao,
Ry Jeso Mpamonjy!
Ka henoy izao.

2. Zanaky ny Avo,
Jeso Tomponay,
Faly sady ravo
Raha hatoninay.

3. Te-hifalifaly
Izahay izao;
Hira mifamaly,
Tianay hatao.

4. Te-hiravoravo
Miaraka aminao
Nefa mavomavo
Ka antsoy izao.

5.Te-hisoka-bava
Hankalaza Anao;

Hira lalandava
Satrinay hatao.

6.Sambatra ny zaza!
Izay t rot ro i nao;
Na kamboty aza,
Tonga zanakao.

786 - Ny teninao Jehovah Izay ianaranay

1. Ny teninao, Jehovah!
Izay ianaranay,
Dia tsara, tsy miova,
Ka ifalianay
He! Tena mananjara,
Izahay ankehitrio,
Fa lova tsara fara,
No azo amin'io.

2. Ireo zaza teo aloha
Dia tsy nahita izao
Tsy nisy hampifoha,
Natory foana tao;
Nahantra sady ory,
Niferina aina koa,
Tsy fantany akory
Izay tena foto-tsoa.

3. Mamiratra indrindra.
Ny masoandronay,
Milanto sy mirindra
Ny antom-piainanay;
Ny teninao ihany
No mahatonga izao,
He! Sambatra ny tany,
Fa mahalala Anao.

4. lrinay mba hihombo
Izay ianaranay,
Ampio koa mba hitombo
Ny saina anananay;
Ho avy zato heny
Ny voan'ny teninao,
Hiely eran-tany
Ny voninahitrao!

787 - Izay mahakolokolo no manana ny soa

1. Izay mahakolokolo
No manana ny soa,
Zahao ny tanimboly,
Izay fatratra tokoa,
Fa he ireo voninkazo
Mamerovero ao,
Toa nofy izay handazo
Andeha mba jereo.

2. lreo izay mahavatra
Handray ny voka-tsoa,
Ka tena tsy hahantra,
Tsy reraka tokoa;
Jereo ireo taninketsa
Mampanantena voa,
Fa soa tsy manam-petra
Sy hanim-be tokoa.

3. Izahay, ry ray sy reny,
No voninkazo koa,
Hamerovero any
An-tokatrano soa,
Tezao mba hihatsara.
Ny fofo-manitray,
Mba tsy harahin-tsento
Ny toetra anananay.

4. Izahay no toy ny ketsa
Ho vanona tokoa,
Hamoa tsy misy fetra,
Sy tena hahasoa.
Ny fiangonantsika,
Hahita valiny,
Ny fivavahantsika
Handroso hery koa.

788 - Ry Jeso Sakaizan'ny zaza

1. Ry Jeso Sakaizan'ny zaza,
Kanefa Mpanjaka malaza,
Midera ny anaranao, re,
Izahay vory eto izao,

Fiv : :,:Ny saotra sy dera aman-daza
No atolotray ho Anao.:,:

2. Ry Jeso malemy fanahy!
Manatona Anao tsy manahy
Ny zaza mivory aty izao,
Ekeo mba ho mponina ary.
Ny saotra sy dera, sns...

3. Fahiny Hianao tonga teto
Nanala ny rofy sy sènto,
Avia mitahy anay re,
Matoky Anao, izahay.
Ny saotra sy dera, sns...

4. Ry Jeso Mpamonjy sy Zoky!
Izay ampy tokoa mba toky,
Mifaly ny manana Anao izao,
Arovy ka aza mandao.
Ny saotra sy dera, sns...

789 - Zaza izahay, ry Jeso ô

1. Zaza izahay, ry Jeso ô!
Nefa Hianao dia tia anay
Injany re ny feonao
Miantso hoe: "Avia! Avia!"

Fiv : Mba raisonao re, mba raisonao re,
Ry Tompo ô!
Mba raisonao re, mba raisonao re,
'Zahay izao.

2. Zaza izahay, ry Jeso ô!
Hianao taty mba zaza koa;
Tarihonao ny hevitray
Hanahaka ny hevitrao!
Mba raisonao re, sns...

3. Zaza izahay, ry Jeso ô!
Ny tenanay malemy koa;
Kanefa, he, ny herinao
Miaro ny fanahinay!
Mba raisonao re, sns...

790 - Jeso ô, Sakaiza tsara

1. Jeso ô, Sakaiza tsara!
Be ny fitiavanao;
Tsy mba misy voarara
Tsy hihavana Aminao;
:,: Mahagaga:,:
Ny haben'ny antranao.

2. Jeso ô, mba manampia!
Ny mpanompokelinao
Tsy hivily, tsy hania,
Fa hanara-dia Anao,
:,: He, malemy,:,:
Nefa be ny herinao.

3. Jeso ô, Mpamonjy mora!
Manampia, mamonje,
Fa isan'andro, isan'ora
Misy fahavalo be
:,: Izay mamely;:,:
Ka harovanao anie!

791 - Tonga ny hariva

1. Tonga ny hariva,
Ka ny aizina
Efa mba madiva
Ho mpanarona.

2. Jeso ô, tsinjovy,
Ka tahio izahay,
Eny, mba arovy
Handry fahizay!

3. Maniraha anjely

Mba hiambina
Ahy zazakely
Raha maizina.

4. Ary raha maraina
Mba fohazy indray
Ho madio sy tsara
Eo imasonao.

792 - Misy zaza marobe

1. Misy zaza marobe
Faly, sambatra ao ambony,
Ny devoly lozabe
Tsy mamely azy intsony,
Izy ireo dia zazakely
Tonga naman'ny anjely.

2. Mba irionao tokoa
Ny ho naman'izy ireny,
Indro, misy zava-tsoa
Ho anao raha tonga eny,
Dia afoizo sy ario
Izay rehetra tsy madio.

3. Tompo, raiso izahay
Mba ho zanakao handova
Lapa soa rahatrizay,
Lova tsy miovaova;
Manan-jara aoka izany
Izay rehetra tonga any.

793 - Mba tsarovy re rankizy

1. Mba tsarovy re rankizy,
Ao am-piangonana,
:,:Tsy hatory, fa haniry
Mba ho zaza maotina.:,:

2. Tonga ao Jesosy Tompo,
Ka mihaino vavaka;
:,:Ny manatona hanompo
Raisiny ho zanaka.:,:

3. Mba hirao ny fiderana,
Ka ezaho mafy hoe:
:,:"Arahaba re, hosana!
Ry Mpanjaka lehibe!":,:

4. Eny Tompontsika Izy,
Tompo tsara, mora fo,
:,:Ka hatoninao, rankizy,
O, hatòny eram-po!:,:

5. Aza mba misalasala,
Atolory izao ny fo,
:,:Fa ny Tomponao malala
Faly ta-hamindra fo:,:

6. Ry Mpamonjiko mahery,
Raiso aho ho Anao,
:,:Raiso ho anao irery,
Raiso re, ka anjakao!:,:

794 - Ry Jesosy tsara ao an-danitra

1. Ry Jesosy tsara
Ao an-danitra,
Ikoto sy Ikala
Saro-tahotra.

2. Koa ny anjely
Mba irahonao
Ho anay izay kely,
Raha sitrakao.

3. Dia mba tantano,
Jeso, izahay,
Ary mba fahano
Ny fanahinay.

4. Hianao, Mpamonjy,
Dia tia anay;
Izahay voavonjy
Tia Anao indray.

795 - Jeso ô, Sakaizanay

1. Jeso ô, Sakaizanay
Ao an-danitra aminao
Misy zaza namanay
Mifaly ravo ao.

2. O, ry tia zaza ô!
Mba ampio izahay
Mba hifaly Aminao
Aty an-dasinay.

3. Raha mbola ho aty,
Mba tantano izahay,
Ka tariho ho ary,
Ry Zoky tia anay.

4. Ary raha tapitra
Ny anjaranay aty,
Raisonao mba hiditra
Ao aminao ary!

796 - Henoy izany hira vao

1. Henoy izany hira vao
Ery an-danitra,
Fa teraka Jesosinao
Ka mahafinaritra.

2. Ianaronao matetika
Ny fitiavany,
Fa sambatra sy tretrika
Izay sakaizany.

3. Atero zava-manitra
Sy volamenam-po
Ilay Mpanjakan-danitra,
Mpanjakantsika koa.

4. Valio fitiavana
llay Zoky tia anao,
Ateronao fisaorana,
Derao fa Tomponao

797 - Ry Jeso Zaza masina

1. Ry Jeso Zaza masina
Mitsaok'Anao izahay
Atolotray ho hasina
Ny tenakelinay.

2. Mihoby ny fanahinay
Mihaona aminao;
Ry zanak'Andriamanitray,
Tsy misy toa Anao.

3. Ny zavatra anananay
Dia aoka ho Anao,
Ny tena sy fanahinay
Mba hasoavinao.

4. Ny lanitra nafoinao,
Nilaozanao ny Ray
Mba hanavao ny olonao
Ho velona indray.

798 - Izahay zazakely manatona Anao

1. Izahay zazakely manatona Anao
Ry Jeso izay teraka androany
Fa tonga hanavotra anay Hianao
Ka faly izahay noho izany

Fiv : Mitehafa tanana
Dera no asandratra
Mihobia, mifalia
Fa Kristy Tompo teraka ho antsika.

2. lzahay zazakely maniry izao
Ho tena sakaiza tokoa.
Ka avy izahay mba hanaraka Anao,
Ry Jeso Mpanjaka Tsitoha.
Mitehafa, sns...

3. Izahay zazakely mangataka Anao
Hamory ny zaza rehetra,

Fa be ny ankizy miandry Anao
Ho Tompon'ny tany rehetra.
Mitehafa, sns...

799 - Zaza sambatra tokoa

1. Zaza sambatra tokoa,
Ry Jesosy, izahay,
Fa ny Tompo Zanahary
No mamelona anay.

2. Zaza sambatra tokoa,
Ry Jesosy, izahay,
Hianao nijaly mafy
Hanavotanao anay.

3. Zaza sambatra tokoa,
Ry Jesosy, izahay,
Ny Fanahy Mpanadio
Manamasina anay.

4. Zaza sambatra tokoa,
Ry Jesosy, izahay,
Fiarovanay tsy tohA
Hianao, ry Tomponay!

800 - Haleloia asandratray

1. Haleloia asandratray
Ho Anao ry Jeso ô!
Resinao ny rafinay
Fa nitsangana Hianao.

2. Foana ny fasana
Fa tsy nahatana Anao;
Ny fahafatesana
Dia nofolahinao.

3. Ka mihira izahay,
Fa nandresy Hianao,
Ka ho velona indray
lzahay madinikao.

4. Hianao hisaoranay
Raha hitsangana izahay
Ka handao ny fasanay
Mba handray ny lovanay.

5. Dera no ventesinay
Ho Anao, ry Zokinay;
Hoby no asandratray,
Ry Mpanjaka maminay.

801 - Izaho dia zaza, malemy osa fo

1. Izaho dia zaza
Malemy, osa fo,
Fa na izany aza,
Mba ondrin'i Jeso.

2. Ary an-danitra Izy
Mitsinjo ahy koa,
Satria ny ankizy
Dia tiany tokoa.

3. Anefa koa akaiky
Jesosy mamiko,
Fa Izy dia manaiky
Ho eto amiko.

4. Manafa-tahotra ahy
Ny tsorakazony,
Manaisotra ahiahy
Ny fitiavany.

5. lzao tsy mbola hita
Ny endrik'Izy izay,
Fa raha ary am-pita
Ho tafahaona indray.

802 - Misy ny fonenana

1. Misy ny fonenana
Vita re, ho ahy,
Tany ifaliana
Mamin'ny fanahy;
Ao tsy misy tahotra,

Ao ny Tompon'avotra,
Hira mahafinaritra
No ataon'ny any.

2. Saotra no hataoko ao,
Faly fa nandresy;
Hiakanjo fotsy vao,
Haingon'ny mpandresy.
Ny anjely masina
Hiaraha-monina,
Jeso Tompo marina
Hiampofo ahy.

3. Izaho voavidinao,
Ry Mpamonjy tsara,
Sady namboaranao
Lova tsara fara.
Koa mba arovinao
Toy ny ondrikelinao
Izaho izay fanananao,
Ry Mpiandry Tsara!

803 - Avia ry Fanahy ô, ho eto aminay

1. Avia, ry Fanahy ô!
Ho eto aminay
Ny fanahinay mba fenoinao
Ny hasoavanao.

2. Maloto ny fanahinay,
Ka mba diovinao;
Tsy mahomby re ny fihevitray,
Mba amboarinao.

3. He, zaza osa izahay,
Ka mba tantanonao,
Be ny ratsy izay te-hitaona anay
Ampio ny olonao.

4. O, ry Fanahy hendry ô,
Miandry izahay,
Manantena Anao hanadio ny fo
Henoy ny hatakay.

804 - O, ry Fanahy Masina

1. O, ry Fanahy Masina,
lzahay ampionao
Fa izahay madinika
Maniry ho Anao.

2. Ny fonay dia maizina,
Ka tsy mba fantatray
Ny tena làla-marina;
Tariho izahay.

3. Mba amorony fo vaovao
lzahay mpanomponao,
Ny ratsy mba esorinao
Hitiavanay Anao.

4. O, ry Fanahy Masina!
Mangataka izahay:
Mombà anay madinika,
Henoy ny hatakay,

805 - Izao rehetra izao dia mankalaza Anao

1. Izao rehetra izao dia mankalaza
Anao,
Ry Ray Mahery Tomponay tokoa
Ny zava-boahary no asan-tànanao
Ka tsara indrindra sady soa.

2. Miondrika aminao izahay madinikao,
Midera Anao, ry Rainay be fitia
Ampio izahay, ary mba arovinao
Ny fonay mba tsy haniasia.

3. Ry Rainay be fiantra, tariho izahay
Ho tonga zaza tia ny mazava,
Hifaly ao an-danitra ao rahatrizay,
Ho sambatra any lalandava.

806 - Avia ry zaza, avia izao

1. Avia ry zaza, avia izao

Fa indro ny Tompo miandry anao,
Lazao an'i Jeso ny zava-manjo
Fa Izy onena ny ory am-po.

2. Jesosy Mpamonjy nanavotra anao,
Ka zaza malalany koa hianao.
Ka dia matokia tokoa eram-po,
Fa Izy Mpanjaka mahery sy to.

3. Jesosy no tsy manadino anao,
Tsarovy izany ka mba andrandrao
Ny Tompo malala izay be indrafo,
Anao re ny lova tsy mety ho lo.

4. Sasaonao ny foko, Mpanavotra ô.
Ho tonga madio sy mendrika Anao,
Ho sambatra aho hahita Anao,
Mpamonjiko tsara ao an-danitra ao

807 - Manatona re, rankizy

1. Manatona re, rankizy,
Ny Mpamonjy avotrao,
Fa henoy miantso Izy,
Izao fotoana anio izao.
"Zaza be faniasia,
Miverena hianao;
Ondry kely, malakia,
Manaraha Ahy izaol"

2. Ny devoly andosiro,
Ka ny ota ialao,
Fa ny tsara no fikiro,
Tiavo re Jesosinao;
Miovà ka manenena
Noho ny ota izay natao,
Raisonao ny famonjena
Ka hazony hatrizao.

3. Miaingà ka manompoa
An'i jeso Tomponao,
Tanteraho avokoa
Ny anjara asanao;
Halaviro re ny laina,
Miasà ka mazotoa,
Hatanjaho re ny saina,
Mahareta, mandrosoa.

808 - Eo an-tratranao Jesosy

1. Eo an-tratranao Jesosy
Dia mahafinaritra;
Fa ny hafa mampahory
Ka tsy mahasambatra.
Raha Hianao no aro
Afaka ny tahotro,
Raiso ho Anao ny foko
Ry Jesosy tia ô.

2. Mampifaly ahy koa.
Jeso, ny fitianao;
Zara mamiko tokoa
Izany ampofoinao;
Na matory na mifoha
Dia eo an-tratranao;
Ry Mparnonjy Tompo soa,
Hoderaiko Hianao.

3. Izaho tena tsy tamàna,
Raha lavitra Anao
Fa mitebiteby lava
lzay tsy eo ankaikinao;
Eo an-tratranao, Jesosy,
Tsara hitoerako,
Eo ihany e! no misy
Zava-tsoa mahafa-po.

809 - Jeso Sakaizan'ny zaza, Tompo tokoa

1. Jeso Sakaizan'ny zaza, Tompo tokoa,
Jeso Sakaiza malaza, Mihainoa!.

2. Zaza izahay mitaraina Aminao;
Mbola marefo ny aina, Tanonao.

3. Jeso, Sakaiza malala, Tokinay,
Aoka mba tsy ho adala izahay.

4. Jeso ô, ampianaro izahay.
Jeso ! avia hiaro ny dianay

5. Zaza izahay, ka sakano tsy hania,
Kely izahay, ka tantano, jeso tia.

6. Ary ny ray aman-dreny raisonao,
Aoka ny fony homeny Anao.

7. Jeso, Sakaizan'ny zaza, Tompo koa !
Jeso, Sakaiza malala! Mihainoa

810 - Tompo, manampia ny mpianatrao

1. Tompo, manampia ny mpianatrao,
Ary mitahia ny madinikao,
Mba ho tonga zaza sitrakao izahay
Zaza mankalaza ny Mpanavotray.

2. Maminay tokoa ny anaranao,
Sambatra avokoa re ny havanao;
Manana anjara any Aminao,
Ry Mparnonjy tsara, ny madinikao.

811 - O, rankizy izay mivory

1. O, rankizy izay mivory,
Mba derao ny Tompo soa,
Ka ny fonao atolory,
Ny fanahy tena koa.
:,:Mba venteso re ny hira,
Ka derao ny Tomponao.:,:

2. O, Ry Tompo be fitia,
Mba henoy ny zanakao;
Fa miantso hoe, Avia!
Mànatreha anay izao !
:,:Izay hataonay re tahio
Ho madio sy masina:,:

3. Mba tolory fahendrena
lzahay madinikao,
Ka omeo ny famonjena
Hifikirana aminao,
:,: O, tarihonao ny dia
Hahitana Anao, ry ray! :,:

4. He ny fonay manontolo,
Izay mangetaheta re,
Dia atolotray daholo,
Aza dia lavina e!
:,:Mba onenonao ny fonay
Ho Anao mandrakizay! :,:

812 - Ry Jeso Zokinay ô

1. Ry Jeso Zokinay ô!
Jeso malalanay,
Henoy ny vavakay izao;
Fa zandrinao izahay.

2. Batisa no nandio
Anay ho zandrinao,
Ka dia mba tahio
Hanaraka Anao,

3. Ry zokinay malala,
Arovy izahay
Fa be ny manadala,
Manimba ny fonay.

4. Ry Zokinay malala,
Trotroy ny zandrinao,
Rehefa mba hiala
Ho any aminao.

813 - Tia zaza

1. Tia zaza,
Tia zaza,
Ny Jesosinay!
Lanitra nafoiny,
Zaza notrotroiny
Tia zaza,
Tia zaza
Ny Jesosinay.

2.Trano tsara,
Tany tsara
Namboariny,
Trano be anjely,
Ho anay izay kely,
Trano tsara,
Tany tsara
Namboariny.

3. Voankazo,
Voninkazo,
Tsara fofona,
Tsy halazo intsony
Ao Edena ambony
Voankazo,
Voninkazo,
Tsara fofona.

4. Zazakely
Sy anjely,
Samy sambatra;
Hira no hirainy
Ao an-tranon-dRainy.
Zazakely,
Sy anjely,
Samy sambatra.

5. Seza tsara,
Lamba tsara,
Ho antsika ao;
Hiakanjo lava
Fotsy lalandava.
Seza tsara,
Lamba tsara,
Ho antsika ao.

6. Ento mora,
Ento mody,
Jeso, izahay,
Ho an-tranon-dRainao,
Fa ao no tranonay
Ento mora,
Ento mody,
Jeso, izahay.

814 - Tsara re, ny lanitra

1. Tsara re, ny lanitra
Sady mahafinaritra!
Ao ny Rainay be fitia,
Ao ny zaza tsy mania,
:,: Ao ny fifaliam-be.:,:

2. Ondry kely izahay,
Ary tsy mba fantatray
Ny hanio aty an-tany,
Ka maniry mba ho any
:,: Aminao, ry Tomponay:,:

3. Ry Mpiandry Tsara Ô!
Aoka mba hamindra fo
Aminay izay mbola kely
Mba iraho ny anjely
:,: Ho mpiambina anay:,:

815 - 'Lay ora tao Getsemane

1. 'Lay ora tao Getsemane
Tsaroako tsara izao,
Fa Tompo tia sy lehibe
No ory loatra tao;

Fiv : Tsaroako 'zao Getsemane
'Zay niaretanao,
Tsy haiko hadinoina re,
'Lay fahoriana tao.

2. Ny mpianatrao, malalanao
Natory avokoa;
Nafoin'izao, rehetra izao,
Jesosy Tompo soa;
Tsaroako 'zao, sns...

3. Nanjary ra ny dinitrao
Noho ny helokay;
Fadiranovana Hianao
Nisolo voina anay;

Tsaroako 'zao, sns...

4. Soraty ao am-poko re,
Ho sary velona ao,
Ny sarin'i Getsemane
Zay niaretanao;
Tsaroako 'zao, sns...

816 - Ny lohan'ny eklesia dia Jesosy Tompony

1. Ny lohan'ny eklesia
Dia Jeso Tompony,
Ny rano aman-teny
No iorenany,
Nitady azy Izy
Ho ampakariny,
Nalatsany ny rany
Ho avo-tsoany

2. Na be ny firenena
Izay ihaviany,
Iray ny famonjena
Izay inoany
Iray ny antenaina
Rehefa mby ary;
Iray no mofon'aina
Izay fihinany.

3. Na dia mba hita aza
Ny fisarahana,
Na dia tsy manan-daza
Ny Fiangonana,
Miambina ny mino,
Ka mitaraina hoe:
«Aza ela, ry Mpamonjy,
Avia, mamonje!»

4. Tsy ela dia ho hita
Ilay Mpampakatra
Tsy ela dia ho vita
Ny ady masina;
Ny rafy horeseny,
Ny loza tapitra,
Fa Izy ho tonga eny
Am-pitsaharana.

5. Iraisany anefa
Andriamanitra
Sy ireo izay nahefa
Ny ady masina.
Ry Tompo, miarova
Anay izay mbola aty,
Hiraisanay handova
Ny lanitra aminy.

817 - Ry Andriamanitra Rainay, mihainoa

1. Ry Andriamanitra
Rainay, Mihainoa
:,: Mihainoa,:,:
Miondrika eto anatrehanao 'zahay,
Fa Hianao no Andriamanitray
Ka henoy izahay!

2. Ry Jeso Kristy,
Zanak' Andriamanitray, mamonje!.
:,:Mamonje!:,:
Fa Hianao no Mpamonjy izao
tontolo izao,
Ary ny Ranao no nanavotanao
Ka vonjeo izahay

3. Ry Fanahy Masina,
Mpanavotra anay diovinao.
:,: Diovinao! :,:
Fa Hianao no mahay
manadio ny fonay
Mba ho tempoly mendrika ny
hitoeranao,
Diovinao izahay!

818 - Ry Zanakondry ô, Mpisolo ny mpanota

Ry Zanakondry ô, Mpisolo ny mpanota!
Mamindra fo aminayl

Ry Zanakondry ô, Mpisolo ny mpanota!
Mamindra fo aminay.
Ry Zanakondry ô, Mpisolo ny mpanota!
Omeo anay ny fiadananao!
Tompo ô, mba miantrà!
Mamelà re, ny helokay!
Niara-nanota izahay tamin-drazanay,
Ka tsy mba madio, fa ratsy ny toetray!
Ry Tompo ô, aza ataonao aminay araka ny fahotanay,
Ka aza averina aminay ny helokay!
Henoy ny hatakay.
Ka raisonao ny fifonanay
Amen!

819 - Andriamanitra Tompo ô, Ray, Fanahy, Zanaka

Fizarana I
1. Andriamanitra Tompo ô
Ray, Fanahy, Zanaka,
Mihainoa anay izao,
Ry Telo izay Iray.

2. Jeso Zanak'i Maria,
Naka endrik'olona
Tonga zaza toa anay:
Mihainoa, Jeso ô!

3. Notafian-dreninao
Lamban-jaza Hianao
Tao anaty vilona:
Mihainoa, Jeso ô!

4. Novangian'olona
lzay niandry ondriny
Tao an-tsaham-Betlehema
Mihainoa, Jeso ô!

5. Notezaina Hianao
Notrotroin'i Simeona,
Notompoin'i Ana koa,
Mihainoa, Jeso ô!

Fizarana II
6. Amin'ny avonavona
amin'ny fahatezerana
Amin'ny fialonana
Mamonje, ry Jeso!

7. Amin'ny hevi-tsy madio,
Amin'ny teny ratsy koa,
Amin'ny fahasarotam-po
Mamonje, ry Jeso

8. Hankato ny didinao
Hankahala heloka,
Mba ho zanakao tokoa,
Mitariha, Jeso!

9. Mba hazoto izahay,
Tia fivavahana,
Tsy ho resin'i Satana,
Mitariha, Jeso

Fizarana III
(Ny feon'ny Fizarana I no ihirarana an'ity)
10. Noho ny nahaterahanao
Noho ny ranomasonao,
Noho ny fahorianao
Mamonje, ry Jeso

11. Noho ny satro-tsilonao,
Noho ny ra nalatsakao,
Noho ny nitsangananao
Mamonje, ry Jeso !

12. Noho ilay Anaranao
londrehan'olona
Sy ny ao an-dranitra
Mamonje, ry Jeso

13. Noho ny herinao tsy hita
Noho ny voninanirrao,
Noho ny famindraponao
Mamonje, ry Jeso!

820 - Jeso Kristy Tomponay

1. Jeso Kristy Tomponay,
Zanaka malalan-dRay,
No naetry ho anay;
Mamonje anay anie.

2. He! ny fahatsoranao
Sy ny hadiovanao
Tsy mpanota Hianao;
Mamonje anay anie.

3. Hianao no marina,
Mora fo sy masina,
Ary tsy mialona;
Mamonje anay anie.

4. Tsy niala sasatra,
Tsy nandà ny sarotra,
Fa nitondra henatra.
Mamonje anay anie.

5. Heloka, tsy rariny;
Hianao najaliny
Tao an-tampon'i Kalvary;
Mamonje anay anie.

6. Lasanao ny helokay
Raha mibebaka izahay
Tsy manao ny sitrakay
Mamonje anay anie.

7. He! ny fitsangananao,
Resy ny fahavalonao
Tamim-boninahitrao,
Mamonje anay anie.

8. Hianao, ry jeso ô!
Anateranay izao
Saotra izay anjaranao;
Mamonje anay anie.

9. Fo, fanahy, tena koa,
Ho anao mba hahasoa
Izay rehetra tia tokoa;
Mamonje anay anie.

821 - Rainay ô, Mpamorona

1. Rainay ô, Mpamorona!
jeso ô, Mpanavotra,
Ary ny Mpananatra;
Mihainoa, ry Tompo!

2. Hianao no foto-tsoa
Sy harem-panahy koa,
Handrosoanay tokoa;
Mihainoa, ry Tompo

3. Be ny heloka natao,
Be ny famindramponao,
Mamelà anay izao;
Mihainoa, ry Tompo

4. Malahelo izahay,
Fa maditra hatrizay,
Aza mba mandao anay;
Mihainoa, ry Tompo

5. Mba diovy ny fonay,
Hatanjaho ny sainay,
Ahitsio ny dianay;
Mihainoa, ry Tompo

6. Be tokoa ny indrafo
Izay naseho ho anay,
Tena latsaka ao am-po;
Mihainoa, ry Tompo!

7. Eny, famonjena re,
Hahitanay aim-be,
No he, vitanao tety;
Mihainoa, ry Tompo

8. Aina, hery, andro koa
No atolotray tokoa,
Mba hahaizanay ny soa;
Mihainoa, ry Tompo

9. Ho Anao tsy tapitra;
Haja, dera, saotra koa,
Ho Anao mandrakizay;
Mihainoa, ry Tompo
Amena.

822 - Nohariana mba ho tsara ny tontolo

1. Nohariana mba ho tsara ny tontolo
Ka ho sambatra, ho mendrika ny Ray
Nihasimba, simban'ota dia nisolo
Fanjakan'ny haratsiana mahamay,
Nisy anefa Tompo izay nampanantena
Mba hamerina ny soa 'zay efa very
Kristy fiainana mizara famonjena,
Tokana no azo antok'Izy irery.

2. Noharina mba ho iray isika mpino
Ka hanompo Tompo tokana Tsitoha
Ndrisy anefa, fa mikipy manadino
Fa matory am-pisarahana tsy mifoha
Nisy anefa, mbola misy Tompo iray
Azo toky fa hamory ny mania
Kristy fiainana, hanangona indray
Ny Fiangonany hiray raha toa minia

3. Tsia, tsy nisy nohariana mba hijaly
Tsia, tsy nisy voatokana ho faly
Tsy hi-fandrafy sy hiady sanatria
No namoronana ny olona, ô, tsia!
Fa ireny vokatry ny kihotana
Ka mamikitra, tapisaka, lovàna
'Reo rehetr'ireo ho levona sy foana
Raha Kristy Fiainana no ho Tomponao.

823 - Hoderaina tokoa Hianao, ô ry Ray

1. Hoderaina tokoa
Hianao, ô ry Ray
Noho ny teny soa,
Izay nomenao anay
Fiv : Teninao ny Baiboly
Andriamanitra Ô!
Teny fiainana
Ho an'izao tontolo izao.

2. Fa ny Teny nomenao,
Tompo ô, Ray Tsitoha,
Manadio, manavao,
Mampahery ny fo!
Teninao sns...

3. Mitsangàna hanompo
0! ry mino izao,
Ka ny tenin'ny Tompo
No torio, ambarao.
Teninao sns...

4. Dia tariho lalandava
Mba hiely, ry Ray,
Teny soa hanazava
Ity firenenay!
Teninao sns...

824 - Ry Andriamanitra nahary

1. Ry Andriamanitra nahary,
Isaoranay ny Anaranao
Nasehonao miharihary
Ny herin'ny fitiavanao:

Fiv : Fa ny Fiangonanao najoro
Ho fiorenam-pahamarinana,
Dia vatolampy tsy hikoro
Sy andry azo ifikirana,

2. Ny teninao, Jeso Mpandresy,
No nifahiran-dRasalama
Tanaty memy nifanesy
Sy fiakarana malama:
Fa ny Fiangonanao sns...

3. Ny tranomaizim-pijaliana,
Nampian'ny lefona mifofo,

Nanjary hiram-pihobiana
Nandresy lahatra ny nofo:
Fa ny Fiangonanao sns...

4.Ilay nantsoina ho maritiora,
Fitarikandro nanazava,
Namerovero toy ny miora,
Nandroaka aizina hisava:
Fa ny Fiangonanao sns...

825 - Raha manjavona ny andro

1. Raha manjavona ny andro
voasarona avokoa
Ny tendrombohitra avo
sy ny lohasaha koa
Sy ny renirano tsara izay
mangarana madio.
Tsy hita ankehitriny
fa manjavona anio.

Fiv : Na manjavona aza anio
Nefa ao ambony ao
Ny mazava lalandava
Tsy miova na mandao :,:
Matokia, ry sakaiza
Aza kivy hianao.

2. Raha misava indray ny andro,
dia ho hita avo-koa
Ny tendrombohitra avo
sy ny lohasaha koa
Sady ao ny renirano
ka mangarana izao,
Ka afaka ny zavona
nanarona azy tao:
Na manjavona aza anio, sns...

3. Raha mbola aty an-tany
ka vahiny izahay,
Manjavona matetika
tokoa ny andronay.
Na dia ao ny masoandro aza,
takona izy 'zao
Fa maizina ny andro,
ka tsy fantatra fa ao:
Na manjavona aza anio, sns...

4. Raha tapitra ny dian'ny fanahinao
aty,
Fatiny Ka lasan'Andriamanitra
ho aminy ary,
Tsy hanjavona ny andro,
fa tsy misy rahona ao,
Hazava ery an-danitra avokoa
ny andronao.
Na manjavona aza anio, sns...

826 - Taona tokana sarobidy

1. Taona tokana sarobidy
Ka isaorana Ilay Tsitoha
Tena taona mba fitadidy
Fa tsingerina mampifoha
Ny hafalian'ny lohantaona
No manenika izato lasy
:,:Fa naharitra ka tsy foana
Ny Baibolin'ny Malagasy:,:

2. Ny vahoakan'ny firenena
'Njao mianoka fifaliana
Fa ny Tenin'ny Famonjena
No rnivimbina fitahiana
Ka manenika ny eran-tany
Sy manerana ny tontolo
:,:Ary isany tamin'izany
Ny taninay ka niova volo.:,:

3. Be ny sarotra nosetraina
Be ny sakana izay nandrara
Nisy aza famoizana aina
'Zay voarakitry ny tantara.
Nefa, tao Andriamanitra
Ka ny Teniny tsy mba resy
:,:No sabatra iray maranitra
Nampahatoky sy nampandresy:,:

4. Irina indrindra ho tafatoetra

Hitondrana ny firenena,
Ho filamatra, tarigetra
Izany tenin'ny Famonjena:
Ny fitiavana hahazo laka,
Filaminana no hiseho,
:,:Fiadanana no hanjaka,
Ny fahantrana ho foana hatreo:,:

827 - Na mamely ny tafiotra lehibe

1. Na mamely ny tafiotra lehibe
Sy mandrivotra fatratra
Ka efa mila hahavery saina re!
Hozakaiko fa lahatra
Jeso Tompo no amiko izao
Ka ny loza resiny avokoa
Izy no mitondra ahy mba ho ao
Amin-dRainy handova ny soa.

Fiv : Mandrosoa hoy ny Tompo
Fa Izaho hitondra anao
Ka hitandrina anao
Sy hanatitra anao
Any Ziona fonenan'ny Ray

2. Na dia maizina ny lalako ety,
Sady be fahavalo koa
Kelikely foana dia ho tonga ary
Ka ho tretrika ao tokoa.
Jeso Tompo no misakambina
Sy mihazona ny tanako roa,
Sady be fitia ka te-hiambina
Ny fanahy sy ny aiko koa.
Mandrosoa hoy ny Tompo, sns...

3. Reko re ny alon-drano lehibe
'Zay mamely ankehitrio;
Ka toa kivy ny fanahiko mandre,
Kanjo tsara ho ahy io.
Fa tsy tiako ny hanalavitra
'Lay Mpanafaka ny zava-manjo,
Raha toa ny saiko tsy finaritra,
Ka mangovitra mafy ny fo.
Mandrosoa hoy ny Tompo, sns...

Auto Draft

AN 1 - Masina, Masina

Masina, Masina
Jehovah Tompo!
Feno ny voninahitrao
Izao rehetra izao,
ry Tompo ô! Amena.

AN 2 - Toy ny diera

Toy ny diera maniry ny rano an'ony,
ny foko maniry Anao.
Ry fanahiko! nahoana moa no
mitanondrika hianao,
ka mitoloko ao anatiko? Manantenà ny
Tomponao.

AN 3 - Ny Tompo hajao

Ny Tompo hajao
noho ny fahamarinany
sy ny fahamasinany.
Matahora Azy re,
ry vahoaka marobe!
Ny voninahiny mahagaga.
He ny heriny sy ny hatsaràny

AN 4 - Ary maro

:,: Ary maro, ary maro, ary maro
amin'izay matory ao, matory ao,
matory ao, matory ao,
amin'ny vovoky ny tany no hifoha, no
hifoha, no hifoha.:,:

:,: Ary izay hendry dia hamirapiratra,
ary izay hendry dia hamirapiratra,
ary izay hendry dia hamirapiratra,
toy ny famirapiratry ny lanitra.:,:

:,: Ary izay mamerina ny maro,
ary izay mamerina ny maro,
ho amin'ny fahamrinana,
dia ho tahaka ny kintana mandrakizay
doria.:,:

Amena.

AN 5 - Indro ny aron'ny mandanao

Indro ny aron'ny mandanao,
Ry Jerosalema! Miadàna ka mandria
fahizay.
Mandry tokoa ny tany izao.
Fa jehovah manampy anao, ka aza kivy
fo..
Aza mangina, fa ny faneva no
atsangano.
Haleloia! Amena.

AN 6 - Miderà an'i Jehovah

Miderà, miderà, miderà an'i Jehovah.
Miderà an'i Jehovah, ry firenena rehetra.

:,: Miderà, miderà, miderà Azy, ry olona,
ry olona rehetra.
Miderà Azy, ry olona rehetra.
Miderà Azy, ry olona rehetra.
Fa lehibe ny famindrampony amintsika,
Fa lehibe ny famindrampony amintsika.
Ary mandrakizay, ary mandrakizay, ary
mandrakizay
ny fahamarinan'i Jehovah.
Haleloia, Haleloia, Haleloia, Haleloia,
Haleloia!:,:

AN 7 - Tamin'ny andro voalohany

:,: Tamin'ny andro voalohany amin'ny
herinandro,
dia nankany amin'ny fasana izy,
nitondra zava-manitra izay efa
namboariny.:,:

:,: Ary hitany fa indro ny vato efa
voakodia niala tamin'ny fasana.
Dia niditra izy, nefa tsy hitany ny
fatin'i Jesosy Tompo.
Ary raha mbola very hevitra
tamin'izany izy ireo,
indreo nisy roalahy niseho taminy,
nitafy fitafianà manelatrelatra.:,:

:,: Ary nony natahotra izy ka
niankohoka,
dia hoy izy roalahy taminy.
Nahoana no ato amin'ny maty no
itadiavanareo ny velona?
Tsy ato Izy fa efa nitsangana;
tsarovy ny teny izay nataony taminareo,
fony lzy mbola tany Galilia hoe: :,:

Ny Zanakolona tsy maintsy hatolotra
eo an-tànan'ny mpanota ki hohomboana
amin'ny hazo fijaliana, ary, ary,
hitsangana,
hitsangana amin'ny andro fahatelo.:,:

AN 8 - Mandrakizay ny Anaranao no hoderaiko

Mandrakizay ny Anaranao no hoderaiko
eram-po, eran-tsaina.
Hianao, ry Jehovah!
no hoderaiko eram-po, eran-tsaina;
fa tsara sady miantra Jehovah,
mahatsindry fo ka tsy maika.
Izao asany rehetra izao dia samy tiony
sy amindrany fo.
Ny Anarany lehibe hoderaiko sy
hankalazaiko.

AN 9 - An'i Kristy ny fanjakana

An'i Kristy ny fanjakana,
Azy izao na ny hery,
na ny fahefana,
na ny fandresena.
Azy koa na ny voninahitra,
na ny fiandriananan
na ny laza Mpanjaka mandrakizay
Kristy Tomponay.
Azy irery ny seza fiandrianana
sy ny satro-boninahitra.
Azy izao sy mandrakizay.

AN 10 - O! mihobia, ry vahoaka any Ziona!

O! mihobia, ry vahoaka any Ziona!
Fa indro, ny Masina Jehovah Mpanavotra,
Mitsangan-kitahy eo afovoanareo,
Hahatsara an'i Ziona mba ho tany hiadananareo.
Sambatra ao Ziona fonenanareo.
Endre, ny tranom¬panjakana ao Ziona!
Izahao. Hotantaraina hatramin'ny farany,
samy hahare izay taranakareo.
O! mihobia, ry vahoaka any zona!
Fa indro, Jehovah eo afovoanareo.

AN 11 - O, lanitra! O, tany masina!

O, lanitra! O, tany masina!
Raha tapitra ny asanay,
dia ravo aminao.
Ny mandanao no hitanay,
sy vavahady soa;
ny lalam-bolamena koa no hodiavinay.
Fonena-mahasambatra,
tsy misy heloka.
Ny làlana mahazo ao no mba hizorako.
O, lanitra! O, tany masina!
Nahoana ny ho faty re no hatahorako?
Ny lanitra honenako mandrakizay
doria.
O, lanitra! fonena-masina!
O, lanitra! ny dianay havitrika ho tonga aminao.
O, lanitra! ho tonga aminao.

AN 12 - He ny aiko tsy lalaiko

He ny aiko
Tsy lalaiko
Hamonjeko ny fanahinao;
Famonjena
No nomena,
Kanefa tsipahinao.

Menatre aho,
Ry Mpamonjy!
Mamelà ny mpanomponao!
Fa ny tena
Sy fanahy
Omeko Anao izao.

AN 13 - Akory ny hamaroan'ny asanao

Akory ny hamaroan'ny asanao, ry Jehovah ô! Fahendrena no nanaovanao azy rehetra. Henika ny asanao izao tontolo izao. Ao ny ranomasina feno zava-manana aina, na kely na lehibe. Indro ny lanitra, feno famirapiratana mahagaga; ary ny tany rehetra samy feno zavatra avokoa, ka mampiseho ny voninahitrao, Andriamanitra ô!

AN 14 - Haleloia! Iza moa ireo miakanjo fotsy lava

Haleloia! Iza moa ireo miakanjo fotsy lava, ary avy taiza izy ireo? Ireo no avy tamim-pahoriana lehibe, ny akanjony nosasany sy nofotsiany tamin'ny ran'ny Zanakondry! Haleloia! Ary noho izany

dia mitoetra eo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra izy, ka manompo Azy andro aman'alina eo amin'ny tempoly. Tsy ho noana na hangetaheta intsony ireo, fa ny zanak'ondry izay eo afovoan'ny seza fiandrianana no ho Mpiandry azy, ka hitondra azy amin'ny ranon'aina, ary hofafan'Andriamanitra ny ranomasony rehetra amin'ny masony.

AN 15 - Voninahitra amin'ny avo indrindra

Voninahitra amin'ny avo indrindra ho an'Andriamanitra, ary fiandrianana ho Anao, ry Tompon'ny tompo! Miankohoka eo anatrehanao izahay.

:,: Derao, hobio ny Anaran'i Jehovah! Azy anie ny dera sy ny laza ety an-tany ka hatrany an-danitra! Dia hamasino izahay, ry Tompo ô, hitoeran'ny voninahitrao.:,:

Voninahitra amin'ny avo indrindra, ho an'Andriamanitra, ary fiandrianana ho Anao, ry Tompon'ny tompo! Miankohoka eo anatrehanao izahay.

AN 16 - Isaoranay Jehovah Tomponay

Isaoranay Jehovah Tomponay, isaoranay Andriamanitray; fa be fitia ny Tomponay, ny Tompo tia anay, Mpanjaka tia, Mpamindra fo. Deraina Hianao. Isaoranay izao, fa be fiantra Hianao, Mpanjaka be fitia. Isaoranay ny Tomponay. Ny tany aty mandray fitahiana; ny lanitra ary mamoaka ny soa, ka misy tokoa ny vokatra tsara, Jehovah Tsitoha manambina anay. Deraina ny Anaranao Andriamanitray. He! faly izahay izao manao ny hiranay! Isaoranay Andriananaharinay Mpanjaka be fitia.

AN 17 - Manopy ny masoko ho amin'ny tendrombohitra aho

Manopy ny masoko ho amin'ny tendrombohitra aho. Avy aiza ny famonjena ahy? Ny famonjena ahy avy amin'i Jehovah, izay namorona ny lanitra sy ny tany. Jehovah no Mpiaro anao. Ny Tompo no fialofanao eo amin'ny ankavananao. Ny masoandro tsy hamely anao amin'ny atoandro na ny volana nony alina. Jehovah hiaro anao amin'ny ratsy rehetra. Hiaro ny fanahinao Izy na mivoaka na miditra, hatramin'izao ka mandrakizay; Jehovah hiaro anao amin'ny ratsy rehetra hatramin'izao ka ho mandrakizay. Haleloia! Amena.

AN 18 - Saotra, dera, an'Ilay Mpanjaka Tompo Tsara

Saotra, dera, an'Ilay Mpanjaka Tompo Tsara, dia Andriamanitra. Izy mitahy ny taona ka finaritra re ny vahoaka, fa Izy miaro ny loza tsy hitranga matetika. Ny ranonorana tonga hanatsara ny zavatra maro; izay fitahiana rehetra dia ateriny avokoa. Miderà, saotra no atero, fa tsy mba diso fanomezana. Izy no derao eo anatrehan'ny vahoaka maro. Miderà, saotra no atero, fa tsy mba diso fanomezana. Izy no derao re, Izy no derao eo afovoan'ny fiangonana.

AN 19 - Didy vaovao no omeko anareo

Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo. Eny, aoka ho

tahaka ny nitiavako anareo, no mba hifankatiavanareo koa. Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, fa mpianatro hianareo, fa mpianatro hianareo, raha mifankatia.
Izao no didiko, izao no didiko, izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo, tahaka ny nitiavako anareo. Tsy misy manana fitiavana lehibe, lehibe noho izao: manolotra, manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany.

AN 20 - Endrey ny hatsaran'ny trano

:,:Endrey ny hatsaran'ny trano, tranonao, Andriamanitra ô! Maniry anao ny foko sy fanahiko. Sambatra izay, izay mitoetra, sambatra izay mitoetra ao an-tranonao, tranonao. Hidera Anao, Tompoko: Tompoko sy Andriamanitro.:,: Amen.

AN 21 - Jehovah ô! Hianao no Vatolampy

:,:Jehovah ô! Hianao no Vatolampy iorenan'ny finoanay sy fanantenanay, Jehovah ô, Jehovah ô!:,:
Mpamonjy mora azo indrindra, ka mety mba hanavotra izay manota.
Jehovah ô, Hianao no faleha: mijere anay, ry Tompo Masina ô! Dia tafionao ny hery vaovao ny mpanomponao, ho mendrika ny asa izay atao izao, aty antranonao, noho ny fitiavanao anay.
Ka ny dera aman-data, hery voninahitra anie, ho Anao mandrakizay, Jehovah Tompo ô! Jehovah ô! Jehovah ô!
Jehovah ô! Hianao no faleha: mijere anay ry Tompo Masina ô!

AN 22 - Jehovah Tomponay ô! Ray mandrakizay

Jehovah Tomponay ô! Ray mandrakizay, Andriamanitra Mpanjakanay, manerana izao rehetra izao ny herinao. Tsy tratry ny fisainanay ny voninahitrao, an-danitra ao.

Te-hidera Anao izahay noforoninao. Kanefa tsy hainay izay vavaka ho enti-mankalaza ny fiandriananao. Fa masina sady marina, be fahendrena, Hianao Izay andohalehan'izao tontolo izao.
Noho ny famindramponao izay maharitra mandrakizay, Tompo ô! mba omeo ny Fanahinao Masina, hifona sy hitaraina ho anay. Amin'ny Anaran'i Jesosy Zanakao, mba henoy ny fivavakay.:,:

Noho ny haben'ny fahasoavanao, ary noho ny fitiavanao, jereo, Tompo ô, ny Fiangonanao! Mba ampiraiso, hatanjaho, arovy izy, mba hijoro amin'ny Teninao. Ka na mafy ny tafiotra sy ny alon-dranomasina, ny Ran'ny Zanakao no hamonjy azy sy hanavotra azy. Ampitomboy ny finoany.
Ny Anaranao ankalazaina mandrakizay, sy hanefanay isan'andro nyvoadinay.
Mba raiso ny fisaoranay. Henoy, henoy ny vavakay, ry Tompo ô!

AN 23 - Hoderaina ny Anaranao, ry Andriamanitra ô

Hoderaina ny Anaranao, ry Andriamanitra ô! Tompo be fahasoavana, mba henoy ny vavakay!
Ry Mpanjakan'ny mpanjaka ô! Raiso ny fifonanay! O ry Tompo Mpampionona, mba henoy ny vavakay! Mihainoa ny

vavakay, mihainoa ny vavakay! Tompo tia sy Mpamindra fo! Mihainoa anay. Amen!

AN 24 - Miderà ny Tomponao

:,: Miderà ny Tomponao:,:
Ry Jehovah Tomponay, tafavory izahay; avy hankalaza Anao izahay vahoakao.
Faly, ravo izahay noho ny soa azonay; tonga mba hisaotra Anao voavotrao
Saotra tsara entinay, hira no asandratray mba ho fiderana Anao
Rain'izao rehetra izao
(Famaranana :)
Derao, derao, dera no omena Anao

FF 1 - Mitsangana ianao ry mino

1. Mitsangàna ianao ry mino
Fa ilain? ny taninao
Ny finoanao ifikiro
Mivonòna ianao
Ny ady anatrehanao tsy mora
Tena sarotra tokoa
Nefa toy ? lay tao Edoma
?Lay mahery momba anao.

Fiv : Mbola ho avy ny maraina
(?lay maraina)
?Zay mitondra hery vao
Ry mpiambina miarena
Ka ingao ny zovinao
Ambarao fa ny aizina
Indro efa lasa re
Efa tonga ny maraina
Hisy hazavana be.

2. Raha sendra ady mafy
Mila handreraka ny fo
Dia tsarovy fa mihafy
Vao hahita ny soa
Raha tafita ianao
Hisy hazavana be
Ny aizin-kitroka ho lao
Tapi-dàlana haleha.
Mbola ho avy ny maraina sns...

3. Fahafahana doria
Tsisy tambiny aminao
No omen? ny Tompo tia
Raha tahiana ianao
Ho fanilo mandramaty
Ho mpitantana ny dia
?Lay finoana ao anaty
Homba anao doria doria.
Mbola ho avy ny maraina sns...

FF 2 - He, manolo-tena

1. He manolo-tena ho Anao
Fa mandre ny feo sy antsonao
'Zato tenako izay mania
Ka raiso Tompo, raiso ry Jesoa Tia

Fiv : Hanoa ny sitrakao
Hanao izay tianao
Ka ho mpanompo vonona
Sy sahy koa
Hitory hatrany ilay Fitiavanao
Ambaram-pialam-pofon'aiko Jesoa.

2. Eny Tompo tsy mba mendrika aho
Feno loto ny ao am- poko ao
Nefa re ilay fitiavanao
No inoako handray ahy
Ho Mpanomponao
Hanoa ny sitrakao sns...

3. Eo anilanao no fifaliako
Ho Anao mandrakizay no tiako
Ny ho vavolombelonao Jesoa
No mamiko sy tena iriko tokoa
Hanoa ny sitrakao sns...

4. Fantatro fa sarotra ny diako
Marobe ny zavatra ho sedraiko

Nefa raha Ianao no momba ahy
Dia tsy hanan- tahotra ny fo sy fanahy
Hanoa ny sitrakao sns...

FF 3 - Jeso Vato fehizoro

1. Jeso vato fehizoro
Afa- tahotra ny fo
Raha Ianao no mampijoro
Sy iankinana tokoa.
Vato fiorenanay
Jeso Zanaky ny Avo
Vato fialofanay
Amin- dratsy te handavo.

Fiv : Vato azo itokiana
Sady tsy mba mivena
Afaka ny fahoriana
Raha ianao no ekena.
Jesoa Tompo irery
No 'lay vato tsy mifindra
Jeso Tompo irery
No ' lay fehizoro indrindra.

2. Jeso vato fehizoro
Mampisinda ahiahy
Fa mandresy horohoro
Manatanjaka fanahy.
O, ry vato tsara paika
?Zay mandray Anao am- po
Dia mijoro tsy miraika
N' inon' inona manjo.
Vato azo itokiana sns...

FF 4 - Ry Fanahy ô

1. Ry Fanahy ô midina,
Manatreha anay anio Ianao
Mba hanoloranay,
Ny vavakay mangina
Vetsovetsom- po 'zay atolotray
Vola sy ny harena
Samy tsy anananay
Fa indro ny vavakay mangina
Fanoloran-tena ho Anao tokoa.

2. Ry Fanahy ô monena
Aza mba mandao anay Ianao
Kolokoloy 'zahay
Hitombo fahendrena
Ka tsy hahafoy hiarak' Aminao
Ota sy rendrarendra
Samy te handavo anay
Soa ihany, soa fa eo Ianao Fanahy
Vonona hitahy ny fiainanay.

3. Ry Fanahy ô , meteza
Mba handray anay ho mpianatrao
Avia Ianao,
Avia mampahereza
Hahatonga anay mba ho irakao
Eso sy fitsapana
Samy manakivy anay
Ka taomy , taomy hanam-po mafana
Herim-po vaovao hiasa ho Anao.

FF 5 - Izaho no fananganana ny maty

1. Hoy Jesosy Tompo 'zaho no fananganana
Fananganana ny maty sy fiainana
'Zay rehetra mino Ahy na dia maty aza
Dia ho velon'indray, ho velon'indray, ho velon'indray
Satria velona Aho, Ho velona hianareo
Aza matahotra fa (ho velon'indray)3

2. Maharavo fo ny teniny henoy indray koa
'Zay rehetra velona ka mino Ahy tokoa
Dia tsy ho faty mandrakizay hatsangako
Ka ho velon'indray, ho velon'indray, ho velon'indray
Satria velona Aho, ho velona hianareo
Aza matahotra fa (ho velon'indray)3

3. 0 ! Jesosy Tompoko indro re ampitomboy

Ny finoako Anao, ny herinao asehoy
Tompo iantrao ny foko tsy finoako vonoy
Mba ho velon'indray, ho velon'indray, ho velon'indray
Mino Anao tokoa ny foko Jesosiko
Feno toky aho, fa (ho velon'indray)3

FF 6 - Ny teninao

1. Ny teninao Jehovah Ray mahery
Izay nomenao anay
Dia teny tsara sady mampahery
Ka mampifaly ny fonay

Fiv : Ny teninao
Mofon'aina sakafo tokoa
Ny teninao
Ranon'aina satria foto-tsoa
Ny teninao no teny tsy mba maty
Maharitra mandrakizay

2. Soraty re ho velona ao anaty
Hitondra aina vaovao
Hitana ny finoana tsy ho faty
Ka hankato ny didinao

FF 7 - Tsy hainay ny hangina

1. Tsy hainay ny hangina
Ka tsy hankalaza ny Avo
Nameno fitahiana
Ka tsy mba namela ho lavo.

Fiv : Ka dera ry Ray o!
Sy saotra no atolotra Anao
Ny fo sy fanahy, tena faly loatra
No entinay midera Anao.
Ny sainay tsy ampy hahalala
Ny fatran?ny fitiavanao
Ka raiso ry Tompo Malala
Ny fankasitrahana Anao (ry Ray).

2. Tsy hainay hadinoina
?Lay fara-fitiavanao, Ray o!
Fa maty novonoina
Ny Zanakao hamonjy anay.
Ka dera ry Ray o! sns...

FF 8 - Masoko manganohano

1. Masoko manganohano,
Nitomany feno rano
Noho ny helok?efa vita,
Dia mitony raha nahita
Masonao be fiantra
Ry Mpamonjy ny mahantra
O Voavotrao ?lay very
Ry fitiavana mahery.

2.Tanako mangadihady
Nisarangotra nitady
Fanavotana sy Vonjy
F?efa resy ka nilonjy.
Dia noraisinao ry Tompo
Na dia tànana maloto
O voavotrao ?lay very
Ry Fitiavana mahery.

3. Foko tena fahavalo
Nefa resy ka mimalo
Raha nifona fa naditra
Hitanao nipitrapitra.
Babo ka tsy afaka ho aiza
?Zay noraisinao ho sakaiza
O voavotrao ?lay very
Ry Fitiavana mahery.

FF 9 - Isaorana anie Jehovah

Isaorana anie Jehovah
Andriamanitra anie
Andriamanitry ny Israely
Isaorana anie Jehovah
Andriamanitra
Izy irery ihany no nanao fahagagana

Isaorana, mandrakizay
ny anarany Malaza
Ary aoka ny tany rehetra,
Ho henika ny famirapiratry
Ny voninahitr'i Jehovah Ray Tsitoha
Amen!

FF 10 - Mivavaka aho satria

1. Miloatra avy ao am-poko
Ny tonom-bavako
Maneho ny fanajako
Sy fankatoavako
Ny Tompoko Tsitoha
Nitahy hatrizay
Hatramin?ny taloha
Sy ho mandrakizay.

Fiv : Mivavaka aho satria tena mino
Mino sy mankato
Manaja sady tia an?Andriamanitro
Mivavaka aho satria tena faly
Faly sy manantena ny avotrao
Omena mandrakizay doria

2. Mibahana ato am-poko
Fanahin?I Kristy
Mitaiza tsy miato
Ka mahafaly ery
Manesika ahy hivoatra
Hiasa bebe kokoa
Ka ataony tafahoatra
Ny hasoavako.
Mivavaka aho satria tena mino sns...

FF 11 - Faly aho

Faly aho raha hoy izy ireo tamiko
?Handeha isika ho any an-tranon?I Jehovah,
Ny tongotray efa mijoro
Ao anatin?ny vavahadinao
Ry Jerosalema, ry Jerosalema.
Dia ianao ry Jerosalema,
Izay efa vita tahaka ny tanàna
Efa voalamina tsara.
Any no hiakaran?ny firenena,
Ny firenen?I Jehovah,
Mba hisaotra ny Anarany
Mba hisaotra ny Anarany
Mba hisaotra ny Anaran?i Jehovah.?

FF 12 - Am-pelatananao ry Raiko

1. Am-pelatanana ry Raiko
Ny mombamomba ahy rehetra
Iriko ianao no ho mpibaiko
Ianao anatiko ao mitoetra
Ho andrirahoko tokoa
Hitarika ahy hatrany hatrany
Andriafo tsy mandao Ianao
Jesoa Ianao no hazavana tsy ho lany
Am-pelatananao ihany
Mandrakizay doria doria
Na ny fiainako eto an-tany
Na hatrary ankoatra ary.

2. Ny saiko am-pelatananao
Ny foko efa tsy ahy intsony
Fa voaova ho vaovao
Dia lasanao ry Ray ambony
Ny hasambarako ombieny
Mifaly manana Anao
Ilay fiainako mpanjeninjeny
No voafehinao anatiko ao
Am-pelatananao ihany
Mandrakizay doria doria
Na ny fiainako eto an-tany
Na hatrary ankoatra ary.

FF 13 - Mihirà fihiram-baovao

Mihirà fihiram-baovao
Ho an'i Jehovah, ry tany
Mihirà fihirana
Ho an'i Jehovah
Dia ambarao amin'ny jentilisa
Ny Voninahiny.

Mihirà fihirana
Fihiram-baovao
Mihirà fihirana
Ho an' i Jehovah, ry Tany
Dia ambarao amin'ny Jentilisa
Ny Voninahiny
Ambarao amin'ny Jentilisa
Fa Jehovah no mendrika.
Izy no mendrika ny Fiderana

FF 14 - Jesoa, apetraka Aminao

1. Jesoa, apetrako Aminao
Ny fanahiako rehetra
Ny asa vita hatrizao
Anao tokoa tsy misy fetra
Jesoa, apetraka Aminao

2. Jesoa, apetrako Aminao
Ny asa fikelezan'aina
Tsy misy miafina Aminao
Ny hetaheta tsy hay lazaina
Jesoa, apetraka Aminao

3. Jesoa, apetrako Aminao
Ny toky sy fanantenana
Ny sitrakao no aoka hatao
Na aiza lalana ombana
Jesoa, apetraka aminao

FF 15 - Raiko ô !

1. Tompo Malala Tsitoha, inty aho
Izao vao nandre ilay feo niantso ahy
Tsapako anatiko ao ny herinao
Mitaona ahy mba hiverina Aminao.
Raiko ô ! Raiko ô ! Inty aho
Raiso mba ho isan'ireo zanakao
Fa izaho 'zay nania dia hiova
Hanaraka ny didinao Ray ô!

2. Jesosy Zokiko ô ! Raiso aho
Ho isan'ireo zandrinao tianao
Neniko ireny taloha fa hiova aho
Raiso aho ! Raiso aho Jeso ho Anao.
Tompo ô! Tompo ô! Inty aho
Raiso mba ho isan'ireo zandrinao
Fa izaho 'zay nania dia hiova
Hanaraka ny didinao Jeso!

FF 16 - Tsy vitam-po onena

1. Tsy vitam-po onena
Tsy vitan-dranomaso
Ny Asam-pamonjena
Tsy azo atao mifampiandry andraso
Tsy azo ifanerena
Mila fandavan-tena
Sy hery tsy mba maty
Herim-po, herin-tsaina koa

Fiv : Na onena ny fonao
Na tomany ny maso
Tsy izany no ilaina
Fa fifankatiavana

2. Ny mpianatry ny Tompo
Asainy mifanompo
Na mamy na mangidy
Miara-dia , f'izany no Didy
Mamonjy ny mahantra
Manarina ny lavo
Mitsabo ny maratra
Ary koa tsy mba miavom-po
Na onena ny fonao, sns...

FF 17 - Ho avy ny maraina

1. 0 ry Tompo be fitia
He isaoranay lanao
Fa manaiky hiara-dia
Aminay mpanomponao
'Zay miasa hanasoa
Olo-maro mpiara-miaina
Manantena vokatsoa
Amin'ny asa izay efaina

Fiv : He! talenta samihafa
No nomenao hampiasaina
Raha ireo no miara-miasa
Dia ho avy ny maraina
Ka ho maro sesehena
No hahazo tombontsoa
Hampandroso firenena
'Zay kinasanay ho to.

2. Taona maro izay ry Ray
No nodiavina hatrizao
Niara-nilofosanay
Mba hanao ny asanao
Nefs tsapanay tokoa
Vitsy no mba vita tsars
Ka tafio ny herim-po
Hahavita izay anjara
He! talenta samihafa, sns...

FF 18 - Afafazo

1. Raha tonga ny andro izay
Itsarana anao
Amin'izay fotoana izay
Adinina ianao
Ka hiatrika
Ilay Mpanjakanao
Efa vonona ve ianao ?(Ary koa)
Efa ampy ve
'Zay anananao
Hiatrehanao ny Tomponao

Fiv : Fihatsarambelatsihy
Aok'izay dieny ety
Fahafaham-baraka ho anao
Ka ialao
Raha toa tianao
Ho voavonjy ianao
Afafazo 'zay voa mendrika (Mendrika)

2. Raha tonga ny andro izay
Itsarana anao
Amin'izay fotoana izay
Adinina ianao
Efa ampy ve
'Zay nafafinao
Mba ho voa mendrika tokoa ?(Ary koa)
Efa tontosa ve
Ny anjaranao
Tsy hahameloka anao rahatrizay
Fihatsarambelatsihy, sns...

3. Raha ho avy ny fotoana
Hodianao
Amim-boninahitra
Ho ao an-tranon-dRay
Tsy hatahotra
Na hangovitra
lanao, raha madio fo (Ary koa)
Satroboninahitra
Tsy mba Io
No an'ny mpanompo mahasoa
Fihatsarambelatsihy, sns...

FF 19 - Raha Jehovah no Mpiandry

1. Raha Jehovah no Mpiandry
Tsy mba hisy mampahory
Ahi-maitso no handriana
Ny fanahy velombelona
Eny, tsy hanahy akory
Lala-marina itondrany
Lalan-tsambatra
(Sambatra ifaliana)

Fiv : Raha Jehovah no Mpiandry
(Tsy mba hisy)
Tsy mba misy 'zay mampahory
Ahi-maitso no handriako
(Ranon'aina hosotroiko)
Ranon'aina hosotroiko
Ny fanahiko hovelominy
(Miasa izy)
Miasa lzy tsy mba matory
Lala-marina itondrany
Tsy ho foiko

2. Ny aloky ny fasana aza
Tsy ho tazantsika intsony
Tsy hatahotra ny loza aho
(Izy no mihazona ahy)
Tsorakazo nitondrany
Sy ny tehiny any ambony
No manolotra ny toky
Ny fanahiko
(Toky ny fanahiko)
Raha Jehovah no Mpiandry, sns...

3. Eo imasom-pahavalo
Ny latabatro velariny
Diloilo feno hanitra
(Efa namontosany ahy)
Safononoka tantely
Ny kapoakako namboariny
Fahasoavana no sise
Afaka ahiahy
(Afaka ahiahy)
Raha Jehovah no Mpiandry, sns...

4. Ao an-tranonao ry Tompo
No iriko hialofana
Ka tsy afa-miditra any
(Ny hetraketraky ny tany)
Raha ny fonao feno antra
No ho lamba hirakofana
Ary ny androm-pifaliana
Tsy ho lany
(Tsy ho lany)
Raha Jehovah no Mpiandry, sns...

FF 20 - Jesoa Fitiavana

Efa trotraky ny adin-tsaina
Vao mba mahatsiaro anao ry Tompo
Menatra aho tsy sahy mitaraina
Ry Jesoa Fitiavana

Kanjo tambitamby, safosafo
No nasetrinao ny ditrako
Eny tsapako fa novidiana lafo
Tamin? ny Ranao ny tenako
Jesoa Malalako! tafio ny herinao
Hahaizako mandresy ny fakam-panahy
He, tsinontsinona izao tontolo izao
Fa fanimbana tena, saina sy fanahy

Ho reharehako ilay tanambokovoko
Hihamina eo anilanao anie ny foko
Fa eo anilanao tsy misy ny toloko
Eo no mahatsara ahy, Jesoa

FF 21 - Mahatoky ka tokony hekena

Mahatoky, ka tokony hekena
Amin'ny fankasitrahana rehetra
Izao teny izao (²) :
Tonga tety ambonin'ny tany
Kristy Jesoa
Hamonjy ny mpanota
Ary amin'ireny,izaho (izaho)
Amin'ireny, izaho no lohany (²).
Kanefa izao no namindrana fo tamiko
(²)
Dia ny mba hisehoan'i Jesoa Kristy
eo amiko izay Lohany (²)
Ny faharipo rehetra Ho fianarana
Ho an'izay hino Azy
Hahazoana fiainana mandrakizay.

FF 22 - Tsy mendrika ahy

Tsy mendrika ahy mpanompo
Ny atao hoe " zanakao "
Kanefa lanao, ry Tompo
No niantso ahy izao
Izay manatona Ahy
Tsy ho laviko, hoy lanao
Dia tamy aho ka sahy
Nanatona anao

Ianao no Madio
(Mba diovy aho re)
Ianao no Marina
(Mba hamarino aho re)

Ianao no Masina
(Mba hamasino aho re)
Tsy mendrika hitsimpona
Ny latsaka amin'ny latabatrao aho
Kanefa, hoy lanao :
"Izay manatona Ahy
Tsy ho laviko mihitsy"
Noho ny teninao, noho ny teninao
Dia sahiko ny manatona

Ianao no Madio
(Mba diovy aho re)
lanao no Marina
(Mba hamarino aho re)
Ianao no Masina
(Mba hamasino aho re)
Mba diovy aho re
Hamarino aho re
Mba diovy aho re
Mba hamarino re
(Hamarino aho re)
Mba hamasino re
(Hamasino aho re)
Mba diovy
Hamarino
Hamasino re.

FF 23 - Andriamanitra ô ! Ry Tompo Zanahary (A.T.Z.)

1. Andriamanitra ô ! Ry Tompo Zanahary
Be fitiavana, mamonjy sy mamelons
Vatolampy, toky tsy mifindra
Fa maharitra mandrakizay

Fiv : Raha ny eto an-tany
Dia mandalo ihany
Miovaova
Tsy azo ianteherana
Be no efa vos
Ka mamoy fo
Fa izany
No fomban'ny tany
Toa fiainana raha jerena
Kanjo indrisy fa mahonena
Hasambarana miserana ihany

2. 0! ry velona tsarovy ny andronao
Fa mandalo tsy mba manam-pijanonana
Ka tandremo sao variana ianao
'Zao tontolo izao ho levons avokoa
Raha ny eto an-tany, sns...

3. Mbola ho entin'Andriamanitra hotsaraina
'Zaho sy ianao, ka tsy ho afa-maina
Fa Jesoa Mpanjaka no hitsara
Ka hanavaka ny tsara sy ny ratsy
Raha ny eto an-tany, sns...

FF 24 - Mahereza ! Ny Tompo momba anao

1. Miainga, mazotoa,
Mikeleza aina koa
Mivavaha, mivavaha,
Ho an'izao tontolo izao
Mijoroa, mitoria,
Mamafaza Teny Soa
Fa ny Tompo be fitia
No manohana anao
Sarotra ny lalanao
Kanefa matokia tokoa
Andrandrao ny masonao
Fa mbola ao ny Tompo soa
Izy no aminao
Ka hampandresy izao
0! mahereza fa ny Tompo
Momba anao

2. Mandrosoa, miasà,
Tano ny finoanao
Aza mba matahotra
Na manahinahy izao
Miadia, mitafia
Ny firaisan-tsaina soa
Fa ny fahavalonao
Dia handositra tokoa

Aza kivikivy foana
Fa ny Tomponao dia ao
Mampahery lalandava
Ary koa tsy mba mandao
Izy no aminao
Ka hampandresy anao
0 ! mahereza fa ny Tompo
Momba anao

FF 25 - Ny voadiko

Ny ondry mania no maneho anio
,Zao fanekena sy voady ;zao
Nandinika ny zava-bita, Jesoa
Tsy mendrika hanatona Anao
Kanefa tsaroako ny fitiavanao
Hamonjy ity mpanomponao
'Lay Teny mahery mananatra
Nampiova ny foko torovana
'Lay Fanahy Masina inoako
Hampianatra sy hanadio
Ny ho aviko apetrako eo Aminao
Izany no voadiko izao

FF 26 - Jesosy reharehako

1- Tsy misy reharehako
Afa-tsy Ianao, Jesosy ô !
Anao ny hery, Anao ny haja
Sy voninahitra
Ny fasana sy ny fiainan-tsy hita
Indro efa resinao
Izao tontolo izao dia nahita
Fa efa nitsangana Ianao

Sambatra aho, Jeso ô,
Manana Anao izay Tompon?ny hery.
Sambatra aho, Jeso ô,
Miankina eo an-tratranao
Ampy ahy ny fitiavanao
Ampy ahy ny finoako Anao.
Raketiko ao am-po lalandava
Fa reharehako Ianao

2- Tsy misy nahitam-pamonjena
Afa-tsy taminao.
Nanaiky Ianao tsy mba noterena
Hitondra aina vao.
Ny tananao mahery natsotranao
Mba hitantana
Hahaizako mandeha sy mizotra
Ny làla-marina.

3- Nasehonao ilay fahefana
Manda sy aroko,
Ka niala maina teo ilay satana
Ilay fahavaloko
Tsy misy maharombaka akory
Izay eo an-tananao
Izany indrindra no ilazako
Fa reharehako Ianao

FF 27 - 'Lay alim-pamonjena

1. 'Lay alim-pamonjena (famonjena)
Tsarovana eto izao
Fa Tompo be harena
no teraka tamin'io
He ! Mahagaga ilay fitia
Nasehon' Andriamanitra

Fiv : He ! Ravo ny fo
He!mirana koa
Mifaly (falifaly), sambatra doria
Miventy ny hiran'ny lanitra
HALELOIA !

2. 'Lay alim-pamonjena (famonjena)
Tsarovana eto izao
Fa vita fanekena
Izaho sy ny Tompo soa
Ny tenako atolotro
Ny tenany ho avotro
He ! Ravo ny fo, sns...

3. 'Lay alim-pamonjena
Tsarovana eto izao

Mpanota sesehena
Mandova fiainan-tsoa
'Lay alim-pihavanana
Nitondra fiadanana
He ! Ravo ny fo, sns...

4. 'Lay alim-pamonjena
Tsarovana eto izao
Nitondra fietrena
Tsy mba manam-paharoa
Fitiava-mampitovy zo
Ny miadana sy ory fo

FF 28 - Efa voadinikao Andriamanitra ô

1. Efa voadinikao Andriamanitra ô!
Ny fiainanay zanak?olombelona
Tsy misy ?zay miafina amiko tsy hitanao
Ianao no manendry izany
Andriamanitra ô!

2. Indro ny fikasako voalahatrao
Ny fiainako rehetra dia Aminao
Ny fahotana vitako taminao
Mangataka famelana Andriamanitra ô!

3. Aza avela aho hangaihay
Fa ampioreno mafy ny finoako
Ka na mamely ahy ny fakam-panahy
Dia matoky Anao ny fanahiko.

4. Ny nofoko anie malemy no sady kely
Torovana tsy ampy hery ka manahy
Meteza Ianao anio Andriamanitra o!
Ho hery sy toky ho ahy mandrakizay.

5. Ianao no vatolampy sy fiarovako
Ny herinao no indro izorako
Ny foko ao anatiko ao efa fantatrao
Dia raiso aho ho zanakao
Andriamanitra ô!

FF 29 - Tsy mba hisy reharehako

1. Tsy mba hisy reharehako
Toy ny hazo nijalianao Jeso (Jesosy ô !)
Eo amin'izay rehetra halehako
Izany no voadiko Aminao
He! izao rehetra izao ekeko (ry Jeso)
Mora lo sy tsy maharitra tokoa (kanefa Jeso)
Fa ny fitiavanao jereko
Ry Jeso tsy niala tamiko

2. Tsy mba hisy fanorenako
Raha ny eto an-tany eto Raiko ô
Fa ny lanitrao no ho fonenako
Izany no mba faniriako
He! izao tontolo izao tazaniko (tazaniko)
Rendrarendr'izay mamitaka avokoa (kanefa Ray ô !)
Fa ny eo anilanao no mamiko ry Raiko
Raiso aho ho Anao .

FF 30 - Fo mitambatra ho iray

1. Fo mitambatra ho iray
No entina eto izao
Mitrotro ny fitia
Hohamasinin' Andriamanitra
Hitombo hery sy
Hamerovero koa
Ka hifanaiky ireo olon-droa
Fa hiombom-piainana
Na inona miseho eto an-tany
Dia vonona hifampitantana

Fiv : Fitiavana toy ny an'llay Jesoa
Fitiavana manolotra ny aina
Fitiavana mandresy fahotana
Fitiavana ho mandrakizay doria

2. Toy 'zao androany izao
'Lay nofinofy izay

Niainanay taloha
Ka indro fa miara-belona,
Miara-tsambatra
Anivon' ny fitia
'Lay dina izay
Niarahana nikolo
No hamafisina ho doria
Hotehirizina ho vaovao
Handrobona, hitombo hasina
Fitiavana toy ny an'llay Jesoa, sns...

FF 31 - Mihirà ry manampofonaina

1. Mihirà ry manampofonaina
Mikaloa sy mitsikia
Tapaka ny gadra nolonjena
Afak'i Jesosy be fitia
'Lay Edena nihidy tany aloha (nihidy aloha)
Noho ny ota ratsin-drazantsika
He midanadana sy mivoha
Ka idiro itondray mozika

2. 'Lay satana tena fahavalo
Resy teo ka voakodia
Koa herezo aza mimalo
Tokinao anio Ilay Mesia
Ry voahosotra hitondrana famonjena (Ry voahosotra famonjena)
'Ndreto ento ho anao 'zahay
Dia izahay izay miferin'aina
Noho ny ota izay mpahazo anay

3. Afaka izahay ankehitriny
Tonga ny Mpanavotra anay
Ka ilay gehenanay fahiny
Voasolo paradisa indray
Koa isaoranay tokoa tokoa (Koa isaoranay tokoa)
Ianao ry Rainay be fitia
Dia Hianao Jehovah Ray tsitoha
Nanome anay ilay Mesia

FF 32 - Aza avela hahalala

1. Aza avela hahalala
Ny antony nanaovanao
Ny hariva mamanala
Na ireo maraina vao

Fiv : Tsy ho takatry ny saiko
'Zay rehetra lahatrao
Ny angatahako, ry Raiko
Aoka aho hatoky Anao

2. Aza avela hanontany
Ny hafaliana atolotrao
Na ny anton'ny tomany
Efa hitako hatrizao
Tsy ho takatry ny saiko, sns...

3. Aza avelanao hanefy
Ny ampitso 'zay anao
Aza avelanao handrefy
'Zay ho fitantananao
Tsy ho takatry ny saiko, sns...

FF 33 - Inty aho Jesoa !

1. Inty aho Jesoa !
Miantso ahy Hianao
Na dia tsy mendrika e
Manolo-tena izao
Hianao no nifidy
Tsy haiko ny handà
'Ty antso sarobidy
Ry Tompo, mamelà
Ny heloko rehetra
Diovy aho, havaozy
Ho olom-baovao
Hanao ny sitrakao
Ho mendrika tokoa
Ny antsonao Jesoa.

2. Inty aho Jeso miantso ahy Hianao
Ny fahalemeko anie
Ry Tompo fantatrao

Hianao no nifidy
Sy maniraka ahy
Avy Aminao Jesoa
Ny herin'ny fanahy
Ho entiko manao
Ny asa atolotrao
Fa sarotra e ny dia
Ry Tompo manampia
Ho mendrika tokoa
Ny antsonao Jesoa

3. Inty aho Jesoa
Miantso ahy Hianao
Mba ho fahazavan'
Izao tontolo izao
Hianao no nifidy ahy
Ho fanasina
Hanefa ny adidy
Lehibe sy masina
Koa hamasino, Tompo
Fa vonona aho hanompo
Hombay ny herinao
Hitondra aim-baovao
Ho mendrika tokoa
Ny antsonao Jesoa

FF 34 - Tompo Malala ô !

1. Tompo Malala ô ! Mpanjakako Ianao
Tamy aho fa resy lahatra
Noho ny famonjena vitanao
Eny, ry Tompo, tsy ho haiko adinoina intsony re
Ny fitiavana nasehonao

Fiv : Ka anio no hanavaozako ny fanompoko Anao
Fa tsy ho voavaliko, izay natolotrao
Ny fitiavana natolotrao,
Ka raiso, Tompo, ekeo re sy anjakao
Ny fiainako ho voninahitrao.

2. Tompo Malala ô 'lay hazo fijaliana
Niaretanao tao Kalvary,
Niaretanao Mpamonjiko
No nanehoanao fa tianao ity mpanota izay
Tsy mendrika Anao akory ity
Ka anio no anavaozako, sns...

3. Tompo Malala ô ! tsy ho adinoiko intsony
Ny fitiavana natolotrao
Ny fitiavana natolotrao
Eny, ry Tompo, ity izaho izay voababonao
Fa vonona hanao ny sitrakao
Ka anio no anavaozako, sns...

FF 35 - Ry Tomponay ô avia

1. Ry Mpamonjiko Ray Malalako ou ou ou
Mifona Aminao ty zanakao mitalaho Tompo ô
Fa diso taminao izahay ka mangataka ou ou ou
Famelana sy famindrampo avy Aminao Ray ô !

Fiv : Ry Tomponay ô avia omeo Anay izao anio izao
Ny fo madio sy Masina Anananao
Dia tsy ho very na hoe mbola ho diso ihany indray
Ny tena sy Fanahy izay anananay

2. Ry Mpamonjiko Ray Malala ou ou ou
Be tokoa ireo ota efa vita sy nambabo anay
Ka angatahinay Aminao sy irinay koa ou ou ou
Famelana sy famindrampo avy Aminao Ray ô !

FF 36 - Mifalia

1. Vahoaka sesehena
No miara-paly izao
Miventy ny Antema
Dia hira vaovao
Injao ny fiderana
Manakoako ery
Maneho fanajana
Ho an'ilay Mesia

Fiv : lza àry no tsy hifaly (Mifalia, mihobia)
Hisaotra ao am-po
(Misaora ao am-po)
Fa afa-doza, afa-jaly
(Afaka ianao)
He! famonjena tokoa
(0!) Mihirà, mihobia
Afaka ianao
Teraka ny Tompo Tia
Resy ny rafinao

2. Tsy ireo Anjely ihany
No faly ao am-po
Ny mpino eto an-tany
Miravo avokoa
Fa indro ny Mpamonjy
Mpanjaka be fitia
Nietry an-tranon'omby
Hamonjy ny mania

FF 37 - Fa tsy misy fahoriana

1. Fa tsy misy fahoriana
'Zay natolotrao anay
Ka nitarika hakiviana
Satria efa zakanay
Noho'lay vesatra indrindra Mafy, sy manonja koa
lzay nentinao namindra
Raha novonoina lanao Jesoa !

Fiv : Ny faniriam-panahy
Hiaraka Aminao
Hamelona ahy ho sahy
Hiasa ho Anao
Ny Famonjena soa
'Zay nomenao ry Ray
No anton'ny fiainanay

2. Fa tsy misy hafaliana
Tena mampifaly anay
Raha tsy ilay fitahiana
Avy Aminao ry Ray
Fa tsy misy koa fitia
Hahasambatra anay
Raha tsy lanao ry Tompo tia
No mitoetra anatinay

3. Ny fisainanay 'zay kely
Tsy mahatakatr'indraindray
Fa lanao, lanao irery
No toky iankinanay
Ny finoana mila hivaha
Tsy mahasedra sarotra
Ampijoroy tsy hanahy
Ho finoana matotra

FF 38 - Mba todihonao ny lasa

1. Mba todihonao ny lasa
Dia ho hitanao ny asa
Nandaniana ny fotoana
Fa dia vita mora foana

Fiv : Mitsangàna, sahia ! (sahia !)
Mijoroa, mitoria (mitoria !)
Aza kivy, sanatria
Fa aminao Kristy.

2. Eny, tsara ho tsaroana
'Reo adidy nokoloina
Maro koa no tsy tontosa
Nampitsoaka ny kanosa
Mitsangàna, sahia ! sns...

3. Aoka hiezaka hatrany
Mba hanarina izany

Fa hipetraka ho tantara
Ho an'ny zanak'amam-para
Mitsangàna, sahia ! sns...

FF 39 - Faniriako

1. Ray o! mba faniriako,
Raha toa ka sitrakao
Ny handova lanitra
Dieny ety an-tany
Kanefa tsy izaho irery
F?ireo izay mino Anao
Hiaraka amiko
Hatrany hatrany.

Fiv : Endrey ny fiainanay anilan-dRay
Ny Tompo iray, Fanahy iray
Iraisana avokoa ?reo asa soa
Iray ny fo, iray ny loha
Ray o! nahoana moa e!
Raha atomboka anio?

2. Ray ô! mba faniriako
Raha toa ka sitrakao
Ny ho zanaka manoa
Feno fahendrena
Hilofo hatrany koa
Hamita ireo asanao
Ka tsy hirehareha
Fa hanetry tena.
Endrey ny fiainanay anilan-dRay sns...

FF 40 - La Nuit du Salut

1. C'était La Nuit du Salut
On s'en souvient à présent
Car le Seigneur très riche
Naquit en ce moment-là
C'est un Amour fort étonnant
Que Dieu a bel et bien montré

Fiv : Le coeur est rempli d'immense gaité
De joie, de bonheur éternels
On clame tout haut
La Chanson du Ciel : Haleluia !

2. C'était La Nuit du Salut
On s'en souvient à présent
J'ai conclu avec Le Seigneur
Le pacte de rédemption
A lui j'ai donné tout mon corps
Pour moi, son sang est mon rachat

3. C'était la Nuit du Salut
On s'en souvient à présent
Des pécheurs innombrables
Héritent la belle vie
Cette nuit réconciliante
Etait porteuse de la Paix

4. C'était La Nuit du Salut
On s'en souvient à présent
Mon Jésus s'est rabaissé
Par sa suprême pitié
O ! bel Amour rendant égaux
Les riches et les malheureux

FF 41 - Jesoa no Mpanavotra

O! iza, iza?
Iza no hamonjy ahy
Iza, iza no hamonjy ahy re ?
Fa rerak'aho e
Fa dia reraka
Milonjy entam-pahotana
Fahotana be

O! manatona
Manatona an'i Jesoa
Fa Izy ihany
Izy no hamonjy anao
Fa noreseny
Efa noreseny na
Ny fasan'aza dia
Ny fahafatesana ! Ny fasan'aza !
Efa noreseny izao
Ny fahafatesana 'lay fahavalonao

Ka mba mifalia !
Mifalia ianao
Fa Jesoa Tompo no
Mpanavotra anao

Ry Jesoa Tompo ô !
Ry Jesosy Tompo ô !
Mba raiso re ny foko
Ho anao izao !
Fa famonjena fanavotan-dehibe
Sy avotr'aina koa
No he atolotrao Fa novonoina !
Novonoina Ianao
Hisolo voina
Mba hisolo voina anay

Fa noresenao
Efa noresenao na
Ny fasan'aza dia
Ny fahafatesana
Ny fasan'aza !
Efa noreseny izao
Ny fahafatesana 'lay fahavalonao
Ka mifaly re !
Ka mifaly izahay
Fa Jesoa Tompo no
Mpanavotra anay !

FF 42 - Moa misy va?

1. Moa misy va ety, iriko toa Anao ?
Ry Tompo be fitia, Mpanao izao
rehetra izao
Ny foko lasanao, ry Ray Malala ô !
Jereo ty zanakao izao miantoraka
Aminao

2. Moa misy va ety, iriko toa Anao ?
Jeso sakaiza, avia Hianao hiara-dia izao
Ny foko tia Anao, oneno, anjakao
Tsy hatakaloko Hianao, "Ry fiainako
vaovao"

3. Moa misy va ety, iriko toa Anao ?
Fanahy hendry ery, Mpanoro izay
rehetra atao
Ny foko, he ! Anao, Fanahy Masina ô !
Ny fiainako ovay ho vao, ka
hamasinonao

4. Moa misy va ety, iriko noho Ilay
Nesoina tany Kalvary, 'Lay
Indrafon'ny Ray
Jeso Malala ô ! Endrey 'ty vitanao
Hianao no hetahetako sy hasambarako

FF 43 - Aiza moa ianao ?

1. Jesosy Tompo miantso anao
Manontany izao :
"Aiza moa ianao?"
Ny ondrikeliko noana indreo
Miandry anao re ireo
"Aiza moa ianao ?"

Fiv : 'Ty aho, Jeso, (ekeo mba) ho
irakao
Raiso hanao ny sitrakao tokoa
Jesosy ô ! (omeko) mba ho Anao
Ny foko, tenako sy fanahiko

2. E! làlan-tsarotra ilàna anao
Ady mafy no ao :
"Aiza moa ianao ?"
Reseonao'zao tontolo izao
Mba ho Ahy re izao
"Aiza moa ianao ?"
'Ty aho, Jeso, sns...

3. Ny hery, aina sy fananan ao
No ilaiko izao :
"Aiza moa ianao"
Ny tenanao sy ny fanahinao
No takiako izao
"Aiza moa ianao" ?
'Ty aho, Jeso, sns...

4. Ny sandriko no hiaro anao

Hisakambina anao
"Aiza moa ianao ?"
Raha ny Fanahy no hitantana anao
Vonona ve ianao ?
"Aiza moa ianao ?"
'Ty aho, Jeso, sns...

FF 44 - Ry Madagasikara soa

1. Ry Madagasikara soa
Natolo-Janahary anay
Nosimboahangy manirery
Fa nahasoa ny razanay,
He ! Sarobidy tsara loatra,
Tsy sandana, tsy atakalo
Feno ny fo ka toa mangina
Heriny mivavaka hoe :

Fiv : Andriamanitra ô !
Tondrahy andon'ny lanitra
Vontosy ny tsiron'ny tany
I Madagasikara !

2. Ry Firenena Malagasy
Antsoin'ny Nosy hianao
Andeha malaky, mitsangàna
Alao hery, mandrosoa !
'Zay maha olona anao re
Atolory, asorony
Aza mandevina talenta
Fa anondroty Firenena e !
Andriamanitra ô ! sns...

3. Andriamanitra ambony,
Fenoy ny fiahianao
Ny mponina rehetra eto
Ary izay asa mahasoa
Ireo nantsoinao hitondra
Mba tsidiho, mba tariho
Ho sambatra tokoa ny Nosy
Raha Hianao no azy e !
Andriamanitra ô ! sns...

FF 45 - Hira fiderana

1. Hira fiderana ho Anao ry Ray
Tsy afaka ato am-bavako mandrakizay
Hira mampifaly, mampitony jaly
Mampiravoravo fo

2. Ny talenta izay efa nomenao ahy
Hiderako Anao n'aiza misy ahy
Mba hamelon'aina, hampitony saina
Hampiray ny miaina

3. Hira tsotra ihany, nefa na dia izany
Ho Anao tokoa no hikaloako
Raiso re, ry Tompo,
F'io no porofom-pitiavako Anao

4; Hira avy ato am-poko, indro fa vetsoiko
Ho Anao ry Raiko izay antsoiko
Hira tena mamy, manambara hatrany
Fa tena tiako Ianao

FF 46 - Mba tantanonao, ry Raiko!

1. Mba tantanonao, ry Raiko
Izato àlan-janakao
Ny mifidy toa tsy haiko
Fa maniry indrindra Anao
Hitanao ny adi-saina
Mitambesatra ao an-doha
'Zany tsikin'ny maraina
Toa ela vao hifoha

2. Moa diso ny safidiko
Raha mandroso ka mankao
Sa 'ty làla-nofinidiko
Dia tsy ilay voasoritrao
Tanteraho ny faniriako
O ! ry Tompo tena tia
Fa ity zavatra iriko
Masina amiko doria

3. Nefa, raha tsy izay no didy
Namboarinao ho ahy
Amboary ny safidy
Sy ny ratrako am-panahy
Atolorinao ny hery
Hampijoro izay nikoa
Ka sitranonao ny fery
Sy ny ratrako ao am-po

FF 47 - Fiadanana

1. Ianao 'zay mitady ny fiadanan-tsoa
Amin'izao fiainana izao
Ka mandeha mankatsy, ary sy aroa
Mikorana ary koa milalao
Kanefa tsy mahita izay mahasoa
Fa vizana foana ny nofo
Inty misy Fiainana atoroko anao
Andramo dia hohitanao

Fiv : Jesosy, Jesosy,
(Jesosy Tompo sy Mpamonjy tia)
No Fiainana atoroko Anao (Jeso)
Jesosy, Jesosy,
(Jesosy Tompo sy Mpamonjy tia)
No hany hampiadana anao
Koa raiso Jesosy ho Tompo Mpamonjy
Hanapaka ny fiainanao
Dia hohitanao'Lay Fiadanana
Haharitra ho mandrakizay

2. Ianao ianjadiam-pahoria-marobe
Amin'izao fiainana izao
Tsy misy hazavana fo toa haizim-be
No mandrakotra ny fiainanao
Ka mila ho kivy sy hamoy fo
Noho 'reo adim-piainana maro
Inty misy fiainana atoroko anao
Andramo dia hohitanao
Jesosy, Jesosy, sns...

FF 48 - Andriamanitra, Fitiavana Ianao

1. Andriamanitra, Fitiavana Ianao
Ka mihevitra ny momba anay ety
Raha mifoha maraina izahay
Dia tsy afaka am-bavanay ny hoe
Ampy ho anay ny Fahasoavanao

Fiv : Raha maraina mibaliaka ny
andronay ety
Ianao no masoandro niaviany
Raha ny alin'ny ririnina no handalo ety
Ianao no kintana hitantana ny dia
Ka ny vavaka atao
Izay mipololotra am-ponay ao hoe:
lzahay anie hatoky Anao

2. Andriamanitra, Fitiavana lanao
Ka mitantana ny dianay ety
Raha mandimby ny andro ny alina
Mbola tokana ny Deranay hoe :
Ampy ho anay ny Fahasoavanao
Raha maraina mibaliaka ny andronay
ety, sns...

FF 49 - Mifona re ry Ray

1. Mifona re ry Ray
Ireto zanakao
Fa diso izahay
Tsy mety ny natao

2. Ny ota sesilany,
Nandramana avokoa
Kanefa re izany
Ifonana tokoa

3. Izay rehetra hita
Natao fa tsy ho to
Izao ny ratsy vita
Nandrotika ny fo

4. Ry Jeso ô anio
Indreto izahay
Manaiky, ka fidio
Ho zanakao, ry Ray

5. Tsy tsapanay tokoa
Ny antranao ry Ray
Fa hay, ny zava-tsoa
Dia takona aminay !

6. Maniry fahafahana
Izao 'ty fo madio
Ekeo ny fibebahana
Atolotray anio !

FF 50 - lanao izay miasa fatratra

1. lanao izay miasa fatratra
Fa mikendry mba hanefa zava-tsarotra
Moa tsy tsapanao ho mahasambatra
Ny asa izay atao am-pitiavana
Mihamaivana, mora entina
Ny fahasahiranana toa mitambesatra
Raha ao ny fo manaiky marina
Ho tia sy handala ny asa rehetra

2. Hoy ny hafatry ny Tompo aminao
Manatona Ahy raha toa sahirana
Fa Izaho tsy manary na mandao
Izay miezaka ka hita reraka
Nefa moa ve, vonon'ianao
Handà ny tenanao, hamoy izao tontolo izao
Dia hanaiky koa mba ho tarihina
Fa sarotra ny làlana sy asa atao

3. Mitsangàna, mandrosoa hiasa e !
Fa malalaka ny Saha izay omena anao
Dia meteza koa hanaiky hanome
Harena, herim-po ilaina aminao
Aza ketraka, matokia izao
'Lay hery 'zay manohana ny fiezahanao
ka mitondra soa, manova mba ho vao
ny vokatry ny asa izay nanasatr'anao

FF 51 - Ry Mpamonjy olom-bery

1. Ry Mpamonjy olom-bery
Sarobidy sy mahery
Ny fitiavanao ahy
'Zay mambabo ny fanahy
Noho ilay fitiavanao
Babonao ny foko izao
Ka izao rehetra izao
Tsy hamoizako Anao

2. Ny fitiavanao, ry Tompo,
No mambabo ahy hanompo
Tia ahy hianao
Ka mba tiako tsotra izao
Eny, fantatrao fa tiako
Izao fiainana eto izao
Tiako izao rehetra izao
Nefa mbola tiako Hianao

3. Na dia sarotra sy mafy
Ny hanaraka Anao
Izaho vonona hihafy
F'efa tiako Hianao
'Zao fiainana izao
Tsy atakaloko Anao
Na dia mamiko aza eto
Mbola tiako Hianao

FF 52 - Avia! Torio Kristy

Fiv : Ry tanora ô! Avia
Mitsangàna, mitoria;
Ambarao ?lay famonjena
Ka sahia, avia, avia
Torio Kristy.

1. Fa vory amintsika izao ny hery
Ka mendrika hanaovan-tsoa
Meteza ka ampio ?reo mbola very
Ho mpino toa antsika koa.
Ry tanora ô! Avia sns...

2. Anio no miandry antsika ny tontolo
Hitondra hazavana soa
Isika izay voataiza sy voakolo

No indro irahin?I Jesoa.
Ry tanora ô! Avia sns...

3. Ny herin?ny Fanahy no momba antsika
Hahatomombana ny dia
Andeha amin?ny endrika sariaka
No hitoriana an?I Kristy.
Ry tanora ô! Avia sns...

FF 53 - Havaoziko ilay voady

1. Tsy ho toy izao, Jesoa
Ity mpanomponao
Raha toa tsy tao tokoa ny fahasoavanao
?Zay nanohana ?lay hery kely tao am-poko
Nahazoako mba nanao
Ny asam-panompoako!

Fiv : Indro fa havaoziko ry Jesoa
?Lay voady miorina ao am-po
Ny andro ivelomako
?Zay omenao iainako
Dia atokako sy mbola hitoriako ilay fitiavanao!

2. Ny asa izay natao,Jesoa,
Dia tsapako ao am-po
Fa tsy dia toy inona sy bitika tokoa
Nefa na izany aza dia inoako koa
Fa ?zay kely vitako hitera-boka-tsoa.
Indro fa havaoziko ry Jesoa sns...

3. Na ho lava na ho fohy
Ny androko ety
?Zaho dia irakao, ry Jesoa Tompo be fitia!
Ka ilay fitiavanao miorim-paka anaty
No hanafy herim-pitokiana mandra-maty!
Indro fa havaoziko ry Jesoa sns...

FF 54 - Finoana, fanantenana, fitiavana

1. Mandrosoa hatrany
Aza kivy foana
Zava-tsoa tsy lany
Ao anatin?ny finoana.

Fiv : ?Reto no miray
Hery lehibe tokoa dia
Ny finoana,
Ny fanantenana,
Ny fitiavana.

2. Tano tsy ho very
Ny fanantenana
Fa mitondra hery
Eny an-dàlana ombana.
?Reto no miray sns...

3. Aina vaovao
Herin?ny fanahy
Ny fitiavanao
Ka tanako tokoa ho ahy.
?Reto no miray sns...

TS 1 - Jehovah ô, iza no hitoetra ao amin'ny taberna-kelinao

(Salamo 15)
1. Jehovah ô, iza no hitoetra ao amin'ny taberna-kelinao?
Iza no honina an-tendrombohitrao marina?
Izay mandeha tsy misy tsiny ary manao 'zay mahitsy
Sady misaintsaina ny marina ny fony

2. Tsy manendrikendrika amin'ny lelany,
Sady tsy manisy ratsy ny sakaizany,
Ary tsy manao izay hahafa-baraka ny anarany,
Tsy manaja ny ratsy fanahy.

3. Fa manome voninahitra ny matahotra an'i Jehovah,
Tsy mivadika amin'ny fianianany, na dia maningotra ny tenant' aza.
Sady tsy mampihana ny volany, na mandray kolikoly hana-meloka ny marina,
Izay mitandrina izany dia tsy mba hangozo-hozo mandraki-zay.

4. Hisaorana anie ny Ray sy ny Zanaka,
Ary ny Fanahy Masina;
Eny, hisaorana sy hankalazaina anie Andriamanitra mandraki-zay. Amen.

TS 2 - Jehovah no Mpiandry ahy

Salamo 23
1. Jehovah no Mpiandry ahy?
Tsy hana-java-mahory aho.

2. Mampandry ahy amin'ny ahi-maitso Izy;
Mitondra ahy eo amoron'ny rano fialan-tsasatra Izy

3. Mamelombelona ny fanahiko Izy;
Mitarika ahy amin'ny làlan'ny fahamarinana no ho ny anarany izy.

4. Eny, nadia mandeha mamaky Io hasaha aloky ny fahafatesana aza aho,
Dia tsy hataho-tra ny loza aho.

5. Fa Hianao no amiko,
Ny tsorakazonao sy ny tehinao, ireo no mahafatahotra ahy.

6. Mamelatra latabatra eo anoloako, eo i maso n'ny fahavaloko Hianao;
Manosotra diloilo ny lohako Hianao;

7. Ny kapoakako feno dia feno.
Eny, tokoa fahasoavana sy famindrampo
No hanaraka ahy amin'ny andro rehetra hiainako,
Dia hitoetra ao an-tranon'i Jehovah androlava aho.

Hisaorana anie ny Ray sy ny Zanaka,
Ary ny Fanahy Masina;
Eny, hisaorana sy hankalazaina anie Andriamanitra mandraki-zay. Amen.

TS 3 - Andriamanitra anie hamindra fo aminay

Salamo 67
1. Andriamanitra anie hamindra fo aminay sy hitahy anay.
Hampamirapiratra ny tavany aminay, anie Izy.

2. Mba ho fantatra ety ambonin'ny tany ny làlanao.
Sy ny famonjenao ny amin'ny jentilisa rehetra.

3. Hidera Anao ny firenena,
Andriamanitra ô;
Eny, hidera Anao ny firenena rehetra.

4. Hifaly sy hihoby ny firenen-tsamy hafa, satria mitsara marina ny firenenai Hianao;
Ny firenen-tsamy hafa ambonin'ny tany dia entinao.

5. Hidera Anao nyfirenena,
Andriamanitra ô;
Eny, hidera Anao ny firenena rehetra.

6. Ny tany efa nahavokatra;
Mitahy antsika Andriamanitra, dia Andriamanitsika

7. Mitahy antsika Andriamanitra;

Ary hatahotra Azy'ny vazan-tany rehetra.

Hisaorana anie ny Ray sy ny Zanaka,
Ary ny Fanahy Masina;
Eny, hisaorana sy hankalazaina anie
Andriamanitra mandraki-zay. Amen.

TS 4 - Mihobia ho an'i Jehovah

Salamo 100
1. Mihobia ho an'i Jehovah,
Ry tany rehetra.
Manompoa an'i Jehovah amin'ny fifaliana,
Mankanesa eo anatrehany amin'ny fihobiana.

2. Aoka ho fantatrareo
Fa Jehovah no Andriamanitra,
Izy no nanan antsika, ary Azy isika,
Dia olony sy ondry fiandriny

3. Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana.
Ary eo an-kianjany amin'ny fiderana,
Misaora Azy
Mankalazà ny anarany.

4. Fatsara jehovah;
Mandrakizay'ny famindram
Ary ny mihatra amin'ny taranaka farama- i ndi mby
Ny fahamarina-ny.

Hisaorana anie ny Ray sy ny Zanaka,
Ary ny Fanahy Masina;
Eny, hisaorana sy hankalazaina anie
Andriamanitra mandraki-zay. Amen.

TS 5 - Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko

(Salamo 103)

1. Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko;
Ary izay rehetra ato anatiko, misaora ny Anarany masina
Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko;
Ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra

2. Izay mamela ny helokao rehetra,
Izay manasitrana ny aretinao rehetra,
Izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka,
Izay manarona famindram-po sy fiantrana anao,

3. Izay mahavoky soa ny vavanao;
Ny fahatanoranao mody indray toy ny an'ny voromahery
Jehovah manao fahamarinana
Sy fitsarana amin'izay rehetra ampahorina.

4. Efa nampahafantatra an'i Mosesy ny lalan-kalehany Izy;
Ny Zanak'Isiraely nampahafantariny ny asany.
Mamindra fo sy miantra Jehovah,
Mahari-po sady be famindram-po.

5. Tsy mandaha-teny mandrakariva Izy,
Na mitahiry fahatezerana mandrakizay.
Tsy mba manao amintsika araka ny fahotantsika Izy,
Na mamaly antsika araka ny helotsika.

6. Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra ambonin'ny tany
No haben'ny famindram-pony amin'izay matahotra Azy.
Tahaka ny halavitry ny atsinanana amin'ny andrefana
No halavitry ny anesorany ny fahotantsika amintsika.

7. Tahaka ny fiantràn'ny ray ny zanany

No fiantran'i Jehovah izay matahotra Azy;
Fa Izy mahalala ny toetsika
Ka mahatsiaro fa vovoka isika.

8. Tahaka ny ahitra ny andron'ny zanak'olombelona;
Tahaka ny vonin-javatra any an-tsaha ny famoniny,
Satria tsofin'ny rivotra izy ka lasa,
Ary tsy mahalala azy intsony ny fitoerany.

9. Fa ny famindram-pon'i Jehovah dia hatramin'ny taloha indrindra
Ka ho mandrakizay amin'izay matahotra Azy
Ary ny fahamarinany mihatra amin'ny taranaka.
Dia amin'izay mitandrina ny fanekeny
Sy mahatsiaro hankatò ny didiny.

10. Jehovah efa nampitoetra ny seza fiandrianany any an-danitra;
Ary ny fanjakany manapaka izao tontolo izao.
Misaora an'i Jehovah, ianareo anjeliny, dia ianareo izay mahery indrindra
Sady mankatò ny didiny Ary mihaino ny feon'ny teniny.

11. Misaora an'i Jehovah, ny miaramilany rehetra,
Dia ny mpanompony izay manao ny sitrapony.
Misaora an'i Jehovah, ny asany rehetra eran'ny fanjakany;
Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko.

Hisaorana anie ny Ray sy ny Zanaka,
Ary ny Fanahy Masina;
Eny, hisaorana sy hankalazaina anie
Andriamanitra mandraki-zay. Amen.

TS 6 - Aoka ho tonga amiko ny famindram-ponao

(Salamo 119 - 41:56)
1. Aoka ho tonga amiko ny famindram-ponao, Jehovah ô,
Dia ny famonjenao, araka ny teninao.
Dia hamaly izay miteny ratsy ahy aho,
Satria matoky ny teninao.

2. Ary aza dia esorina amin'ny vavako ny teny marina;
Fa miandry ny fitsaranao aho.
Dia hitandrina ny lalinao mandrakariva aho,
Dia mandrakizay doria.

3. Ary handeha amin'ny malalaka aho;
Fa ny didinao no tadiaviko.
Hilaza ny teni-vavolombelonao eo anatrehan'ireo mpanjaka aho
Ka tsy ho menatra.

4. Ary hiravoravo amin'ny didinao aho
Satria tiako ireny.
Hasandratro ny tanako ho amin'ny didinao satria tiako ireny:
Hosaintsainiko ny didinao.

5. Tsarovy ny teny natao tamiko mpanomponao
Izay nampanantenanao ahy
Izao no mampionona ahy amin'ny fahoriako;
Ny teninao no mamelona ahy.

6. Ny mpirehareha maniratsira ahy:
Tsy mba mivily miala amin'ny lalànao aho.
Mahatsiaro ny fitsipikao izay hatramin'ny taloha aho, Jehovah ô,
Dia mionona aho.

7. Fahatezerana mirehitra no nahazo ahy
Noho ny amin'ny ratsy fanahy izay
mahafoy ny lalànao.
Ny didinao no ataoko an-kira
Ao amin'ny trano fivahiniako.

8. Mahatsiaro ny anaranao nony alina
aho, Jehovah ô,
Ka mitandrina ny lalànao.
Izao no ahy:
Mitandrina ny didinao aho.

Hisaorana anie ny Ray sy ny Zanaka,
Ary ny Fanahy Masina;
Eny, hisaorana sy hankalazaina anie
Andriamanitra mandraki-zay. Amen.

TS 7 - Tao amin'ny lalina no niantsoako Anao

(Salamo 130)
1. Tao amin'ny lalina
No niantsoako Anao, Jehovah ô

2.Tompo ô, henoy ny feoko;
Aoka ny sofinao hihaino tsara ny
feon'ny fifonako.

3. Raha mandinika heloka Hianao,
Jehovah ô,
Iza no hahajanona, Tompo ô?

4. Fa eo aminao no misy ny famelan-
keloka,
Mba hatahorana Anao.

5. Niandry an'i Jehovah aho; eny,
niandry Azy ny fanahiko,
Ary ny teniny no nanantenako.

6. Ny fanahiko miandry ny Tompo
mihoatra noho ny fiandrin'ny
mpiambina ny maraina,
Dia ny fiandrin'ny mpiambina ny
maraina.

7. Manantenà an'i Jehovah, ry Isiraely;
Fa eo amin'i Jehovah no misy
famindram-po sy fanavotana be;

8. Ary Izy no hanavotra ny Isiraely
Ho afaka amin'ny helony rehetra.

Hisaorana anie ny Ray sy ny Zanaka,
Ary ny Fanahy Masina;
Eny, hisaorana sy hankalazaina anie
Andriamanitra mandraki-zay. Amen.

TS 8 - Miderà an'i Jehovah, fa tsara Izy

(Salamo 136:1-9 , 24-26)
1. Miderà an'i Jehovah, fa tsara Izy;
Fa mandrakizay ny famindram-pony.
Midera an'Andriamanitra Avo
Indrindra;
Fa mandrakizay ny famindram-pony

2. Miderà ny Tompon'ny tompo;
Fa mandrakizay ny famindram-pony;
Izy irery no Mpanao fahagagan-dehibe
Fa mandrakizay ny famindram-pony,

3. Izay nanao ny lanitra tamin'ny
fahendrena
Fa mandrakizay ny famindram-pony,
Izay namelatra ny tany ho ambonin'ny
rano,
Fa mandrakizay ny famindram-pony,

4. Izay nanao ireo fanazavana lehibe
Fa mandrakizay ny famindram-pony,
Dia ny masoandro ho mpanapaka ny
andro
Fa mandrakizay ny famindram-pony,

5. Ary ny volana sy ny kintana ho
mpanapaka ny alina

Fa mandrakizay ny famindram-pony,
Izay naneho hery namonjy antsika ho afaka tamin'ny fahavalontsika
Fa mandrakizay ny famindram-pony,

6. Izay manome hanina ny nofo rehetra
Fa mandrakizay ny famindram-pony;
Miderà an'Andriamanitry ny lanitra;
Fa mandrakizay ny famindram-pony.

Hisaorana anie ny Ray sy ny Zanaka,
Ary ny Fanahy Masina;
Eny, hisaorana sy hankalazaina anie
Andriamanitra mandraki-zay. Amen.

TS 9 - Haleloia. Miderà an'i Jehovah, ry any an-danitra

(Salamo 148)

1. Haleloia. Miderà an'i Jehovah, ry any an-danitra;
Miderà Azy any ambony.
Miderà Azy, ry anjeliny rehetra;
Miderà Azy, ry miaramilany rehetra.

2. Miderà Azy, ry masoandro amam-bolana;
Miderà Azy, ry kintana mazava rehetra.
Miderà Azy, ry lanitry ny lanitra,
Ary ianareo rano ambonin'ny lanitra.

3. Aoka hidera ny anaran'i Jehovah ireo;
Fa Izy no nandidy, dia ary ireo.
Nampitoetra ireo ho mandrakizay doria Izy;
Nomen-dalàna ireo ka tsy mba mihoatra.

4. Midera an'i Jehovah eto an-tany,
Hianareo dragona sy ianareo rano lalina rehetra,
Ny afo sy ny havandra, ny oram-panala sy ny zavona,
Ny rivotra mahery izay mankatò ny teniny,

5. Ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra,
Ny hazo fihinam-boa sy ny sedera rehetra,
Ny bibi-dia sy ny biby fiompy rehetra,
Ny biby mandady na mikisaka ary ny voro-manidina,

6. Ny mpanjaka amin'ny tany sy ny vahoaka rehetra,
Ny mpanapaka sy ny mpitsara rehetra amin'ny tany,
Na ny zatovolahy, na ny zatovovavy,
Na ny antitra, na ny tanora,

7. Samia midera ny anaran'i Jehovah avokoa,
Fa ny anarany ihany no misandratra;
Ambonin'ny tany sy ny lanitra
Ny voninahiny.

8. Ary manandratra tandroka ho an'ny olony Izy,
Dia fiderana ho an'ny olony masina rehetra,
Eny, ho an'ny Zanak'Isiraely, firenena akaiky Azy.
Haleloia.

Hisaorana anie ny Ray sy ny Zanaka,
Ary ny Fanahy Masina;
Eny, hisaorana sy hankalazaina anie
Andriamanitra mandraki-zay. Amen.

TS 10 - He! Hianareo rehetra izay mangetaheta

(Isaia 55:1-3 , 6-8)
1. He! Hianareo rehetra izay mangetaheta,
Mankanesa amin'ny rano!

Ary ianareo izay tsy manam-bola,
Avia, mividia, ka homàna!

2. Eny, avia, mividia divay sy ronono,
Nefa tsy amim-bola, na amin-karena.
Nahoana ianareo no mandany vola
amin'izay tsy hanina,
Ary ny vokatry ny fisasaranareo
amin'izay tsy mahavoky?

3. Mihainoa dia mihainoa Ahy, ka hano
izay tsara,
Dia aoka hiravoravo amin'ny matavy
ny fanahinareo
Atongilano ny sofinareo, ka mankanesa
aty amiko,
Mihainoa, dia ho velombelona ny
fanahinareo;

4. Ary hanao fanekena mandrakizay
aminareo Aho,
Dia ny famindram-po mahatoky
nampanantenaina an'i Davida.
Mitadiava an'i Jehovah, dieny mbola
hita Izy,
Miantsoa Azy, dieny mbola akaiky Izy.

5. Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny
lalany,
Ary ny tsy marina hahafoy ny heviny;
Ary aoka hiverina ho amin'i Jehovah
ireny,
Fa hamindra fo aminy Izy.

6. Eny, ho amin'Andriamanitsika,
Fa hamela heloka dia hamela heloka
tokoa Izy.
Fa ny fihevitro tsy fihevitrareo
Ary ny lalanareo kosa tsy mba lalako,
hoy Jehovah.

Hisaorana anie ny Ray sy ny Zanaka,
Ary ny Fanahy Masina;
Eny, hisaorana sy hankalazaina anie
Andriamanitra mandraki-zay. Amen.

TS 11 - Midera anao izahay, Andriamanitra ô

1. Midera anao izahay, Andriamanitra ô,
Manaiky anao ho Tompo izahay;
Ny tany rehetra dia mitsaoka Anao,
Rain'ny mandrakizay.

2. Midera Anao ny anjely rehetra
Ny lanitra sy ny mahery rehetra ao
aminy
Midera Anao, lalandava
Ny Kerobima sy ny Serafima manao
hoe:

3. Masina, masina, masina,
Andriamanitra, Tompon'ny maro
Manerana ny lanitra sy ny tany
Ny fiandrianan'ny voninahitrao.

4. Midera Anao,
Ny apostoly rehetra,
Midera Anao,
Ny mpaminany rehetra.

5. Midera Anao,
Ny maritiora rehetra.
Ny fiangonana eran'izao tontoloizao
Manaiky Anao.

6. Ho Ray manam-piandrianana tsy
hitafetra,
Sy ny Zanakao-lahy tokana be
voninahitra
Ary ny FanahyMasina,
Mpampionona ny fo.

7. Hianao no Mpanjakan'ny
voninahitra,
Ry Jeso Kristy ô,
Hianao no Zanaky ny Ray,
Zanany mandrakizay,

8. Raha nanalo-tena hamonjy ny olona Hianao,
Dia tsy nolavinao ny hateraky ny virijina
Rahefa nandresy ny herin'ny fahafatesana Hianao
Dia novohanao ny fanjakan'ny lanitra mba hidiran'ny mino rehetra

9. Mipetraka ao an-tanana an kavanan'Andriamanitra Hianao,
Ao amin'ny voninahitry ny Ray.
Mino izahay fa ho avy Hianao
Ho Mpitsara anay.

10. Izany no ifonanay aminao hanampy anay mpanomponao,
lzay navotanao tamin'ny ranao soa indrindra.
Ataovy ho isan'ny olo-nao 'zahay
Any amin'ny voninahitra mandrakizay.

11. Tompo ô,vonjeo ny olonao,
Ary tahio ny lovanao.
Manapaha azy,
Ary asandrato ho ambony mandrakizay

12. Isan'andro isan'andro
Dia mankalaza Anao 'zahay,
Ary mihoby ny Anaranao
Izahay mandrakizay.

13. Mba miarova anay, Tompo ô,
Tsy hanota izao anio izao,
Mamindrà fo aminay, Tompo ô,
Mamindrà fo aminay.

14. Tompo ô, aoka ho tonga aminay ny famindramponao
Araka izay itokianay Anao.
Tompo ô, Hianao, no itokiako,
Aoka tsy ho menatra aho mandrakizay

TS 12 - Ry Raiko ô! Tariho

1. Ry Raiko ô! Tariho.
Fa maizina ny alehako.
Ary be ny rahona sy ny kotroka ao ambony:
Indro, mivezimbezina aho,
fa variana; Raiko ô
tariho aho hody re;

Fiv : Raiko ô! Raiko ô!
Mombà ny zanakao.

2. Ry Raiko ô! Tsy hita
Ny faran'ny alehako,
Ary maniry ny fitsaharana
ny foko 'zay omenao.
Raha mbola eto aho, sintony
sao mivily; Raiko ô!
Mba tano aho ho Anao;
Raiko ô! sns...

3. Ry Raiko ô! Tariho,
Fa be ny tsilo sy ny fandrika
Ao an-dalambe,
ka ketraka,
Nefa nantsoinao aho tsara;
Raiko ô!
Mba raisonao ny tanako:
Raiko ô! sns...

4. Ry Raiko ô! Manindry
Ny hazo-fijaliana
Mavesatra,
Izay entiko isan'andro;
Tohany aho, ry Raiko ô!
fa reraka aho; Raiko ô!
Mba manampia ahy 'zao:
Raiko ô! sns...

TS 13 - Avia, aoka isika hihoby ho an'i Jehovah

(Salamo 95)

1. Avia, aoka isika hihoby ho an'i Jehovah;
Aoka isika hanao feo fifaliana ho an'ny Vatolampy famonjena antsika.
Aoka hankeo anatrehany amin'ny fiderana isika;
Aoka hanao feo fifaliana ho Azy amin'ny fihirana isika.

2. Fa Andriamanitra lehibe Jehovah,
Ary Mpanjaka lehibe ambonin'ny andriamanitra rehetra Izy.
Eo an-tànany ny fitoerana lalina amin'ny tany;
Ary Azy ny tendrombohitra avo.

3. Azy ny ranomasina, fa Izy no nanao azy,
Ary ny tany maina dia noforonin'ny tànany.
Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika;
Aoka isika handohalika eo anatrehan'i Jehovah, Mpanao antsika;

4. Fa Izy no Andriamanitsika;
Ary olona fiandriny sy ondry tandremany isika.
Enga anie ka hohenoinareo anio ny feony manao hoe:
Aza manamafy ny fonareo tahaka ny tao Meriba,

5. Sy tahaka ny tamin'ny andro tao
Masa fony tany an-efitra
Izay nakan'ny razanareo fanahy Ahy,
Sy nizahany toetra Ahy,
Na dia efa hitany aza ny asako.

6. Efa-polo taona no nahamonamonaina
Ahy tamin'izany taranaka izany,
Ka hoy Izaho: Olona maniasia amin'ny fony izy Ka tsy mahalala ny lalako;
Ka dia nianiana tamin'ny fahatezerako
Aho hoe:
Tsy hiditra amin'ny fitsaharako mihitsy izy.

Hisaorana anie ny Ray sy ny Zanaka,
Ary ny Fanahy Masina;
Eny, hisaorana sy hankalazaina anie
Andriamanitra mandraki-zay. Amen.

TS 14 - Ny "Amena" fito

Amena, Amena, Amena, Amena,
Amena, Amena, Amena.